# Antemoro: Bible for 1 Corinthians, 1 John, 2 Corinthians, 2 Peter, 3 John, Colossians, Galatians, Luke, Philippians, Revelation, Titus

Formatted for Translators


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

©2022 Wycliffe Associates
Released under a Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Bible Text: The English Unlocked Literal Bible (ULB)
©2017 Wycliffe Associates
Available at https://bibleineverylanguage.org/translations
The English Unlocked Literal Bible is based on the unfoldingWord® Literal Text, CC BY-SA 4.0. The original work of the unfoldingWord® Literal Text is available at https://unfoldingword.bible/ult/.
The ULB is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Notes: English ULB Translation Notes
©2017 Wycliffe Associates
Available at https://bibleineverylanguage.org/translations
The English ULB Translation Notes is based on the unfoldingWord translationNotes, under CC BY-SA 4.0. The original unfoldingWord work is available at https://unfoldingword.bible/utn.
The ULB Notes is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

To view a copy of the CC BY-SA 4.0 license visit http://creativecommons.org/licenses/by-sa/4.0/

Below is a human-readable summary of (and not a substitute for) the license.
You are free to:
Share — copy and redistribute the material in any medium or format. Adapt — remix, transform, and build upon the material for any purpose, even commercially.
The licensor cannot revoke these freedoms as long as you follow the license terms.
Under the following conditions:
Attribution — You must attribute the work as follows: "Original work available at https://BibleInEveryLanguage.org." Attribution statements in derivative works should not in any way suggest that we endorse you or your use of this work. ShareAlike — If you remix, transform, or build upon the material, you must distribute your contributions under the same license as the original. No additional restrictions — You may not apply legal terms or technological measures that legally restrict others from doing anything the license permits.

Notices:
You do not have to comply with the license for elements of the material in the public domain or where your use is permitted by an applicable exception or limitation.
No warranties are given. The license may not give you all of the permissions necessary for your intended use. For example, other rights such as publicity, privacy, or moral rights may limit how you use the material.

# Luke

Chapter 1

[1] Maro reo niezaky nanoratra tantara momban'gny raha niseho zay tanteraky teto amintsika, [2] araka zay fa
nanolorandreo zany tamintsika, izy fa vavolombelogna nanatri-maso sy mpanompon'ny zaka lata ambolohany. [3] Aminà
da toa mety__lafa ngnadihady soa gny fandehan'gny raha iaby lata ambolohany __ gny hanoratry tatitry araka gny
filaharany ho anao, ô Teofilo mendrika tokôtry. [4] Zay da mba hahafantaragnao gny marina momba ndreo raha
nampianarina anao. [5] Tamign'andron' i Heroda mpanjakan' ny Jodia, da nisy raika tamigny mpisorogna atsovana hoe
Zakaria, latamigny antokon' i Abia. Gny vadiny da avy zanaka viavin' i Arona, gn'agnarany da Elizabeta. [6] Samby marina
tamason'i Jagnahary aby indreo sady nagneky gny didy manotolo sy gny lalàgnany Jagnahary. [7] Tsy nanagnanaka mako
indreo, tratriny kandà i Elizabeta, sady efa samby olombe avakoa indreo roy tamin' izany. [8] Jany gny momba an'i Zakaria
tamasony Jagnahary, nagnano gn'asa fisorognana araka gny fifandimbiasana isan-tokony. [9] Araka gny fomba mahazatra
ndreo gny fifidianana, mpisorogna jay tokony nanompo da vofidy tamigny kodia-bitika hiditra hampiretra gny fofogna
mangitra ao an-tempolin' Jagnahary izy. [10] Tamigny lera nandoraoany gny ra mangitra da nivavaka tambadika aby gn'olo.
[11] Da nisy anjeliny Aba Rangnandria niboka taminazy ka nitsangana tankavanany alitara nisy gny ra mangitra. [12] La
nahita anazy i Zakaria da angoaigna sady nangorohoro. [13] Da hoy gn' anjely taminazy. "Ka magnay anao, Zakaria, fa efa
nenoina gny vavakanao. Hiteraka jaja lelay Elizabeta vadinao. Da i Jaona gn'ataonareo agnarany. [14] Da ho faly be anao,
sady ho maro avokoa gn'olo hifaly amy gny fahaterany. [15] Satria izy da ho zakabe amasony Jagnahary. Tsy hisotro dovay
na ra mahery jany mintsiny izy, da ho feno fagnahy masina latakimbon'endriny koa izy. [16] Maro tamy gny vaôkan'Israely
gn'itodika amy gny Aba ragnandriandreo. [17] Handea eo agnatrehany Jagnahary amigny fagnahy sy gny herin' i Elia izy.
Zany gn'antony mba hitodiany gny fon' ny ray amy janaka, mba handeanany ireo mbola tsy magneky amigny lalagna
fahendrena marina__mba hagnomagna vahoaka efa vognona hoany Aba Rangnandria, nomagnina ho Anazy." [18] Da nijaka
tamy gn'Anjely i Zakaria hoe: "Ahona gn'alalako zany rô? Ndre iao efa rangahy da gny vadiko koa efa ragnavavy." [19] Da
hoy gn'anjely taminazy e: "Iao gny Gabriela, je hirakany Jagnahary. Da niraina iao mba hijaka aminao, hitondra gny
vaovao tsara ijao aminao. [20] Da ho môgna anao sady tsy hahay hijaka, mandram-peveny gn'andro hiboan'zany ra jany.
Satria tsy nagneky gny jakako anao, jay ho tanteraka amigny fotôgna marina." [21] Da gn'olo valaka nandigny an'i Zakaria.
Gaga hoe: ino gny ra maelabe anazy agnatiny gny tempoly ao io. [22] Ravatany nibôka izy, da tsy nahay nijaka tamin-dreo.
Sady nalala fa nisy ra hitany tagnatiny tempoly tao. Nagnano beko môgna tamindreo izy sady namata-môgna. [23] Da
latapitra gn'androny fanompony, da lasa nody tandragnony izy. [24] Tafara taty da lasa nanagn'anaka i Elizabeta da tsy
nibôky nandritra gny dimy volagna. Hoy izy hoe: [25] "Jao gny ra naboarin'Iaba Rangnandria anay ra naforaigna ana Izy
mba hangala hegnatrako amason'olo." [26] Tamigny fa enimbolagna, da nirahin-Jagnahary gn'anjely Gabriela hoegna
amigny tanàna raika tao Galilia atao hoe: Nazareta, [27] hoagny amigny virijiny raika sakejany gny lelay atsovana hoe Josefa
jay. Izy koa d'agnisany taranak'i Davida, da i Maria gn'agnarany viavy virijiny igny. [28] Negna aminazy sady nizaka hoe:
"Arabaina gny nahajo fitahina! Hoaminao i Aba Rangnandria." [29] Tena tsy ajony mintsy gny jaka gn'Anjely igny da hoy izy
e fomba fagnotsafana lataia koa jany. [30] Da hoy gn'anjely taminazy: "Ka mataotra, Maria fa efa naita sitraka tamigny
Jagnahary anao. [31] Ho bevoky anao sady hiteraka jajalelay. Da i Jesôsy gn'agnara hagnatsovana Anazy. [32] Ho jakabe Izy
sady hatao hoe Janaky Gn'ambony tokôtry. I Aba Rangnandria hagnome Anazy gny seza fidobohan'i Davida rajambeny. [33]
Da hanjaka mandrakijay amy gny taranak'i Jakoba izy, da tsisy farany gny fanjakany." [34] Da hoy Maria nagnotsy gn'anjely:
"Akôgnaia rô gn'atongavan'izany ndre iao mbola tsy nandry tamina lelay jany?" [35] Da hoy gn'anjely taminazy e: "Hirotsaka
aminao gny fagnahy Masina, da heriny gn'ambony ao hoavy aminao. Ka gny Masina ho teraka da hantsovana hoe Janak'i
Jagnahary. [36] I Elizabeta havanao da hanagn'anaka lelay avakoa ndre da antitra aza. Efa faha-enimbolagna gn'anazy zao,
izy jay natao hoe kandà. [37] Satria tsy misy ra tsy hain'i Jagnahary jany." [38] Da hoy Maria e: "Itiky iao mpanompovavin'Iaba
Rangnandria. Enga anie mba hoavy amina jany araka gnafatra." Da lasa nenga anazy gn'anjely. [39] Tamizany andro zany i
Maria da lasa ka nandea negnà amigny tany ambony agny amigny tanànan'i Jodia. [40] Negna an-dragnony Zakaria ka
nagnotsafa an'i Elizabeta. [41] Ary rahavatany naregny fagnotsafan'i Maria i Elizabeta da nihetsika gny zaza ta-kibony, da
feno Fagnahy Masigna Elizabeta. [42] Nandram-peo sy nizaka mafy izy hoe: "Nasoavina ambony gny viavy rehetra anao ary
nasoavina gny nateraky gny kibonao. [43] Nagnino zany raha nitranga amina fa endrin' i Tompo gn'avy nagnantogna ana? [44]
Vatany regniko gny fagnotsafana da ravo gny zaza ato akiboko. [45] Sambatra izy zay nagneky fa ho tanteraka gny raha
nambarany Tompo taminazy." [46] Ka hoy Maria: "Midera gny Tompo gny fagnahiko, [47] ary gny fagnahiko hiravo tao
amin'Jagnahary mpamonjiko. [48] Fa nijaha gny fasairagnan'ny mpanompo viavin'Izy. Ary da manomboka zao gny taranaka
aby da hagnetso anah hoe sambatra. [49] Satria nagnano raha-be tamina gny raha aby, ka masigna gnagnarany. [50] Fa
mahadigny hoany taranaka faramadimby zay mataotra Anazy gny famindram-pony. [51] Nampibôky gny heriny tamigny
sandrin'izy; ary nagnamparitaka reo zay nihebohebo tamigny eritrerity gny fon'dreo. [52] Nahongany tamigny seza
nidobohany gny zanaka lahin'gny mpanjaka ary gn'ambany nasadratrany. [53] Natany voky raha tsara gny masaregna, fa
gny mpanakaregna nampodiany tsy managnà ndre ino ndre ino. [54] Nagnome fagnampena an'Israely mpanompony Izy,
mba hatsiarovany sy hagnamboany famindram-po. [55] (araka nizakainy tamigny razantsika) tamign'i Abrahama sy gny
taranaka mandrakizay." [56] Nijanogna nipetraka tamign'i Elizabeta akevitry ho telo-volagna i Maria ary da nipody nody
tagny an-dragnony. [57] Ary avy gn'andro hiteran'i Elizabeta gny zanany ka niteraka zaza lelahy izy. [58] Naregny gny


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

famindram-pony zakabe naniny Tompo taminazy gny mpiara-belogna aminazy sy gny havany da niaraka-ravo taminazy
indreo. [59] Ary tamign'andro fahavalo da avy hamora gny zaza indreo saika atsovan-dreo hoe: "Zakaria" itaka, araka
agnarany iaban' izy. [60] Fa endriny koja namaly sady nizaka hoe: "Tsy zany fa i Jaona hagnatsovana anazy." [61] Ka hoy indreo
taminazy: "Tsy misy amigny taminganao antsovana amigny agnara zany." [62] Magnano beko môgna tamigny iabany indreo
amigny tiany atao agnarany. [63] Nangataka solaitra fanoratana i iabany ka nanoratra hoe: "Jaona no agnarany." Ary da
Gaga tamy zany indreo aby. [64] Hiaraka tamizany da nivoha gny vavany ary nizaka gny lelahy. Nizaka izy sady nidera an'
Jagnahary. [65] Avy tamindreo magnodidigna anazy gnavakana. Ka niboely nagneragna gny tanàna ambony Jodia gny raha
nivoka aby teo. [66] Ary zay naregny anzany da nangalà am-pony sady nagnambara hoe: "Hivadika ino lôtra ty zaza tiky?"
Fa nitaragna anazy gny tagna Jagnahary. [67] Hiboka gny fagnahy masina i Zakaria iabany ary naminagny sady nizaka hoe:
[68] "Deraina gny Tompo Jagnaharin' Israely, fa havy nagnampy sy hagnatanteraka ka gny fagnambodana hoany vahoaka
Izy. [69] Nanandratra ambony gny tandrokam-pagnavotana hoatsika ao an-dragnon'i Davida mpanompon'Izy, [70] akoizany
nambarany tamigny vavan-dreo mpaminagny masina tamy gn'andro taloha. [71] Hinday fagnavotana amigny fahavalotsika
sy amigny tanana rehetra malaigna atsika Izy. [72] Izany natany mba hagnamboany gny famindram-po amigny razatsika sy
hampatsiahivina gny fagnekem-piavagnana Masigna, [73] da gny fagnekena nambarany tamign' i Abrahama iabatsika. [74]
Nifanta gny hajaoasika, manotolo afaka tamigny tanana fahavalotsika, manopo Anazy tsimanam-pataorana, [75] am-
pamasinagna sy am-pamarinagna eo agnatrehany gn'androtsika manotolo. [76] Alao, ary fa anao gny zaza, da hatsovana
hoe mpaminagny ambony indrindra fa andea angnatrehany Tompo anao ary hagnambara gny lalagna,mba hagnomagna
gn'olo amigny fiaviny, [77] mba hagnome famataram-pamonjena hoany gn'olony amigny famotsorana gn'ota ndreo. [78] Zany
nambarany da noho gny famindram-po masin' Jagnahary, avy amizany gny hamposany masoandro latambony mba
hoavy hagnampy atsika, [79] hagnanjava zay midoboka agnaty mezigna sy ao agnatiny tandindogna fahafatesasana. Hatany
zany mba hindesany gny tongotra tsika amigny lalagny fiadagnana." [80] Ka gny zaza da nitombo sady nahery amigny
fagnahy ary tagny amigny tany mangigna izy mandra-piaviany gn'andro hiboany ampahembemaso amign'Israely.

## Chapter 2

[1] Ary tamizany andro zany da nandefa didy zay agniraka hagnisy gn'olo rehetra miaigna eto aminzao tontolo zao Aogosto
Kaisara. [2] Zany gny fagnisam-bahoaka natany voalohany tamin'i Kyrenio no mpanampakatagny Syria. [3] Ka nohozany
gn'olo aby da negna amigny tany niaviny aby mba hisoratra agnara hoanygny fagnisam-bahoka. [4] Da nandea niakatra
latagny Galilia avakoa Josefa, latamigny tanana Nazareta, hoagny Jodia tananan'i Davida zay atsovana hoe Betlehema,
satria izy da avy andragno gny havan'i Davida. [5] Nandea tagny izy mba hisoratra agnara niaraka tamign' i Maria, zay
sakezany sady bevoka. [6] Raha mbola tagny indreo, da avy gn'andro hiterany zanany. [7] Niteraka zazalelahy, zanany
voalohany, ary izy nandrakotra lamban-jaza Anazy sy nampandry Anazy tambarangasagny, satria tsy nisy pilasy
hoandreo teo amigny hotely. [8] Nisy mpiambigna ondry tamizany faritra zany zay nijanogna tagnala, nembigna ondry
tamign'aligna. [9] Nisy anjelin'Jagnahary nimboka tamindreo, ary gny sady gny voninaitra Jagnahary namirampiratra
magnodidigna anazy ka nataotra-be indreo. [10] Da nizaka tamin-dreo gn'anjely nagnano hoe: "Aza mataotra, fa hinday
vaovao tsara zay hinday haravona hoany gn'olo aby manotolo Iao. [11] Androany da nisy mpagnavotra zay teraka hoanareo
agny an-tananan' i Davida! Izy gny Kristy Ragnandria! [12] Zao gny famatarana zay omena anareo: Haita zaza nirakotra
lamban-jaza sady mandry eo ambaragasagny anareo." [13] Tampoka teo niaraka tamign'anjely, da nisy tafika gny langitra
nidera an'Jagnahary nagnano hoe: [14] "Voninaitra hoan' Jagnahary ambony indrindra ary hisy fiadagnana eto an-tany eo
amign'olo zay ankasitrany." [15] Raha vatany nenga andreo gn'anjely da negna andangitra, gny mpiambign-ondry
nifampikoragn hoe: "Atsika itsika zao hoegna Betlehema, ary hija zany raha miseho zany, zay nampahafatarina
Jagnahary atsika zany." [16] Nandea nalaky tagny indreo ka sendrika an'i Maria sy Josefa, sady naita gny zazabitaka
tambarangasagny. [17] Tafarany nahitan-dreo Anazy, da nampahafantarinan-dreo gny raha aby nambara andreo gny
mikasika io zaza io. [18] Zay rehetra neregny anzany da gaga gny nambarany mpiembigna ondry tamindreo. [19] Fa Maria koja
nanohy gneritreritrany mikasika raha aby zay regniny sady niompy zany tam-pony. [20] Niverigna gny mpiambign'ondry, ka
nagnome voninaitra sy nankalaza an'Jagnahary noho raha maro regnin-dreo sy hitandreo, araka zay nambara
tamindreo. [21] Vo tampitra gn'andro fahavalo, raha nifaina Izy, da nomena agnarana hoe: Jesosy, zay agnarana nomeny
gn'anjely Anazy, latakibo. [22] Raha vo dila gn'isany gn'andro nangataina hidiovany, araka lalagnan'i Mosesy, da ninday
Anazy niakatra tagny an-tempoly tao Jerosalema i Maria sy josefa mba hanolotra Anazy eo amigny Tompo. [23] Araka zay
voasoratra ao amigny lalagna Tompo hoe: "Gny lahy aby manotolo teraka voalohany da atokana da hatokana hoany
Tompo." [24] Ka avy amizany da nagnatitra sorogna araka zay voalaza ao amigny lalagna Tompo idreo, "domoina roy, na
zanaka vorognamanga roy." [25] Ary nisy lelehy tagny Jerosalema, Simona no agnarany, ary zany lelahy zany da marina
sady mafana fo. Nitady fampionognana an'Israely izy, ary tao amigny Fagnahy Masigna. [26] Nambarany Fagnahy Masigna
taminazy fa tsy ahitana fahafatesa aloha gn'ahita gny Kristy Ragnandria izy. [27] Netiny gny Fagnahy, negna an-tempolo
Simona. Raha ninday an'i Jesosy zazabitaka netsoky Iambany amendriny mba hagnano Anazy araka gny fomba amigny
lalagna, [28] da notrotrognony Izy sady nidera an'Jagnahary ka nagnano hoe: [29] "Ankehitriny da avelao andea ampiadagnana
gny mpanomponao, Tompo, araka gny zakanao. [30] Fa gny masoko nahita famonjenao, [31] zay nomagninao tagnatrehany
gn'olo manotolo. [32] Da fahazavana ho fagnambarana any Jentilisa ary voninaitra hoan'Israely olonao." [33] Iambany
amendriny gny zaza da gaga tamigny raha nizakainy momba Anazy. [34] Nitso-drano andreo Simona sady nizaka tamigny


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

Maria endriny hoe: "Ity zaza ty da voatendry ho amigny fandrodagnana sy fananganana gn'olon'Israely maro ary ho
famantarana zay tsy nekena __ 35 sady hisy sambatra handoaka gny fagnahinao__ mba voambara gny hevitry gny fo
maro." 36 Nisy mpaminagny viavy raika atsovana hoe Ana teo. Zanaka viavin' i Fanoela latamigny foko Asera izy. Antitra-
be izy. Nidoboka niaraka tamigny vadiny fito taogna tafarany naha viriziny anazy izy, 37 ary mpivanitra tagnatiny
gn'efatra amby valompolo taogna tsy negna an-tempolo fehiziny izy fa manompo tamigny fadihanigna sy vavaka andro
aman'analigna. 38 Tamigny zany lera zany da nagnatogna akeky anazy izy ary nanomboka nagnome fisoranan- Jagnahary
sady nagnambara gny momba gny zaza tamign' olo aby zay nandigny fagnavotana an'i Jerosalema. 39 Raha nahavita gny
raha aby nampagnamboariny araka gny lalàgna Tompo indreo da nimpody tagny Galilia, agny amigny tanana-dreo agny
Nazareta. 40 Nezakabe gny zaza sady nahatanjaka, nitombo fahendrena, ary gny fahatsaran'Jagnahary da ao aminazy. 41
Iambany amendriny da negna Jerosalema hamonjy gny firavoravona Pasika. 42 Raha roy ambifolo taogna Izy, da nandea
negnagny araka fomba mahazatra amigny fety koa indreo. 43 Ary raha avy nidomboka tagny tamign'andro fety manotolo
indreo, da nanomboka niverigna nody indreo. Fa Jesosy nizanogna tagny Jerosalema nefa tsy fatany iambany amendriny
zany. 44 Natan-dreo fa niaraka tamign'olo niaradia tamin' dreo Izy, da nandea nandritry gn'andro raika indreo. Sady avy
eo da nanomboka nikatsaka Anazy tagny amign' havany sy akamany indeo. 45 Raha vatany tsy hitan-dreo Izy, da nipody
tagny Jerosalema indreo ka nanomboka nikatsaka anazy tagny. 46 Ka afaky telo andro, da hitan-dreo tao an-tempoly Izy,
nidomboka tategnategnany gny mpampianatra, niteno sy nagnotany andreo. 47 Zay rehetra nagnotany anazy da gaga
tamigny fahalalany sy gny valiny zakany. 48 Raha naita Anazy indreo da gaga. Endriny nizaka taminazy hoe: "Anaka,
nagnino anao raha magnano akoizao anay? Tenoy, iao sy iambanao angoaigna nikatsaka anao." 49 Nizaka tamin-dreo Izy
hoe: "Nagnino Iao no tadiavinareo? Tsy lalanareo fa tsy mentsy hoandragnony Iabako Iao?" 50 Fa tsy nazava tamin-dreo
gny tiany hambara tamizany zaka zany. 51 Da nody niaraka tamindreo negna Nazareta Izy sady nagneky anazy an-dreo.
Iendry da nitagna-po aby zany. 52 Fa Jesosy da nehendry sy nitombo fitiavan' Jagnahary sy gn'olo.

Chapter 3

1 Tamigny taogna faha dimby ambifolo nanjakan'i Tiberie Kaisara __tamigny Pontio Pilato no governoran' i Jodia, Heroda
gny mpanapaka Galilia, Filopo rahalainy da mpanampaka tamigny faritra Itoria sy Trakonitisy, ary Lysania da mpanapak'
i Abilena, 2 nandritra gny fisoragnam-ben'i Aniasy sy Kaiafa da avy tamin'i Jaona zanaka lahiny Zakaria tagny agn'efitra
gny nizakan-Jagnahary. 3 Negna amigny faritra maro magnodidigna any Jordana Izy, nagnambara gny batisa gny fibebana
hofamotsorana gn'ota. 4 Araka gny voasoratra ao amigny boky misy zakany Isaia mpaminagny hoe: "Nisy feo raika avy
lata agnefitra hoe: 'Atofay vagnona gny lalagna Tompo, atofay mahitsy gny lalagna hombany. 5 Gny lohasaha ho totofana
aby, ary gny vohitra agnambo ahegna, gny lalagna meloka ampahitsina, gny mikoratagna da hoatao milamigna, 6 ary
vatagna aby manotolo da aita famonjen' Jagnahary."' 7 Ka nizaka tamigny vahoaka zay avy atao batisa Jaona hoe: "Anareo
taranaky menaragna io! Iza gny nampitandrigna anareo hilefa gny fahavinirana zay hoavy? 8 Ka noho zany, mamokara
vokatra tsara gny fibebana, ary aza mbola mizaka agnatinareo hoe: Zahay managna an'i Abrahama ho rainay, fa mizaka
anareo iao fa Jagnahary da afaka manangana zanaka hoan'i Abrahama avy amigny toa vato toa. 9 Ankehitriny aza gny
famaky da efa ampoto-kajo. ka hazo rehetre zay tsy mamokatra tsara da hotapaina sady hatsipy amign' afo". 10 Ary gny
vahoaka da nagnotany anazy avao, nizaka hoe: "Ino saky ataonay?" 11 Namaly izy ka nizaka tamin-dreo hoe: "Raha misy
olo managna lamba lava roy, da tokony mizara zany amign'olo raika zay tsy managna izy, ary zay managna anigna koa da
tokony hagnano akozany avaokoa." 12 Gny mpangoron-ketra koa da avy mba hagnano batisa, sady nizaka taminazy hoe:
"Mpampianatra o, ino gny tsimentsy ataonay?" 13 Ka hoy Izy nizaka tamin-dreo: "Aza mandagnona vola mihotra gny
nampangalaina anareo." 14 Gny miaramila maromaro koa nagnotany anazy, nizaka hoe: "Akognaia gny momba anay? Ino
gny tsy mentsy ataonay?" Nizaka tamin-dreo Izy hoe: "Aza mangala vola amin' olo an-keriny, aza mitory olo
amign'avandesana. Miravoa amigny karamanareo." 15 Ary raha nandigny fatatra fiaviny Kristy gny vahoaka, da
nagnotany am-pony gny mikasikan'i Jaona gny tsirairaiky; na mety hoizy na tsy izy gny Kristy. 16 Jaona namaly tamigny
fizakan-dreo aby nagnano hoe: "Raha gn'amina, da magnano batisa anareo amigny rano iao, fa misy olo raika hoavy zay
mahery mihotra anay, ary tsy misy dikany iao ndre da hamaha gny fehy-kapany aza. Hagnano batisa anareo amigny
fanahy masina sy gn'afo Izy. 17 Ampelatagnany gny fikororona mba hagnadiovana tsara gny ao am-pomoloany sy
handagnonana gny vary hoagny sopiny. fa hiro hirôna amign'afo tsy mety vonoina gn'akotry." 18 Niaraka tamigny
fagnanarana maro hafa koa, Jaona nagnambara vaovao tsara hoany vahoaka. 19 Heroda mpanjaka raha nanarina noho
gny fanambadiny vadiny ralainy Herodiasy, sy noho gny zavatra ratsy hafa maro samby hafa vitany, 20 ary ho fagnampiny
zany rehtra zany da nidiny tam-pigadrana i Jaona. 21 Raha vatany vita batisa aby gn'olo maro da nataony batisa koa i
Jesosy, ka raha mbola nivavaka Izy, da nivoha nidagnadagna langitra, 22 ary gny Fagnahy Masina nangalataky akora
vorogna manga nidigna taminazy ary nisy feo latandangitra magnano hoe: "Anao gny zanako tiko. Ravo Iao noho
gn'aminao." 23 Akevitriny gny telo-polo taogna teo Izy nanomboka gn' asa fanompona. Izy gny zanaka lahin'i (araka gny
hevitrany) Josefa, zanak'i Hely, 24 zanak'i Matata, zanak'i Levy, zanak'i Melky, zanak'i Janay, zanak'i Josefa. 25 Josefa zanak'i
Matita, zanak'i Amosa, zanak'i Nahoma, zanak'i Elsy, zanak'i Nagay, zanak'i Mata, 26 zanak'i Matitia, zanak'i Semey, zanak'i
Joseka, zanak'i Joda. 27 Joda zanak'i Jaonana, zanak'i Rase, zanak' i Zerobabela, zanak'i Sealtiela, Zanak'i Nery, 28 Zanak'i
Melky, Zanak'i Ady, Zanak'i Kosama, zanak'i Elmadama, Zanak'i Era, 29 zanak'i Josoa, zanak'i Eliezara, zanak'i Jereima,
zanak'i Matata, zanak'i Levy. 30 Levy da zanak'i Simeona, zanak'i Joda, zanak'i Josefa, zanak'i Jonama, zanak'i Eliakima, 31

zanak'i Melea, zanak'i Mena, zanak'i Matata, zanak'i Natana, zanak'i Daviida, [32] zanak'i Jese, zanak'i Obeda, zanak'i Boaza,
zanak'i Salmona, zanak'i Nahasona. [33] Nahasona da zanak'i Aminadaba, zanak'i Adimina, zanak'i Arny, zanak'i Hezrona,
zanak'i Fazera, zanak'i Joda, [34] zanak'i Jakoba, zanak'i Isaka, zanak'i abrahama, zanak'i Tera, zanak'i Nahora, [35] zanak'i
Seroga, zanak'i Reo, zanak'i Palega, zanak'Ebera, zanak'i Sela. [36] Sela da zanak'i Kenana, zanak'i Arpaksada, zanak'i Sema,
zanak'i Noa, zanak'i Lameka, [37] zanak'i Metosela, zanak' i Enoka, zanak'i Jereda, zanak'i Mahalalila, Zanak'i Kenana, [38]
Zanak'i Enosa, zanak'i Seta, zanak'i Adama, zanak'i Jagnahary.

Chapter 4

[1] Tafara zany jesosy, raha feno gny Fagnahy Masina, da niverigna latamigny tegnarano Jordana, ary da nindesiny Fagnahy
Masina tagny amigny tany mangigna [2] zay nangalany devoly fagnahy Anazy, nandritry gny efapolo andro. Tsy nihinagna
na ino na ino Izy nandritra io andro io, ary tamigny fotogna farany da nasaregna Izy. [3] Gny devoly nizaka taminazy hoe:
"Raha zanak'i Jagnahary tokôtra anao da ampanjario ho lasa mofo io vato io." [4] Jesosy namaly anazy nagnano hoe:
"Voasoratra hoe: 'Tsy gny mofo avao no ivelomany gn' olo.'" [5] Avy eo nindesiny gny devoly takamboôgna Jesosy ary
nambokany Anazy nalaky gny fanjakana maro gny zao tontolo zao. [6] Gny devoly nizaka taminazy hoe: "Omeko anao gny
fahefana rehetra sy gny famirampiratana rehetra, satria efa nomena anay io, ka afaka omeko gn'olo zay tiko omeko
anazy. [7] Noho zany, raha miakindoha sy manompo anahy anao, da lasanao zany." [8] Kanefa Jesosy namaly ka nizaka anazy
hoe: "Voasoratra hoe: 'Hidera ny Tompo Jagnahary anao, ary Izy raika avao ho tompoinao.'" [9] Avy eo gny devoly da ninday
an'i Jesôsy tagny Jerosalema ary natany tegny amigny faratampony tempolo ka nizaka taminazy hoe: "Raha Zanak'i
Jagnahary anao, da milatsaha aty. [10] Satria efa voasoratra hoe: 'Hibeko gn'anjeliny aminao Izy, mba hiaro anao,' [11] ary
'Indreo hanandratra anao amigny tagnany, mba tsy ho tafitohigna vato gny tongotranao.'" [12] Namaly anazy Jesôsy nizaka
hoe: "Efa nambara hoe: Aza mangala fagnahy gny Tompo Jagnaharinao." [13] Raha vita gny fangalany devoly fagnahy an'i
Jesôsy da lasa izy sady nenga Anazy ampandram-piheviny gny andro hafa. [14] Avy eo Jesôsy niverigna tagny Galilia
tamigny heriny Fagnahy, ary gny vaovao momba Anazy da efa niboely nagneragna gny faritra magnodidigna rehetra. [15]
Da nanomboka nampianatra tao amigny Synagogan-dreo Izy sady noderainy rehetra. [16] Nandea tagny Nazareta Izy,
tanàna nahabe anazy, ary araka gny fomba fataony da nitsofika tao amigny Synagoga tamign'andro Sabata Izy, ka
nitsangana sady namaky teny mafy. [17] Natolotra anazy gny taratasin'Isaia mpaminagny. Nivohany gny boky ary itany gny
pilasy nanoratana anazy, [18] "Gny Fagnahy Tompo da amina, satria Izy nanosika anahy hagnambara gny vaovao mahafaly
hoany mahantra. Izy nandefa anahy hagnambara fahafahana hoany babo, sady hamerigna fitahiny hoany jamba,
nagnaraka ireo zay nisairagnina, [19] hagnambara gny taom-pakasitrahan'Jagnahary." [20] Avy eo da nahorignany taratasy,
naverigna tagny amigny mpitandrigna, ka nidomboka Izy. Gny mason'dreo tao amigny Synagoga da nitaragna Anazy. [21]
Nanomboka nikoragna tamin-dreo Izy hoe: "Androany ity soratra Masina ity da tanteraka eo am-pitenoinareo." [22] Gny
maro tao da nizaka tsara gny momba Anazy sady gaga tamigny zaka-mpahatsarana zay navokany vavan-dreo, ary
nagnotany indreo hoe: "Fa tsy gny zanak' i Josefa ve itiky?" [23] Izy nizaka tamin-dreo hoe: "Azo toky fa nizaka ity
ohambolagna ity Amina anareo hoe: 'Dokotera, sitragno gny tegnanao. Ndre ino ndre ino regninay fa namboarinareo tao
Kaperaony, da magnambora akô izany agny amigny taninao.'" [24] Nefa nizaka izy hoe: "Ambarako marina aminareo, tsy
misy mpaminagny ekena amigny taniny. [25] Kanefa zakaiko marina aminareo fa maro gny viavy mpivanitra tagny Israely
tamign' andron' i Elia, raha nihidy gny langitra tagnatiny telo taogna sy enimbolagna, da nisy mosary zakabe avy tamigny
tany rehetra. [26] Nefa Elia tsy nalefa ndre raika tamin' dreo aza, fa tao Zerapata agny Sidona avao, tagny amigny
mpivanitra zay nidombony tagny. [27] Fa maro gny boka tao Israely tamign'andron'i Elisa mpaminagny, nefa tsy nisy
sitragna ndre raika afa tsy Namàna zay Syriana." [28] Gn'olo aby manotolo tao amigny Synagoga da vignitra raha naregne
anio raha io. [29] Nitsangana indreo, nifôrise Anazy hienga gny tanàna, ary nandefa Anazy tagny vohitra agnambo, zay
niatombohony tanàn-dreo, mba handatsanka Anazy amigny hatsagna. [30] Nefa nandea namakivaky teo ategnategnan-dreo
Izy da lasa nandea tagny amigny tanàna hafa. [31] Avy eo Izy da nidigna tagny Kapernaomy, tanàna raika agny Galilia, ary
nanomboka nampianatra tamigny sambata Izy. [32] Da gaga tamigny fampianara natany indreo satria nizaka tamigny
fahefana Izy. [33] Ary tamigny Synagoga da nisy lelahy zay nipetrahany fagnahy maloto gny devoly, ary nitoreo tamigny feo
mafy izy hoe: [34] "Ah! ino gn'ifandraisanay aminao, Jesôsy avy lata Nazareta? Avy hamotika anay ve Anao? Fantako hoe iza
Anao__ gny raika Masign'Jagnahary!" [35] Jesôsy nizaka mafy gny devoly, ka nagnano hoe: "Aza mizaka sady mengà
aminazy!" Raha nanimpy gny lelahy ho lavo ta-tegnategnan-dreo gny devoly da niala tao aminazy, ary tsy nandratra
anazy tokôtry. [36] Da gaga avakoa gn' olo aby sady nanohy nikoragna momba zany. Nizaka indreo hoe: "Fa zaka akôgnaia
lôtra zany?" Bekoiny amigny fahefana sy hery gny fagnahy maloto da miboely." [37] Avy tamizany nanomboka nimboely gny
faritra magnodidigna gny lazany. [38] Da nenga gny Synagoga Jesôsy ary niditra tandragnon'i Simona. Ary nampijaliny
harikoditra mafy gny rafonjam-bavy Simona, ka nengavy taminazy idreo. [39] Ka nitsangana tandohany Izy sady nizaka
mafy harikoditra, da nenga taminazy zany. Avy da nitrôtra izy ary nanomboka nanompo indreo. [40] Raha nilentigna gny
masoandro, da ninday gn'olo maro narary gn'aretigna maro samby hafa teo amigny Jesôsy gn'olo. Nametra-tagnana
tamigny tsirairaika avy amin-dreo Izy ka nagnasitragna an-dreo. [41] Nenga gny maro tamindreo gny devoly, nitoreo mafy
sy nizaka hoe: "Anao zanak' i Jagnahary!" Jesôsy nizaka mafy gny devoly ka tsy nametraka andreo nizaka, satria fantan-
dreo fa Izy gny Kristy. [42] Mbola mangiran-dratsy, da nandea tagny amigny mangingigna Izy. Vahoaka maro-be nikatsaka
Anazy ary negna amigny pilasy misy Anazy. Indreo da nikiry gny hitagna Anazy mba tsy hienga amindreo. [43] Fa Izy


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

nizaka taminidreo hoe: "Tsy mentsy nagnambara gny vaovao mahafaly mikasika gny fanjakany Jagnahary amigny
tanàna maro samby hafa avakoa Iao, satria zany gn'antony nagnirana Anahy tetiky. [44] Avy eo Izy da nanohy gny nitorina
tao Synagoga nagneragna an' i Jodia.

Chapter 5

[1] Akôizao nitranga, raha nitangorigna magnodidigna an' i Jesôsy gn'olo hiteno zakan' Jagnahary, da nitsangana tamoron-
dranon'i Genesareta Izy. [2] Nahita sambokely roy nitody tamorondrano Izy. Efa nijotso tao gny mpagnarato ary nagnadio
gn'araotiny. [3] Niditra tamigny sambokely raika i Jesôsy, zay an' i Simona, sady nangataka anazy mba andefa zany amigny
lavidavitry gny tanàna. Avy eo da nidoboky Izy ka nampianatra gn' olo tambadika gny sambokely. [4] Raha nitsangana
nizaka Izy, da nizaka tamin'i Simona izy hoe: "Ento megna amigny rano laligna gny sambokely da harotsay haratonareo
mba azaonareo laokandrano." [5] Simona namaly Anazy sady nizaka hoe: "Tompo ô, efa niasa nandritra gn' aligna iai fa tsy
nahazo ndre raika, fa avy amigny zakanao, da ho harotsako gn' arato." [6] Raha nagnano zany indreo, da nalagnona
laokandrano maro-be indreo, ka rivatra gn'araton'dreo. [7] Ka nagnatsika gn'akamany tagnatiny sambokely raika hafa
indreo fa tokony hoavy indreo ary hagnampy andreo. da avy indreo ka nameno gny sambokely roy, da nanomboka
nilentika indreo. [8] Fa Simona Petera, laha vatany nahita zany da niondrika teo an-tongotr'i Jesôsy, sady nizaka hoe:
"Mengà amina, fa lelahy mpanota tokôtry iao." [9] Gaga izy, sy indreo falakatry niaraka taminazy, nahita laokandrano zay
hazondreo. [10] Tagnatiny zany Jakoba sy Jaona, Zanak' i Zebedio, Zay mpiaramiasa amin' i Simona. Jesôsy nizaka tamigny
Simona hoe: "Aza magnay, fa manombok'izao da ho hagnarato olo anao." [11] Raha niakatra an-tanana gny sambokelin-dreo
da navelandreo aby gny raha rehetra ka nagnaraka Anazy. [12] Raha mbola tao amigny tanàna raika Izy, da nisy raha
nimboka, nisy lelahy feno hambokana teo. Vatany nahitan' i Jesôsy izy, da niondrika tao Aminazy sady nitaragna hoe:
"Tompo, raha mety anao mba afaka magnadio anay." [13] Ary da niampatra gny tagnany Jesôsy ary mikasika anazy, sady
nizaka hoe: "Mety, Iao. Madiova." Teo avao da afaka taminazy habokany. [14] Nandrara anazy mba tsy nagnambara ndre iza
ndre iza, fa nambarany taminazy hoe: "Zory gny lalagnao, mimboha amigny mpisorogna ary magnomeza sorogna hoany
fahadiovana anao, araka zay nandidin'i Mosesy, mba ho fizoroana vavolombelogna amin-dreo." [15] Nefa gny tatitra momba
Anazy, da niboely lavitra, ary vahoaka maro-be hiaraka avy mba hiteno Anazy sady ho sitragnina amign' aretigna indreo.
[16] Kanefa matetika Izy da menga negna amigny tany mangigna ary nivavaka. [17] Ka tamign'andro raika tamign'andro
nampianarany, da nisy Fariseo sy mpampiana-dalàgna nimboka teo zay avy amigny tanàna samby hafa ao amigny faritry
Galilia sy Jodia, ary tao avakoa gn' avy ao amigny tanàna Jerosalema. Gny herin'gny Tompo taminazy mba hagnasitragna.
[18] Nisy lelahy sasany avy, ninday lelay raika zay voany paralisisa tampandrina, da nikatsaka fomba hitondrana anazy
indreo mba hametrana anazy eo agnatrehan'i Jesôsy. [19] Avy amignamaroa ny vahoaka da tsy naita hirika nampidirana
anazy indreo ka negnà antafo-tragno indreo ka nampidirana avy antafo-tragno ary nampidirana fandriny gny lelehy, teo
ategnategnan'olo tagnatrehan'Jesôsy. [20] Raha nahita gny finoan-dreo, da hoy Jesôsy hoe: "Ralelahy, voavela gny
helokanao." [21] Nanomboka nagnotany ireo mpanora-dalàgna, sy gny Fariseo, ka nizaka hoe: "Iza ma mizaka ratsy tiky? Iza
gn'afaka magnafaky gny fahitana afa tsy Jagnahary raika avao?" [22] Fa Jesôsy nahafatatra zay noeritreretin' indreo namaly
ka nizaka andreo hoe: "Nagnino anareo magnotany an'izany am-ponareo? [23] Ino moramora zakaina: "Voavela gny
helokanao sa gny mizaka hoe: 'Mitrôhafa ary mandeana?' [24] Nefa mba hafantaranareo fa gny Zanak'Olo da manam-
pahefana hamela-heloka ety an-tany, da zakaiko aminao, mitohafa, ento gny fatorianao ary mandeana an-dragnonao." [25]
Teo avao avy da nitsangana tagnatrehan-dreo izy sady nangalà gny fatoriany zay natoriany. Avy eo da negnà andragnony
izy, hagnome voninahitran'Jagnahary. [26] Gaga gny maro ary da nagnome voninahitran'Jagnahary indreo. Hemboka
tahotra indreo, nizaka hoe: "Nahita raha magaga tsika tandroany." [27] Tafara nitrangan'io raha io da nenga teo Jesôsy ka
nahita mpangoro-ketra raika zay antsovana hoe: Levy nidomboka tandragnony gny mpangoro-ketra. Nizaka taminazy Izy
hoe: "Magnàra Anahy." [28] Da nitsangana i Levy ka nagnaraka Anazy, ka navelany gny raha rehetra. [29] Da nagnano
fagnatsovana zakabe tandragnony an'i Jesôsy i Levy. Betsaka gny mpangoro-ketra sy olo hafa zay nidoboka tamigny
latambatra sady nihinagna niaraka tamindreo. [30] Kanefa gny Fariseo sy gny mpanora-dalàgna da nitaraigna tamigny
mpianatrany, nizaka hoe: "Nagnino mihinagna sy misotro miaraka amigny mpangoro-ketra sy olo mpanota hafa?" [31]
Namaly andreo Jesôsy hoe: "Tsy mitady dokotera gn'olo salama; fa gny marary avao. [32] Tsy avy agnetso gn'olo marina
amigny fibebana Iao, fa magnetso gny mpanota mba hibebaka." [33] Da hoy indreo taminazy hoe: "Gny mpianatr'i Jaona da
matetika mitady hanigna sy nivavaka, ndre gny mpianatra gny Fariseo da nagnano akônizay avakoa. kanefa gny
mpianatranao da mihinagna sady misotro." [34] Jesôsy nizaka andreo hoe: "Misy olo mahay mampifady hanigna havany
gny mpampakatra raha mbola midomboka amindreo mpampakatra? [35] Fa hoavy gn'andro zay hangalana mpampakatra
eo amindreo, ary amizany andro zany da hifady anigna indreo." [36] Da nagnano fagnoharana tamin-dreo koa Jesôsy. "Tsy
misy olo mandrovitra tapa-damba avy amigny lamba-vao ary mampiasa zany mba hagnamboarana lamba-hambo. Raha
magnano zany izy da animba gny lamba-vao, ary gny tapa-damba vao da tsy mifagnaraka amigny lamba-hambo. [37] Tsy
misy olo magnisy dovay vaovao agnaty gny siny oditra tonta. Raha magnano anzany izy da handrivatra gny oditra gny
dovay vaovao, sady da ho raraka gny dovay, ary ho simba gny siny oditra. [38] Fa gny dovay vaovao da tsy mentsy atao ao
agnatiny siny oditra vaovao. [39] Tsy misy olo avy misotro dovay taloha ka hagniry gny vaovao, fa hoy Izy hoe: 'Gny taloha
tsara.'"

Chapter 6


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

[1] Tamign'andro Sabata da nandea negnà an-tanimbary Jesôsy ary gny mpianatra nangalà tola-mbary nandilotra zany
tamigny tagnan-dreo sady nihinagna gny voa. [2] Fa gny sasany tamigny Fariseo koja da nizaka hoe: "Nagnino anareo no
magnano raha tsy ara-dalàgna hatao amign'andro Sabata?" [3] Namaly andreo i Jesôsy nizaka hoe: "Mbola tsy nivakinareo
zay nambôrin'i Davida raha masaregna izy sy gny lelahy hiaraka taminazy? [4] Nandea negnà andragnon-Jagnahary izy,
ary nangalà gny mofo tagnatrehany sy nihinagna gny tapany tamizany koa mba hinagna, ndre da tokony gny mpisorogna
avao nihinagna zany raha gny lalàgna." [5] Avy da Izy nizaka tamin'dreo hoe: "Gny Zanak'olo da Tompon'gny Sabata." [6] Ary
tamigny Sabata hafa koa da nandea tamigny Synagoga Izy nampianatra gny vahoaka tao. Nisy lelahy raika maty tagnana
hakavanana tao. [7] Nitaragna akeky Anazy tsara gny mpanora-dalàgna sy gny Fariseo, mba aita Anazy hagnasitragna olo
amigny Sabata, mba afahan-dreo maita antony nitorina Anazy. [8] Kanefa fantany zay tao an-saigna ndreo sady nizaka
tamigny lelahy maty tagnana Izy hoe: "Mitsangana, ary avy eto ategnategnan'olo maro eto." Ka nitrôtra gny lelahy sady
nitsangana teo. [9] Jesôsy nizaka tamin'dreo hoe: "Magnotany anareo Iao, ara-dalàgna ve gny magnano raha tsara amigny
Sabata sa magnano ratsy, gny magnavotra aigna sa gny mamotika anazy?" [10] Ary nitaragna gny magnodidigna anazy Izy
ka nizaka tamigny lelahy hoe: "Amparo gny tagnanao." Nagnano zany izy ary da sitragna tagnany. [11] Nefa hemboka
havinirana indreo ary nikoragna gny tokony atao an'i Jesôsy. [12] Tamigny zany andro zany da negnà ambony vohitra Izy
mba hivavaka. Notohizany nandritra aligna manotolo gny fivavany tamin' Jagnahary. [13] Raha nandraign'agndro da
nagnetso gny mpianatrany Izy, ary nisafidy roa ambifolo tamindreo Izy, zay natsovany hoe Apostoly. [14] Gn'agnarany
Apostoly da i Simona (Petera avakoa agnatsovana anazy) ary gny ralahiny Andrea, Jakoba, Jaona, Filipo, [15] Matio, Tomasy,
Jakoba zanaka lahin'i Alfeo, Simona zay antsovana hoe Zelota, [16] Jodasy zanak' i Jakoba, ary Jodasy Iskariota, zay, lasa
mpamadika. [17] Avy eo Jesôsy da nidigna latambonivohitra, niaraka tamin-dreo ary da nitsangana tamigny tany maraigna
niaraka tamigny mpianatrany maro sy vahoaka maro avy Jodia sy Jerosalema ary agnindra tany Tyro sy Sidona. [18] Avy
indreo mba hiteno Anazy ary mba ho sitragnina amign'aretigna. Sitrakagna aby avakoa gny vahoaka zay korotagniny
fagnahy maloto. [19] Akamaroany gn'olo tamigny vahoaka da nikiry hikasika Anazy satria nibôka latamigny hery
magnasitrana ary da sitragna aby idreo. [20] Da nitaragna gny mpianatrany Izy, sady nizaka hoe: "Sambatra anareo
sahiragna fa anareo gny fanjakan'i Jagnahary. [21] Sambatra anareo zay masaregna ankehitriny, fa ho voky anareo.
Sambatra anareo zay mitomagny ankehitriny, fa hiomey anareo. [22] Sambatra anareo raha alan'olo sady ahilikan-dreo sy
haratsian' dreo anareo, avy amigny Zanak'Olo. [23] Miravoa amizany andro zany ary mibota an-karavona, satria azo antoka
fa ahazo valisoa zakabe agny an-dagnitra anareo, fa mifanaka anzany no nindesany gny razagny mpaminagny. [24] Fa loza
hoanareo zay mpanakaregna, fa efa azonareo gny mahafa-ponareo. [25] Loza hoanareo voky amign' andro zao, fa mbola
hoasaregna anareo tanany agny. Loza hoanareo zay mihomehy amign'andro zao, fa hisaogna sady hitomagny anareo
tanany agny. [26] Loza hoanareo, raha nagnambara gny tsara aminareo olo maro, fa mitovy amizany gny namboariny
razan-dreo tamigny mpaminagny sandoka. [27] Fa mizaka aminareo zay miteno Iao, tiavo gny fahavalonareo ary
magnambôara gny tsara amigny malaigna anareo. [28] Tohagny zay magnozogna anareo ary mivava hoany zay magnano
tsy tavatraka anareo. [29] Raha misy mandraratefaka takolakanao raika, da omeo anazy koa gn'ilany. Ary raha misy olo
mangala gny lambanao, aza rarana ndre da lambanao aza. [30] Omeo zay rehetra mangatak'aminareo. Raha misy olo
mangala gny raha zay anao, da aza nangataka hameregnana zany aminao. [31] Akôra gny tinao hamboarin'olo aminao da
tokony ataonao amin'dreo koja zany. [32] Raha gn'olo tinao avao gny tiavinao, ino gny tsara hoazonao amizany? Fa ndre gny
mpanota aza mba tia anizay tia anazy avakoa. [33] Raha amizay olo magnano tsara anao avao anao gny magnano tsara da
ino mba tsara hoazonao amizany? Ndre gny mpanota aza mba magnano akôizany. [34] Raha tsy mampindragna afa tsy
amign'olo handignasana fa hamerigna zany aminao anao, mba ino gny tsara azonao amizany? Fa gny mpanota aza mba
mampindragnagny gny mpanota, mba ahazaonao akôizany avakoa. [35] Fa tiavo gny fahavalonareo ary magnanova ny
tsara amindreo. Mampisambora ka aza mandigny valiny fa ho zakabe gny valisoanareo, sady ho zanaky gn'Ambony
indrindra anareo, fa Izy tegnany da tsara fagnahy amizay tsy misôtra sy gn'olo ratsy fagnahy. [36] Managnà famindram-po,
akôra gny Iabanareo mpamindra-fo. [37] Aza mitsara, mba tsy ho tsaraina anareo. Ka magnameloka mba tsy homeloina
anareo. Mamelà gn'afa mba ho avela anareo. [38] Magnomeza, da omena anareo zany. Fagnomezam-be_zay atafotafo miara
vôhotsana sady mitombaky no_araraka am-pofoanareo. Araka gny famaharanareo, gn'hamaharana anareo akôizany
avakoa." [39] Avy eo Izy nagnano fagnohara tamin-dreo koa. "Gn'olo Jamba ve afaka mitarika olo-jamba hafa koa? Raha
magnano zany izy da mety ivarigna akadigna izy roy, sa tsy zany? [40] Gny mpianatra raika da tsy zakabe akô gny
mpampianatrany, fa gny nateraka gny fampianarana da hitovy akôra gny mpampianatrany. [41] Fa nagnino anao no
mitaragna gny dify agnaty maso ralahinao, kanefa tsy naita gny vatan-kazo ao agnaty masonao. [42] Akôgnaia izakanao gny
ralahinao ho: "Ôh ralay, avelay iao angala gny dify amigny masonao io, raha tsy hitanao ndreraiky gny dify amigny
masonao? Ôh mpitsaravelatsihy! Alahy amigny masonao gny eky dify, avy eo da ahita tsara anao ka afaka angala gny dify
amigny masony gny ralahinao. [43] Fa tsy misy kakajo tsara hamokatra voankajo lo, na kakajo lo hamokatra voankajo tsara.
[44] Fa gny kakajo kiraidraika da fantatra amigny voa zay vokariny. Fa tsy afaka hila aviavy amigny fantsy gn'olo, na
hangala voaloboka amigny tagnakajo voaroy. [45] Gn'olo tsara da mamokatra zay tsara avy amigny haregna tsara gny fony
ary gn'olo ratsy da mamokatra ratsy avy amigny haregna ratsy gny fony. Fa zay avokany gny fony no zakainy vavany. [46] Fa
magnino anareo magnetso Anahy hoe: "Tompo, Tompo, kanefa anareo tsy magneky gny raha zakaiko? [47] Maro gn' olo
nagnantogna Anahy sy miteno gny zakako sady magneky anzany da zakaiko anareo akôgnaia izy. [48] Akôra olo nanangana
tragno izy, zay nandavaka laligna tamigny tany ka nanangana fototra gny tragno tambony vatolampy. Raha avy gny

tondra-drano da namely mafy zany tragno zany gny rano-be, fa tsy mampihojongojogna anazy, satria tsara fagnoregnana
izy. [49] Ary zay olo naregny zakako ka nefa tsy nagneky zany da mitovy amign'olo zay manangana tragno ambony tany ka
tsy nagnisy fototra. Raha namely io tragno io gny riaka gny rano-be, avy da tola sady rava tanteraka zany tragno zany."

Chapter 7

[1] Raha navita toroteny tagnatrehany vahoaka maro Jesôsy, da niditra tao Kapernaomy Izy. [2] Ary nisy Kapiteny raika
managna mpanompo zay tena najainy, ka narary sy efa akeiky ho faty izy. [3] Raha naregny lazany Jesôsy gny Kapiteny, da
magniraka loholona Jiosy hoagny Aminazy izy, nangataka anazy mba hoavy hagnasitragna gny mpanompony. [4] Raha avy
tamin' i Jesôsy indreo, da nangataka mafy taminazy, nizaka hoe: "Mendrika hagnamboaranao anizany hoanazy izy, [5]
Satria da tiny firenenay sady izy koa nagnambotra gny Synagoga hoanay." [6] Koa da nanohy gny lalàgna miaraka
tamindreo Jesôsy. Fa raha mbola tsy lavitra tragno Izy, da nagniraka akama gny Kapiteny nizaka taminazy hoe: "Tompo,
aza manahiragna tegna anao, satria tsy tsara itsofona gn'ao ambany tafo-tragnoko aho. [7] Ka avy amizany da tsy nihevitra
gny tegnako ho mendrika hoegna aminao iao, fa mizakà, zaka raika avao da ho sitragna gny mpanompoko. [8] ka satria iao
avakoa da lelahy ambany fahefana, managnà miaramila ambaniko iao. Ka hoy iao amigny raiky ty hoe: Mandeana da
nandea izy, ary amigny raika hafa: 'Avia,' da avy izy, ary gny mpanompoko hoe: 'Amboary ty,' da amboariny zany." [9] Raha
naregny anzany Jesôsy, da gaga taminazy Izy, sady nitodika tamigny vahoaka zay nagnaraka Anazy da nirogna hoe:
"Ambarako aminareo fa ndre da tagny Israely aza tsy nahitako finoana akôizao." [10] Raha niverigna tandragno gny hiraka,
da nahita fa sitragna tsara gny mpanompo. [11] Tafara kely zany da nandea tagny amigny tanàna atao hoe Naina i Jesôsy,
sady niaraka taminazy gny mpianatrany sy gny vahoaka maro-be. [12] Raha akeiky gny vavahady tanàna Izy da nisy lelahy
raika efa maty nentina nivoka, zanaka lahy tokan-dreniny (zay mpivanitra), ary vahoaka maro be avy ao amigny tanàna
nagnaraka anazy. [13] Raha vatany naita anazy gny Tompo, da nafiraigna anazy tanteraka ka nagnano taminazy hoe: "Aza
mitomagny." [14] Avy eo da nagnantogna Izy ary hitagna gny vata-paty hitondrana gny razagna, ka nizanogna gny ninday
zany. Hoy Izy hoe: "Ôh zatovolahy, hoy Iao aminao, mitrôhafa." [15] Da nitrôtra gny maty ka nanomboka nizakà, ary Jesôsy
nagnome anazy tamin'endriny. [16] Nandresy andreo aby gny taotra ka nanohy nidera gny Jagnahary indreo, nizaka hoe:
"Mpaminagny zakabe gny natsangana eto amitsika" ary "Jagnahary nitsinjo gn'olony." [17] Nimboely nagneragna an'i Jodia
sy gny faritra magnodidigna gny vaovao momban'i Jesôsy. [18] Gny mpianatr'i Jaona da nizaka taminazy gny momba io raha
io. [19] Da nagnetso gny roy tamigny mpianatran' i Jaona ka nagniraka an-dreo hoagny amigny Tompo mba nizaka hoe:
"Anao ve gny hoavy, sa mbola hitaragna hafa zahay? [20] Ary raha vatany nagnantogna akeky an' i Jesôsy indreo, da hoy
lelahy hoe: "Jaona mpagnano Batisa hagniraka anay aty aminao nagnotany hoe: "Anao ve hoavy, sa mbola itaragna hafa
zahay?" [21] Tamizany lera zany da nasitragna olo maro tamign' aretigna sy fizalina ary fanaitaignana amigny fagnahy ratsy
Izy ary gn' olo Jamba maro da nampaitainy. [22] Jesôsy namaly ka nizaka tamin'dreo hoe: "Raha avy nandea tamigny
lalagnanareo anareo, da tatefo aman'i Jaona zay itanareo sy regninareo. Naita gny jamba, nandea gny malemy, nisava gny
boka, naregny maregnina, velogna gny maty, ary nagnambarana gny filazatsara gn'olo agnatiny fasairagnana. [23] Sambatra
gn'olo zay tsy sasatra gny magneky Anahy avy amign'ataoko. [24] Raha lasa gny iraka' i Jaona, da nanomboka nikoragna
tamigny vahoaka gny momban' i Jaona i Jesôsy hoe: "Hitaragna ino no nivohanareo tagny amigny tany mangigna?
volotara nojongojognony rivotra ve? [25] Fa itaragna ino nijotsonareo tagny? Lelahy mitafy lamba tsara ve? Taragno zay
mitafy lamba lafo vidy sy gny miaigna agnatiny fiaignana tsara da ao amigny lampam-panjakana. [26] Fa itaragna ino
nivohanareo tagny? Mpaminagny ve? Eka hoy Iao aminareo, ary mihôtra lavitra akôra gny mpaminagny. [27] Izy gny
vôsoratra hoe: "Igny alefako alohanao gny mpitatitra gn'afatrako, zay agnomagna gny lalagna aloha anao. [28] Ambarako
anareo, fa aminareo zay nateraka viavy da tsisy zakabe akôtra Jaona. Nefa gny farany kely amigny fanjakan'i Jagnahary
da zakabe akôra anazy." [29] (Raha naregny anzany gn'olo maro, agnisany zany gny mpangoro-ketra, da nagnambara fa
marina Jagnahary, satria namboarina batisa tamigny batisany i Jaona indreo. [30] Fa gny Fariseo sy gny mpahay lalagna
Jiosy da nekany gny tanjogna Jagnahary hoany tegna ndreo satria tsy namboarin'i Jaona batisa). [31] "Amign'ino ary afako
mampitovy gn'olo amign'ity taranaka ity? Akôra ino ma indreo io? [32] Akôra zaza mafiraigna abazary indreo, zay
midomboka sady mifagnetso ary mizaka hoe: 'Nitsoka sodigna hoanareo iay da tsy nandihy anareo. Nagnano hira
fisaognana hoanareo iay fa tsy nitomagny anareo.' [33] Fa Jaona mpagnano batisa avy tsy nihinagna mofo ary tsy nisotro
dovay, da hoy anareo hoe: 'Misy devoly izy.' [34] Gny Zanak'Olo da avy nihinagna sy nisotro, da hoy anareo hoe: 'Taragno fa
matamy hanigna sy mpisotro Izy, akamany gny mpangorogna hetra sy mpanota!" [35] Fa gny fahendrena da marina amigny
zanany aby manotolo." [36] Ary gny raika tamigny Fariseo nagnetso an'i Jesôsy hisakafo miaraka taminazy. Ka raha avy
niditra tandragnony Fariseo Jesosy da nidoboka nihinagna tan-databatra. [37] Nisy saramba tan-tanàna zay mpanota. Ary
raha nakendry izy fa nidomboka teo andatabatra tao andragno gny Fariseo izy, da ninday tavohangy alabastara feno
menaka mangitra izy. [38] Ary nijanogna tafara takeky gny tongotra izy da nitomagny, ka nanomboka nandegna gny
tongotrany tamigny rano masony, sady nifafany tamigny volondoany ary nagnoroka gny tongotra sy nagnositra gny rano
mangitra. [39] Raha naita anzany gny Fariseo da nangaika an'I Jesôsy, sady nizaka hoe: "Raha mpaminagny tokôtry io lelahy
io da tokony ho fantany hoe karazana viavy akôgnaia io mikitika Anazy io, fa mpanota io. [40] Jesôsy namaly sady nizaka
taminazy hoe: "Simona, misy raha zakaiko aminao." Ka hoy Izy hoe: "Zakai zany, Mpampianatra ô!" [41] Jesôsy nizaka hoe:
"Nisy mpampisam-bola nanagnà mpitrosa roy lahy. Gny raika da tokony andoa dimanjato denaria, gny raika dimam-polo.
[42] Raha tsy afaka nagnefa zany taminazy indreo, da samby nampetrany izy roy lahy. Raha zany ary da iza aminazy roy

lahy tena tia anazy?" [43] Simona namaly Anazy ka nizaka hoe: "Heveriko fa gny nafoizany be." Da hoy Jesôsy taminazy hoe:
"Marina gny fitsaranao." [44] Ka nitodika tagny amigny viavy i Jesôsy sady nizaka tamigny Simona hoe: "Itanao io viavy io.
Niditra tato andragno Iao, tsy nagnome rano hanasako tongotra anao, fa izy nagnakotsa gny tongotrako tamigny
ranomasony sady namafa zany tamigny volondoany. [45] Tsy nagnoroka Anà anao, fa latamigny nidirako tato da tsy valaka
nagnoroka gny tongotrako izy. [46] Tsy nisoranao dililo gny lohako, fa izy nagnositra menaka mangitra gny tongotrako. [47] Ka
nizaka aminao Iao fa gny fahotany__ maro da voavela satria be fitiavana izy. Fa zay navela kely da tia kely." [48] Da hoy Izy
taminazy hoe: "Voavela gny fahotanao." [49] Gny niaraka nidomboka nihinagna tao da nanomboka nikoragna hoe: "Iza ma
ity raha da mamelà heloka?" [50] Hoy Jesôsy tamigny rahaviavy nagnano hoe: " Gny finoanao nahavotra anao. Mandeana
ampiadagnana."

Chapter 8

[1] Tafara kely zany da nanomboka nandea nitety tanàna sy vohitra sambihafa Jesôsy, nitory sy nagnambara gny
filazantsara mikasika gny fanjakan'i Jagnahary. Niaraka taminazy gny roambifolo lahy, [2] akôra gny viavy sasany zay
sitragna tamigny fagnahy ratsy sy gny aretigna. Maria gnatsovana hoe Magdelena, zay efa nagnambolezana devoly fito; [3]
Johana, vadin'i koja, zay mpitan-draharahan'i Heroda, ary Sosana; sy gny maro sambihafa, zay tamigny fanagnan'dreo, da
nagnome zay nilain'dreo. [4] Raha mbola nisy vahoaka maro nilagnona, da avy nagnantogna Anazy gn'olo avy tamign' isan-
tanàna. Da nagnano fagnoharana Izy hoe: [5] "Nisy mpamboly nijotso mba hamafy voa. Raha namafy igny izy, da nafafiny
tamoron-dalagna gny sasany ka voahitsakitsaka sady lany gny vorogna langitra. [6] Gny sasany koja nafafy tamigny
vatolampy, ka raha vô nitsiry, avy da nalazo, satria tsy nisy hamandona. [7] Ary gny sasany da nafafy tamigny fantsy, ary
gny fantsy niaraka nitsiry tamigny voa ka nandidy zany. [8] Gny sasany nafafy tamigny tany lonaka ka namokatra vokatra
tsara lavitra gny zato." Tafaran'i Jesôsy nizaka io raha io, da nagnetso mafy Izy hoe: "Zay managna tadigny hiteno, mba
tokony hiteno." [9] Nagnotany Anazy gny mpianatrany amigny raha tiny ambara amizany fagnoharana zany. [10] Hoy Izy hoe:
"Gny fahalalana raha gny mifiny fanjakan'i Jagnahary da nomena anareo, fa hoany gn'afa da mikoragna amigny
fagnoharana Iao, mba tsy ahitan-dreo ndre da maita aza, ary tsy hafatarany ndre da naregny aza." [11] Akôizao gny dikany
fagnoharana: gny voa da gny zakan'Jagnahary. [12] Gny nafafy tamigny sisindalagna da gny naregny fa sendrika gny devoly
avy nangalà zaka tam-pony, mba tsy hino sy hoavitra indreo. [13] Ary gny tamigny vatolampy koja, da raha naregny gny
zakany, ka mangala zany amign'an-karavona. Nefa tsy misy vaitra io; da malaky fôgna gny finoan-dreo, ary amign'andro
gny fitsapana da mora lavo ndreo. [14] Gny nafafy tamigny fantsy da gn'olo maregny gny zakany, fa raha nandea an-dalàgna
indreo, da mivesatra gny fiaignana sy haregna ary gny fahafinaretana zao fiaignana zao, ka tsy matoy gny voany. [15] Fa gny
voa nafafy tamigny tany tsara, da io gny maregny zakany tamigny fo madio sy tsara, ary idreo io no mitagnà zany tsara
sady namokatra am-paharetana. [16] Ary, tsy misy olo, raha mampiretra jiro, da mandrakotra zany amigny satrokany na
nametraka zany ao ambany fandriny. Fa mametraka zany eo amigny pilasin-jiro mba hohitany gn'olo aby zay metsoky
amigny hazavana. [17] Satria tsy misy tokôtry zay tsy hoampafatarina,na raha mifiny zay tsy ho fantatra ary himboka
amigny hazavana. [18] Ka mitenoa tsara, zay managnà, da mbola ahazo zakabe, fa hoany gny tsy managnà koja, na zay
heveriny hanagnany aza da hamboely aminazy." [19] Avy eo endriny sy gny ralahiny da nagnantogna Anazy, nefa tsy afaka
nagnakeky Anazy noho vahoaka. [20] Nisy nagnambara taminazy hoe: "Ao ambadika ao endrinao sy gny rahalahinao
mitsangana tahita anao." [21] Fa Jesôsy namaly ka nizaka tamin'dreo hoe: "Gn'endriko sy gny ralahiko da zay naregny
zakan'Jagnahary sy magnano anizany." [22] Ndraika andro da nandea tamigny sambokely Izy niaraka tamigny mpianatrany,
ary Izy nizaka tamindreo hoe: "Atsika itsaka gny takembondrano." Da lasa indreo. [23] Vatany nandea igny ndreo da azotory
Jesôsy. Ary nisy rivotra mafy avy tamigny lakandrano teo, ka dibon-drano gny sambokely saforin-doza indreo. [24] Avy eo
da nagnantogna ka namoha Anazy gny mpianatr'i Jesôsy, nagnano hoe: "Tompo o! Tompo! Ho faty atsika!" Nifoha Izy ka
nizaka mafy gny rivotra sy onjandrano, da nijanogna sady avy da nilamigna. [25] Da nizaka tamin'dreo Izy hoe: "Aia gny
finoanareo?" Angoaigna be indreo. Ary angoaigna sady gaga avakoa indreo, ka nagnotany hoe: "Iza marina ty, mandindy
ndre rivotra sy gny rano da magneky Anazy?" [26] Nihazo gny faritr'i Gerasena indreo, zay mifagnatriky gny
takembondrano Galilia. [27] Raha vatany niakatra an-tanana i Jesôsy, da nifanempaka tamigny lelahy raika nisy devoly avy
an-tanana. Efa ela izy no tsy mitafy lamba, ary tsy nidomboka tandragno fa tagny am-pasagna. [28] Raha nahita an'i Jesôsy
izy, da nitoreo mafy sady niondrika tagnatrehany ka nizaka tamigny feo mafy hoe: "Ino no mampiray atsika Jesôsy,
zanak'i Jagnahary Ambony indrindra ô? Mitalaho Aminao iao, aza mampijaly anay. Fa Jesôsy nandidy gny fagnahy
maloto henga tamigny lelahy. [29] Fa tagnatiny andro maro nametrika anazy zany, ka ndre da nofohezina tamigny rojo sy
gadra vy sady nembenana izy, da nimpotehiny gny rojo sady nindesiny gny devoly tagny amigny tany mangigna izy. [30]
Jesôsy nagnotany anazy hoe: "Iza agnaranao? da hoy Izy hoe: "Legiona," fa maro gny devoly zay efa niditra taminazy. [31]
Nitalaho taminazy indreo mba tsy handefasana anazy ho agny amigny lavaka tsy hita petsopetsona. [32] Ary nisy kisoa
maro nihinagna takeky vohitra. Ka nangataka taminazy gny devoly mba hagneky anazy hiditra agnatiny , da nagneky
anazy Izy. [33] Ka nimboely tagnatiny tao gny devoly da nitsofika tamigny kisoa, ka nivandravandra tagny amigny hatsagna
negna amigny renirano gny kisoa maro ka maty. [34] Vatany naita zany raha nitranga zany gny mpiembigna kisoa,da
nezakazaka nampilaza zany tao an-tanana sy tagnala. [35] Noho zany da nivoka gn'olo an-tanana mba hitaragna gny raha
nisy, ary nagnantogna an'i Jesôsy indreo ka nahita gny lelahy zay nengany devoly. Ary izy nidomboka tan-tongotran'i
Jesôsy, mitafy sady vory saigna; da mataotra indreo. [36] Avy eo gn'olo zay naita zany da nagnambara andreo gny fomba

nagnasitragna lelahy nanjakany gny devoly. 37 Gny vahoaka rehetra tamigny faritanin' i Gerasena da nangataka an'i
Jesôsy mba henga amindreo, satria feno tahotra mafy indreo. Noho zany da nandeha an-tsambokely Izy mba afahan-dreo
mipody. 38 Gny lelahy nengany devoly da mitalaho tamigny mba hemetraka anazy handea hiaraka aminazy, fa Jesôsy
nandefa anazy, nizaka hoe: 39 "Miveregna andragnonao ka magnomeza tatitra ampy zay naniny Jagnahary taminao." Ary
gny lelahy nandea tamigny lalagny, da nagnambara nagneragna tanàna manotolo zay hamboarin'i Jesôsy taminazy. 40
Raha niverigna Jesôsy,da nag eky anazy gny vahoaka, fa indreo da magneky Anazy. 41 Igny, nisy lelahy raika atao hoe
Jairo, zay raika tamigny mpitarika tao Synagoga, nagnantogna sy niondrika tamigny tongotr'i Jesôsy, ka mitalaho
taminazy mba hoagny andragnony, 42 satria gny zanakany viavy tokana, zay zaza viavy akevitriny roa ambifolo taogna
teo, da efa ambavahoagna gny fahafatesana. Raha nandea tamigny lalagny Jesôsy, da niaraka nifampikitry magnodidigna
Anazy gny vahoaka maro be. 43 Ary nisy viavy raika teo zay efa nandea rà nandratra gny roa ambifolo taogna sady
nandany gny vola rehetra, [Fagnamarina: gny manam-pahaizana da mizarazara hevitra raha araka tokony ho izy da
ampidirina eto gny fehezateny hoe: "Nandany gny volany rehetra(izy)"] ary tsy nisy nagnasitragna anazy ndre iza ndre
iza. 44 Ary izy da negnà afaran'i Jesôsy sady hitagna gny ravin-dambany, da nijanogna nalaky gny ràny. 45 Jesôsy nizaka
hoe: "Iza gny nikasika Anahy teo?" Raha nandà gny maro, da hoy Petera hoe: "Tompo, magnodidigna Anao aby gny
vahoaka rehetra sady manery Anao." 46 Fa Jesôsy nizaka hoe: "Nisy nikasika Iao, satria fantako fa nisy hery nenga avy
tamina." 47 Raha itany gny viavy fa tsy takotra izy, da nangorohoro izy sady niondrika taminazy. Namboariny tamason'olo
gn'antony nikitiny Anazy, sy gny nagnasitragna anazy avy hatrany. 48 Ary Izy nizaka taminazy hoe: "Ô zanaka vavy, gny
finoanao no nasitragna anao. Mandeana am-piadagnana." 49 Avy eo raha mbola nizaka izy, da nisy olo raika avy an-
dragnony mpitarika Synagoga, nagnano hoe: "Maty gny zanakao viavy. Aza manahiragna gny mpampianatra koa." 50 Fa
raha naregny anjany Jesôsy, da namaly an'i Jairo Izy hoe: "Aza magnay; minoa avao, da ho sitragna izy." 51 Raha nitsofika
tandragno Izy, da tsy nagneky olo ndre raika hiara iditra aminazy ankoatran'i Petera sy Jaona ary Jakoba, sy gny iabany
zaza sy endriny. 52 Ary gny rehetra da nisaogna sy nitomagny anazy. 53 Fa Izy nizaka hoe: Ka mitomagny; tsy maty izy fa
tory." Da lagnaka Anazy indreo, satria fantatra fa maty gny zaza viavy. 54 Fa nalay tamigny tagna izy ka nangaika, mafy,
nizaka hoe: "Anaka, mitsangàna!" 55 Ary da niverigna fagnahiny, ka avy da nitrôtra izy. Ary nibeko andreo Izy mba
hagnome hanigna hoanazy. 56 Da gaga gny iabany amendriny, fa Izy koja nandrara anadreo mba tsy nizaka dre iza ndre ia
gny raha nitranga.

Chapter 9

1 Nagnetso gny roambifolo lahy Izy sady nagnome andreo gny hery sy fahefana amigny devoly rehetra ary hagnasitragna
gn'aretigna. 2 Nalefa indreo nagnambara gny fanjakan'i Jagnahary sy hagnasitragna gny marary. 3 Hoy Izy tamin'dreo hoe:
"Aza minday na ino na ino amigny dianareo_tsy misy tegna, tsy misy kitapom-batsy, tsy misy mofo, tsy misy vola, ary tsy
misy lamba fagnampiny. 4 Zay tragno itsofonareo, da nijanogna ao mandra-penganareo. 5 Na aiza na aiza tsy
andraisandreo anareo, raha nandalo zany tanàna zany anareo, da ahitsagno henga amigny tongotranareo gny vovoka
mba ho fijorona vavolombelogna anoherana andreo. 6 Avy eo da lasa indreo namakivaky gny tanàna, nagnambara gny
filazatsara sy nagnasitragna tegny rehetra tegny. 7 Ary da regnin'i Heroda mpajaka aby gny nitragna maro, ary da very
hevitra izy, satria nambarany sasany fa Jaona mpagnano batisa nitsangana tamigny maty, 8 ary voazaka fa niboka Elia,
ary gny sasany koja da nizaka fa raika amigny mpaminagny tamign'andro taloha nitsangana tamigny maty. 9 Hoy Heroda
hoe: "Iao no nanapa-doha an'i Jaona, ka iza koa gn'olo narignesako raha akônizany?" Ary nikiry gn'aita Anazy izy. 10 Raha
niverigna gn'apostoly, da nikoragna taminazy gny raha vitan'dreo. Avy eo da nindesiny niaraka taminazy indreo, ary
nandea nitokana hoegna amigny tanàna atsovana hoe Betsaida. 11 Vatany naregny momba zany gny vahoaka, da
nagnaraka Anazy. Da nalaindreo ary nambarany andreo gny mombany fanjakan'i Jagnahary, sady nagnasitragna zay nila
fagnasitragnana Izy. 12 Ary raha ho ariva gn'andro, da nagnantogna Anazy gny roambifolo ka nizaka hoe: "Alefaso andea
gny vahoaka mba afandreo mandea agny amigny tanàna magnodidigna sy ambanivolo mba ahitany fatorina sy anigna,
satria amigny tany fôgna atsika." 13 Fa hoy Izy tamindreo hoe: "Omenareo raha hoanina indreo." Ary nizaka indreo hoe:
"Tsy managnà afa tsy mofo dimy sy laokandrano roy iay raha tsy hoe mandea mividy anigna iay hoany gn'olo aby io." 14
(Akevitrany teo amigny lelahy dimy arivo eo ho eo). Ary da nizaka gny mpianatrany Izy hoe: "Adombohy da alagnono ho
dimampolo isan-toko indreo." 15 Da nagnano zany indreo, sady nampidoboka gny vahoaka. 16 Nangalà gny mofo dimy sy
laokandrano roy, da niandrandra gny langitra Izy, nisaotra sady nizarazarainy, ka nomeny gny mpianatra zany mba
hatolotra gny vahoaka. 17 Nihinagna indreo aby ka afa-po, ary da nalagnona gny sisa tsy lany__ka nisy potipotikany
roambifolo harogna. 18 Raha nivavaka nitokana Jesôsy, da niaraka taminazy gny mpianatra. Da nagnotany andreo Izy,
nagnano hoe: "Atany vahoaka ho ia ma Iao?" 19 Namaly indreo hoe: "Jaona mpagnano batisa. Fa gny sasany mizaka hoe
Elia, gny sasany mizaka fa raika tamigny mpaminagny taloha nitsangana tamigny maty." 20 Ary nizaka tamin'dreo Izy hoe:
"Fa atanao ho Iza ma Iao?" Petera namaly hoe: "I Kristin'Jagnahary." 21 Fa nandrara mafy andreo tsy hizaka zany ndre
aminiza ndre iza, 22 nagnano hoe: "Gny Zanak'Olo da hijaly sindritra amigny raha maro, ary tsy ekeny loholona sy
lohando-mpisorogna ary gny mpanora-dalàgna, hivinina Izy fa hatrôtry amigny andro fahatelo." 23 Ary hoy Izy tamindreo
aby hoe: "Raha misy te hagnaraka anahy, da mandà gny tegnany izy sady minday gny hazofizaliny isan' andro ary
magnaraka Anahy. 24 Ndre iza ndre iza tagnavotra aignany da hagnary zany, fa ndre iza magnary tegnany avy amigny
fitiavany Anay da hagnavotra zany. 25 Ino no tsara azon'olo amigny fanagna zao tontolo zao, kanefa magnary na

mamotika aignany? [26] Fa ndre iza ndre iza megnatra gn' Amina sy zakako, da ho megnatra anazy koja gny Zanak'olo aby manotolo amigny vononahitrany, sy gny voninahitry gny Ray sy gn' anjely masina Izy. [27] Fa zakaiko marina aminareo, fa gny sasany aminareo mitsangàna eto da tsy ahita fahafatesana aloha gn'ahitany fanjakan'i Jagnahary." [28] Ary valoandroeo eo tafarany nagnambaran' i Jesosy io zakany io, da nindesiny niaraka taminazy Petera sy Jaona ary Jakoba ka niakatra tambonivohitra hivavaka. [29] Raha hivavaka igny Izy, da niova endrika gny tarehiny, sady hivadika fotsy manjelenjelatra lambany. [30] Igny, nisy roy lahy nikoragna taminazy, Mosesy sy Elia, [31] zay nimboka tambonahitra mamirampiratra. Nikoragna mombany gny fiengany Izy, zay hoentina hontateraina agny Jerosalema. [32] Ary Petera sy gny zay niaraka taminazy da rengitory, fa raha vatany taitra indreo, da naita gny voninahitrany sy gny roy lahy zay nitsangana niaraka taminazy. [33] Ary raha nenga lavitra an'i Jesôsy indreo, da hoy Petera taminazy hoe: "Tompo, tsara amitsika gny nijanogna eto. Avelay iay hagnambotra fialofana telo, raika ho Anao, raika hoan'i Mosesy, ary gny raika hoan'Elia." (Tsy fantany gny raha nizakainy.) [34] Tampizakana zany izy, da nisy rahogna avy nanarogna andreo, ka angoaigna aby indreo raha tafiditra tao amigny rahogna. Nisy feo nivoka avy latamigny rahogna, nagnano hoe: "Itiky no Zanaka Lahiko, gny raika zay voafidy; tenohy Izy." [35] Raha nizanogna gny feo, da Jesôsy raika avao no hita teo. [36] Nitagna gny fahanginana indreo ka tsy nizaka ndre iza ndre iza tamign'andro zany gny mombany raha aby hitandreo. [37] Ary gn'andro nagnaraka anio, raha nidigna gny tendrombohitra indreo, da vahôka maro nifanempaka taminazy. [38] Da nisy lelahy raika avy latamigny vahôka nitoreho mafy, nagnano hoe: "Mpampianatrô, mitaraigna aminao iao mba hitaragna ity zanako lahy ity, fa zanako tokana izy ty. [39] Hitanao, misy fagnahy mibeko anazy da nitoreho tampoka izy; mampinitogna anazy zany sady mapivoka ranivy gny vavany. Tsy miala aminazy zany sady mahavoraka anazy. [40] Nitaraigna tamigny mpianatranao iao mba angala zany fa tsy afakandreo." [41] Namaly Jesôsy nizaka hoe: "Anareo tsy mpagneky sady ratsy tondrategna, rahovina tsy mentsy hijanognako aminareo sy hieretako miaraka aminareo? Ento latsitagny zanakao lahy." [42] Raha nagnantogna gny zazalahy, da nasipiny gny devoly tamigny tany izy sady najijitrany. Fa Jesôsy nizaka mafy gny fagnahy maloto ary nagnasitragna gny zazalahy, sy hamerigna anazy tamigny iabany. [43] Ary avy da gaga aby indreo nahita mahaben'Jagnahary. Raha gaga tamigny raha namboariny igny indreo, da hy Izy tamigny mpianatrany hoe: [44] "Ampetray io zaka io hoavy laligna amigny tadigninareo; gny Zanak'Olo da hoavadika ho eo antagnan'olo." [45] Fa tsy manjava amindreo zany fagnambarana zany, satria zany da nafiny tamindreo, ka tsy azon-dreo gny dikany zany, sady mbola angoaigna avakoa indreo nagnotany gny dikany zany fagnambarana zany. [46] Ary avy eo da nisy fifandirana nanomboka teo tamindreo gn'amizay ho lehibe indrindra amindreo. [47] Fa Jesôsy, nalala gny tam-po ndreo, da nangalà zazabitika raika ka nampetrakany takekiny teo, [48] ary nizaka tamin'dreo hoe: "Fa ndre iza mandramby ity zaza itiky amigny agnarako, da mandramby Anay; ary ndre iza ndre iza mandramby Anay, da mandramby gny Iraika zay nagniraka Anay. Fa zay farany kely aminareo aby manotolo no ho zakabe." [49] Jaona namaly hoe: "Tompo ô, nahita olo raika iay handrôka devoly tamigny agnaranao da sakananay izy, satria tsy mpagnaradia miaraka aminay." [50] "Aza mandrara anazy," hoy Jesôsy, "satria zay tsy manohitra anareo da miaraka anareo." [51] Raha efa akeky gn'andro ampiakarana Anazy, da niatrika hoagny Jerosalema Izy. [52] Nandefa mpinday hafatra Izy hoalohany, ary da nandea indreo nitsofika tao amigny tanàna Samaritana raiky mba hagnomagna gny raha any ho Anazy. [53] Fa gny vahôka tao tsy nandray Anazy, satria nitodika hoagny Jerosalema Izy. [54] Raha nataragna zany Jakoba sy Jaona mpianatrany, da hoy indreo ho: "Tompoko, tenao ve iay raha andefa afo milasaka latandangitra mba hamotika andreo io?" [55] Fa nitodika Izy sady nizaka mafy tamindreo, [56] ary lasa tagny amigny tanàna hafa indreo. [57] Raha nandea tan-dalagna indreo da nisy olo raika nizaka taminazy hoe: "Hagnaraka Anao iao na hoegnaia na hoegnaia hombanao." [58] Jesôsy nizaka taminazy hoe: "Gn'amboahaolo manan-davaka, gny vorogna magnembogna andangitra da managna tragnony, fa gny Zanak'Olo tsy managnà pilasy agnasitriny lohany." [59] Ary hoy Izy tamgn'afa hoe: "Magnaraha Anay." Fa hoy izy hoe: "Tompoko, avelay iao handevigna iabako eky." [60] Fa hoy Izy taminazy hoe: "Avelay gny maty hendevigna gny maty ao aminazy. Fa ho anao, da mandeana ka mitoria agny lavitra agny ary hitaro gny fanjakan'i Jagnahary." [61] Ary nisy olo hafa nagnano hoe: "Hagnaraka Anao iao, Tompo, fa avelay iao nagnano veloma handragnoko eky." [62] Jesôsy namaly anazy hoe: "Tsy misy olo mitagna angady sady mitodika ka mendrika hoamigny fanjakan'i Jagnahary."

Chapter 10

[1] Ary tafara gny raha aby zany, da nifidy fitopolo lahy [Fagnamarina: Maro tamigny fandikana taloha tena tsara no vakina hoe: "Fitopolo", fa gny sasany vakina hoe: "roa ambi-fitompolo."] hafa gny Tompo, ary nandefa andreo tsiroiroy nandea alohany tagny amigny tanàna sy pilasy andeanany. [2] Hoy Izy tamin'dreo hoe: "Be gny vokatra fa gny mpiasa vitsy. Ka hangatay ary gny tompom-bokatra mba andefa gny mpiasa hoagny amigny vokatra. [3] Mandiana amigny lalagnanareo. Taragno, ampadianiko akôra gny zanak'ondry eo ategnategna ambodia anareo. [4] Aza minday poketram-bola, na pilasin' entagna, na kapa, ary aza magnotsafa ndre iza ndre iza egny an-dalagna. [5] Zay tragno itsofonareo, da zakay eky hoe: 'Fiadagnana hoamin' ity tragno tiky!' [6] Raha misy olo gny fiadagnana ao, da nipetraka aminazy gny fiadagnana zakainareo, fa raha tsy misy koja, da miverigna aminareo avao zany. [7] Mijanogna ao amigny tragno io avao, mihinana sy misotroa zay omeon'dreo, fa gny mpiasa da tsara amigny karamany. Aza mifindrafindra tragno. [8] Fa amizay tanàna itsofonareo, ka magneky anareo, da hano zay omeny eo agnatrehanareo, [9] sady sitragno zay marary ao. Zakay indreo hoe: 'Efa magnakeky anareo gny fanjakan'i Jagnahary.' [10] Na hovina na hovina anareo gny miditra tanàna ka tsy magneky anareo indreo, da mijotsoa agny an-dalagna ary zakay hoe: [11] 'Fa ndre gny vovoka gny tanànanareo da ho fafana hanoitra

anareo! Fantaro eky anefa: Efa magnakeky gny fanjakan'i Jagnahary.' [12] Ambarako aminareo fa amign'andro fitsarana da
mbola hoazo leferina gn'an' i Sodoma laha ampitovina gn'anzany tanàna zany. [13] Loza hoanao, Korazina! Loza hoanao
Betsaida! Fa raha gn'asa zakabe zay namboarina tao aminao namboarina tagny Tyro sy Sidona, da efa ela indreo gny
nivalo, nidomboka tamigny lamba fisaognana sy levogna. [14] Fa ho azo ampandeferina gnan' i Tyro sy Sidona amigny
fitsarana noho gn'aminareo. [15] Anao Kapernaomy, mihevitra ve anao ka hoasandratra agny andangitra? Tsia, hindesina
midigna agny amigny Hadesy anao. [16] Zay miteno anareo da miteno Ana, ary zay mandà anareo da mandà Anay, ary zay
mandà Ana da mandà gny nagniraka Anahy. [17] Nimpody an-karavona gny fito-polo, ka nizakà hoe: "Tompo, ndre gny
devoly aza da magneky anay tamign'agnaranao." [18] Jesôsy nizaka tamin'dreo hoe: "Nitaragna an'i Satana nipetraka latan-
dangitra akô tselatra Iao." [19] Taragno fa efa nomeko anareo gny fahefana hagnitsaka gny menaragna, gny maingoka, ary
ambony gny hery rehetra gny fahavalo, ary ndre ino ndre ino da tsy hoisy nandratra anareo amigny fomba maro. [20] Ndre
da zany da ka ravo fotsiny amizany, hoe magneky anareo gny fagnahy, miravoha fa vôsoratra agny an-dagnitra
gn'agnaranareo." [21] Tamign'andro io avao da hiravo tokôtry amigny fagnahy masina izy, ary nizaka hoe: "Midera Anao
Iao, Ray, Tompo gny langitra sy gny tany, fa efa nasisitranao gny raha io tamigny hendry sy gny manasaigna, ary nambara
tamigny tsy manam-pahalalana, akô zaza madinika. Eka, Abako, fa zany no ankasitrahana tsara eo amasonao." [22] Gny
raha aby da nakigny Ray tamina, ary tsy mahalala iza gny zanaka afa tsy gny Ray, ary tsy mahalala hoe iza gny Ray afa tsy
gny Zanaka sy zay nosafidiny Zanaka hamboka Anazy." [23] Avy da niodigna tamigny mpianatra Izy ka nizaka mangingigna
hoe: "Sambatra zay mahita gny raha itanareo. [24] Ambarako aminareo, mpaminagny sy mpanjaka maro nagniry ahita gny
raha itanareo, ary aregny gny raha regninareo, fa tsy regnin'dreo zany." [25] Igny, nisy mpampianatra lalàgna Jiosy raika
nitsangana mba nitsapa Anazy, ka nizaka hoe: "Mpampianatra o, ino tokony hataoko mba handovako gny fiaignana
mandrakizay?" [26] Jesôsy nizaka taminazy hoe: "Ino vôsoratra ao amigny lalàgna? Aôna gny famakinao zany?" [27] Namaly
izy ka nagnano hoe: "Tiavo gny Tompo Jagnaharinao amigny fonao manotolo, amigny herinao manotolo, ary amigny
fisaignanao rehetra, ary gny namanao akôra gny tagnanao." [28] Jesôsy nizaka taminazy hoe: "Marina gny valiny zakanao.
Amboary zany, da ho velogna anao." [29] Fa gny mpampianatra, nagniry hagnamarina tegnany, da nizaka tamign' i Jesôsy
hoe: "Iza no akamako?" [30] Namaly anazy Jesôsy ka nizaka hoe: "Nisy lelahy raika nidigna latagny Jerosalema hoagny
jeriko. Tratry gny mpandrava izy, zay nandrava gny fanagnany aby taminazy, sady nandamoka anazy ary nametraka
anazy efa akeky ho faty. [31] Ary sendra nisy mpisorogna nandalo tamigny lalagna zany, ka raha nahita anazy izy, nandeha
tegny am-pita. [32] Akôzany avakoa gny Levita raika, raha nandalo tamigny pilasy io ka nahita anazy, da nandea tegny am-
pita. [33] Fa nisy Samaritana raika, raha nandea tamigny nandianany izy, da avy teo amigny nisy anazy. Raha nahita anazy
izy, da nafiraigna anazy. [34] Ka nagnantogna anazy izy sady namehy gny feriny, ary nagnidigna menaka sy dovay tamizany.
Nampitengeniny gny biby izy, da nentiny tagny amigny tragnom-bahiny, sady nikarakarainy. [35] Gn'ampitso da nangala
denaria roy izy, nomeny gny tompo tagnom-bahiny, sady nizaka hoe: 'Karakaray izy, ndre da ohatrino na ohatino gny
laninao mihôtra anio, raha mimpody iao, da hefaiko avao.' [36] Iza taminazy telo lahy io, araka gny eritreritranao,
namagn'azony gny mpandrava?" [37] Namaly gny mpampianatra hoe: "Gny raika zay nafiraigna anazy." Jesôsy nizaka
taminazy hoe: "Mandeana ary magnanôva akô zany avakoa." [38] Ary raha niaraka nandea indreo, da niditra tamigny
tanàna raika Izy, ary nisy viavy raika atsovana hoe Marta nampandroso Anazy tandragnony. [39] Managna ravavy atao hoe
Maria izy, zay nidoboka tamigny tongotrany gny Tompo sady naregny gny zakany. [40] Fa Marta sairagna be tamigny
fikarakarana gny sakafo ho aroso. Negna amigny Jesôsy izy, da nagnano hoe: "Tompo, tsy mampagnahy Anao ve
nametrany gny rahavaviko anahy hanompo raika? Mba zakay izy hagnampy anahy." [41] Fa namaly gny Tompo nizaka
taminazy hoe: "Marta, Marta, magnahy amigny raha maro be anao, [42] kanefa raha raika avao tena ilaina. Maria da efa
nifidy gny tena tsara, zay tsy hoampengaina aminazy."

Chapter 11

[1] Dakoizao gny nimboka raha nivavaka tamigny pilasy raika Jesôsy, nisy raika tamigny mpianatrany nizaka taminazy hoe:
"Tompo, mba hampianaro mivavaka iay akô nampianarin' i Jaona gny mpianatrany." [2] Hoy Jesôsy tamindreo hoe: "Raha
mivavaka anareo da magnanôva hoe: 'Ray ô, hoamasignina agnaranao. Hoavy gny fanjakanao. [3] Omeo anay hanignanay
isan'andro. [4] Avelay gny fahotanay, akôra gny namelanay zay nagnano ratsy taminay. Aza minday anay hoamigny fakam-
pagnahy."' [5] Jesôsy nizaka tamin'dreo hoe: "Iza aminareo no hanagna akama, ary andea aminazy amigny sasakaligna,
sady agnano anazy hoe: 'Ô akama, mba ampindramo mofo telo iao, [6] fa misy akamako raika avy lavita, tsy managnà ndre
ino ndre ino haroso hoanazy iao.' [7] Ary mety amaly anazy gny raika tandragno ka hizaka hoe: 'Aza mandobolobo anahy.'
Efa mihidy gny varangaragna, sady gny zanako, efa ampandrina, miaraka amina. Tsy afaka hitrôtry iao agnome mofo
anao.' [8] Magnambara aminareo Iao, fa ndre da tsy mitsangana sy magnome mofo anareo aza izy satria namany anareo,
da avy amigny fikirizanareo tsy hegnatra, da hitsangana izy sady hagnome mofo anareo zay tadiavinareo. [9] Mbola mizaka
aminareo koa Iao, mangataha, da homena anareo zany; miadiava, da ahita anareo; dondomy, da ho vôhaina anareo. [10] Fa
gn'olo aby zay mangataka da mahazo, ary mitady da nahita; zay mandodogna, da ho vôhaina. [11] Iza aminareo iaban'olo io,
raha mangataka laoka gny zanakareo, da hagnome anazy bibilava fa tsy laoka? [Fagnamarina: Gny fandikana tena tsara
misy vaki-teny fohiky, zay arakitsiny eto. Gny fandikana taloha sasany da misy vaki-teny lava-be, zay hita ao amigny
Matio 7: 9 avao koa: "Iaban'olo iza aminareo, raha mangataka mofo gny zanakareo da hagnome anazy vato? Na laoka, da
hagnome anazy bibilava?"] [12] Na mangataka atody izy, da homenareo maingoka ve izy? [13] Ka avy amizany, raha anareo


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

ratsy fagnahy aza da mahay magnome raha tsara gny zanakareo, da akôgnaia, hazakabe gny fagnahy masina homeny
gny Iabanareo zay agny an-dagnitra hanizay mangataka aminazy?" 14 Ary Jesôsy nandrôka devoly môgna. Raha niala gny
devoly, da lasa nahay nizaka lelahy zay môgna, ary da gaga gny vahôka. 15 Fa gn'olo sasany nizaka fa: "Amign'alalan'i
Belzeboba, zay mpitarika gny devoly, gn'androahany devoly." 16 Gny sasany nitsapa Anazy ary nikatsaka famantarana
latan-dangitra taminazy. 17 Nefa fantan'i Jesôsy zay tan-dohan' dreo ka nizaka indreo hoe: "Gny fanjakana zay mizarazara
aby da ho rava, ary gny tragno zay mizarazara da hirodagna." 18 Ka raha miady an-dragno gny Satana, aôna hampaharitra
gny fanjakany? Fa hoy anareo hoe magnamboely devoly amign'alalan'i Belzeboba Iao. 19 Fa raha magnamboely devoly
amign'alalan'i Belzeboba Iao, da amign'alalan'iza koja agnambolezanareo mpagnara-dia anareo anazy? 20 Ka zany da
indreo io no hitsara anareo. Fa raha magnamboely gny devoly amign'alalany gny ratsan-tagnan'Jagnahary Iao, da hoavy
aminareo gny fanjakan'i Jagnahary. 21 Raha ampy fitovagna tsara gny lelahy mahery raika miamby tragno, da voharo
haregnany, 22 kanefa koja raha mahery ambony gny lelahy raika ka nandresy anazy, da alainy lelahy mahery ambony gny
fiadina, ary ho ravainy gny fanagnany. 23 Zay tsy miaraka aminahy da manohitra Anay, ary zay tsy milagnona miaraka
amina da misaraka. 24 Raha menga amign'olo raika gny fagnahy ratsy, da lasa izy namakivaky pilasy tsy misy rano sady
mikatsaka filegnesana. Ary raha tsy mahita, da hoy izy hoe: 'Himpody agny amign' tragno nengako iao.' 25 Raha tafampody
izy, da mahita zany tragno zany voadio sy voalamigna. 26 Avy eo da lasa izy ary nangalà fagnahy ratsy hafa mihoatra gny
tegnany mihisa fito miaraka aminazy izy ary da mitsoka mba hijanogna ao indreo aby. Ka ratsy ambony voalohany gny
iafarany zany olo zany." 27 Raha nizaka io raha io Izy, da nisy viavy raika nampiaka-peo tagnatiny vahoaka ary nizaka
taminazy hoe: "Sambatra gny kibo zay niteraka Anao sy gny nono zay ninononao." 28 ka hoy Izy hoe: "Mbola sambatra,
gny zay miteno gny zakan'Jagnahary sy gny mitagna zany." 29 Ary raha mbola mitombo gny vahôka da nanomboka nizaka
Jesôsy hoe: "Itiky taranaka ity da taranaka ratsy. Mikatsaka famantarana izy nefa tsy misy famantarana amboka anazy
afa tsy gny famantaran'i Jona. 30 Fa akôra gny niavin'i Jona ho famantarana tamigny Ninivita, akôizany koa da ho
famantarana gny Zanak'Olo amin'itiky taranaka ity. 31 Gny mpanjaka vavy avy lata Atsimo da hitsangana amigny fitsarana
miaraka amigny lelahy amin'itiky taranaka ity ka hagnadiso andreo, fa avy latagny amigny farany tany izy mba hiteno
gny fahendren'i Solomona, ary eto gn'olo zakabe akôtra Salomona. 32 Gny lelahin'i Ninive da hiaraka hitsangana
amin'itiky taranaka ity amigny fitsarana ary hagnadiso anazy, satria nibebaka tamigny nitorin'i Jona indreo, ary misy olo
zakabe ambony Jona eto. 33 Tsy misy olo, raha avy hampiretra jiro, da mametraka zany amigny pilasy takotra na ambany
harogna, fa atany amigny pilasin' jiro, mba hointany zay mitsofika amign'hanjavana. 34 Gny masonao no jiro gny vatagna.
Raha tsara gny masonao, da rakotra hanjavana gny tegna manotolo. Fa raha ratsy gny masonao, da rakotra hejigna gny
tegnanao. 35 Ka mitandremana anareo mba tsy ho mejigna gn'ahazavana ao aminareo. 36 Ary raha rakotra hanjavana gny
tegnanareo manotolo ka tsy misy agnaty menjigna ndre kely, da akôra gny jiro zay nampibaribary gny hanjavana eo
amigny tegnanao aby manontolo. 37 Raha vita gny koragnany, da nisy Fariseo nangaika anazy hiaraka-hisakafo aminazy
agny an-dragnony, da nitsofika i Jesôsy ka nidomboka. 38 Gaga gny fariseo fa tsy nisasa Jesôsy vo nihinagna. 39 Fa hoy gny
Tompo taminazy hoe: "Ankehitriny, anareo Fariseo, da magnadio gn'ivelany kopy sy gny vilia, kanefa ao agnatinareo da
feno rombaka sy haratsiana." 40 Anareo kely saigna! Tsy nagnano ao agnatiny avakoa ve nagnano ambadikany? 41 Omeo
gny sahiragna zay ao agnatiny, da hadio anareo gny raha aby manontolo. 42 Fa loza hoanareo Fariseo, satria mandoa
gn'ampafolo gny solila sy rota ary gny kakajo hafa agnala anareo, nefa tsy nesanareo loha gny fahamarinana sy
fitiavan'Jagnahary. Tsara gny magnano gny marina sy gny mitia an'Jagnahary, sady tsy magnadigno gny magnano io raha
hafa avakoa. 43 Loza hoany gny Fariseo, fa tenareo gny pilasy voalohany egny amigny Synagoga sy gny fagnotsafana feno
fagnazana egny abazary. 44 Loza hoanareo, fa anareo da akôra gny fasagna tsy misy famantarana ka ditsain'olo tsy
mafantatra zany. 45 Gny raika tamigny mpampianatra lalàgna nizaka hoe: "Mpampianatra ô, zany raha zakainao zany da
magnesoheso anay avakoa." 46 Jesôsy nizaka hoe: "Loza hoanareo, mpampiana-dalàgna! Fa mampinday enta-mavesatra
tsy havin'olo anareo, kanefa tsy mitagna zany enta-mavesatra zany ndre raika gny ratsan-tagnanareo. 47 Loza hoanareo,
satria nanangana fasagna hoany gny mpaminagny anareo, nefa gny razambenareo no namono an-dreo. 48 Ka
vavolombelogna sady magneky gn'asany gny razagnanareo anareo, fa namono andreo tokôtry indreo ary anareo no
manangana gny fasagny. 49 Ka avy amizany avakoa, no nagnambarany gny fahendren'Jagnahary hoe: 'Handefa
mpaminagny sy apostoly amin-dreo Iao, ary indreo avao hamono sy agnezika gny sasany amin-dreo." 50 Itiky taranaka ity,
zany no tompon'antoka amigny rà gny mpaminagny aby nilatsaka hatramizay niforognan'izao tontolo zao, 51 nanomboka
tamigny ràn'i Abela ka hatramigny ràn'i Zakaria, zay novonoina teo ategnategnany alitara sy pilasy masigna. Eka,
ambarako marina aminareo, fa itiky taranaka ity ho tompon'antoka. 52 Loza hoanareo, mpampiana-dalàgna Jiosy, satria
nirambesinareo gny lakile gny fahalalana; tsy mitsofika ao tegnanareo, ary sakananareo zay mitsofika. 53 Tafarany gny
nengany Jesôsy teo, da nanohitra Anazy gny mpanora-dalàgna sy gny Fariseo ary niady hevitra taminazy indreo mikasika
gny raha maro, 54 sady nikiry gn'amandrika Anazy tamigny zakany avao.

Chapter 12

1 Tamizany, raha niara nilagnona gny vahoaka ama-rivony maro, maro lôtra indreo da nifagnitsa-kitro, voalohany da
nanomboka nizaka tamigny mpianatrany Izy hoe: "Tandremo gny matsiratsira gny Fariseo, zay fitsarambelatsihy 2 Fa tsy
misy mifiny zay tsy hibôka, ary tsy misy mifiny zay tsy ho fantatra. 3 Ka na ino na ino zakaina tamigny mejigna da ho
regny amigny hazavana, ary zay nizakainareo tamigny tadigny tao agnatiny efitragno da hambara egny an-tafotragno. 4

Mizaka aminareo akamako Iao, aza mataotra zay mamono tegna, ary afaran'izany da tsy misy ndre ino azony atao koa. 5
Fa mampitadrogn'anareo Iao gn'amizay ataorana. Mataora gny raika zay, zay rahefa avy mamono, da managnà gny
fahefana gny hagnary anareo agny amigny helo. Eka, mizaka aminareo aho, matahora Anazy. 6 Tsy farantsa bitika roy ve
vidiny gny tsitsina dimy? Kanefa tsy misy ndre raika aminio hoadigno amason'Jagnahary. 7 Fa ndre gny volon-dohanareo
aza da voaisany aby. Aza mataotra fa manan-danja ambony gny tsintsina maro anareo. 8 Hoy Iao aminareo, zay rehetra
magneky Anahy eo agnatrehan'olo, gny Zanak'olo avakoa da hagneky anazy eo agnatreny gn'anjelin'Jagnahary, 9 fa zay
tsy magneky Anahy eo agnatrehan'olo da tsy hoekena eo agnatrehany gn'anjelin' Jagnahary. 10 Zay mizaka manohitra gny
Zanak'Olo, da ho apetraka aminazy zany, fa zay mizaka ratsy manohitra gny Fagnahy Masina koja, da tsy voavela zany. 11
Raha minday anareo eo agnatrehany Synagoga, gny mpanapaka, sy gny manam-pahefana indreo, da aza magnahy gny
amizany ho fomba fizakanareo ho fiarovanan-tegnanareo, na zay ho ambaranareo, 12 satria gny Fagnahy Masina no
hagnanatra anareo zay tokony ho ambaranareo amizany lera zany." 13 Avy eo nisy olo raika avy tao amigny vahoaka
nizaka taminazy hoe: "Mpampianatrô zakay gny ralahiko mba hizara gny lova amina." 14 Jesôsy nizaka tamigny hoe: "Iza
magnano Ana ho mpitsara na mpagnelagnelagna anareo?" 15 Hoy Izy tamin'dreo hoe: "Mitandrema mba hiarovanareo
gny tegnanareo mba holavitra gny fagnirin-dratsy aby manotolo, satria gny fiaignan' olo raika da tsy miakina amigny
fitombaka gny fanagnany." 16 Avy eo Jesôsy nagnano fagnoharana tamin'dreo, nagnano hoe: "Hamokatra be gny gny
horaka gny lelahy mpanakaregna raika, 17 ary nagnotany tegna izy, nizaka hoe: 'Ino hoatako, fa tsy managnà pilasy
hagnatsarina gny vokatra iao?' 18 Hoy izy hoe: 'Zao ataoko. Harodagnako tragno pilasim-bokatra da hanangana zakabe
iao, ary ao aminio hagnatsariko gny vokatra hafa. 19 Da nizaka amigny fagnahiko iao hoe: "Ô fagnahy, managnà vokatra
be natsarina hoamigny taogna maro. Miherena tsara, mihinana, misotroa, mifalia."' 20 Fa Jagnahary nizaka taminazy hoe:
'Gny lelahy mola, androany haligna gny fagnahinao, halaina aminao, ka hoan'iza gny raha nirembezinao io?' 21 Zany
gn'olo zany da mandagnona haregna hoany gny tegnany ary tsy manan-karegna hagnatreany an'Jagnahary." 22 Jesôsy
nizaka tamigny mpianatrany hoe: "Noho zany da zakaiko aminareo, aza magnahy gny amign'aignanareo zay aminareo,
ndre gny momba tegnanareo zay tafinareo. 23 Fa gn'aigna da mihoatra ambony gny sakafo, ary da mihôtra sakafo, ary gny
tegna da mihôtra ambony gny fisikinana. 24 Hevero gny goaika, tsy mamafy na mihila. Tsy managna pilasim-bokatra na
tragno fagnatsarina, kanefa omen'Jagnahary hanigna io. Akôgnaia gny fihoafanareo lanja mihôtra ambony gny vorogna!
25 Iza aminareo no afaka magnampy indraika gn'andro iaignany amigny fisalasalana? 26 Ka raha zany raha farany bitika
zany aza tsy ainareo atao, nagnino anareo no magnahy gny sisa? 27 Diniho gny vonikazo akôgnaia gny fitsiriny. Tsy miasa
izy io, na mamboly. Kanefa zakaiko aminareo, na Solomona tamigny vonahitrany be aza tsy nisikina akôra gny raika
tamin'dreo. 28 Raha nisikin' Jagnahary akôra zany gn'aitra agnala, zay eo androany, ary gn'ampitso da ariana agnaty
fatagna, akôgnaia hanafiany anareo mihôtra lavitra akôra zany, anareo kely finoana ô! 29 Aza mikatsaka zay hoaninareo
sy zay hosotroinareo, ary aza magnahy. 30 Fa gny firenena aby amizao tontolo zao da mitady gny zany raha zany sady
fantany gny Iambanareo fa mila zany anareo. 31 Fa katsaho gny fanjakany da hagnome fagnampiny hoanareo zany raha
zany. 32 Aza magnahy, ondry vitsy, satria gny Iabanareo da tena ravo gny hagnome anareo gny fanjakana. 33 Amidio gny
fanagnareo ary omeo gny sahiragna. Magnamboara pilasim-bola tsy mety tonta haregna agny an-dagnitra zay tsy mety
lany, zay tsy misy mpangalatra magnakeky, ary tsy misy kalalao manimba. 34 Fa agny amizay himpetrany haregnanareo,
da hoagny avakoa gny fonareo. 35 Avelay gn'ankajo lavanareo hisikinareo gny vanihanareo, ary avelay gny jironareo
hiretra fehizay, 36 ary magnamboara akôra olo zay mandigny gny tompony hiverigna avy agny amigny lagnonana
fampiakaram-bady, fa raha avy izy da mandodogna, da hiaraka hampisokatra gn'varangaranga hoanazy fehizay indreo. 37
Sambatra gny mpanompo, zay itany tompony fa nembigna raha avy izy. Ambarako marina aminareo, fa nisikina gny
lamba lavany amigny valahany izy, ary hampidomboka an-dreo eo an-databatra, ka hoavy izy sady hanompo an-dreo. 38
Raha hoavy amigny lera faharoa amign'aligna gny tompo, na amigny lera fahatelo aza, ka mahita andreo vognona, da
sambatra io mpanompo io. 39 Ho fagnampin'izany da fantaro zao, fa raha fantany gny tompon-tragno gny lera hevenim-
pangalatra, da tsy nagneky gny tragnony hovakina izy. 40 Mivognona avakoa, fa tsy fantan-dreo gny lera heviny
Zanak'Olo." 41 Petera nizaka hoe: "Tompo ô, aminay avao no izakanao zany fagnoharana zany, sa amign'olo aby avakoa?" 42
Gny Tompo nizaka hoe: "Iza ary gny mpitantana mahatoky sy hendry zay ho tendrena tompony ho ambony gny
mpanompony hafa mba hagnome andreo gn'anjara hanignan-dreo amigny andro mety? 43 Sambatra zay mpanompo zany,
zay hita tompony magnano zany aby avy izy. 44 Ambarako marina aminareo fa ho tendrena hanampaka gny fanagnany
aby izy. 45 Fa raha mizaka ao am-pony zany mpanompo zany hoe: 'Nampody gny tompoko gny fiveregnany; ka
nanomboka mamono gny mpanompo lahy sy vavy, ary mihinagna sady misotro, ka lasa mamo, 46 gny tompo zany
mpanompo zany da hoavy amign'andro tsy ampoizina, ary amign' ora tsy fantatra, sady hanapatapaka anazy ka
hagnomagna pilasy hoanazy miaraka amigny tsy mahatoky. 47 Zany mpanompo zany, nahafatatra gny
sitrampon'Jagnahary, kanefa tsy niomagna na nagnano araka gny sitrampony, da holamoina amigny fandamona maro. 48
Fa zay ts nahafatatra ary nagnano zay tsara azahona lamoka, da ho lamohina amigny fandamona kely. Fa zay nomena be,
da ho be avakoa no ho takina aminazy, ary zay nagnatsary be, da ho lavitra hangatahina aminazy. 49 Avy Iao hanipy afo
egny ambony tany, ary akôgnaia gny fagniriko mba hampiretra zany malaky. 50 Fa managnà fagnamboaram-batisa mba
hagnamboarana batisa iao, ary akôgnaia gny fahasairagnako mandra-pahantateraka zany! 51 Nihevitra ve anareo fa avy
Iao mba hinday fiadagnana eto an-tany? Tsia, mizaka aminareo iao, fa fampisarana aza. 52 Manomboka amizao da nisy
dimy ao an-dragno raika zay hisarasaraka olo telo manoitra gny roy, ary olo roy manoitra gny telo. 53 Hisarasaraka indreo,
gny ray hanoitra gny zanaka lahy, ary gny zanaka lahy hanoitra gny iambany; gny endriny hanoitra gny zanaka viavy ary

 generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

gny zanaka viavy hanoitra gn'endriny; gny rafonjam-bavy hanoitra gny vinanto vavy, ary gny vinanto vavy hanoitra gny
rafozam-bavy." 54 Nizaka tamigny vahoaka avakoa Jesôsy hoe: "Raha mahita ragnogna avy latandrefagna anareo, da hoy
anareo hoe: 'Hisy ranon'oragna hoavy; ary da miboka zany. 55 Raha misy rivotra mitsoka avy latasimo, da hoy anareo hoe
'Hisy hafanana be hoavy; ary miboka zany. 56 Gny mpitsaravelatsihy, hainareo gny mandika gny toetoetry gny tany sy gny
langitra, fa nagnino no tsy ahaizanareo mamantatra gn'andro amizao? 57 Nagnino anareo gny tsy mitsara zay marina
hoany tegnanareo? 58 Fa raha mandea miaraka amigny mpifanandrigna aminareo da agnatrehany mpitsara agnambo
anareo, egny an-dalagna da miezaha hadamigna gny olagna miaraka amigny mba tsy hadrorotana anareo eo amigny
mpitsara anareo agny amigny mpifehy, ary mba tsy handefasana gny mpifehy anareo agny am-ponja. 59 Hoy aho
aminareo, tsy ho tafavoka ao mintsy anareo mandra-pandoavanareo gny vola farany zay madinika."

Chapter 13

1 Tamizany andro zany, da nisy olo sasany teo nizaka taminazy momba gny Galiliana zay gny ràn-dreo no nafangaron'i
Pilato tamigny sorogna voatokana. 2 Namaly Jesôsy ary nizaka tamin'dreo hoe: "Anareo ve da mihevitra fa gny Galiliana io
mpanota ambony gny Galiliana hafa aby io satria nijaly akôra zany? 3 Tsia, Iaho gny mizaka aminareo. Fa raha tsy
mibebaka anareo, da ho faty akôizany avakoa anareo. 4 Na gn'olo valo ambifolo tao Siloama zay lavony gny tilikambo ka
nahafaty an-dreo, mihevitra ve anareo fa tena mpanota ratsy mihôtra gny lelahy hafa tao Jerosalema io? 5 Tsia, hoy Iao.
Fa anareo aby raha tsy mibebaka, da ho faty avakoa." 6 Jesôsy nagnano fagnoharana akôizao: "Nisy olo nanagna
hazon'aviavy raika nambolena teo amigny tany volobokany ka avy ary hitaragna vokajo teo nefa tsy nahita na ino na ino.
7 Gny lelahy da mpagnano zaridaigna hoe: 'Igny, avy teto iao nandritra gny telo taogna ary nikiry nitady voa tamigny hajo
aviavy ity kanefa tsy nahita ndre raika. Tapay io. Nagnino io no apetraka manimba gny tany?' 8 Namaly gny mpagnano
zaridaigna ka nizakà hoe: 'Avelay ho eo amin' ity taogna ity mandram-pangadiko magnodidigna anazy sy hagnasiko
zezika aminazy. 9 Raha mamoa tsara izy amigny taogna magnaraka; fa raha tsy zany da tampay izy!'" 10 Ary Jesôsy
nampianatra amigny raika tamigny Synagoga nandritry gny Sabata. 11 Igny, nisy viavy raika zay nanagna fagnahy ratsy
gny fahalemena nandritry gny valo ambifolo teo, izy da nimboka sady tsy afaka nijoro tsara. 12 Vatany nahita anazy
Jesôsy, da nagnetso anazy ka nizaka hoe: "Raha viavy, afaka amigny fahalemena anao." 13 Napetrany teo amigny tagnany,
ary niaraka taminazy da nitraka raviavy sady nidera an' Jagnahary. 14 Fa gny mpanapaky gny Synagoga da vignitra avy
amigny fagnasitragnana natan'i Jesôsy tamigny Sabata. Ka avy amizany da namaly gny mpanapaka ary nizaka tamigny
vahoaka hoe: "Misy enin'andro azo iasana. Mieviha ka nagnasitragna, fa katao amign'andro Sabata." 15 Gny Tompo
namaly anazy ka nizaka hoe: "Ô mpitsaravelatsihy! Anareo ma ka tsy mandefy gny zanam-boriky na gn'aomby ambala ka
minday zany hisotro rano amigny Sabata? 16 Ary akôizany avakoa ity zanaka viavin'i Abrahama zay voafehy gny Satana
nandritry gny valo ambifolo taogna ity, tsy tokony mba ho vahana ve gny fehiny amign'andro Sabata?" 17 Ary raha
nagnambara zany raha aby zany Izy, da megnatra indreo aby nanohitra Anazy, fa gny vahôka aby manotolo da ravo avy
amigny raha malaza vitany. 18 Ary Jesôsy nizaka hoe: "Akôgnaia gny fanjakan' Jagnahary, ary akôgnaia afaka agnoharako
zany?" 19 Akôra gny voatsinampy nalaina sady nafafy gny lelahy raika teo an-jaridaigna, ka lasa kakajo zakabe raika, ary
gny voron-dangitra da nambotra gny tragnony tamigny tagnakajo." 20 Mbola nizaka avao Izy hoe: "Ino hagnoarako gny
fanjakan'i Jagnahary? 21 Akôra gny matsiratsira zay nalainy viavy raika ka nafangarony tamigny koba in-telo fagnoharana
mandra-piparitany ao agnaty koba aby." 22 Jesôsy da nandea nitety gny tanàna sy gny vohitra tsiraikiraika tan-dalagna
megna Jerosalema sady nampianatra andreo. 23 Nisy raika nizaka taminazy hoe: "Tompo, gn'olo vitsy ve hovonjena?" Ary
hoy Izy tamin'dreo ho: 24 "Miadia gny nitsofika gny varangarangna tery anareo, satria Iao mizaka aminareo fa maro te-
hiditra fa tsy afaka mitsofika. 25 Raha mitsangàna gny tompon-tragno ka magnidy gny varangarangna, da hijoro ao
ambadika ao anareo ka handodogna gny varangarangna ary nizaka hoe: 'Tompo, Tompo, ampidiro iay.' Izy namaly ka
nizaka aminareo hoe: 'Tsy fantako anareo na gny fievinareo.' 26 Ary hizaka anareo hoe: 'Nihinagna sy nisotro teo
agnatrehanao iay, ary Anao efa nampianatra tan-dalagnabenay.' 27 Fa Izy da namaly hoe: 'Mizaka aminareo Iao, fa tsy
fantako lataia gny nievinareo. Mengà Amina eto, anareo mpagnano ratsy!' 28 Hisy fitomagnina sy fikarogna-nify raha
mataragna an'i Abrahama, Isaka, Jakoba, sy gny mpaminagny aby ao amigny fanjakan'i Jagnahary, ka vorôka
ambadikany anareo. 29 Indreo da hoavy latatsignanagna, andrefagna, avaratra, ary atsimo ka hidomboka eo amigny
latambatry gny fanjakan'i Jagnahary. 30 Fantaro, gny tsy manan-danja hoalohany, ary gny manan-danja hoafarany." 31
Tafara kely zany, nisy Fariseo sasany avy ary nizaka taminazy hoe: "Mandeana mengà eto fa i Heroda da tamono Anao." 32
Jesôsy nizaka hoe: "Mandeana zakay zany amboahaolo zany hoe: 'Igny, Iao magnamboely devoly sy magnano
fagnasitragnana androany sy hampitso, ary amigny andro fahatelo da ho tratriko gny tanjognako.' 33 Ndre ino ndre ino
mimboka, raha be amina gny manohy androany, hampitso, sy gn'andro magnaraka, satria tsy ekena gny famonona gny
mpaminagny lavitra an'i Jerosalema. 34 "Ô Jerosalema, ô Jerosalema, zay mamono gny mpaminagny sy mpitora-bato gny
hirakany tagny amindreo. Impiry Iao magniry handagnona gny zanakandreo akôra gn' akoho vavy mandagnona gny
zanany ambany elatrany, kanefa tsy magniry zany anareo. 35 Igny, nengandreo gny tragnonareo. Iao da mizaka aminareo,
fa tsy hoitanareo aho ampandra-pizakanareo hoe: "Sambatra zay latamign' agnarany Tompo."

Chapter 14

1 Raha niditra tandragnony mpitarika raika gny Fariseo tamign'andro Sabata nihinagna mofo izy da nagnaramaso Anazy


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

akeky indreo. [2] Igny, talohany nisy lelahy raika zay nampijaliny edema. [3] Jesôsy nagnotany gny manampahaizana amigny lalàgna Jiosy sy gny Fariseo hoe: "Azo atao ve gny nagnasitragna amign'andro Sabata, sa tsia?" [4] Fa nisigna indreo. Ka avy amizany da nalainy Jesôsy izy, sady nositragniny, da nalefa nandeha. [5] Hoy Izy tamin'dreo hoe: "Iza aminareo zay managna zanaka lelahy na omby tafalatsaka agnaty barika fangalandrano amign' andro Sabata tsy hisotogna anazy malaky?" [6] Indreo da tsy nisy nahavita nagnome valiny anio raha io. [7] Raha taragny Jesôsy gny fomba fisafidianagna zay natsovana gny pilasim-boninahitra, nagnano fagnoharana izy, nizaka tamin'dreo hoe: [8] "Raha antsovana amigny fetim-panambadina anareo, aza midomboka eo amigny pilasim-boninahitra, satria mety misy olo natsovana mbola manam-boninahitra ambony gn'anareo. [9] Raha avy gn'olo zay nagnetso anareo, da izaka anareo hoe: 'Omeo an'itiky olo hafa ity gny pilasinao; ary homegnatra anao handea hamonjy gny pilasinao farany ambany. [10] Raha atsovana anao da mandea amigny pilasy farany ambany, amizay raha mihôtra eo gn'olo nagnetso anao da hizaka anao izy hoe: 'Ô akama, misondota ambonimbony.' Ary avy da homem-boninahitra anareo eo agnatrehany zay miaraka latambatra aminareo aby. [11] Fa zay manandra-tegna da ahidigna, ary zay manetry tegna da hasandatra." [12] Jesôsy avakoa da nizaka tamigny lelahy nagnetso Anazy hoe: "Raha nagnome sakafo na fagnetsovana anao, da aza magnetso gny akamanao na ralahinao na havanao na akeky anao na gny mpanakaregna magnodidigna anao, amigny mety hagnetsovany anao avakoa ho takalony zany, ary hovoavaly anao. [13] Fa raha magnano fagnetsovana anao, atsovy sairagna, gny kilemaigna, malemy, gny jamba, [14] da ho sambatra anao, satria tsy afaka hamaly anao indreo. Fa anao da hovoavaly amigny fitsanganany gny marina." [15] Raha naregny anizany gny raika tamindreo niaraka latabatra tamin'i Jesosy da nizaka taminazy hoe: "Sambatra zay ninagna mofo ao amigny fanjakan'Jagnahary!" [16] Fa Jesôsy nizaka taminazy hoe: "Nisy lelahy raika nikarakara sakafo zakabe ary nagnetso olo maro. [17] Raha voakarakara gny sakafo, da nagniraka gny mpanompony izy nizaka andreo zay natsovana hoe: 'Mandrosoa fa gny raha aby, da efa vognona.' [18] Indreo aby da nitovy saigna ary nanomboka nagnano fialan-tsigny. Gny voalohany nizaka taminazy hoe: 'Nividy horaka iao, ka tokony hijotso iao itaragna zany. Miala tsigny iao.' [19] Gny raika hafa nizaka hoe: 'Nividy aomby folo iao ka andea hamatatra anazy io. Miala tsigny iao.' [20] Avy eo da nisy lelahy raika hafa koa nizaka hoe: 'Voavy nagnaka-bady iao, ka avy amizany da tsy hoafaka hoagny iao.' [21] Da avy gny mpanompo ary nizaka tamigny tompony io raha io. Avy eo gny tompon-tragno vignitra ka nizaka tamigny mpanompony hoe: "Mandeana malaky agny amign' arabe sy agnelagnelan-dalagna eto an-tanana da ento aty gny sahiragna, gny kilemaigna, gny malemy.' [22] Nizaka gny mpanompo hoe: "Tompo, efa vita zay nibekoina, fa mbola misy pilasy avao.' [23] Ka hoy tompony tamin' ingay mpanompony hoe: "Mandeana andalambe sy agny amigny sisim-boly tereo indreo havy atiky, amizay feno gny tragnoko. [24] Fa zakaiko aminareo fa tsy hisy agnandragna gny sakafo gny lelahy zay natsovana." [25] Ary vahoaka maro no nandea niaraka taminazy, sady nitodika Izy nizaka andreo hoe: [26] "Raha misy aminareo magnatogna Anahy ary tsy malaigna gny iabany, endriny, gny vadiny amanjanany, gny ralahiny sy gny rahavaviny, ndre gny fiaignany avakoa aza da tsy hoagnisany mpianatrako izy. [27] Ndre iza ndre iza tsy mindahy hajofijaliany ary magnaraka anahy da tsy afaka ho mpianatrako izy. [28] Fa iza aminareo, zay magniry hanangana tilikambo, no tsy midomboka aloha ary mandinika raha managna zay ilaina havita anazy izy? [29] Raha tsy zany, raha manangana gny fototra izy nefa tsy havita zany avao, da hanomboka handatsa anazy indreo zay mahataragna anzany, [30] mizaka hoe: 'Io lelahy io no nanomboka nanangana kanefa tsy nahavita avao.' [31] Na mpanjaka ino, lahandea hiady amigny mpanjaka hafa, ka tsy hidoboka aloha sady hangala gny hevitra tsara raha minday vatan-delahy ray aligna da afaka hiady amigny mpanjaka hafa zay avy manohitra anazy miaraka amigny vatan-delahy roy aligna? [32] Raha tsy zany, ka mbola lavitra gny tafika hafa, da mandefa hiraka izy ary mangataka fempetra hoamigny fihavagnana. [33] Ka avy amizany, ndre iza ndre iza aminareo tsy mahafoy zay rehetra anagnany da tsy afaka ho mpianatrako izy. [34] Tsara gny sira, fa raha very gny tsiro gny sira, ahoana koa hiveregnany hamasignany? [35] Tsy ilany gny tany anazy ndre da zezi-tany aza. Fa arina fotsiny zany. Zay managna tadigny hitenona, mba mitenoa izy."

Chapter 15

[1] Ary gny mpangorogna hetra sy gny mpanota sasany da avy teo amign'i Jesôsy mba hiteno Anazy. [2] Nimenomenogna gny Fariseo sy gny mpanora-dalàgna, nizaka hoe: "Io lelahy io da mandramby gny mpanota, sady miaraminagna amindreo tokôtry." [3] Jesôsy nagnano fagnoharana tamin'dreo, nizaka hoe: [4] "Iza aminareo, raha managnà ondry zato izy fa very gny raika aminio ka tsy henga gny sivy ambony sivy folo, amigny tany mangigna, sady hikatsaka gny raika very mandram-pahitana anazy? [5] Raha itany zany da ampetrakany akavaigna sady miravo izy. [6] Raha avy ao an-dragnony izy, da atsovany gny namany sy gny mpiara-vondorindrigna aminazy hoe: 'Miravoa miaraka amina, fa itako gny ondriko very.' [7] Akôizany avakoa, mizaka aminareo Iao, fa nisy fifalina agny an-dangitra noho gny mpanota raika avy nibebaka, ambony gny olo-marina sivy ambiny sivy folo zay tsy mila mibebaka. [8] Iza gny viavy zay managnà farantsa kely folo, fa very gny farantsa raika, ka tsy ampiretra jiro, hamafa gny tragno, ary hikatsaka ampajotona mandra-paitany zany? [9] Raha itany zany, da atsovany aby akamany sy gny mpiray vodo-rindrigna aminazy, ka nizaka hoe: 'Miravoa miaraka amina fa itako gny farantsa bitika zay very.' [10] Akôizany avakoa Iao mizaka aminareo, misy firavoana eo agnatrehany gn'anjely Jagnahary gny mpanota raika mibebaka." [11] Avy eo Jesôsy nizaka hoe: "Nisy lelahy raika managnà janaka lahy roy, [12] ka gny faralahy tamin'dreo nizaka tamy iambany hoe: 'Ray ô, omeo anay gn'anjara haregna zay tokony ho anahy.' Da nozarainy tamin'dreo gny fanagnany. [13] Tsy ela tafara zany, gny faralahy mandagnona gn' anjarany aby manontolo ka nandea negnà amigny firenena raika lavitra teo, ary tagny izy nandany fahatany haregnany aby tamigny fiaignana

fahatany. 14 Raha laniny aby gny rehetra da nisy mosary be nimboely tamin' io firenena io, ka nanomboka tao agnatiny tsy
fagnampina izy. 15 Nandea izy ary nikarama tamigny raika tamign'olo tao amin'io firenena io, zay nandefa anazy tagny
ambanivolo mba hiembigna lekijiro. 16 Te hinagna mafy gn'anigna lekijiro izy, satria tsy nisy olo nagnome anazy ndre ino
ndre ino. 17 Fa raha tamberigna saigny, da nizaka izy hoe: 'Firy amigny mpanompony iabako mba minagna hanigna
ambony gn'antogniny, ary iao tiky, matiny mosary! 18 Hiengako eto ka hoagny amign' iabako iao, ary hizaka aminazy iao
hoe: "Ray ô, efa nanota tamigny langitra sy tamasonao. 19 Tsy tsara hoantsovana zanakao koa iao; atofay akô gny raika
amigny mpanomponao aho." 20 Noho zany da nandea i faralahy ka negnà amigny iabany. Raha mbola lavitra izy, da hitany
iabany, ary tohigna nafiraigna, ka niezakazaka ary namigna sady nagnoroka anazy. 21 Gny zanaka lahiny nizaka hoe:
'Iaba, efa nanota tamigny langitra sy tamasonao iao. Tsy tsara gn' atsovana hoe zanakao iao.' 22 Iabany nizaka tamigny
mpanompony hoe: 'Ento malaky gn' akanjo tena tsara, ka ampitafio anazy, ary asio peratra gny tagnany, sy kapa gny
tongotrany. 23 Avy eo ento gny zanak' aomby matavy ka vonoy zany. Atsika itsika hankalaza amigny lagnonagna! 24 Satria
gny zanako lahy da maty, ary amizao da velogna avao. Very izy, ary amizao da hita avao. Avy eo da nanomboka nikoragna
indreo. 25 Ary gny vakirandrony da tagny agnala. Vatany avy izy nagnotany gny tragno, da naregny mozika sy dihy. 26
Nagnetso gny raika tamigny mpanompo izy ary nagnotany hoe ino zany raha zany. 27 Gny mpanompo nizaka taminazy
hoe: 'Nody ato an-dragno gny ralahinao ka nivonoina iabanao gny zanak' aomby matavy, satria avy soamatsara izy.' 28
Vignitra gny vakirandrony, ary tsy nety niditra, da nivoka iambany, sady nengavy anazy. 29 Fa namaly gny vakirandrony
ary nizaka tamin'iabany hoe: 'Taragno efa aniny maro no nanompoko anao, ary da mbola tsy nandika gny lalagnanao iao,
ary tsy mbola nagnome ndre da zanak'osy nafahako nikoragna niaraka tamigny akamako aza, 30 kenefa raha avy zanakao
lahy, zay nanadany gny fanagnanao tamigny mpivarotegna, da novonoina ho anazy gny zanak'aomby nafahy.' 31 Hoy
iabany taminazy hoe: 'Anaka, anao da miaraka amina fehizay, ary zay rehetra Anahy da anao. 32 Kanefa rariny hoatsika
gny mikoragna sy miravo, satria ity ralahinao da velogna avao; very izy, ary amizao da hita koa.'"

## Chapter 16

1 Da hoy koa Jesôsy tamigny mpianatrany hoe: "Nisy lelahy mpanakaregna raika nanagna mpitantagna, ary notatefiny
tagny aminazy fa io mpitantagna io no nandany gny fanagnany aby manotolo. 2 Ka nagnetso anazy gny lelahy
mpanakaregna sady nizaka taminazy hoe: 'Ino gny raha regniko momba anao zany? Magnomeza tatitra momba gn'asa
fitatagnanao, fa anao da tsy hoafaka ho mpitandrigna fanagna koa.' 3 Ary gny mpitandrigna fanagna nizaka tagny am-
saignany hoe: "Ino gny tokony amboariko, fa mangala anahy amign'asa tatagniko gny tompoko? Tsy manan-kery hiasa
tany iao, ary megnatra hangataka iao. 4 Fantako gny hoatako, mba raha alaina amign'asa fitatagnana iao, da
hampandroso anahy ao an-dragnon'dreo gn'olo.' 5 Avy eo gny mpitan-draharaha nagnetso gny tsiraikiraika tamigny
mpitrosa gny tompony, ary da nagnotany gny vôloany izy hoe: 'Hotrino gn'anagnany tompoko agny aminao?' 6 Nizaka izy
hoe: 'Menaka oliva zato litatra.' Nizaka taminazy izy hoe: 'Alay gny taratasinao, mipetraha malaky, ary dimam-polo
soratana.' 7 Ary avy eo gny mpitantagna nizaka tamigny raika hoe: 'Hotrino gny trosanao?' Nizaka izy hoe: 'Vary zato
fagnaranana.' Nizaka taminazy izy hoe: 'Alay gny taratasinao, ary soraty hoe valompolo.' 8 Avy eo gny tompo da nidera
gny mpitantagna tsy marina satria niasa tamin-kafetsena izy. Fa fetsy ambony zanak'izao tontolo zao amigny fifagnarana
samby olo nohy gny zanaky fahazavana. 9 Mizaka aminareo Iao, mikatsa akama amign'alalany vola tsy marina, da
hoalaindreo amigny fiaignana mandrakijay anareo raha lany zany. 10 Zay matoky amigny farany kely da matoky amigny
be avakoa, ary zay tsy marina amigny farany kely da tsy ho marina amigny be avakoa. 11 ka raha tsy mahatoky amigny
fampiasana vola tsy marina anareo, iza gn'atoky anareo amigny haregna marina? 12 Raha tsy mahatoky amigny
fampiasana vola gn'olo hafa anareo, iza hagnome vola manokana hoanareo? 13 Tsy misy mpanompo afaka nanompo
tompo roa, fa na izy halaigna raika da hakatia gny raika, na izy hanolo-tegna any raika da hagnamevagna gny hafa. Tsy
afaka manompo an'Jagnahary sy gny haregna anareo." 14 Ary gny Fariseo, zay tia vola, raha naregny anzany raha maro
zany, da nagnamavo Anazy indreo. 15 Nizaka tamin'dreo Izy hoe: "Anareo da magnamarigna gny tegnanareo tamason'olo,
fa Jagnahary mafantatra am-ponareo. Fa zay hasandratra amason' olo da hoala eo amason' Jagnahary. 16 Gny lalàgna sy
gny mpaminagny da nisy mandram-piavin'i Jaona. Efa latamizany fotôgna zany, gn'efa nitorina gny filazatsara fanjakan'i
Jagnahary, ary gny tsiraikiraka da niezaka nagnitsy gny lalagna hoamizany. 17 Fa moramora hafôgna gny langitra sy gny
tany akôra gny soratra farany bitika ao amigny lalàgna havy tsy anankery. 18 Zay misaraka amigny vadiny ka magnakatra
viavy hafa da mijangajanga, ary zay magnakatra viavy efa nisara-bady da mijangajanga. 19 Ary nisy mpanakaregna raika
zay nitafy lamba voloparasy sy rongony manify ary nakamamy isan' andro harem-beny. 20 Nisy mpangataka antsovana
hoe Lazarosy nidomboka tambavahady, feno bay, 21 ary mba nagniry inagna zay latsaka latambony latabatra lelahy
mapanakaregna. Fa na gn' alika aza avy sy nilelatra gny bainy. 22 Ka maty gny mpangataka da nindesiny gn'anjely ho eo
agnilan'i Abrahama. Maty avakoa gny mpanakaregna ka nalevigna, 23 ary nampijalina amigny fahaverezana, da
nagnakatra gny masony izy ka nataragna an'i Abrahama lavitra sy Lazarosy tagnilany. 24 Ka nitoreo mafy izy nitaraigna
hoe: 'Abrahama Iaba, mamindra fo amina ary irahy Lazarosy, mba hagnajoboka lohany rantsan-tagnany agnaty rano
mba hampangatseka gny lelako, fa agnatiny fangirifirina mafy agnatiny afo itiky Iao.' 25 Fa Abrahama nizaka hoe: 'Anaka,
tadidio fa tamign'androm-piaignanao da nahazo raha tsara anao, ary gn'any Lazarosy koja raha ratsy. Fa amizao izy
voatambitamby, ary anao agnaty fangirifirina. 26 Ankotrany zany da nisy hatsagna zakabe napetraka, mba tsy hoafaka
hitsaka zay te-hitsaka avy aty megna aminareo, ary tsy misy afaka hitsaka lategny hoegna aminay.' 27 Gny lelahy


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

mpanakaregna nizaka hoe: 'Miangavy anao iao, Abrahama Iaba, mba hagniraka anazy hoegna an-dragnony iabako__ [28] fa
managnà ralahiny dimy iao__ mba hahafahany mampitandrigna andreo, akôra gny tahotra gny hatongavan-dreo aty
amigny pilasy gny fizalina aty avakoa." [29] Fa Abrahama nizaka hoe: 'Managna an'i Mosesy sy gny mpaminagny indreo,
aoka indreo hiteno anazy.' [30] Ary namaly gny lelahy mpanakaregna hoe: 'Tsia, Abrahama Iaba, fa raha misy efa maty
megna amindreo da avy hibebaka indreo.' [31] Fa Abrahama koja nizaka taminazy hoe: 'Raha tsy miteno an'i Mosesy sy gny
mpaminagny indreo, da tsy ho resy lahatra mihitsy na misy olo mitsangana amigny maty aza.'"

Chapter 17

[1] Jesôsy nizaka tamigny mpianatrany hoe: "Azo antoka, fa nisy Raha anosika antsika hanota, fa loza hoany gn'olo zay
tratriny! [2] Tsara hoanazy raha asina vatobe amigny tenda ka atsipy agny an-dranomasy, akoizay hatafatohigna amigny
raika madinika io. [3] Mitandrema anareo. Raha manota gny ralahinareo zakay mafy izy, ary raha mivalo izy, da mamelà
anazy. [4] Raha impito manota agnaty andro raika izy, ka impito miverigna aminao izy, mizaka hoe: 'Mivalo iao,' da tsy
mentsy mamelà anazy anao!" [5] Gn'apostoly nizaka tamigny tompo hoe: "Ampitomboy gny finoanay." [6] Tompo nizaka hoe:
"Raha manam-pinona akôra gny vaotsinampy anareo, da afaka mizaka amin' io voroihazo io hoe: 'Mivokara, ary mitsiria
agny andranomasy,' da hagneky anareo izy. [7] Fa Iza aminareo, managnà mpanompo miasa tany na miembigna ondry, ka
hizaka aminazy raha avy latagnala izy hoe: 'Avia malaky midomboa hinagna'? [8] Fa tsy nizaka aminazy ve izy hoe:
'Hikarakaray raha hoaniko iao, ka asio fehikibo magnodidigna lambanao da manompoa anahy mandrampahalany
haniko sy finomako. Da avy eo anao mihinagna sy misotro'? [9] Tsy misaotra gny mpanompo izy nefa nagnano nibekona
anazy izy, sa nisaotra ve izy? [10] Ndre anareo avakoa aza, raha navita gny raha zay nandidina anareo, da tokony hizaka
hoe: 'Iay da mpanompo tsy tsara. Zay tokony namboarinay avao novitainay.'" [11] Ary raha nandea hoagny Jerosalema Izy,
da nandea amigny agnindra-tany tangnelagnelan' i Samaria sy Galilia. [12] Raha niditra tao amigny tanàna raika izy, da nisy
boka folo lahy nifanempaka taminazy tao. Nitsangana lavitra Anazy indreo [13] ary magnakatra agnambo gny feon' indreo,
nizaka hoe: "Jesôsy Ragnandria ô, mamindrà fo aminay." [14] Raha nataragn'andreo Izy, da nizaka tamin'dreo hoe:
"Mandiana da ambohay amindreo mpisorogna gny tegnanareo." Raha vatany nandea indreo da nadio. [15] Raha naita gny
raika tamin'dreo fa sitragna izy, da niverigna, niaraka tamigny feo ambony nidera an'Jagnahary. [16] Niondrika teo amin-
tongotran'i Jesôsy izy, nagnome fisôrana ho Anazy. Izy da Samaritana. [17] Ary Jesôsy nizaka hoe: "Tsy efa voadio ve indreo
folo? Fa negnaia gny sivy? [18] Tsy nisy hafa nimpody hagnome voninahitrany an'Jagnahary ve, afa-tsy ity vahiny itiky?" [19]
Ary hoy Izy taminazy: "Mitsangana, ka mandeana. Gny finoanao nasitragna anao." [20] Raha nagnotaniana gny Fariseo hoe
rahovina gny fanjakan'Jagnahary no hoavy, da namaly andreo Jesôsy ka nizaka hoe: "Tsy taragna gny fiaviany fanjakan'
Jagnahary. [21] Tsy hizaka koa indreo hoe: 'Taragno, ma izy!' na hoe: 'Iriky izy!' Fa gny fanjakan'Jagnahary da eo
agnatinareo." [22] Ka hoy izy tamin'dreo mpianatra: "Avy gn'andro hagnirianareo ahita gny raika amign'andro gny
Zanak'Olo, fa tsy ahita zany anareo. [23] Ary indreo da hizaka aminareo hoe: 'taragno, ery! taragno, ety!' Fa aza mivôka na
magnenjika andreo, [24] fa akôra gny tselatra mamiratra mazava raha mitaratra avy amign' ilany gny langitra ka
hatramign'ilany raika, da akôizany gny Zanak'Olo amign'androny. [25] Fa voalohany da tsy mentsy hijaly anmigny Raha
maro Izy ary tsy hoeken' ity taranaka ity. [26] Akôra gny niseho tamgn'andro Noa, no himboka koa amign' andro zanak'Olo.
[27] Nihinagna indreo, nisotro, nanambady, natolotra ho akarina, mandra-piheviny gn' andro zay nidiran'i Noa tamigny
sambofiara__ary avy gny safo-drano ka nandringana anazy aby manotolo. [28] Akôra niseo tamign'andron' i Lota nihinagna
sady nisotro indreo, nividy sy nivarotra, namboly sy nagnano tragno. [29] Fa tamign'andro zay nibohan'i Lota avy tao
Sodoma, da afomsy solifara no nilatsaka avy latan-dangitra ka namotika andreo aby. [30] Da akôizany avakoa amign' andro
hiboany gny Zanak'Olo. [31] Amizany andro zany, aza ekena hidigna hangala entagna ho ambadikany tragno zay egny an-
tafotragno; ary aza ekena hiverigna zay agny agnala. [32] Tadidio gny vadin' i Lota. [33] Ndre iza ndre iza mikatsaka hamonjy
gny aignany da hahavery anazy, fa ndre iza ndre iza hahavery aignany da hamonjy anazy. [34] Magnambara aminareo Iao,
fa amizany aligna zany da hisy olo roy eo ambony fandrina raika. Gny raika da horabesina, ary gny raika ho ampetraka. [35]
Ary hisy roy vavy miaraka manoto vary. Gny raika horabesina gny raika ho ampetraka." [36] [Fagnamarihana: ireo
fandikana taloha tena tsara da mampiala andininy faha 36 hoe: "Hisy roy lahy agnala; gny raika horabesina, ary gny
raika ho ampetraka."] [37] Nagnotany Anazy indreo hoe: "Aiza, Ragnandria?" ary Izy nizaka tamin'dreo hoe: "Zay pilasy gny
faty, da agny koa hisy votoro hiaraka hilagnona."

Chapter 18

[1] Avy eo Izy nagnambara fagnoharana tamin'dreo gny momba gny tokony hivavahan'dreo fehizaifehizay, ary tsy ho kivy, [2]
nizaka hoe: "Tao amigny tanàna raika da nisy mpitsara zay tsy hagoaigna an'Jagnahary ary tsy nagnaza olo. [3] Nisy
mpivanitra raika tamin'io tanàna io, ary izy negnagny matetika, nizaka hoe: 'Ampio iao mba hazaoka rariny agnatrehany
gny fahavaloko.' [4] Efa ela izy tsy vognona hagnampy anazy, fa tafarany kely zany da nizaka tamigny tegnany izy hoe:
'Ndre da tsy angoaigna an'Jagnahary aza iao na tsy magnaja olo, [5] fa satria manahiragna anahy ity mpivanitra itiky, da
hagnampy anazy iao mba hazaony rariny, mba tsy havalaka anahy amigny fiverimberegnany lava atiky koa izy.'" [6] Avy eo
nizaka gny Ragnandria hoe: "Tenoy zay ambarany mpitsara tsy marina. [7] Ary tsy hinday rariny hoanizay voafidiny zay
magnetso mafy Anazy andro aman'aligna ve Jagnahary? Hangatak' andro lava amin'dreo ve izy? [8] Ambarako aminareo fa
hinday rariny malaky amin'dreo izy. Akôizany avakoa, raha avy gny Zanak'Olo, hataragna fagnekena ety an-tany tokôtry


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

ve Izy?" [9] Avy eo avakoa Izy nizaka fagnoharana tamigny sasany zay nahatoky gny tegnan'dreo fa hoe marina sy zay manevateva gn' olo hafa: [10] "Nisy roy lahy niakatra an-tempoly mba hivavaka__gny raika da Fariseo ary gny raika hafa da mpangoron-ketra." [11] Gny Fariseo nitsangana sady nivavaka momba gny tegnany hoe: 'Jagnahary ô, misaotra Anao iao fa tsy mitovy amign'olo hafa _ mpangalatra, olo ratsy, mpijangajanga _ na akôra ity mpangoron-ketra ity. [12] Mifady anigna idroy isan-kerignandro iao. Magnome gn'ampahafolo zay azoko aby iao.' [13] Fa gny mpangoron-ketra, nitsangana lavitra, tsy nety nagnakatra gny masony tagny andangitra, fa nitabo-tratra, nizaka hoe: 'Jagnahary ô, mamindra fo amina, mpanota.' [14] Magnambara aminareo Iao, io lelahy io da niverigna nidigna tagny an-dragnony vokarina gny raika, satria zay magnambony tegna da ahegna, fa zay magnandra-tegna no hasandratra." [15] Gn'olo avakoa da ninday, gny zanany bitika teo Aminazy, mba hikasihany an-dreo, fa raha nataragna anjany gny mpianatrany, da nizaka mafy an-dreo. Fa Jesôsy nagnetso andreo agnatogna Anazy, nizaka hoe: [16] "Avelay gny zaza agnatogna Anahy, ary aza rarana indreo. Fa anitogna anazy gny fanjakan' Jagnahary. [17] Ambarako marina aminareo, ndre iza ndre iza tsy andramby gny fanjakan' Jagnahary akô gny zaza da tsy nitsofika amizany tokôtry." [18] Ary nisy mpanapaka raika nagnotany Anazy hoe: "Mpampianatra tsara ô, ino gn'ataoko mba handovako gny fiaignana mandrakizay?" [19] Jesôsy nizaka taminazy hoe: "Nagnino Iao antsovana hoe tsara? Tsy misy olo tsara afa tsy Jagnahary raika avao. [20] Fantanao gny didy _ Aza mijangajanga, aza mamono olo, aza mangalatra, aza mijoro vavolombelogna mivandy, magnaja an'Iabanao sy endrinao." [21] Nizaka gny mpanapaka hoe: "Zany rehetra zany da efa nekeko latamigny iao mbola tanora." [22] Raha naregny zany Jesôsy, da nizaka taminazy hoe: "Raha raika no tsy ampy aminao. Tsy mentsy mivarotra aby gny fanagnanao ary zaray amigny sahiragna, da hanagna haregna agny andangitra anao _ ary avia, magnaraka Anahy." [23] Fa raha naregny anzany raha zany gny mpanapaka, da nanjary nafiraigna lôtra, satria manan-karegna be izy. [24] Ary Jesôsy, nataragna anazy, nanjary nafiraigna mafy [Fagnamarina: gny manam-pahaizana da misara-kevitra raha tokony ampidirina eto zaka hoe: [Izy] da nanjary nafiraigna mafy. Ampivio And 23] sady nizaka hoe: "Akoignaia gny fahasarotany fitsofona amigny fanjakan' Jagnahary ho anizay mpanan-karegna! [25] Fa moramora hoany rameva hitsofika amigny vodim-pilo, toizay hitsofony mpanan-karegna raika ao amigny fanjakan' Jagnahary." [26] Gn'olo naregny zany da nizaka hoe: "Ia ary gn'afaka ho vonjena?" [27] Jesôsy namaly hoe: "Gny raha tsy vitan'olombelona da vitan'Jagnahary." [28] Petera nizaka hoe: "Igny, nenga gny raha aby zay anay iai ary nagnaraka Anao." [29] Ary Jesôsy nizaka tamin'dreo hoe: "Zakaiko marina aminareo, fa tsy misy olo zay nafohy gny tragnony, na vady, na ralahiny, na iambany amendriny, na zanaka, avy amigny fanjakan' Jagnahary, [30] ndre tsy nahazo be amigny zao tontolo zao ty, ka amign'andro hoavy, da fiaignana mandrakizay." [31] Raha avy nandagnona gny roy amby folo lahy ta Aminazy Izy, da hoy izy tamin'dreo hoe: "Igny, iakatra ho agny Jerosalema itsika, ka gny raha vôsoratra gny mpaminagny momba gny Zanak'Olo da ho tanteraka. [32] Fa hasorogna eo amigny Jentilisa Izy, ka holagnaky, sady alaim-baraka, ary ho roràna. [33] Afara handamona Anazy, da ho vonoin-dreo Izy ary amign'andro fahatelo da hitsangana avao Izy." [34] Tsy nahatakatra ndre ino ndre ino tamigny raha io indreo, ary nafiny tamin-dreo zany hafatra zany, ka tsy vorambin-dreo gny raha nambarany. [35] Ary Raha magnakeky an'i Jeriko i Jesôsy, da nisy lelahy jemba raika nipetra teo agnindran-dalagna nangataka, [36] ary raha naregny gny vahôka nihôtra, da nagnotany zay raha niseho izy. [37] Nagnambara taminazy indreo hoe nihôtra teo Jesôsy latagny Nazareta. [38] Ka nagnetso mafy gny lelahy Jamba, nagnano hoe: "Jesôsy, Zanak'i Davida, mamindrà fo amina." [39] Fa zay nandea taloha da nizaka mafy any Jamba, ka nizaka taminazy mba hisigna. Fa lalo nagnetsognetso mafy hoe: "Ô Zanak'i Davida mamindrà fo amina." [40] Jesôsy nijanogna sady nandigny mba hitondrana gny lelahy ho aminazy. Ary raha takekiny gny lelahy jamba, da nagnotany anazy Jesôsy hoe: [41] "Ino gny raha tinao hataoko anao?" Nizaka izy hoe: "Ragnandria ta-hairatra iao." [42] Jesôsy nizaka tamigny hoe: "Mahiràta. Gny finoanao no nasitragna anao." [43] Avy da nahiratra izy sady nagnaraka Anazy, nagnome voninahitra an' Jagnahary. Gn'olo aby, raha nataragna anzany, da nagnome dera an' Jagnahary.

Chapter 19

[1] Niditra Jesôsy ary nihôtra an'i Jeriko. [2] Igny nisy lelahy zay natsovana hoe Zakaiosy tao. Lehibe gny mpangoron-ketra sady mpanakaregna izy. [3] Nikiry izy mba aita hoe iza Jesôsy, kanefa tsy afaka nataragna tao agnaty vahôka , satria foika izy. [4] Ka nihazakazaka negnà aloha gn'olo izy, satria handalo amizany lalagna zany Jesôsy. [5] Vatany avy amigny pilasy Jesôsy, da niandrandra Izy ka nizaka taminazy hoe: "Ô Zakaiosy, nidigna malaky, fa androany da tsy mentsy hijanogna ao an-dragnonao Iao." [6] Da nidigna malaky izy ary mandramby Anazy tanka-ravôna. [7] Raha nataragna zany gny maro, da nitrehitrey aby, ka nizaka hoe: "Nitsofika hamangy gny lelahy zay mpanota Izy." [8] Nitsangana Zakaiosy ka nizaka tamigny Ragnandria hoe: "Taragno, Ragnandria, gn'asasaky gny fanagnako, da omeko hoany sairagna, ary raha nisy raha nagnambakako olo, da honerako ign'efatra avakoa." [9] Jesôsy nizaka taminazy hoe: "Androany gny famonjena da avy amin' ity tokatragno itiky, satria izy avakoa da zanak'Abrahama. [10] Fa gny Zanak'Olo da avy mba hagnavotra gn'olo zay very." [11] Raha naregny zany raha zany indreo, da nanohy gny zakany Izy ary nagnano fagnoharana raika, satria takekin'i Jerosalema Izy, ary indreo nieritreretra fa hibôka avy da eo gny fanjakan' Jagnahary. [12] Ka avy amizany izy da nizaka hoe: "Nisy tandapa raika negnà tagny an-tany lavitra mba ahazo fanjaka hoany tegnany ary hiverigna avy eo. [13] Nagnetso folo lahy tamigny mpanompo izy, sady nagnome farantsa folo an-dreo, ary nizaka tamindreo hoe: 'Magnambora raharaham-barotra mandra-piveregnako.' [14] Kanefa gny vahôkany nalaigna anazy ary nandefa solontegna nagnaraka anazy, nizaka hoe: 'Tsy ekenay hanjakan'io lelahy io eto aminay.' [15] Ary raha nipody koa izy, avy nandramby fanjakana, da nandidy gny mpanompony zay nomeny vola mba ho eo aminazy izy, mba halalany gny tombony azon-dreo tamigny raharaham-


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

barotra. [16] Avy tagnatrehany gny vôloany, nizaka hoe: 'Ragnandria, gny farantsanao da nahazo tombony farantsa folo mihôtra.' [17] Nizaka anazy gny tandapa hoe: 'Tsara zany, ô mpanompo tsara. Ka avy aminao natoky tamigny bitika da bitika, da hanam-pahefana amigny tanàna folo anao.' [18] Avy gny faharoy, nizaka hoe: 'Gny farantsanao, ragnandria, da nahavita farantsa dimy.' [19] Ary nizaka taminazy gny tandapa hoe: 'Hiandrekitra tanàna dimy anao.' [20] Avy gny raika hafa, nizaka hoe: 'Ragnandria, igny farantsanao, zay natsariko tsara tao agnaty lamba, [21] fa angoaigna anao iao, satria lelahy maseka anao. Ka mangala zay tsy napetrakao, ary ka minjinja zay tsy nafafinao.' [22] Nizaka taminazy gny tandapa hoe: 'Amigny zakanao makonakana hitsarako anao, anao mpanompo ratsy fagnahy. Fatanao fa iao da lelahy maseka, mangala zay tsy napetrako, ary minjinja zay tsy nafafinao. [23] Ka nagnino no tsy napetrakao tagny amigny mpitagnam-bola gny volako, ka raha niverigna iao da handramby zany niaraka tamigny zanany?' [24] Gny tandapa nizaka tamigny zay nijoro teo akeky teo hoe: 'Alay aminazy gny farantsa folo.' [25] Ary hoy izy taminazy hoe: 'Ragnandria, managna farantsa folo izy.' [26] Iao mizaka aminareo, fa zay rehetra managna da homena zakabe,fa ze tsy managna, ndre da zay anagnany aza da ho alaina. [27] Fa gny fahavaloko, zay tsy nagniry anahy hanjaka eo amindreo, ento aty indreo ary vonoy eto agnatrehako.'" [28] Raha avy nizaka an'io raha io izy, da nandea taloha, niakatra ho agny Jerosalema. [29] Ary vatany avy akekin'i Betifaga sy Betania Izy, teo amigny tendrombohitra antsovana hoe Oliva, da nagniraka gny roy tamigny mpianatrany Izy, [30] nizaka hoe: "Mandeana agny amigny tanàna magnaraka. Raha miditra anareo, da nataragna zana-boriky raika mbola tsy tengenan' olo. Vahay zany da ento aty amina. [31] Raha misy magnotany anareo hoe: 'Nagnino Raha nivahainao io?' da ambarao hoe: 'Misy ilàny gny Ragnandria anazy.' [32] Gniraka da nandea ary nataragna gny zana-boriky araka gny nambaran'i Jesôsy tamin'dreo. [33] Raha teo am-pamahana gny zana-boriky indreo, da hoy gny Ragnandria tamin'dreo hoe: "Nagnino no vahanareo gny zana-boriky?" [34] Nizaka idreo hoe: "Misy ilàny gny Ragnandria anazy." [35] Nindesin-dreo tagny amin'i Jesôsy zany, ary napetrakan-dreo teo ambony gny zana-boriky gny lambany sady nametraka an'i Jesôsy teo amboniny. [36] Raha nandea igny Izy, da navelatran'dreo teo amigny lalagna gny lamban-dreo. [37] Ary raha nagnakeky gny pilasy findigna gny vohitra Oliva Izy, da nanomboka niravo gny mpianatrany maro be ary nidera an'Jagnahary tamigny feo mafy avy amigny asa zakabe aby zay hitandreo, [38] nizaka hoe: "Deraina gny mpanjaka latamigny agnarany Ragnandria! Fiadagnana agny an-dagnitra ary voninahitra agny farany agnambo!" [39] Gny Fariseo sasany teo amigny vahôka da nizaka taminazy hoe: "Mpampianatrô, zakay mafy gny mpianatrao." [40] Namaly Jesôsy ary nizaka hoe: "Zakaiko aminareo, fa laha io mangigna, da hitoreho gny vato." [41] Raha nagnantogna gny tanàna Jesôsy, da nitomagny anazy, [42] nizaka hoe: "Raha mbatanao amizao andro zao, hoinao, gny raha zay mitondra fiadagnana ho anao! Nefa amizao io da miafigna amigny masonao. [43] Fa hoavy aminao gn'andro, zay hanangana gny fahavalo vala magnodidigna anao, da hagnodidigna anao, ary hanery anao amigny lafiny iaby. [44] Indreo da handavo anao amigny tany miaraka amizanakao. Tsy ametraka ndre da vato raika mifampitengina indreo, satria anao tsy nahafantatra zany tamigny Jagnahary nikiry hagnavotra anao." [45] Nitsofika tao an-tempoly Jesôsy ary nanomboka nandrôka gny mpivarotra, [46] nizaka tamin'dreo hoe: "Efa vôsoratra hoe: 'Gny tragnoko da natao tragnom-pivavana; fa anareo koja nagnano anzany ho tombo gny barobô." [47] Ka nampianatra isan'andro tao an-tempoly Jesôsy. Gny loha mpisorogna sy gny mpanora-dalàgna ary gny mpitarika gny vahoaka da nikatsaka namono anazy, [48] fa tsy nataragna fomba hagnamboarana zany indreo, satria nazoto niteno Anazy aby gny vahôka aby.

Chapter 20

[1] Nisy andro, raha nampianatra gny vahôka tao amigny tempoly Jesosy ary nitory gny filazantsara, da nagnantogna andreo gny loha mpisorogna sy mpanora-dalàgna niaraka tamigny loholo. [2] Nizaka indreo taminazy hoe: "Zakay anay hoe fahefana ino hagnamboarana io raha io? Iza avakoa nagnome anao io fahefana io?" [3] Namaly Izy ary nizaka an-dreo hoe: "Iao avakoa da nametraka fagnotanina aminareo. Zakay Anay gny mikasika [4] gny batisan'i Jaona. Izany ve avy latan-dangitra sa avy amign' olombelogna?" [5] Niady hevitra indreo, nizaka hoe: "Raha namaly atsika hoe: 'Latan-dangitra da nizaka izy hoe: 'Ka nagnino anareo tsy nagneky anazy?' [6] Fa raha mizaka atsika hoe: 'Latamign'olombelogna,' da hitora-bato antsika gny vahôka aby, satria indreo da resy lahatra fa Jaona da mpaminagny." [7] Noho zany da namaly indreo fa tsy fantan-dreo gny niaviny. [8] Jesôsy nizaka tamin'dreo hoe: "Iao koa tsy hizaka aminareo zay fahefana hagnamboarako zao raha iaby zao." [9] Nizakainy tamigny vahôka gny fagnoharana zao: "Nisy lelahy raika nagnano tanim-boaloboka, nampagnofa zany tamigny mpampoly voaloboka, ary nenga amigny firenena hafa tamign'andro elabe. [10] Tamigny lera vôtondro da nandefa mpanompo izy hoagny amigny mpamboly voaloboka, fa tokony hagnome azy gny vokatra gny tanim-boaloboka indreo. Nilamoina mpamboly anefa izy, sady nalefany niverigna tagnam-polo. [11] Avy eo da nandefa mpanompo hafa izy ary da nolamoin'dreo avakoa, nalaim-baraka, ary nalefan-dreo tagnam-polo. [12] Mbola nandefa fagnin-telony izy da nirakain-dreo avakoa izy, ary namboeliny. [13] Noho zany da nizaka gny tompony tanim-boaloboka hoe: 'Ino tokony ataoko? Halefako agny gny zanako lahy teko. Mety mba hajain-dreo izy.' [14] Fa raha vatany taragnan-dreo mpamboly voaloboka izy, da nikoragna indreo, nizaka hoe: 'Igny mpandova. Atsika vonoitsika izy, mba ho lasantsika gny lova.' [15] Namboelin-dreo ienga gny tanim-boaloboka izy sady nivonoin-dreo. Ino ary ataony gny tompony gny tanim-boaloboka amin'dreo? [16] Hoavy izy sady hamotika gny mpamboly voaloboka, ary hagnome gny tanim-boaloboka hoany gn'afa." Raha naregny zany indreo, da vaky zaka hoe: "Sagnatria amin'Jagnahary!" [17] Fa hitaragna andreo Jesôsy, nizaka hoe: "Ino hevitry gny vôsoratra hoe: 'Gny vato nahiliky mpananga-tragno no lasa vato fototra'? [18] Gny tsiraikiraky zay lavo amin'io vato io da ho torotoro. Fa ndre Iza ndre iza ho lavo, da ho potika." [19] Ka nikasa isambotra Anazy tamin'io lera io gny mpanora-dalàgna sy mpisorogna, fa fantan'dreo fa nambarany io fagnoharana hanoitra andreo io. Kanefa angoaigna



generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

gny vahôka indreo. [20] Teo am-pandinihina Anazy tsara, da nandefa mpitsikilo sary ho marina indreo, mba afahan-dreo mahita tsigny amigny zakany, ka hanolotra Anazy eo amigny fanapahana sy fahefana governoa. [21] Nagnotany Anazy indreo, nizaka hoe: "Mpampianatra ô, fantanay Anao fa mizaka sy nampianatra am-pahamarinana, ary tsy voatarika gny hevitr' iza na iza, fa anao da nampianatra gny fahamarinana momba gny lalagny Jagnahary. [22] Ara-dalàgna hoanay ve gny mandoa hetra amin' i Kaisara, sa tsia?" [23] Fa Jesôsy natakatra gn'afetsendreo io, ary nizaka tamin' dreo hoe: [24] "Magnamboha denaria raika Amina. An'iza io sary sy agnarana eo aminazy io?" Nizaka indreo hoe: "An'i Kaisara." [25] Hoy Izy tamin'dreo hoe: "Ka raha izany da omeo an'i Kaisara falakatry gny raha zay an'i Kaisara, ary an'Jagnahary, falakatry gny raha an' Jagnahary." [26] Tsy nataragna tsigny tamin' izay nambarany teo agnatrehany vahôka indreo, fa da gaga tamigny valiny zakany ka nangigna. [27] Raha avy teo amigny sasany tamigny Sadoseo, gny zay nizaka fa tsy misy gny fitsanganana amigny maty, [28] nagnotany Anazy indreo, nizaka hoe: "Mpampianatrô, Mosesy da nanoratra hoatsika fa raha maty gny rahalahiny gny lelahy raika, manam-bady, sady tsy manan-janaka, da tokony hangala vady any vadiny ralahiny gny lelahy, ary hagnome zanaka ho any rahalahiny. [29] Nisy mpiarahalay fito ary gny vôloany nanam-bady, maty tsy nanan-janaka, [30] ary gny faharoa koa da akô izany. [31] Nagnakatra anazy gny fahatelo, ary akôizany avakoa izy fito samby nanagn'anaka, sady maty. [32] Tafara zany da maty koa gny viavy. [33] Amigny fitsanganana amigny maty, ho vadin'iza izy? Fa samby nanam-bady anazy izy fito." [34] Jesôsy nizaka tamin'dreo hoe: "Gny zanak' izao aby zao da magnakam-bady sy ampekarina. [35] Fa gny zay taragna amizao andro zao fa tsara handramby gny fitsanganana amigny maty da tsy hagnakam-bady na hampekarina. [36] Tsy ho faty koa indreo, satria fanaka amign' anjely sy gny Zanak'i Jagnahary, zay zanaky gny fitsanganana amigny maty. [37] Fa gny maty da natrôtry, ndre Mosesy aza da nagnamboka, teo amigny pilasy nisy gny voaroy, zay nagnatsovana Ragnandria ho Jagnaharin'i Abrahama sy Jagnaharin'Isaka ary Jagnaharin'i Jakoba. [38] Ary Izy da tsy Jagnahary gny maty, fa gny velogna, satria izy aby da velogna aminazy." [39] Gny sasany tamin' dreo mpanora-dalàgna namaly hoe: "Mpampianatrô, namaly gny tsara Anao." [40] Satria tsy saky nametraka fagnotanina hafa taminazy koa indreo. [41] Jesôsy nizaka an-dreo hoe: "Akoignaia izakandreo fa Kristy da zanaka lahin'i Davida? [42] Fa Davida tegnany nizaka tao amigny bokin'i Salamo hoe: Gny Ragnandria nizaka tamigny tompoko hoe: 'Mipetraha eo ampela-tagna ankavanako, [43] mandra-pagnamboarako gny fahavaloko ho pilasy tongotranao.' [44] Ka avy amizany Davida da nagnetso an'i Kristy hoe: 'Ragnandria', akôgnaia maha zanak'i Davida Anazy?" [45] Tagnatrehany vahôka da nizaka tamigny mpianatrany Izy hoe: [46] "Mitandrema amigny mpanora-dalàgna, zay magniry andea miaraka amigny lamba lava, sy tia hotsafa manokana egny a bazary, sy seza voalohany agnatiny Synagoga, ary pilasy agny amigny fagnatsovana. [47] Indreo avakoa da mandany gny tragnony mpivanitra, sady magnano vavaka lava ho fiseosehona. Gny lelahy akôizany da ahazo fagnamelohana zakabe."

Chapter 21

[1] Jesôsy nanopy maso ka nataragna gny lelahy mpanakaregna zay nandatsaka gny fahagnatran-dreo tamigny fandatsan-drakotra. [2] Nataragna mpivanitra sairagna raika nandatsaka farantsa roa tao izy. [3] ka hoy Izy hoe: "Zakaiko marina aminareo, itiky mpivanitra ity da nandatsaka betsaka ambon-dreo aby. [4] Indreo aby da nagnome fagnatritra araka gn'ambeny haregnany. Fa ity mpivanitra ity, tamigny fasairagnana, da nandatsaka gny velotegnany aby." [5] Laha maro nikoragna momba gny tempoly, fa voairaka vato tsara tarehy sy fagnatritra zany, da hoy Izy hoe: [6] "Fa amigny raha itanareo, mbola hoavy gn'andro zay tsy hisy na vato raika aza nijanogna amign'afa ka tsy ho rodagnina." [7] Ka nagnotany Anazy indreo, nagnano hoe: "Ô mpampianatra, rahovina io raha io hibôka? Ino famantarana raha hibôka io raha io?" [8] Jesôsy namaly hoe: "Mitandrema mba tsy ho voambaka anareo. Fa maro no hoavy amign' agnarako, nagnano hoe: 'Iao gn'izy,' ary 'Efa akeky gny fotôgna.' Aza magnaraka andreo. [9] Raha maregny ady sy fikomiana anareo, da ka mangorohoro, fa io raha io da tsy maintsy hibôka aloha, fa gny farany da tsy hibôka avy da eo." [10] Ary hoy Izy tamin'dreo hoe: "Gny firenena da hitsangana anoitra firenena, ary fanjakana anoitra fanjakana. [11] Hisy horohoron-tany, ary mosary sy aretigna mamotika agny tany samby hafa. Nisy tranga mampangoiagna sady famantarana be latan-dangitra. [12] Fa alohany io raha io, da hisambotra anareo izy ary hagnenjika anareo, hanolotra anareo ao amigny Synagoga sy gny figadrana, hinday anareo eo agnatrehany mpanjaka sy gny mpanapaka avy amign'agnarako. [13] Zany da hagnome fahafahana ho amigny fijorona vavolombelogna. [14] Avy amizany da manapa hevitra am-ponareo mba tsy hagnomagna gny fiarovanareo alohany gn'andro, [15] fa Iaho hagnome vava sy fahendrena anareo, zay tsy afaka resena sy tsy ekeny mpanohitra anareo. [16] Fa anareo avakoa da atolotry gny ray amn-dreny, gny ralahy sy havagna ary gny akama, indreo da hamono ho faty gny sasany aminareo. [17] Halaigna anareo avy amign' agnarako anareo. [18] Fa tsy hisy ho very ndre da singam-bolo raika amigny lohanareo aza. [19] Amigny faharetanareo hagnavotanareo gny fagnahinareo. [20] Raha taragnanareo vodidigna miaramila Jerosalema, da fantaro fa efa akeky gny faharodagnana. [21] Da zay agny Jodia mba hilefa agny amigny vohitra agnambo, ary anareo zay ategnategnany tanàna mba hienga, ary aza apetraka hiditra ao gny tambanivohitra. [22] Fa io gn'andro gny valifaty, mba ho tanteraka gny raha aby efa vôsoratra. [23] Loza hoanizay bevoka sy hoandreo mampinono amizany andro zany! Fa hisy fahorina zakabe eo amigny tany, ary havinirana amin' io vahôka io. [24] Ho lavony gny sabata indreo ary ho entina hoandevo agny amigny firenena maro, ary Jerosalema da voatakosikosikany gny Jentilisa. [25] Hisy famantarana egny amigny masoandro, agny amigny volagna sy egny amigny kintagna, ary eto an-tany. Ho tra-pahoriana io firenena, hitaintaigna avy amigny rehin-dranomasy sy gn'onjany. [26] Hisy lelahy ho toragna gny taotra sy fandignasana gny raha zay ho avy an-tany. Fa ho voahozongozogna gny heriny gny langitra. [27] Avy eo da hoitan-dreo gny Zanak'Olo avy egny amigny


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

rahogna miaraka amigny hery sy voninahitra be. 28 Fa raha vatany mitranga io raha io, da mitsangana ary hasandrato gny
lohanareo, satria efa akeiky gny fagnafana anareo." 29 Nagnano fagnoharana tamin'dreo Jesôsy hoe: "Taragno gny kakajo
aviavy, sy gny hazo maro. 30 Raha mandraraka io, da ho taragnanareo manokana fa efa akeiky gny lohataogna. 31 Akôizany
avakoa, raha taragnanareo mibôka io raha io, da ho fantanareo fa efa akeky gny fanjakan'i Jagnahary. 32 Ambarako
aminareo, marina tokôtry, ity taranaka ity da tsy ho faty mandra-piboka io raha io. 33 Gny langitra sy gny tany da ho
levogna, fa gny zakako da tsy levogna mandrakizay. 34 Fa Mitandrema amigny tegnanareo, mba tsy ho vesarany gny
vokatry gny fisotrona sy fahamamona gny fonareo, sy gny ahiahy gny fiaignana, ka avy eo da hikatogna tampoka
aminareo akôra fandrika zany andro zany. 35 Fa zany da ho avy amigny tsiraikiraky zay miaigna magneran-tany. 36 Fa mba
tsikitagna amigny fotôgna aby, mivavaha mba ho ampy hery anareo hilefa gny raha maro zay hibôka, ary hitsangana eo
agnatrehany Zanak'Olo." 37 Ka nandritra gn'andro da nampianatra tao tempoly Izy, ary gn'aligna da nandea nivoka Izy ary
nijanogna teo amigny vohitra agnambo Oliva. 38 Gny vahôka aby da avy mangiran-dratsy mba hiteno Anazy tao tempoly.

Chapter 22

1 Ary efa antomotra gny firavoravona amigny mofo tsy misy masirasira, zay antosavana hoe Paska. 2 Niady hevitra gny
loham-pisorogna sy gny mpanora-dalàgna amigny fomba afahan-dreo mamono an'i Jesôsy, satria natahotra gn'olo indreo.
3 Avy eo Satana nitsofika tamin'i Jodasy Iskariota, raikilahy tamin'dreo roambifolo. 4 Jodasy nandea negnà amigny loham-
pisorogna sy gny Kapiteny sady niady hevitra tamin'dreo gny fomba hamitahany an'i Jesôsy eo amindreo. 5 Faly idreo,
sady nagneky hagnome vola anazy. 6 Nagneky izy, ary hikatsaka kendry tohigna mba hanolorany Anazy eo amindreo
lavitry gny vahôka. 7 Avy gn'andro gny mofo tsy misy masirasira, zay tsy mentsy hagnamboarana sorogna gny
zanak'ondry gny Paska. 8 Jesôsy nagniraka an'i Petera sy Jaona, nagnano hoe: "Mandeana ary homagno hoatsika gny
sakafo gny Paska, mba hafatsika mihinagna zany." 9 Nagnotany Anazy indreo hoe: "Aiza tenao agnamboarana gny
fagnoregnana?" 10 Namaly andreo Izy hoe: "Tenoy, vatany miditra gny tanàna anareo, da nisy lelahy raika minday lagnana
nifanempaka aminareo. Magnara anazy agny amigny tragno idirany. 11 Da zakay gny tompon-tragno hoe: "Gny
Mpampianatra mizaka amanao hoe: 'Aiza gn' efitragno fandraisam-bahiny, zay hinanako gny sakafo Paska miaraka
amigny mpianatrako?"' 12 Izy agnamboka aminareo efitragno zakabe agnambo misy fanaka. 13 Amboary ao
fagnomagnana." Ka nandea indreo, ary nataragna gny raha aby araka nizakainy tamin'dreo. Ary nagnomagna gny sakafo
Paska indreo. 14 Raha avy gny fotôgna, da nidomboka niaraka tamigny apostoly Izy. 15 Da nizaka tamin'dreo Izy hoe:
"Nagniry mafy gny hinagna ity Paska itiky miaraka aminareo Iao alohany gny hijaliko. 16 Fa zakaiko aminareo, tsy
hinagna ity koa Iao, mandra-patanteraka zany agny amigny fanjakan'Jagnahary." 17 Da nandramby kapôka Jesôsy, ary
raha nisotro Izy, da nagnano hoe: "Rambeso ity, ary zaray aminareo. 18 Fa zakaiko aminareo, tsy hisotro gny vokatry gny
voaloboka koa Iao, mandra-piheviny gny fanjakany Jagnahary." 19 Da nangala mofo izy, ary raha nisaotra, da nitapainy
zany, sady nomeny an-dreo, da nizaka hoe: "Ity gny vatako zay omena anareo. ambaory mba hatsarovana Anahy." 20
Nirambesiny akô izany avakoa gny kapôka vita gny sakafo, da hoy Izy hoe: "Ity kapôka ity da gny fagnekena vaovao
amigny ràko, zay narotsaka hoanareo. 21 Fa mitandrema. Gny raika zay amadika Anay da miaraka Amina eto an-
databatra. 22 Fa gny Zanak'Olo da mandea tokôtry araka zay voatendry. Fa loza hoanizay lelahy hamadika Anazy zany!" 23
Nanomboka nifagnotany indreo gny amigny raika amindreo zay mety nagnano zany. 24 Da nisy fifamalivalina nitranga
avakoa tamindreo momba zay heverina ho farany be amindreo. 25 Nizaka tamin'dreo Izy hoe: "Gny mpanjaka Jentilisa da
tompon'dreo, ary gny zay managna fahefana amin'dreo da atao akôra zay managna tsara hoany vahôkany. 26 Fa tsy akô
izany ndre raika gn' aminareo. Mifanoitra amizany, ary zay farany be aminareo be ho lasa akô bitika, ary zay manan-
danja hoavy akôra zay mpanompo. 27 Fa iza no ambony be, zay mipetraka amigny latabatra, sa izay manompo? Tsy zay
midomboka eo amigny latabatra ve? Kanefa Iao eto aminareo akô gny raika zay manompo. 28 Fa anareo no olo zay nanoy
niaraka tamina tao amigny fakam-pagnahy nianjady tamina. 29 Omeko anareo fanjakana, akô Iabako zay nagnome
fanjakana ho Anay, 30 mba ho afaka hinagna sy hisotro eo amigny latabatra agny amigny fanjakako anareo, ary hidoboky
amigny seza fandrianana hitsara gny fokon'Israely roambifolo anareo. 31 Simona, Simona, mitandrema, mikatsaka
handramby anareo gny satana, mba afahany manivagna anareo akô vary. 32 Fa nivavaka ho anao Iao mba tsy ho faty gny
finoanao. Afara hiveregnanao koa, da ampaherezo gny rahalahinao." 33 Petera nizaka taminazy hoe: "Ragnandria,
vognona homba Anao iao ndre da agny am-pigadrana, ndre da hoagny amigny fahafatesana." 34 Jesôsy namaly hoe:
"Zakaiko aminao, Petera tsy hagneno gn'akoho amizany andro zany, alohany tsy agnekenao Anahy intelo hoe tsy
mahafantatra Anahy anao." 35 Da nizaka tamin'dreo Jesôsy hoe: "Raha nandefa anareo tsy ninday tragnom-bola, vatsy, na
kiraro Iao, nisy raha tsy ampy anareo ve?" Namaly indreo hoe: "Tsy nisy." 36 Da nizaka tamin'dreo Izy hoe: "Fa zay
managna tragnom-bola, mba angala zany, na tragnony vatsy avakoa. Zay tsy managna sabatra da tokony hivarotra gny
lambany ary hivanga raika. 37 Fa mizaka aminareo Iao, Zay vôsoratra momba Anahy da tsy mentsy tanteraka: 'Nalaina
akô gny raika amigny tsy manara-dalagna izy.' Fa zay nizakaina taloha momba Anahy da efa ho tanteraka." 38 Da nizaka
izy hoe: "Taragno Ragnandria! ity misy sabatra roy." Nizaka tamindreo Izy hoe: "Ampy eky zay." 39 Tafarany gny sakafo, da
nandea Jesôsy, akô gny famboariny matetika, tagny amigny ambony vohitr'Oliva, sady nagnaraka Anazy ireo mpianatra.
40 Raha avy indreo, da hoy Izy nagnotsy andreo: "Mivava mba tsy idiranareo amigny fakam-pagnahy." 41 Nikisaka
tamindreo tokony eo amigny indraika mpitora-bato Izy, da nandoalika Izy sady nivavaka, 42 nagnano hoe: "Ray ô, raha
sitrakanao, da alay Anahy ity kapôka ity. Ka nefa tsy gny sitrako atao, fa gn'Anao." 43 Da nisy anjely latan-dangitra

nimboka taminazy, nampahery Anazy. [44] Tao agnatiny fangirifirina, nivavaka tamignafanam-po mafy Izy, sady dignirigna
da lasa akô rà nitete tamigny tany. [45] Ary raha nitsangana avy nivavaka Izy, da nenga amigny mpianatrany, ary naita
andreo natory noho gn'alahelon-dreo, [46] ka nagnotany andreo hoe: "Nagnino raha matory anareo? Mitrôhafa ary
mivavaha, mba tsy hitsidiranareo amigny fakam-pagnahy." [47] Raha mbola nizaka Izy, da nisy vahôka nimboka, niaraka
tamin' i Jodasy, raika tamigny roambifolo, nitarika an-dreo. Nagnantogna Jesôsy izy mba hagnoroka Anazy, [48] fa Jesôsy
nizaka taminazy hoe: "Jodasy, oroka ve amadinao gny Zanak'Olo?" [49] Raha naita gny raha nitranga zay nagnodidigna an'i
Jesôsy, da nizaka indreo hoe: "Tokony hamango amigny sabatra ve iay, Ragnandria? [50] Avy eo gny raika tamin'dreo namely
gny mpanompo gny mpisorognabe, ka nanapaka gny tadigniny akavana. [51] Jesôsy nizaka hoe: "Ampy zay!" Nikasiny gny
tadigniny, sady nositragniny. [52] Jesôsy nizaka tamigny lohany gny mpisorogna, tamigny Kapiteny tempoly, ary tamigny
loholo zay avy hanoitra Anazy hoe: "Avy akô hisambotra mpangalatra ve anareo, minday sambatra sy langilangy? [53]
Tamin' Iao niaraka taminareo isan'andro tan-tempoly, tsy nisamborinareo Iao. Fa zao leranareo, sy fahefany gny
mejigna." [54] Tam-pisamborana Anazy, da nitarin'dreo Izy, ary nentin-dreo negnà an-dragnony mpisorognabe. Fa Petera
nagnaraka somary lavidavitra. [55] Raha avy nampirehetra afo teo ategnategnany tokontany ary niara-nidoboka indreo, da
nidoboka ta tegnategnan'dreo Petera. [56] Nisy mpanompo viavy raika nataragna anazy raha nidomboka teo amign'afo
mazava izy, ary nijery mahitsy anazy sady nizaka hoe: "Ity lelahy ity koa niaraka taminazy." [57] Fa Petera nandà zany, hoe:
"Raviavy, tsy fantako Izy." [58] Afaka kidikidika da nisy olo afa naita anazy ka nizaka hoe: "Anao avakoa raika amindreo." Fa
Petera nizaka hoe: "Ralelahy, tsy izy iao." [59] Afaka lera raika teo ho eo da nisy lelahy afa nagnizingizigna sady nizaka hoe:
"Marina fa niaraka taminazy avakoa, ity lelahy ity, sady Galiliana izy." [60] Fa i Petera nizaka hoe: "Ralelahy, tsy fantako zay
zakainao." Avy teo raha mbola nizaka izy, da nisy akoho nagneno. [61] Nitodika, Ragnandria nitaraigna an'i Petera, ary
Petera natadidy gny zakany Ragnandria, nizaka taminazy hoe: "Alohany hagneno akoho androany da handà Anahy intelo
anao." [62] Nenga ambadika Petera nitomagny mafy. [63] Ary gny lelahy niambigna an'i Jesôsy da naniratsira sady namango
Anazy. [64] Nasin' dreo sarogna Izy ary nagnotany Anazy indreo hoe: "Maminagnia! Ia gn'olo namango Anao?" [65] Nizaka
raha maro hanoerana Jesôsy indreo, nizaka ratsy Anazy. [66] Raha vatany nanjava gn' andro, da niara-nilagnona gny loholo,
gny loha mpisorogna sy gny mpanora-dalàgna. Nentin' dreo tagny amigny Synedriona Izy [67] ary nizaka hoe: "Raha anao
gny Kristy, da ambarao aminay. Fa Izy nizaka tamin'dreo hoe: "Raha hizakaiko aminareo, da tsy agneky anareo," [68] ary
raha agnotany anareo Iao, da tsy hamaly anareo. [69] Fa manombaka amizao, gny Zanak'Olo da nidomboka eo an-tagna
akavana herin' Jagnahary." [70] Indreo aby nizaka hoe: "Da Zanak'i Jagnahary zany Anao?" Jesôsy nizaka tamin'dreo hoe:
"Voazakanao fa Iao Izy." [71] Indreo nizaka hoe: "Nagnino ro mbola mikatsaka vavolombelogna itsika? Fa itsika tokôtry
naregny avy tamigny vavany."

Chapter 23

[1] Nitsangana aby gn'olo maro tamindreo, ary nindahy an'i Jesôsy tagnatrehany Pilato. [2] Nanomboka nagnampanga Anazy
indreo, nizahoe: "Itanay Itiky lelahy itiky nametaveta gny firenenay, nandrarà hagnomezana hetra hoan'i Kaisara, sady
nizaka fa Izy tagnany tokotrinio gny Kristy, mpanjaka." [3] Pilato nagnotany Anazy, nizaka hoe: "Anao ve gny mpanjakany
Jiosy?" Jesôsy namaly anazy ary nizaka hoe: "Voazakanao." [4] Pilato nizaka tamin'dreo loha mpisorogna sy gny vahôka hoe:
"Tsy hitako gny fahadisona amigny ity lelahy itiky." [5] Fa mbola nagnizingizigna indreo, nizaka hoe: "Magnakorotagna
erany Jodia manontolo, latagny Galilia ndreo hatraty amigny pilasy ity." [6] Ka raha regnin' i Pilato zany, da nagnotany izy
raha tena Galilia gny lelahy. [7] Raha taragnany fa teo ambany fahefan'i Heroda Izy, da nalefany negnà amin'i Heroda
Jesôsy, sady tagny Jerosalema avakoa taminzany andro zany. [8] Raha taragny i Heroda Jesôsy, da ravoravo izy, satria efa ta-
hita Anazy lahany. Naregny gny momba Anazy izy ary nagnategna ahita fagagana maro natany. [9] Heroda nametra-
pagnotanina an'i Jesôsy tamigny zaka maro, fa Jesôsy tsy namaly ndre ino ndre ino anazy. [10] Indreo loha mpisorogna sy
gny mpanora-dalàgna nitsangana, nagnampanga mafy Anazy. [11] Heroda sy gny miaramila nanevateva an'i Jesôsy sady
nagnesoheso Anazy. Avy eo da nampekanjo Anazy lamba tsara indreo ary naverignany tagny amin'i Pilato Izy. [12] Fa
Heroda sy Pilato da lasa ampiakama tamign'andro io (taloha zany da ampifahavalo indreo). [13] Avy eo Pilato nagnetso gny
loha pisorogna sy gny mpanapaka ary gny vahôka maro miaraka, [14] ary nizaka tamin'dreo hoe: "Nindesin-dreo tamina
teto ity lelahy itiky akôra gny lelahy mitarika gn'olo agnano ratsy, ary taragno, iao nametra-pagnotanina taminazy teo
agnatrehanareo, da tsy mahita fadisoany amin' itiky lelahy ity mikasika gny raha zay hiampanganareo Anazy. [15] Tsia,
ndre Heroda aza hamerigna Anazy aty amitsika, ary taragno, tsy misy ndre ino na ino mba mitovy amigny fahatesana
vitany. [16] Noho zany da ho fehiziko Izy, ary havosotrako izy." [17] [Fagnamarina: Gny fandikana tena tsara da tsy magnisy
And 17 hoe: Ary voatery namosotra gadra raika hoany gny Jiosy tamign'andro firavoravona i Pilato.] [18] Fa niaraka
nitoreho mafy indreo, nagnano hoe: "Ento agny io lelahy io, ary avotsory hoanay Barabasy!" [19] Barabasy da lelahy raika
nampigadraina noho gny fikomiana maro tao an-tanana sy famono olo. [20] Ary nizaka tamin'dreo koa i Pilato, nagniry
hamosotra an' i Jesôsy. [21] Fa naresaka mafy indreo, nizaka hoe: "Fehizo Izy, fehizo." [22] Nizaka tamin'dreo izy hoe: "Nagnino,
fa ino ratsy vitan'ity lelahy itiky? Tsy naita ndre ino ndre ino mba sazy famonona taminazy iao. Noho zany raha avy
nagnafahy Anazy, da hamosotra Anazy iao." [23] Fa indreo nagnizingizigna tamigny feo ambony, nangataka Anazy mba
fehizina. Gny feon' dreo nandresy lahatra an'i Pilato. [24] Ka nanampa-kevitra hagneky gny fangatan-dreo Pilato. [25]
Navositrany gny raika nangatahin'dreo zay nalefa tampigadrana nohony fikomiana sy famonona olo. Fa natolotrany
amigny sitrampon' dreo Jesôsy. [26] Ary tam-pitondra Anazy indreo, da nitagna an'i Simona avy agny Syrenia, zay avy agny

ambanivolo, ary nampindesindreo hazofijalina, mba nagnaraka an'i Jesôsy. [27] Maro tamigny vahôka, sy gny viavy samby
nafiraigna mafy sy nisaogna Anazy, ka nagnaraka Anazy. [28] Fa raha nitodika tamindreo, da nizaka Jesôsy hoe: "Ra
zanakavavin'i Jerosalema, aza mitomagny Anahy, fa mitomagnia hoany tegnanareo sy hoany zanakareo. [29] Fa hoavy
gn'andro zay hizakan'dreo hoe: 'Sambatra gny kandà sy gny kibo zay tsy niteraka, ary gny nono zay tsy nampinono zaza.'
[30] Ary hanomboka izaka amigny tendrombohitra indreo hoe: 'Milavoha aminay,' ary amigny hagnambo hoe: "Mirodagna
aminay." [31] Fa raha magnano zany indreo mbola raha mentso gny kakajo, ino hitranga raha maigna zany?" [32] Nisy lelahy
afa, olon-dratsy roy, nindesiny niaraka tamin'dreo mba ho vonoina. [33] Raha avy amigny pilasy raika atao hoe
"Ikarandoha" indreo, da teo namatsin'indreo Anazy, sy gn' olon-dratsy__ gny raika teo ankavanany ary gny raika
takaviany. [34] Jesôsy nizaka hoe: "Ray ô, avelay indreo, fa tsy fantan-dreo gny tokony ataony." Avy eo da niloka indreo,
nizarazara gny lambany. [35] Da nijoro nitaragna teo gn'olo Raha mbola nagnambarabara Anazy avakoa indreo mpanapaka,
nizaka hoe: "Hamonjy gn'afa Izy. Avelay amonjy gny tegnany, raha Izy gny Kristin'Jagnahary, gny raika voafidy." [36] Gny
miaramila avakoa da nangalabaraky Anazy, nagnategna Anazy sady nagnome vinegira, [37] ary nizaka hoe: "Raha anao gny
mpanjakan'i Jiosy, da vonjeo tegnanao." [38] Nisy famantarana avakoa tagnambony hoe: "Ity gny mpanjakan'i Jiosy." [39] Gny
raika tamigny olon-dratsy zay nisampy teo gny namingavinga Anazy tamigny nizaka hoe: "Tsy anao ma i Kristy? Vonjeo
tegnanao miaraka aminay." [40] Fa gny raika nizaka mafy anazy, nagnano hoe: "Tsy mba mataotra an' Jagnahary ve anao,
raha samby ambany fagnameloana mitovy avao? [41] Itsika da eto amigny rariny tokôtry, satria mandray zany sahaza
gn'asa tsika. Fa ity lelahy itiky tsy nagnao ratsy." [42] Avy eo Izy da nizaka hoe: "Jesôsy ô, tsarovy iao raha avy amigny agny
amigny fanjakanao anao." [43] Jesôsy nizaka taminazy hoe: "Ambarako aminao gny marina fa androany avao anao da
hiaraka Amina agny amigny paradisa." [44] Ary teo amigny lera faha-enina teo da tamizany, gny avy hejigna nandrakotra
gny tany aby manotolo ampandrapa amigny lera faha sivy raha [45] nemezigna azavany gny masoandro. Avy eo gny
lambany tempoly da nizara roy tategnategnany. [46] Nitoreho tamigny feo mafy, Jesôsy nizaka hoe: "Ray ô, ampela-tagnano
ametrako gny fagnaiko." Raha avy nizaka zany, Izy da maty. [47] Raha itany Kapiteny gny raha niseho, da nagnome
voninahitra an'Jagnahary izy, nizaka hoe: "Azo antoka tokôtry fa olo-marina ity lelahy itiky." [48] Raha taragny vahôka aby
niaraka avy ho vavolombelogna nagnatri-maso io, da niverigna nidaboka tratra indreo. [49] Fa indreo aby nalala Anazy, sy
gny viavy zay nagnaraka Anazy latagny Galilia, da nitsangana lavidavitra, nitaragna zany raha zany. [50] Ary igny, nisy
lelahy raika antsovana hoe Josefa, zay mpikambagna tao amigny Synedriona. Olo tsara sady marina izy. [51] Io lelahy io da
tsy nagneky fanapahan-kevitra gny Synedriona sy gny asan'dreo. Latamigny tanàna Jodiana tagny Armatia izy; ary da
nikatsaka gny fanjakan' Jagnahary. [52] Raha nagnantogna an'i Pilato io lelahy io, da nangataka gny vatan'i Jesôsy. [53] Nalainy
naidigna zany, norakofany hariry madinika, ary napetrany ta-kobory raika zay nivakiny tamigny vatolampy, zay tsy
mbola nisy olo nalevigna ndre raiky. [54] Androny gny Fagnomagnana tamizany, sady mbola nanjava ratsy gny Sabata. [55]
Gny viavy, zay niaraka tamin'i Jesôsy nenga tao Galilia, da nagnaraka afara naita gny kobory sy gny fomba nametraka gny
fatiny. [56] Niverigna indreo, ary nagnomagna raha mangitra sy menaka mangitra. Araka ny didy da nizanogna indreo
tamgny Sabata.

Chapter 24

[1] Vô maraigna tamign'andro voalohany herignandro, da nagnantogna gny kobory indreo, ninday gny raha mangitra
nikarakaraindreo. [2] Hitandreo fa niverigna lavitra gny kobory gny vato. [3] Nitsofika tao indreo, kanefa tsy nataragna gny
vatan'i Jesôsy Ragnandria. [4] Ary raha mbola sairagnan-tsaigna momba zany indreo, tampoka teo, da nisy lelahy roy
nagnano sembo mamirampiratra nitsangana teo agnilandreo. [5] Ary raha angoaigna mafy gny viavy da niondrika tamigny
tany, nizaka tamigny viavy indreo hoe: "Nagnino anareo no mikatsaka gny velotegnany aty aminy maty? [6] Tsy ato izy, fa
efa natrôtry! Tadidio nambarany anareo mbola Izy tagny Galilia, [7] nizakainy fa gny Zanak'Olo da tsy mentsy atolotra
ampela-tagna mpanota ka ho fantsina amigny hazo fijalina, ary amign'andro fahatelo da hitrôtra koa." [8] Gny viavy da
natadidy gny zakany, [9] ka niverigna avy latamigny fasagna ary nizaka gny raha aby tamin'dreo raika ambifolo sy
gn'ambiny aby manontolo. [10] Mary Magdalene, Johana, Mary endrin'i Jakoba, ary gny viavy hafa niaraka taminazy da
nitatitra zany raha zany tamigny apostoly. [11] Fa zany hafatra zany da akô tsy nisy fotony tamigny apostoly, ka nagneky gny
viavy indreo. [12] Kanefa nitsangana i Petera da niezakazaka negnà amigny fasagna, ary niondrika sy nijery tao, da
nataragna gny lambam-paty nitokana. Ary Petera nipody tan-dragno, nagnotany tegna amigny raha niseo. [13] Gny roy
tamin'dreo nandea tamign'andro io hoagny amigny tanàna atao hoe Emaosy, zay enimpolo stadio miala any Jerosalema. [14]
Indreo da nikoragna momba gny raha zay niseo. [15] Ary raha niaraka nikoragna sy niaraka nametram-pagnotanina indreo,
da nagnantogna sy nandea niaraka tamin' dreo Jesôsy. [16] Gny mason-dreo da nisakanany mba tsy hafantatra Anazy. [17]
Jesôsy nizaka tamin'dreo hoe: "Ino koranareo roy aty am-pandeanana?" Da nijanogna indreo sady nafiraigna endrika. [18]
Gny raika tamin'dreo, antsovana hoe Kleopasy namaly Anazy hoe: "Anao raika ve gn'olo tao Jerosalema tsy nahafatatra
gny raha niseo tagny tamizany andro zany? [19] Jesôsy nizaka tamin'dreo hoe: "Raha ino? Indreo namaly Anazy hoe: "Gny
raha mikasika momban'i Jesôsy avy Nazareta, mpaminagny nahery tamign'asa sy zakany tagnatrehan'Jagnahary sy
vahôka, [20] ary gny hanolorany gny loha mpisorogna sy gny mpanapaka Anazy mba ho melohina ho faty sy gny namatsina
Anazy tamigny hazofijalina. [21] Kanefa iay nagnategna fa Izy no hagnavotra an' Israely. Eka ary ankoatran'izany raha zany,
telo andro androany zao nitrangany zany raha aby zany. [22] Kanefa, gny viavy sasany tamigny akamanay da navaregna
anay, zay tagny amigny kobory vo maraigna. [23] Raha tsy nataragna gny vatany indreo, avy latagny da nizaka fa naita


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

faitana anjely indreo zay nagnambara fa velogna Izy. [24] Gny lelahy sasany zay niaraka taminazy da nandea ta-kobory, ka
naita zany araka zay nambarany viavy. Kanefa tsy naitana Anazy indreo." [25] Jesôsy nizaka tamin'dreo hoe: "Da lelahy
mola sy votsa saigna vo magneky gny raha aby vozaka gny mpaminagny! [26] Ka tsy nilaina hoan'i Kristy ve gny nijaly
tamigny zany raha zany, ka hiditra agny amigny voninahitra?" [27] Ary nanomboka tamin' i Mosesy ka hatramigny
mpaminagny aby maro manotolo, da nadikan'i Jesôsy tamin'dreo ao amigny Soratra Masina gny momba gny Tegnany. [28]
Vatany nagnakeky gny tanàna zay nandeanandreo, da nampiseo fihetsika akô nandea lavidavitra Jesôsy. [29] Fa nanery
Anazy indreo, nizaka hoe: "Mijanogna eto aminay, fa efa ho aligna zao ary efa hitaragna gn'andro." Ka niditra mba
hijanogna niaraka tamin'dreo Jesôsy. [30] Ary, raha nipetraka mba hiaraka nihinagna tamindreo Izy, da nangalà gny mofo,
misaotra anizany, sy nanilaky ary nagnome an-dreo. [31] Avy eo da nivoha gny mason-dreo, ka nahafantatra Anazy, ary
nanjavogna tamason'dreo Izy. [32] Nifampikoragna indreo hoe: "Raha nizaka tamitsika tan-dalagna Izy, ka tsy nideradera
tao anatitsika ve gny fontsika, raha namoha gny soratra Masina tamintsika Izy?" [33] Nitsangana indreo tamin'io lera io, ka
niverigna tagny Jerosalema. Nataragna gny raika ambifolo niaraka-nivory indreo, sy gny zay niaraka tamin'dreo, [34] nizaka
hoe: "Gny Ragnandria da hitrôtra tokôtry, ary niseo tamin'i Simona." [35] Koa nizakaindreo zay raha nitranga tan-dalagna,
sy gny fomba nimboan' i Jesôsy tamin'dreo tamigny fanapahana gny mofo. [36] Raha nizaka zany raha zany indreo, da
nijoro tategnategnany andreo Jesôsy tegnany, ary nizaka tamin'dreo hoe: "Fiandanana tokôtry hoanareo." [37] Ka taitra sy
angoaigna indreo, ary nihevitra fa nahita fanagny. [38] Jesôsy nizaka tamin'dreo hoe: "Nagnino anareo no angoaigna?
Nagnino raha nametra-pagnotanina am-ponareo? [39] Taragno gny tagnako sy tongotrako, fa iao tegnany ity. Kasio Iao ka
jereo. Fa gny fagnahy tsy managnà nofo sy tolagna, araka ahitanareo Anahy hoe managna" [40] Raha nizaka zany izy da
nambokany tamin'dreo gny tagnany sy gny tongotrany. [41] Mbola tsy nagneky zany indreo avy amign' afalina, sady gaga
indreo. Jesôsy nizaka andreo hoe: "Managna raha hoanina ve anareo?" [42] Nomendreo laoka votono izy, [43] ka nalainy zany
ary nohaniny tagnatrehany ndreo. [44] Izy nizaka tamin'dreo hoe: "Tamin'Iao niaraka taminareo, da nizaka taminareo fa
zay rehetra vosarotra tao amigny lalàgn'i Mosesy sy gny mpaminagny ary gny Salamo da tsy mentsy ho tanteraka." [45] Ary
nivohany gny saignandreo, mba alalandreo gny soratra Masina. [46] Nizaka andreo Izy hoe: "Zao gny vôsoratra, fa gny
Kristy da hijaly, ary hitsangana amigny maty avakoa amign' andro fahatelo. [47] Fivalozana sy fagnafan-keloka no tokony ho
hambara amigny agnarany amigny firenena aby, manombaka ao Jerosalema. [48] Anareo gny vavolombelogny raha zany. [49]
Igny halefako aminareo nampagnategnainy iambako. Kanefa mipetra ao an-tanana mandra-pitafinareo gny hery avy
latakabogna." [50] Ary Jesôsy nitarika an-dreo mandrapievian-dreo tagny Betania. Nasadratrany gny tagnany, ka narovany
indreo. [51] Ary raha nitso-drano andreo Izy, da niala andreo Izy ary lasa niakatra tagny an-dagnitra. [52] Da nidera Anazy
indreo, ary nipody tagny Jerosalema tamigny firavona zakabe. [53] Nitohy negnà an-tempoly indreo, hankalaza
an'Jagnahary.

# 1 Corinthians

Chapter 1

[1] Paoly, natsovan'i Jesosy Kristy mba ho Apostoly avy amy gny sitrapony Zagnahary, da i Sostena ralahintsika, [2] ho any gny
fiangonany Zagnahary agny Korinto, ho andreo ze namasignina tamy Kristy Jesosy, ze vôantso ho olo masigna. Manoratra
ho andreo aby ze magnentso gn'agnarany Jesosy Kristy Tompotsika amy gny toeragna aby avao koa iay, da Tompondreo
da gn'atsika. [3] Ho aminareo rô gny fasoavana da gny fiadagnana avy amy zagnahary Iabatsika da i Jesosy Kristy Tompo. [4]
Iao da magnome fisaorana ho any Zagnahariko ho anareo fenzay avy amy gny fasoavany Zagnahary ze nomeny Jesosy
Kristy anareo. [5] Nambôriny nanankaregna tamy gny fomba aby aby anay, tamy gny fizakana aby da gny fahezana aby, [6]
laha vô vôporofo taminareo teo fa marina gny fagnambarana momba any Kristy. [7] Laha zany anareo da tsy ory
fagnomezam-pasoavana eo am-pandignasanareo fatratra gny fagnambarana any Jesosy kristy Tompotsika. [8] Izy avao koa
da agnafana anareo atramy gny farany, mba tsy anagna tsigny anareo amy gn'androny Jesosy Kristy Tompotsika. [9] Matoky
Zafnahary, ze nagnentso anareo ho amy gny firesana amy gny Zanakany lelay, Jesosy Kristy Tompotsika. [10] Amizao andro
zao da mandrisika anareo iao, ralahy, amy gn'agnarany Jesosy Kristy Tompotsika, mba ifagnaraka anareo aby, sady tsisy
fisaragna gn'aminareo eo. Mandrisika iao mba ikambagna amy gny saigna mitovy sady tanjogna mitovy anareo. [11] F'efa
nambôriny mazava taminà, ralahy, tamy gn'alalany gny vahôkan'i Kloe fa misy fifampitangilagnana aminareo eo. [12] Gny
tiako zakaina da zao: Gny kiraidraika aminareo samby magnano hoe: "Iao miaraka amy Paoly," na "Iao miaraka amy
gn'Apolosy," na "Iao miaraka amy Kristy." [13] Vôzarazara kristy e? Paoly gny nahantogna no anareo e? Tamy gn'agnarany
Paoly gny nagnanôvana batisa anareo e? [14] Misaotra any Zagnahary iao fa tsisy namboriko batisa anareo, laha tsy Krispo
da i Gaio. [15] Zany da mba tsy agnambôran'ia ndre ia mizaka hoe tamy gn'agnarako gny nagnamborana batisa anareo. [16]
(Iao avao koa da nagnano batisa gny fianakavian'i Stefanasy. Gn'akôtranizay, tsy lalako laha nagnano batisa olo hafa iao.)
[17] Fa Kristy da tsy nagniraka anà mba ampagnano batisa fa agnambara gny filazantsara. Izy tsy nandefa anà agnambara
amy gny zakany gny fahendreny gn'olombelogna, mba tsy ho fôgna gn'eriny gny hazofijaliany Kristy. [18] Fa gn'afatra
momba gny hazo fijalina da famolàna amindreo ze ho faty. Fa aminareo eo ze ho vonjeny Zagnahary koza, da heriny
Zagnahary zany. [19] Fa vôsoratra hoe: "Ho poteko gny fahendreny gny hendry. Ho foagnako gny fahezany gny mahay." [20] Aia
gn'olo manan-kagnahy? Aia gny manam-pahezana? Aia gny mpiady evitra any zao tantolo zao? Kaiky tsy navadikany
Zagnahary ho famolàzana kaiky gny fahendreny zao tontolo zao? [21] Satria tsy nahay any Zagnahary zao tontolo zao tamy
gny fahendreny, da sitraky Zagnahary gn'agnavotra andreo ze mino amy gn'alalany gny fadany gny fignambarana. [22] Fa



generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

indreo Jiosy da mangataka famantaragna magaga sady indreo Grika mikatsaky fahendrena. [23] Fa iay magnambara any
Kristy vôhombo, ze vato nagnafitoigna ho andreo Jiosy sady famolàna ho andreo Grika. [24] Fa ho andreo ze natsovany
Zagnahary, indreo Jiosy da indreo Grika, da magnambara any Kristy ôtrany gny hery sady fakantiany Zagnahary iay. [25] Fa
gny famolàny Zagnahary da kanty toy zay gn'olo, sady gny fahalemeny Zagnahary da matanjaky toy zay gn'olo. [26] Hevero
gny fagnatsovana anareo, ralahy. Tsy maro taminareo gny kanty laha gny amy gny maha olombelogna. Tsy maro
taminareo gny natanjaky. Tsy maro taminareo gn'ambony firazagnana. [27] Fa Zagnahary da nifidy gny raha amolany zao
tontolo zao mba amegnatra gny kanty. Zagnahary da nifidy ze malemy amy zao tontolo zao mba amegnatra ze matanjaka.
[28] Zagnahary da nifidy ze ambany sady lotovina eto amy zao tontolo zao. Ndre Izy azaky da nifidy gny raha ze neverina
tsy ino tsy ino, mba ahavy tsy ino tsy ino gny raha ze atao ho managna gny lanjany. [29] Nambôriny zany mba tsisy anagna
antony hirerehana aminazy eo. [30] Avy amy gny nataony Zagnahary, amizao fotôgna zao anareo da ao amy Kristy Jesosy, ze
lasa fakantiana ho atsika avy amy Zagnahary. Izy da lasa famarignatsika, famasignatsika sady fafahantsika. [31] Avy
amizany, araka ze vozakany gny Soratra Masigna hoe: "aleo ze mireareha, ireareha aminazy Ragnandria."

Chapter 2

[1] Laha efa nande taminareo teo iao, ralahy, da tsy tonga niaraky tamina lahateny na fahendrena laha nagnambara gny
raha miafigna momba any Zagnahary. [Fagnamarignana: Gny fandikana zaka maro hafa da vakina akô zao hoe: "Laha
nagnambara gny fijorona vavolombelogna momba any Zagnahary iao."] [2] Fa nanapa-kevitra tsy afantatry ndre ino ndre
ino iao laha efa taminareo teo, laha tsy Jesosy Kristy, da Izy vôhombo. [3] Sady niaraky taminareo iao tamy gny falemena,
da tamy gny taotry, sady tamy gny fangovitana zakabe. [4] Sady gn'afatrako da gny fagnambarako da tsy tamy gny zaka
fandresen-dahatry gny fahendrena. Fa koza, indreo da tamy gny fagnaboana gny Fagnahy da gny hery, [5] mba tsy ho ao
amy gny fahendreny gn'olombelogna gny finoanareo, fa ao amy gny heriny Zagnahary. [6] Amizao andro zao da mikoragna
fahendrena eo amindreo matotra itsika, fa tsy gny fahendreny zao tontolo zao, na gn'andreo mpandidy zao vanim-
potôgna zao, ze mandalo avao. [7] Fa koza, magnambara gny fahendreny Zagnahary amy gny fahamarignana misitrika
itsika, gny fahendrena misitrika ze notendreny Zagnahary meloha taloany gny vanim-potôgna aby ho voninaitratsika. [8]
Tsisy tamindreo mpandidy zao andro zao gny nalala an'io fahendrena io, fa laha natakatra an'izany indreo tamy zany
fotôgna zany, da tsy ho nomboindreo igny Tompony gny voninahitra igny. [9] Fa araka gny vôsoratra hoe: "Gny raha ze tsy
nisy maso nahita, tsy nisy tadigny naheno, tsy nisy eritreitra natakatra agnaty saigna, gny raha ze nomagniny Zagnahary
ho andreo tia Anazy." [10] Zay gny raha nabôkiny Zagnahary taminay tamy gn'alalany gny Fagnahy. Fa gny Fagnahy da
mikatsaka gny raha aby, ndre da gny raha lalignany Zagnahary aby azaky. [11] Fa ia gny malala gny fisaignany gn'olo raika
laha tsy gny fagnahiny gn'olo raika aminazy? Laha zany avao koa, tsy misy malala gny raha lalignany Zagnahary laha tsy
gny Fagnahiny Zagnahary. [12] Fa tsy nangalaky gny fagnahiny zao tontolo zao itsika, fa gny Fagnahy ze avy amy Zagnahary,
mba haezatsika malala gny raha omena atsika maimaimpôgna avy amy Zagnahary. [13] Mizaka momba any regny raha amy
gny zaka ze tsy lalany gny fahendreny gn'olombelogna ampenarina iay, fa ze ampenariny gny Fagnahy anay. Gny Fagnahy
gny mandika gny zaka ara-pagnahy mitambatra amy gny fahendrena ara-pagnahy. [14] Gn'olo ze tsy ara-pagnahy da tsy
mahazo any regny raha ze any gny Fagnahiny Zagnahary, satria amolàna aminazy regny. Tsy afaky mahay any regny izy
satria famantarana ara-pagnahy regny. [15] Ze ara-pagnahy da mitsara gny raha aby, fa tsy iharany gny fitsarany gn'afa izy.
[16] "Fa ia gn'afaka mahay gny fisaignany gny Tompo, gn'afaky ampianatra Anazy?" Fa iay da managna gny fisaignany
Kristy.

Chapter 3

[1] Sady iao, ralahy, da tsy afaky nizaka taminareo ôtrany gny'olo ze ara-pagnahy, fa koza ôtrany gn'olo ara-nofo, ôtrany gny
zazakely ao amy Kristy. [2] Nifahagnako ronono anareo, fa tsy tegnan-kanigna, satria tsy vognona tamizany anareo; da ndre
amizao andro zao azaky da mbola tsy vognona amizany anareo. [3] Satria anareo mbola araky gny nofo. Fa ndre aia misy
fasarotam-piaro da gny fifandirana aminareo eo, da tsy miaigna araky gny nofo zany anareo, sady tsy mandea amy gny
fenitra gn'olombelogna? [4] Fa laha efa misy raika mizaka hoe: "Iao magnaraka any Paoly," da gny raika koa mizaka hoe:
"Iao magnaraka any Apolosy," da tsy miaigna ôtrany gn`olombelogna avao zany anareo? Ia ariky Apolosy? [5] Ia ariky
Paoly? Mpanompo ze tamy gn`alalany gny ninoanareo, ze nomeny gny Ragnandria asa aby. [6] Iao gny namboly, Apolosy
gny nanondraka, fa Zagnahary gny nampitombo. [7] Ka laha zany, ndre izy ze mamboly ndre izy ze manondraka da tsy
misy dikany. Fa Zagnahary gny mampitombo. [8] Sady izy ze mamboly da izy ze manondraka da raika, da gny kiraidraika
da samy hahazo gny karamany aby araka gn'asany. [9] Fa iay da mpiara-miasa amy Zagnahary. Anareo da tanim-boliny
Zagnahary, sady tragnony Zagnahary. [10] Araka gny fasoavany Zagnahary ze nomena anà ôtrany gny mpagnano tragno
mahay, da nametraka gny fototra iao sady hafa gny magnorigna amboniny eo. Fa aleo gny lelahy kiraidraika hitandrigna
gny amy gny fomba hagnoregnany amizany eo. [11] Fa tsy misy olo mametraka fototra laha tsy igny raika ze napetraka igny,
zany hoe, Jesosy Kristy. [12] Amizao andro zao laha misy olo magnorigna amboniny gny fototra amy gny volamena,
volafotsy, vato sarobidy, kakazo, fotaka, ndre mololo eo, [13] da abôky gn'asany, fa gn'andro mazava gn'agnabôky anizany.
Satria abôky amy gn'afo zany. Gn'afo gny hitsapana gn'atsarany gny nambôriny gny kiraidraiky. [14] Laha mipetraky
gn'asan'igny olo igny, da hahazo valisoa izy; [15] fa laha may gn'asan'igny olo igny, da ho matiantoka izy, fa izy tegnany da ho
vonjena, akô gny nilefa tamy gn'afo avao. [16] Tsy lalanareo kaiky fa anareo da tempoliny Zagnahary sady gny Fagnahiny


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

gny Zagnahary gny mipetrakay aminareo ao? [17] Laha misy olo manimba gny tempoliny Zagnahary, da hanimba anizany olo zany Zagnahary. Fa masigna gny tempoliny Zagnahary, sady ôtranizany koa anareo. [18] K'avela hisy olo hamitaka gny tegnany. Laha misy olo aminareo eo mieritreritra fa hendry izy amy zao vanim-potôgna zao, avelay izy ho lasa "mola" amy ze mba mety ho lasa kanty izy. [19] Fa gny fahendreny zao tontolo zao da fahamolana amy Zagnahary eo. Satria vôsoratra hoe: "Natratry gny kanty tamy gn'afetsendreo Izy." [20] Sady avao koa hoe: "Gny Tompo da mafantatra fa gny feverany gny kanty da raha fatànitàny." [21] Laha zany tsy misy fihebohebona momba gn'olo koa! Fa gny raha aby daholo da anareo, [22] ndre Paoly, ndre Apolosy, ndre Kefasy, ndre zao tontolo zao, ndre fiaignana, ndre fafatesana, ndre raha amizao fotôgna zao, ndre raha ho avy. Gny raha aby daholo da anareo,
[23] sady anareo da any Kristy, sady Kristy da any Zagnahary.

Chapter 4

[1] Otranizao gny tokony andresany gn'olo atsika, akô gny mpanompony Kristy sady mpiandry gny misteriny Zagnahary. [2] Amy zany fifandresana zany, da fepetra takina amindreo mpitandrigna gny maha mendrika fitokina andreo. ' [3] Fa aminà da raha kely da kely gny tokony itsaranareo na itsaran'olombelogna aby anà. Fa ndre ia azaky tsy mitsara gny tegnako. [4] Iao da tsy malala ze fiampangana natao tamina, fa zany da tsy midika fa tsy mana-tsigny iao. Gny Tompo gny mitsara anà. [5] Laha zany, aza manognona fitsarana momba gny raha aby daholo mialoany gny fotôgna, mialoany gn'eviany Tompo. Izy da hitondra gny raha mifiny gny mezigna ho amy gny fazavana sady agnabôky gny fikasany gny fo. Avy eo gny kiraidraika aby da andray gny fiderana avy amy Zagnahary. [6] Amizao andro zao, ralahy, nampiarina regny fitsipika regny tamina da tamy Apolosy iao noho gn'aminareo, mba ahezanareo mianatra avy aminay gny dikany gny fizakana hoe: "Ka mandeha miôtra ze vôsoratra." Zany da mba tsy hisy raika aminareo hieboebo gny amy gny fagnekena gny raika noho gny hafa. [7] Fa ia gny mahita tsy fitovina aminareo eo da indreo hafa? Ino gny anaganareo ka tsy niraisinareo maimaimpôgna? Laha nandray anizany maimaimpogna anareo, nagnino anareo gny mihebohebo akô gny tsy nagnano ôtranizany? [8] Efa anagnanareo aby gny raha aby daholo tadiavinareo! Efa lasa mpanakaregna anareo! Sady efa nanomboka nanjaka anareo da zany da tsy avy taminay! Iao da magniry tokôtry gny nanjakanareo, mba ahezanay manjaka miaraka aminareo. [9] Fa iao da mieritreritra fa Zagnahary da nametraka atsika ho apostoly miharihary ôtrany gny farany amy gny laharagna sady tapaka gn'olo voaheloka ho faty. Iay da lasa fampisehona amy zao tontolo zao ho andreo anjely, da gny ho any gn'olombelogna koa. [10] Iay da mola nohony gny amy Kristy, fa anareo da hendry ao amy Kristy. Malemy iay, fa anareo mahery. anareo da nomena voninahitra, fa iay koza tsy nalaim-baraka. [11] Mandrak'ity androany iay da masaregna sady mangetaheta, mahantra fitafy, vôlamoka mafy, sady tsy manan-kelofana. [12] Miasa mafy iay, miasa amy gn'alalany gn'aignanay avao. Laha efa latsaina iay, da miaritra. [13] Laha efa henjena iay, da mitso-drano. Laha efa vôendrikendrika iay, da mizaka amy gn'atsaram-pagnahy. Iay da niova, sady mbola resina ho fakony zao tontolo zao sady fekany gny raha aby. [14] Iao da tsy nanoratra an'io raha io mba hahamegnatra anareo, fa magnitsy anareo akô gny zanaka tena tiako. [15] Fa ndre da managna mpiambigna ray aligna ao amy Kristy azaky anareo, da tsy managna aba marobe. Fa iao da lasa iabanareo ao amy Kristy Jesosy tamy gn'alalany gny filazantsara. [16] Laha zany da mandrisika anareo iao mba ho mpangala tahaka anà. [17] Zany gny nandefasako anareo any Timoty, zanaka tena tiako sady matoky ao amy Tompo. Izy da agnatsiahy anareo gny lalagnako ao amy Kristy, ôtrany gn'ampianarako andreo ndre aia ndre aia sady ao amy gny fiangonana aby. [18] Amizao andro zao da lasa miavogna gny sanany aminareo, magnano akô gny hoe ho avy agny aminareo iao. [19] Fa ho avy tsy ela agny aminareo iao, laha sitraky gny Tompo. Sady tsy halala gny resakandreo ze tena miavogna fotsiny iao, fa hahita gny herindreo. [20] Satria gny fanjakany Zagnahary da tsy mifototra amy gny resaka fa amy gny hery. [21] Ino gny tadiavinareo? Tokony ho avy agny aminareo miaraka amy gny tsorakazo zany iao sa miaraka amy gny fitiavana feno halemem-pagnahy?

Chapter 5

[1] Iay da naregny tatitra fa misy fijangajangana aminareo, karazagna fitondran-tegna tsy mendrika ze tsy azo atao aôna amindreo Jentilisa. Gny tatitra da hoe misy raika aminareo miara-matory amy gny vadin'iabany. [2] Anareo da tena miavognavogna! Fa tsy tokony alahelo anareo e? Gny raika ze nagnano anizany da tsy maintsy alaina eto aminareo eto. [3] Fa ndre da tsy eo ara-batagna azaky iao fa mbola eo ara-pagnahy, da efa nitsara an'igny raika ze nagnano anizany sahady igny, akô gny hoe teo iao. [4] Laha efa miara-mivory amy gn`agnarany Jesosy Tompotsika anareo, sady gny fagnahiko da eo koa amy gny heriny Jesosy Tompotsika, da efa nitsara io olo io sahady iao. [5] Nambôriko zany mba agnomezana anizany lelahy zany ho any Satana ho famotena gny nofo, mba ho voavonjy gny fagnahiny amy gn'androny Ragnandria. [6] Tsy tsara gny fihebohebonareo! Tsy lalanareo kaiky fa gny lalivay kidika da magnova gny mofo aby daholo? [7] Sasay gn'aignanareo amy gny lalivay taloha mba ho lasa mofo vaovao anareo, ka mba ho tonga mofo tsisy lalivay. Fa Kristy, igny Zanak'ondritsika igny tamy gny Paska, da natao sorogna. [8] Laha zany da aleo itsika hanandratry gn'afaliana, tsy amy gny lalivay taloha, igny lalivainy gny fitondran-tegna ratsy igny sady faratsena. Fa koza, aleo itsika hanandratry amy gny mofo tsy misy lalivainy gny fahadiovam-po da gny famarignana. [9] Iao da nanoratra ho anareo tamy gny taratasiko mba tsy hieresanareo miasa amindreo olo mpijangajanga. [10] Kanefany gny tiako zakaina da tsy gn'olo mpijangajanga aby eto amy zao tontolo zao, na indrreo tsy mahonon-tegna, na indreo mpisoloky na indreo mpanompo sampy, satria mba helàna amindreo da mila menga amy zao tontolo zao anareo. [11] Nefany amizao andro zao iao manoratra ho anareo mba tsy

hiaraka hiasa miaraka amin'iza ndre iza ze atsovana hoe ralahy nefany miaigna agnatiny gny fijangajangana, na ze tsy
mihonon-tegna, ndre mpanompo sampy, ndre mpizaka ratsy, ndre mamo lava, ndre mpisoloky. Aza mihinagna anigna
miaraka amy gn'olo akô zany mintsy. 12 Fa aôna gn'idirako amy gny fitsarana andreo ze agny abadiky gny fengonana?
Mifanohitra amy zany, anareo zany tsy tokony hitsara andreo ze ao agnatiny gny fengonana? 13 Fa Zagnahary da mitsara
andreo ze agny ambadika. "Alay aminareo eo gn'olon-dratsy."

Chapter 6

1 Laha efa misy raika aminareo managna ady amy raika hafa, hasahy andea agny amy gny fitsarana eo agnatrehandreo
mpitsara tsy mpino zany izy, fa tsy agnatrehandreo mpino? 2 Sa tsy lalanareo kaika fa indreo mpino gny hitsara any zao
tontolo zao? Laha zany, anareo gny hitsara any zao tontolo zao, sa tsy mavita mandamigna raharaha madinika zany
anareo? 3 Sa tsy lalanareo zany fa hitsara gn'anjely istika? Otrany gn'aôna, laha zany, gny fihoafana gny fahafatesatsika
mitsara gny raharaha am`itiky fiaignana itiky? 4 Laha ohatra arika ka afaka mitsara gny raha ze mibôky amy
gn'andavanandrom-piaignana anao, nagnino anao gny mametraky karazana tranga akô zany eo agnatrehandreo ze
tsinotsini ao amy gny fengonana? 5 Hahamegnatra anareo gny hizakaiko anizany. Sa kaiky tsy mba misy ampy
fahendrena ndre da raika mintsy azaky eo aminareo handamigna gny disadisa eo amy gny mpirahalahy? 6 Fa koza, misy
mpino raika mandea mifagnatrika amy gny mpino hafa eo amy gny fitsarana, sady zany raharaha zany da hapetraky eo
agnatrehany gny mpitsara tsy mpino! 7 Gny fisiany gn'ady eo aminareo Kristianina aby aby da efa faharesena ho anareo
sahady. Fa tsy aleo rô mijaly amy gny fahadisoana? Fa tsy aleo rô avela ho voafitaka gn'aignanareo? 8 Fa anareo da
nandiso sady namitaka gny hafa, sady da ralahinareo avao indreo! 9 Sa tsy lalanareo fa gny tsy marina da tsy handova
gny Fanjakany Zagnahary? Aza mino vandy. Gny vetaveta, gny mpanompo sampy, gny mpijangajanga, gny lelahy
mpivaro-tegna, indreo ze miara-matory amy samy lelahy, 10 gny mpangalatra, indreo tsy mafantatry onogna, indreo
mpisotro, indreo mpagnaratsy, indreo mpagnano an-kery__tsy misy raika amindreo handova gny fanjakany Zagnahary. 11
Akô zany gny sanany aminareo. Fa efa vôdio anareo, namasignina anareo, sady vômarigna teo amy Zagnahary anareo
tamy gn'agnarany Tompo Jesosy Kristy da gny tamy gny Fagnahiny Zagnaharitsika. 12 "Gny raha aby aby da ara-dalàgna
aminà," fa tsy gny raha aby aby gny mahasoa. "Gny raha aby aby da ara-dalàgna aminà," fa tsy ho andevony gny raika
aminazy io iao. 13 "Gn'anigna da ho any gny kibo, sady gny kibo natao ho any gn'anigna," fa Zagnahary da agnafôgna
andreo roy io. Gny vatagna da tsy nambôrina ho any gny fijangajangana. Fa koza, gny vatagna da nambôrina ho any
Tompo, sady gny Tompo da hagnome ho any gny vatagna. 14 Zagnahary da efa nanangana gny Tompo sady hanangana
atsika amy gny heriny avao koa. 15 Sa tsy lalanareo kaika fa gny tegnanareo da ratsam-batagnany Kristy? Ka ho entiko
arika zany gny ratsam-batagnany Kristy sady hampitambatra anazy aby amy gny mpivarotegna? Tsy hisy rô zany ka! 16 Sa
tsy lalanareo kaiky fa ze miaraka amy gny mpivarotegna da lasa nofo raika aminazy? Otrany gny vôzakany gny Soratra
Masigna hoe: "Ho nofo raika avao izy roy." 17 Fa izy ze miaraky amy Tompo da lsa fagnahy raika Aminazy. 18 Elay gny
fijangajangana! Gny fahotana aby hafa ze ambôriny gn'olo da ambadikany gny tegna, fa gn'olo mpijangajanga da manota
ho amy gny tegnany avao. 19 Sa tsy lalanareo fa gn'aignanareo da tempoliny gny Fagnahy Masina, ze mipetraka
agnatinareo ao, ze azonareo avy amy Zagnahary? Sa tsy lalanareo kaika fa tsy anareo gny tegnanareo? 20 Fa olom-boavidy
anareo. Laha zany da mankalazà any Zagnahary amy gny tegnanareo. [Fagnamarignana: Gny dikateny taloha sanany da
mivaky akô zao hoe: "Laha zany mankalazà any Zagnahary amy gny tegnanareo da amy fagnahinareo, ze any
Zagnahary." Fa gny dika-teny tsara indrindra da tsy mivaky akônio.]

Chapter 7

1 Da gny makasika andreo olo ze nisoratanareo momba gny hoe: "Tsara ho any gny lelahy gny tsy mikasika viavy." 2
Nefany avy amy gny fakam-pagnahy amy gny fahavetavetana maro isan-karazany, da tokony hanagna gny vadiny anazy
raika aby gny lelahy kiraidraika, sady gny viavy kiraidraika da tokony hanagna gny vadiny anazy raika avao aby. 3 Gny
lelahy da tokony hagnome gny zo ara-panambadina ho any gny vadiny, sady akô zany koa gny viavy amy gny vadiny. 4 Tsy
gny viavy gny managna fahefana amy gny gn'aignany, fa gny vadiny. Akô zany koa, tsy gny lelahy gny managna fahefana
amy gn'aignany, fa gny vadiny gny managna. 5 Ka mifanakasakana anareo kiraidraika, laha tsy amy gny fifagnarana
nifagnamboarana sady amy gny fotôgna vôtokana. Ambôry zany mba afahanareo manokan-tegna amy gny vavaka. Avy
eo da tokony hiaraka atory indraika anareo, mba tsy hafahan'ny Satana mangala fagnahy anareo naohony gny tsy
fanagnanareo fifehezan-tegna. 6 Kanefany iao da magnambara itoa raha itoa aminareo am-pahalalahana fa tsy didy
sagnatria. 7 Iriko gn'olo aby ho akô anà. Fa gny kiraidraika da samby managna gny fagnomezam-pahasoavany manokana
avy amy Zagnahary. Gny raika managna itiky karazam-pagnomezam-pahasoavana itiky, da gny raiky hafa managna
karazany hafa koa. 8 Ho andreo ze tsy manambady da indreo mpitondrategna da mizaka iao fa tsara ho andreo laha
mijanogna tsy manambady indreo, akô anà. 9 Kanefany indreo laha tsy afaka mamehy tegna, da tokony hanambady.
Satria da mbola tsara ho andreo gny manambady toy zay ampirehetiny gny filàna ara-nofo. 10 Da ho andreo ze
manambady da magnome zao didy zao iao__tsy iao, fa i Ragnandria__gny viavy da tsy tokony hisaraka amy gny vadiny, 11
(fa laha izy misaraka amy gny vadiny, da tokony hipetraka tsy hanambady na avao koa miverigna amy gny vadiny) __da
gny lelahy tsy tokony hisaraka amy gny vadiny. 12 Fa ho any gny sisa da magnambara iao__iao, fa tsy i Ragnandria__hoe
laha misy ralahy raika managna vady tsy mpivavaky, sady laha mahafaly anazy gny miaraka miaigna amunazy, da tsy

tokony hisaraka amy gny vadiny izy. [13] Laha gny viavy raika gny managna vady tsy mpivavaky, sady laha mahafaly anazy gny miaraka miaigna aminazy, da tsy tokony hisaraka amy gny vadiny izy. [14] Satria gny lelahy tsy mpivavaky da natokana noho gny amy gny vadiny, da gny viavy tsy mpivavaky da natokana nohony gn`amy gny ralahy, Fa laha tsy zany da ho maloto gny zanakanareo, nefany laha gny marina da efa vôtokana indreo. [15] Fa laha gny vady tsy Kristianina gny menga, avelay izy andeha. Amy gny raha akô zany, gny ralahy na gny ravavy da tsy vôfehiny gny voadindreo. Zagnahary da nagnentso atsika mba hiaigna amy fiadagnana. [16] Fa amy gny fomba aôna gn'afantaranao, raviavy, laha ho vôvonjinao gny vadinao? Ndre amy gny fomba aôna gn'afantaranao, ralelahy, laha ho vôvonjy gny vadinao? [17] Fa avelay fotsiny gny kiraidraika aby iaigna gny fiaignany ze efa napetrakan'i Ragnandria anazy, sady araka gn'efa nagnantsovany Zagnahary anazy. Io gny fitsipikako ao amy gny fiangonana aby daholo. [18] Efa vôfora ve gn'olo raika laha efa natsovana mba hino? Izy da tsy tokony hiezaka gniisehoseho ôtrany gny tsy vôfora. Tsy vôfora ve gn'olo raika laha efa natsovana ho amy gny finoana? Tsy tokony ho forainy izy. [19] Satria tsy gny famorana na gny tsy famorana gny zava-dehibe. Gny zava-dehibe da gny fankatovana gny didiny Zagnahary. [20] Gny kiraidraika aby da tokony hijanogna amy gny fagnantsovana ze nisy anazy laha efa nantsovany Zagnahary mba hino izy. [21] Andevo kaiky anao tamy vô i Zagnahary nagnentso anao? Ka misalasala gny amizany. Fa laha mety ho afaka anao, da ararôty zany. [22] Satria gn'olo raika ze nantsovany i Ragnandria ho andevo da olo afaky gny Ragnandria. Akô zany koa gn'olo ze afaka tamy vô izy nantsovana mba hino da andevon'i Kristy. [23] Anare da vôvidy, laha zany da ka avy akô gn'andevony gn'olo. [24] Ralahy, ndre ino ndre ino fiaignana nisy atsika kiraidraika tamy vô itsika nantsovana mba hino, da aleo istika hijanogna ho ôtranizany. [25] Da mahakasika andreo ze tsy manambady mintsy, iao da tsy managna didy avy agny amy i Ragnandria. Nefany iao da magnome gny hevitrako akô gny raika zay, amy gn'alalany gny famindram-pony i Ragnandria, da mendrika fahatokisana. [26] Laha zany, mieritreritra iao fa avy amy gny loza ze ho avy, da tsara ho any gny lelahy gny mijanogna amy gny maha izy anazy. [27] Vôfehy amy gny viavy zany anareo? Ka mikatsaka gny ho afaka aminazy. Afaka amy gny vadinao kaiky anao? Ka mikatsaka vady. Nefany laha manambady anareo, da tsy nanota. [28] Laha gny viavy tsy manambady gny manambady, da tsy nanota izy. Nefany indreo ze manambady da hanagna karazan'olo maro laha mbola velogna, sady iao da te ampiala anareo amy zany. [29] Fa zao gn'ambarako, ralahy: Fohiky gny fotôgna. Manomboky zao, aleo indreo ze efa manambady hiaigna akô gny tsy managna. [30] Indreo ze mitomagny da tokony hagnano ho ôtrany gny tsy mitomagny, indreo ze mifaly ho ôtrany gny tsy mifaly, da indreo ze mividy ho akô gny tsy managna ndre ino ndre ino; [31] da indreo ze mampiasa zao tontolo zao da tsy tokony hagnano akô gny mampiasa zany tanteraka. Satria zao tontolo zao amy gny endrikany amizao fotôgna zao da ho tonga amy gny fiafaragnany. [32] Tiako anareo ho afaka amy gn'ahiahy. Gny lelahy tsy manambady da miahiahy gny amy gny raha any Ragnandria, gny amy gny fomba ampifaliana Anazy. [33] Fa gny lelahy manambady da miahiahy gny amy gny raha any zao tontolo zao, gny amy gny fomba hampifaliana gny vadiny__ [34] mizarazara izy. Gny viavy tsy manambady ndre virijiny da miahiahy gny amy gny raha any Ragnandria, gny amy gny fomba hanokanana amy gny tegna da gny fagnahy. Fa gny viavy manambady da miahiahy gny amy gny raha any zao tontolo zao, gny amy gny fomba hampifalina gny vadiny. [35] Zakaiko zany ho any gny tombontsoanareo raika, fa tsy hametraka ze raha aby ho sakana aminareo eo. Mizaka anizany iao avy amy ze marina, amy zay anareo mba hanolo-tegna ho any Ragnandria tsy misy fagnelingelegnana. [36] Nefany laha misy olo raika managna eritreritra fa tsy mitondra gny fofom-badiny amy gny fagnajana__laha mihôtra gny taognany gny fanambadiana igny viavy igny sady tsy maintsy akô zany__da tokony hagnano ze tiany izy. Tsy manota izy. Tokony hivady indreo. [37] Nefany laha nikasa tsara tao amy fony izy, laha ôtrany ka tsy ambany faneriterena fa afaka mifehy gny sitrapony raika, sady laha nanapa-kevitra tao agnatiny fony izy gny hagnano anizany, mba hitazomana gny fofombadiny ho virijiny, da tsara gn`ataony. [38] Ka laha ze manambady gny fofombadiny da magnano gny tsara, da ze mifidy gny tsy hanambady da hagnano gny tsaratsara avao koa azaky. [39] Gny viavy da vôfehiny gny vadiny laha mbola velogna ralelahy. Fa laha maty gny vadiny, da malalaka tsara izy gny hanambady ze tiany ho vadiana, nefany ao amy i Ragnandria avao. [40] Nefany amy gny fitsarako da tokony ho faly kokoa izy laha miaigna amy zao avao. Sady heveriko fa iao avao koa da managna gny Fagnahiny Zagnahary.

Chapter 8

[1] Sady momba gn`anigna atao sorogna ho any gny sampy__lalatsika fa: "Itsika aby da manam-pahalalana." Gny fahalalana mampirehareha, fa gny fitiavana manangana. [2] Laha misy olo raika mihevitra gn'aignany fa mahalala raha, da mbola tsy mahalala araka zay tokony hahalalahamy azaky zany olo zany. [3] Fa laha misy olo raika tia any Zagnahary, da lalany zany olo zany. [4] Ka laha gny momba gny fihinanana anigna natao sorogna ho any gny sampy__da lalatsika fa "gny sampy eto amy zao tontolo zao da tsisy asignany" sady "fa tsy misy Zagnahary afa-tsy raika avao." [5] Fa mety misy gny mody atsovana hoe zagnahary, na agny an-dagnitrra ndre etiky ambony tany, akô gny hamarondreo "zagnahary" da gny hamarondreo "tompo." [6] Fa ho atsika, "Raika avao i Zagnahary da izy Ray, zay avy aminazy gny raha aby, sady Izy gn'antony hivelomatsika, sady raika i Tompo Jesosy Kristy, zay avy taminazy gny nisiany gny raha aby daholo, sady avy taminazy gny nisiantsika." [7] Ndre zany azaky, zany fahalalana zany da mbola tsy ao amy gny kiraidraika. Fa koza, gny sanany teo aloha da nagnapatra gny fanompoan-tsampy, da nihinagna anizany anigna zany akô gny hoe raha natao sorogna ho any gny sampy zany. Laha zany da simba gny fieritreretandreo satria malemy zany. [8] Fa tsy gn'anigna gny hanolotra atsika eo amy Zagnahary. Fa tsy ratsy tanteraka itsika laha tsy mihinagna anizany, na hoe tsara kokoa laha mihinagna. [9] Tandremo mba tsy gny fahalalanareo gn'antony hahatonga gn'olo osa ara-pinoana ho tafitoigna. [10] Fa ataovy akô gny hoe misy

 

mahita anao, zay managna fahalalana, mihinagna gn'anigna ao amy gny tempoliny gny sampy. Tsy gny fahalemeny gny
fieritreretana kaiky gny nasahiany hihinagna zay natolotra ho any gny sampy? [11] Ka nohony gny fahezanao gny toetra
marina momba gny sampy, da very zay ralahy malemy finoana raika, zay nahafatesan'i Kristy. [12] Laha zany, laha efa
manota amy gny ralahinareo anareo ka mandratra gny saigna malemindreo, da manota manohitra an'i Kristy anareo. [13]
Laha zany, laha gn'anigna gny mahatonga gny ralahiko ho tafitoigna, da tsy hihinan-kena koa iao, mba tsy avy aminà gny
hahalavo gny ralahiko.

Chapter 9

[1] Tsy olo afaka zany iao? Tsy apostoly zany iao? Tsy nahita any Jesosy Ragnandriatsika zany iao? Tsy asako ao amy
Ragnandria zany anareo? [2] Laha tsy apostoly ho any gny hafa iao, da farafahararatsiny Apostoly ho anareo. Fa anareo gny
porofo amy gny maha-apostoly anà ao amy Ragnandria. [3] Iao gny fiarovana amindreo zay magnadihady anà: [4] Iay zany
tsy mahazo alalagna gny hihinagna sady hisotro? [5] Iay zany tsy mahazo mitondra vady zay mpino, ôtrany gn'ataondreo
apostoly sanany, da indreo ralahiny Ragnandria, sady Kefasy? [6] Sa Barnabasy da iao raika gny tsy mentsy miasa? [7] Ia gny
magnano fanompoana miaramila amy gny fandaniany raika? Ia gny mamboly voaloboka sady tsy mihinagna gny isiny?
Ndre ia gny miembigna ondry ka tsy misotro gny ronono avy amy zay? [8] Kaiky zany iao mizaka io raha io mifototra amy
gny fahefahany gn'olombelogna? Tsy magnambara anizany zany gny lalàgna? [9] Fa zany da efa vôsoratra ao amy gny
lalàgnany Mosesy hoe: "Aza asena fehi-vava gn'aomby laha efa misy voany izy." Tena igny aomby igny tokôtry zany gny
hiahiany Zagnahary? [10] Tsy mikoragna mikasika anay zany izy? Efa nisoratana ho atsika, fa zay miasa tany da tokony
hiasa amy gny fagnantenana, sady zay mively da tokony hively amy gny fagnantenana gny hahazo anjara amy gny
vokatry. [11] Laha namafy raha ara-pagnahy to aminareo iay, be lôtra aminay zany gny mijinja raha ara-materialy avy
aminareo? [12] Laha mampihatra anizany zo zany avy aminareo gny hafa, iay zany tsy managna miôtry? Ndre da zany
azaky, tsy nitaky anizany zo zany iay. Fa koza, naleonay niaritra gny raha aby daholo akô zay ho tôgna ho any gny
filazantsara any Kristy. [13] Kaiky zany tsy lalanareo fa indreo zay manompo ao amy gny tempoly da mahazo gny
sakafondreo avy ao amy gny tempoly? Sady kaika ka tsy lalanareo fa indreo zay manompo egny amy gn'alitara da
mahazo anjara amy zay natao fagnatitra teo amy gn'Alitara? [14] Akô zany koa, Ragnandria da nandidy fa indreo zay mitory
gny filazantsara da tokony hahazo gny fivelomandreo avy amy gny filazantsara. [15] Nefany tsy nitaky gny raika taminy gny
za io iao. Sady tsy manoratra any zao iao mba maety hisy raha hatao ho anà. Aleoko maty akô zay hisy olo angala aminà
anizany reharehako zany. [16] Fa laha mitory gny filazantsara iao, da tsy mis antony tokony ireharehako, satria tsy mentsy
magnano anizany iao. Sady loza ho anà laha tsy mitory gny filazantsara iao! [17] Fa laha magnano anizany an-tsitrapo iao,
da managna valisoa. Fa laha tsy an-tsitrapo koza, da mbola managna gn'andrekita zay napetraka taminà iao. [18] Ino ariky
zany gny valisoako? Zany da laha efa mitory iao, da afaka manolotra gny filazantsara tsy misy fandoavam-bola ka mba
tsy hampisy mintsy gny zoko amy gny filazantsara. [19] Fa ndre da afaky amy gny raha aby daholo azaky iao, da tonga ho
mpanompo ho any gn'aby daholo, mba hahazoako zakabe. [20] Teo amy gny Jiosy da lasa akô gny Jiosy iao, mba hahazoako
gny Jiosy. Teo amindreo zay ambaniny gny lalàgna, da lasa akô gn'olo zay ambaniny gny lalàgna iao mba hahazoako
andreo zay ambaniny lalàgna. Nagnano anizany iao ndre da tsy teo ambaniny gny lalàgna azaky gny tegnako.
[Fagnamarignana: Gny baiboly ULB da gny UDB da mivaky hoe: "Nagnano anizany iao ndre da tsy teo ambaniny gny
lalàgna azaky gny tegnako." Gny dikateny taloa sanany da tsy magnisy anizany.] [21] Tamindreo zay ambadikany gny
lalàgna, da lasa akô gn'olo ambadikany gny lalàgna iao, ndre da tsy ambadikany gny lalàgnany Zagnahary azaky gny
tegnako, fa ambaniny gny lalàgna i Kristy. Nagnano anizany iao mba hahazoako zay ambaniny gny lalàgna. [22] Teo
amindreo malemy da lasa malemy iao, mba hahazoako andreo malemy. Tonga raha aby ho any gn'olo aby iao, mba
hamonjeko gny sanany amy gny fomba aby daholo. [23] Magnano gny raha aby iao ho any gny filazantsara, mba hafahako
mandray anjara amindreo fitahiana anizany. [24] Kaika tsy lalanareo fa amy gny fiazakazana raika gny mpiazakazaka aby
daholo da magnano gny fiazakazana, nefany raika avao gny mahazo gny loka? Ka da miazakazaha mba hahazo loka. [25]
Gn'atileta raika da mampihatra gny fifehezan-tegnany amy gny fagnazaran-tegnany aby daholo. Magnano anizany indreo
mba handray satro-boninahitra zay mety simba, kanefany koza itsika miazakazaka mba hahazoantsika satro-boninahitra
tsy mety simba. [26] Ka laha zany da tsy miazakazaka amy gny tsy misy antony iao ndre mamely ambia amy gny rivotra. [27]
Fa feheziko gny tegnako sady ataoko andevo, mba tsy ho ekena gny tegnako, laha efa avy nitory tamy gny hafa iao.

Chapter 10

[1] Tiako ho lala, ralahy, fa indreo iabatsika da tao ambaniny gny rahogna aby sady namakivaky gny ranomasy. [2] Gn'aby
daholo da natao batisa ho amy i Mosesy tao amy gny rahogna sady tao amy ranomasy, [3] sady gn'aby daholo samby
nihinagna sakafom-pagnahy mitovy. [4] Gn'aby daholo da nisotro ranom-pagnahy mitovy. Fa indreo da nisotro tamy gny
vatolampim-pagnahy zay nagnaraka andreo, da Kristy zany vatolampy zany. [5] Fa Zagnahary da tsy nankasitraka tsara gny
ankamaroandreo, sady gny fatindreo da naparitra tagny amy tany tsisy raha. [6] Amizao io raha io da ôtrany ho atsika, mba
tsy hagniriatsika raha ratsy akô gny nilandreo. [7] Aza manompo sampy, akô gny sanany tamindreo. Zany da araky zay
vôsoratra hoe: "Indro olo nipetraka mba hihinagna sady hisotro, sady nitsangana mba hagnano kilalao." [8] Aleo itsika tsy
hijangajanga, akô gny nataony gny maro tamindreo. Tao agnatiny gn'andro raika, da olo teo arivo da roy aligna gny maty
avy amy zany. [9] Aleo avao koa itsika tsy hitsapa any i Kristy, akô gny nataony gny maro tamindreo ka nalavony gny

menaragna. [10] Aza mimenomenogna avao koa, akô gny nataony gny maro tamindreo ka nalavony gn'anjeliny gny
fafatesana. [11] Sady io raha io aby gny nibôky tamindreo mba ho ohatra ho atsika. Nisoratana mba ho fampianarana atsika
io aby__ho amitsika zay neviany gny fara-andro. [12] Laha zany ôka zay mieritreritra gn'aignany ho efa mijoro mitandrigna
tsara mba tsy ho lavo. [13] Tsy nisy fakam-pagnahy nahazo anareo zay tsy eresany gn'olombelogna aby daholo. Fa koza,
Zagnahary da matoky. Tsy hametraka anareo ho alaim-pagnahy miôtra zay zakanareo Izy. Miaraka amy gny fakam-
pagnahy da hagnome anareo gny lalagna hitsoahana avao koa Izy, mba hafahanareo miaritra anizany. [14] Laha zany,
sakezako, milefà lavitry gny fanompoan-tsampy. [15] Mizaka amianareo akô gn'olo manan-tsaigna iao, mba hafahanareo
mitsara zay ambarako. [16] Gny kapôkany gny fisaorana zay isaorantsika, kaika zany tsy fiombognana amy gny ràny i
Kristy? Gny mofo zay vakitsika, kaika zany tsy fiombognana amy gny vatagany i Kristy? [17] Satria raika avao gny mofo,
itsika zay maro da vatagna raika. Itsika aby daholo da mandray amy gny mofo raika avao. [18] Jerevo indreo vahôkany
Israely: indreo zay mihinagna gny fagnatitra zany tsy mpandray anjara eo amy gn'alitara? [19] Ino ariky gny ho ambarako?
Hoe tsisy dikany zany gny sampy? Sa gny sakafo zay natao fagnatitra tamy gny sampy gny tsy misy dikany? [20] Fa
mikoragna momba gny raha zay ataondreo Jentilisa mpanompo sampy fagnatitra iao, fa omendreo any gny demonia gny
io raha io fa tsy any Zagnahary. Tsy tiako anareo ho mpiombogna amy gny demonia! [21] Tsy afaka misotro gny kapôkany
Ragnandria da gny kapôkany gny demonia anareo. Tsy afaka miaraka eo amy gny latabatry gny Ragnandria da gny
latabatrindreo demonia anareo. [22] Sa magnano zay mahasaropiaro any Ragnandria zany itsika? Mahery miôtra Anazy
zany itsika? [23] "Gny raha aby daholo da ara-dalàgna," fa tsy gny gny raha aby daholo gny mahasoa. "Gny raha aby daholo
da ara-dalàgna," fa tsy gny raha aby daholo gny mampandroso gn'olo. [24] Tsy misy tokony hikatsaky gny tombotsoany
manokana. Fa koza, gny kiraidraika da tokony hikatsaky gny tombotsoany gny namany. [25] Afaka mihinagna zay amidy
aby daholo egny amy tsena anareo, fa aza magnontany gny fieritreretana. [26] Fa "Any Ragnandria gny tany, da zay misy
aminazy eo aby daholo." [27] Laha misy tsy mpino magnasa anareo hisakafo, ka magniry gny andeha anareo, da oano aby
zay mipetraka eo aloanareo ka aza mamatra-pagnontaniana gny amy gny fieritreretana. [28] Fa laha misy mizaka aminao
hoe: "Itiky sakafo itiky da avy amy gny fagnatitra gny mpanompo sampy," da aza mihinagna anizany. Zany da ho an'igny
nampafantatra anareo igny, sady ho any gny fieritreretana. [Fagnamarignana: Gny dika-teny taloha sanany da
magnampy hoe: "Fa gny tany da gny raha aby daholo ao aminazy da any Ragnandria." Fa gny dika-teny tena tsara datsy
misy anizany.] [29] Tsy mizaka iao hoe gny fieritreretanao raika, fa gny fieritreretany gn'olo hafa. Nagnino gny fahafahako
gny tokony ho tsarainy gny fieritreretany gny hafa? [30] Laha mandray anjara amy gny sakafo amy fankasitrahana iao,
nagnino tevatevaina amy zay nagnomezako fisaorana? [31] Laha zany, ndre mihinagna ndre misotro anareo, ndre ino ndre
ino ataonareo, da atôvy ho voninahitry Zagnahary avao koa. [32] Aza magnome fagnafitoignana gny Jiosy ndre gny Grika,
ndre gny fiangonany Zagnahary. [33] Miezaka gny hahafaly gn'olo aby daholo amy gny raha aby daholo iao. Tsy mikatsaky
gny tombotsoako iao, fa gny any gny maro. Ambôriko zany mba ho voavonjy indreo.

Chapter 11

[1] Alay oatra iao, akô iao mpaka oatra any Kristy. [2] Sady midera anareo iao satria mahatsiaro anà amy gny raha aby daholo
anareo. Midera anareo iao satria mitagna mafy gny fombafomba araky zay nagnomezako andreo teo aminareo anareo. [3]
Sady tiako ho azonareo fa Kristy gny lohany gny lelahy aby, fa gny lelahy gny lohany gny viavy, sady Zagnahary gny
lohany Kristy. [4] Sady mangala voninahitra gny lohany indreo lelahy zay mivavaka na maminagny ka misaron-doha. [5] Fa
mangala voninahitra gny lohany indreo viavy zay mivavaka na maminagny tsy misaron-doha. Fa tsy hafa sady mitovy
amy gny hoe viavy mandratra gny lohany zany. [6] Fa laha tsy misaron-doha gny viavy, da tokony tapaina ho foiky gny
volony. Laha mahamegnatra gny viavy gny manapaka gny volony ndre gny mandratra gny lohany, da aleo izy
hagnarogna gny lohany. [7] Fa tsy tokony hagnarogna gny lohany gny lelahy, satria izy gny sary sady voninahitry
Zagnahary. Fa gny viavy da voninahitry gny lelahy. [8] Fa gny lelahy da tsy natao avy tamy gny viavy. Fa koza, gny viavy gny
natao avy tamy gny lelahy. [9] Fa tsy misy lelahy noforognina ho any gny viavy. Fa koza, gny viavy gny noforognina ho any
lelahy. [10] Zany gny tokony hanagnany gny viavy gny mariky gny fahefana eo amy gny lohany, avy amindreo anjely. [11] Ndre
zany azaky, ao amy gny Ragnandria, tsy mahaleo-tegna amy gny lelahy gny viavy, ndre gny lelahy mahaleo-tegna amy gny
viavy. [12] Fa laha avy amy gny lelahy gny viavy, da gny lelahy koza da avy amy gny viavy. Sady avy amy Zagnahary gny
raha aby daholo. [13] Tsarao gn'aignanareo: Mety amy gy viavy zany gny mivavaka amy Zagnahary tsy misaron-doha? [14] Tsy
gny natiora mintsy azaky zany gny mampianatra anareo fa laha gny lelahy gny lava volo, da fahafahambaraka ho anazy
zany? [15] Tsy mampianatra anareo zany gny natiora fa laha gny viavy gny lava volo, da voninahitra ho anazy zany? Fa
nagnome anazy gny volony mba hagnarognana anazy. [16] Fa laha misy te-hiady evitra amy zany, da tsy managna
fampiharana hafa iay, ndre indreo fiangonany Zagnahary. [17] Fa agnatiny gny torolalagna magnaraka, da tsy midera
anareo iao. Fa laha efa miaraka tonga anareo, da tsy ho amy gny tsara zany fa ho amy gny ratsy mintsy. [18] Fa tamy gny
voalohany mintsy, da regniko fa laha efa miaraka mivory ao amy gny fiangonana anareo, da misy fizarazarana aminareo
eo, sady mino anizany amy gny asasany iao. [19] Fa tsy mentsy misy fitsitokotokoana aminareo eo, mba hankasitrahana
aminareo eo indreo zay nekena. [20] Fa laha efa mivory anareo, da tsy gny Fagnasany Ragnandria gny hoanianareo. [21] Laha
efa mihinagna anareo, da samby mihinagna gny sakafony raika gny kiraidraika aloany gny hiskafoandreo hafa.
Masaregna gny raika, sady gny hafa lasa mamo. [22] Tsy managna tragno isakafoanana sady isotroana zany anareo? Ho tsy
rarahinareo zany gny fiangonany Zagnahary ka hahetrinareo zay tsy managna ndre ino ndre ino? Ino gny tokony ho

zakaiko aminareo? Tokony hidera anareo zany iao? Tsy hidera anareo amy zany iao! [23] Fa nalaiko avy amy Tompo avao
koa zay ampitaiko anareo, fa Jesosy Ragnandria, tamy gn'aligna zay namadiana Anazy, da nangala mofo. [24] Laha efa avy
nisaotra Izy, da nanapaka anizany sady nizaka hoe: "Itiky gn'aignako, zay ho anareo. Atôvy zao ho fahatsiarovana Anà." [25]
Mitovy amy zay koa da nalainy gny kapoaka laha efa avy nihinagna ariva, sady nizaka Izy hoe: "Itiky kapoaka itiky gny
fagnekena vaovao ao amy gny ràko. Amboary zao ndre ovena ndre ovena anareo gny misotro, ho fahatserovana Anà." [26]
Amy gny fotôgna aby aby zay hinananareo itiky mofo itiky sady hisotroanareo am'itiky kapoaka itiky, da magnambara
gny fahafatesany Tompo mandra-peviany anareo. [27] Ndre ia ndre ia, laha zany, mihinagna gny mofo ndre misotro amy
gny kapoakany Tompo amy gny fomba tsy magneva, da ho meloka gny amy gn'aigna da gny amy gny ràny Tompo. [28] Ôka
handinika gn'aignany aloa gn'olo, sady amy zany da ôka hihinagna gny mofo sady hisotro amy gny kapoaka izy. [29] Fa izy
zay mihinagna sady misotro ka tsy mahalala gny vatagnany, da mihinagna sady misotro fitsarana ho any gn'aignany. [30]
Zany gny mahatonga gny maro aminareo ho osagny sady marary, sady gny sanany aminareo ho faty. [31] Fa laha mandinin-
tegna itsika, da tsy ho tsaraina. [32] Fa laha efa voatsarany Tompo itsika, da mpagnara-dalàgna, mba tsy ho voaheloka
miaraka amy zao tontolo zao. [33] Laha zany, ralahy, laha efa miangona mba hihinagna anareo, da mifampendrasa. [34] Laha
misy olo raika masaregna, aleo izy hihinagna agny an-dragno, amy zay laha efa miangona anareo da tsy ho amy gny
fitsarana zany. Sady momba gny raha hafa zay nisoratanareo, da hagnome toro-lalagna iao laha efa tonga.

Chapter 12

[1] Momba gny fagnomezam-pagnahy, ralahy, da tsy tiako tsy ahalala anareo. [2] Lalanareo fa taminareo mbola mpanompo
sampy, da voavilika tagny amy gny zampy tsy manam-peo anareo, tagny amy zay lalagna nitaritan'io aby anareo. [3] Laha
zany tiako ho lalanareo fa tsy misy olo zay mizaka amy gny fagnahiny Zagnahary afaka mizaka hoe: "Jesosy da
voaozogna." Tsy misy afaka mizaka hoe: "Jesosy da Tompo," afa-tsy amy gn'alalany gny Fagnahy Masina. [4] Sady misy
fagnomezam-pagnahy sambihafa, fa Fagnahy mitovy avao. [5] Misy fanompoana sambihafa, fa Tompo mitovy avao; [6] sady
misy karazan'asa sambihafa, fa Zagnahary mitovy avao gny magnani anazy io ho azo atao amy gny kiraidraika. [7] Sady ho
any gny kiraidraika gny nomena gny fagnaboana ambadiky gy Fagnahy ho any gny tombontsoany gn'aby daholo. [8] Fa ho
any gn'olo raika da nomena avy amy gny Fagnahy gny zakany gny fahendrena, sady ho any gny raika hafa gny zakany
gny fahalalana amy gn'alalany gny Fagnahy mitovy avao. [9] Ho any gny raika hafa da nomena gny finoana amy gn'alalany
gny Fagnahy mitovy, sady ho any gny raika gny fagnomezam-pahasoavana hagnasitragna amy gn'alalany gny Fagnahy
raika. [10] Ho any gny raika hafa da nomena gn'asany gny hery, sady ho any gny raika hafa faminaniana. Ho any gny raika
hafa da nomena gny fahafahana magnavaka gny fagnahy, ho any gny raika hafa gny karazana fizaka sambihafa, sady ho
any gny raika hafa gny fandikana zaka. [11] Fa gny Fagnahy raika sady mitovy avao gny miasa ao amy zany raha aby zany,
magnome gny fagnomezam-pagnahy ho any gn'olo kiraidraika aby, araka zay nofidiny. [12] Fa satria gn'aigna da raika sady
managna rantsagna maro sady gn'aby aby da rantsagnany gny vatagna avao, laha zany da miaraka amy Kristy zany. [13] Fa
tamy gn'alalagnany gny Fagnahy raika gny nagnanaovana batisa atsika aby ho vatagna raika, ndre indreo Jiosy ndre
indreo Grika, ndre voafatotra ndre afaky, sady gn'aby daholo da natao mba hisotro amy gny Fagnahy raika. [14] Fa gny
vatagna da tsy rantsagna raika avao, fa maro. [15] Laha mizaka gny tongotra hoe: "Satria tsy tagnana iao, da tsy rantsagna
amy gny vatagna iao," zany da tsy kely amy gny ratsagnany gny vatagna mintsy. [16] Sady laha gny sofigna gny hizaka hoe:
"Satria tsy maso iao, da tsy rantsagna amy gny vatagna iao," zany da tsy kely amy gny rantsagnany gny vatagna mintsy. [17]
Laha maso gny vatagna aby daholo, da ho aia gny fandregnesagna? Laha sofigna gny vatagna aby daholo, da ho aia gny
fanimboloana? [18] Fa Zagnahary nandamigna gny rantsagnany gny vatagna kiraidraika araka gny namorognany anizany. [19]
Laha rantsagna mitovy avao izy aby, aia gny hisy gny vatagna? [20] Ka zao da rantsagna maro izy aby io, fa vatagna raika
avao. [21] Gny maso tsy afaka mizaka amy gny tagnana hoe: "Tsy misy ilavako anao." Ndre gny loha tsy hizaka amy gny
tongotra hoe: "Tsy misy ilavako anao." [22] Fa gny rantsagna amy gny vatagna zay miseho ho malemy kokoa da tena ilaina, [23]
sady gny rantsagnany gny vatagna zay heveritsika fa tsy dia manan-danja, da ometsika lanja zakabe mintsy, sady gny
rantsagna tsy tokony aboky da managna fahamendrena mihôtra. [24] Sady gny rantsagna fampiseho da tsy mila entina amy
gny fahamendrena, fa indreo io da efa managna fahamendrena. Fa Zagnahary nampikambagna gny rantsagna aby
daholo miaraka, sady nagnome lanja mintsy andreo io zay tsy amy anizany. [25] Nagnano anizany Izy mba tsy hisy
fisarahana eo amy gny vatagna, fa mba hifampikarakara amy gny fitiavana mitovy gny rantsagna. [26] Laha zany laha efa
mijaly gny rantsagna raika, da miara-mijaly gny rantsagna aby daholo; ndre laha efa omena lanja gny rantsagna raika, da
miaraka mifaly gny rantsagna aby daholo. [27] Sady anareo da vatagnan'i Kristy sady rantsagna amy zany gny kiraidraika. [28]
Sady Zagnahary nanendry tao amy gny fiangonandreo apostoly aloha, faharoy indreo mpaminagny, fahatelo indreo
mpampianatra, avy eo indreo zay magnano asa mahagaga, avy eo indreo fagnomezam-pahasoavagna hagnasitragna,
indreo zay magnome fagnampiana, indreo zay magnano gn'asany gny fitantagnan-draharaha, da indreo zay managna
karagna fizaka sambihafa. [29] Apostoly arika zany izy aby? Mpaminagny aby koa ve? Mpampianatra aby koa ve? Magnano
asa mahagaga aby koa ve gn'aby daholo? [30] Managna famonjem-pagnahy hagnasitragna zany izy aby daholo? Mizaka amy
gny fizakana tsy lala zany izy aby? Mandika zaka ve izy aby? [31] Katsahy fatratra gny fagnomezam-pagnahy zakabe mintsy.
Fa hagnabôky anareo lalagna tsaratsara mintsy iao.

Chapter 13


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

# Chapter 14

1 Ndre da hoe mizaka amy gny fizakany gn'olo da gn'anjely azaky iao. Fa laha tsy managna fitiavana, da tonga vy
magneno na kipantsona mikarantsam-peo iao. 2 Ndre da atao hoe managna fagnomezany gny faminaniana sady
mafantatra gny misitery da gny falalana aby daholo azaky iao, sady managna gny finoana aby daholo afahana mamindra
gny tendrombohitra. Fa laha tsy managna fitiavana, da tsinotsino iao. 3 Ndre da atao hoe magnome zay anagnako aby
hamahagnana gny mahantra azaky iao, sady manolotra gn'agnako ho doroina. Fa laha tsy managna fitiavana, da tsy
mahazo ndre ino ndre ino iao. [Fagnamarignana: Gny ULB da gny UDB da samby managna dikateny maro, vakina
ôtranizao hoe: "Omeko mba ho doroina gn'aignako." Gny dikateny sanany koza da vakina hoe: "Omeko gn'aignako mba
ho reharehako."] 4 Gny fitiavana da mahari-po sady tsara fagnahy. Gny fitiavana da tsy mitsiriritra na mieboebo. Tsy
miavogna 5 ndre koa magnano zay tsy mahamendrika. Tsy tia tegna. Tsy mora vignitra, ndre koa magnisa fahadisoana. 6
Tsy mifaly amy gny tsy fahamarignana. 7 Gny fitiavana da mandefitra gny raha aby daholo, mino gny raha aby daholo,
matoky raha maro, sady miharitra gny raha aby daholo. 8 Tsy ho tapitra mandrakizay gny fitiavana. Laha misy
faminaniana, da ho levogna aby zany. Laha misy fizakana amy gny zaka tsy lala, mangigna indreo. Laha misy fahalalana,
da ho levogna zany. 9 Fa itsika da mahalala amy gn'asasakany sady maminagny amy gn'asasakany. 10 Fa laha efa tonga gny
tena lafatra da ho levogna zay tsy tanteraka. 11 Raha mbola zaza iao, da niresaka ôtrany gny zaza, nieritreritra ôtrany gny
zaza, nisaigna ôtrany gny zaza. Laha efa zakabe iao, da navelako gny fahazazana. 12 Fa amizao itsika da mahita sty
mivantagna amy gny fitaratra, fa atraminizay da hifagnatri-tava. Amizao iao da mahalala amy gn'asasakany, fa avy eo iao
da hahalala tanteraka akô gny nahalalana anà tanteraka. 13 Fa amizao da itoa raha telo itoa gny mipetraka: gny finoana,
gny fagnantenana atramizay, da gny fitiavana. Fa gny tena zakabe amindreo io da gny fitiavana.

Chapter 14

1 Mikatsava fitiavana sady managna zotom-po amy gny fagnomezam-pagnahy, ndrindraky fa gny mba haminagnianareo.
2 Fa zay mizaka amy gny fizaka tsy lala da tsy mikoragna amy gn'olo fa amy Zagnahary. Fa tsy misy mahazo anazy satria
mikoragna raha mifiny ao amy gny Fagnahy izy. 3 Fa zay maminagny da mikoragna amy gn'olo mba ho fampioregnana
andreo, ho fampirisiana andreo, sady fampionognana andreo. 4 Zay mizakaamy gny fizaka tsy lala da magnirigna
gn'aignany, fa zay maminagny da magnorigna gny fiangonana. 5 Amizao da magniry anareo aby daholo hizaka amy gny
fizaka tsy lala iao. Fa mbola miôtra akô zany aza, magniry Iao gny haminaninareo. Zay maminagny da zakabe kokoa noho
zay mizaka amy gny fizaka tsy lala (laha tsy hoe misy olo raika mandika zaka ka mba mety hioregnany gny fiangonana). 6
Fa amizao, ralahy, laha tonga eo aminareo amy gny fizaka tsy lala iao, ino gny tombon-tsoa omeko anareo amy zay? Tsy
afaka iao, laha tsy hoe mikoragna aminareo amy gny fagnambarana, ndre fahalalana, ndre faminagniana, ndre
fampenarana. 7 Laha mamôka feo gny raha magneno tsy managn'aigna__akô gny sodigna na lokanga__sady tsy mamôka
lantom-peo sambihafa io, aôna gny hahalalany gn'olo zay melodia avôkany gny sodigna na gny lokanga? 8 Fa laha
magnano feo hafahafa gny trompetra, aôna gny halalany gn'olo aby daholo fotôgna hiomagnana amy gn'ady? 9 Ka akô
zany avao koa gn'aminareo. Laha tsy mazava gny zaka avôkany gny vavanareo, aôna gny halalany gn'olo zay
nizakainareo? Hizaka anareo, sady tsisy hahazo anareo. 10 Misy fizaka maro sambihafa eto amy zao tontolo zao, sady tsy
misy aminazy gny tsy misy dikany. 11 Fa laha tsy mahalala gny dikany gny fizaka raika iao, da ho vahiny amy zay mizaka,
sady zay mizaka ho vahiny aminà. 12 Akô zany avao koa gn'aminareo. Satria magniry tokôtry gny fihetsehany gny Fagnahy
anareo, da manàgna zotom-po mba hiroborobo amy gny fagnoregnana gny fiangonana. 13 Laha zany zay mizaka amy gny
fizaka tsy lala da tokony hivavaka mba hahezany mandika zaka. 14 Fa laha mivavaka gny fagnahiko, fa gny saignako tsy
mamoa. 15 Ino gny tokony ho ataoko? Hivavaka amy gny fagnahiko iao, fa hivavaka amy gny saignako avao koa. Hihira
miaraka amy gny Fagnahiko iao, sady hihira miaraka amy gny saignako avao koa. 16 Laha tsy zany, laha midera any
Zagnahary miaraka amy gny Fagnahy anareo, aôna gny hizakainy gny vahiny hoe "Amena" laha efa magnome fisaorana
anao laha ôtrany ka tsy lalany zay zakainao.
17 Fa anao da tena magnome fisaorana tsara avao, fa gn'olo hafa tsy miorigna. 18 Misaotra any Zagnahary iao fa mizaka
amy gny fizaka tsy lala mihôtra noho anareo aby daholo. 19 Saingy agny am-piangonana da aleoko mizaka zaka dimy
araky gny fahazaoako mba hafahako mampianatara gny hafa, akô zay zaka ray aligna amy gny fizaka tsy lala. 20 Ralahy,
aza mba zaza amy gny fiheveranareo. Fa koza, laha amy gny ratsy, da manôva akô gny zaza. Fa amy gny fiheveranareo da
aleo ho matotra anareo. 21 Ao amy gny lalàgna da vôsoratra hoe: "Amy gn'alalagnany gn'olo hafa fizakana da amy gny
alalagnany gny molotry gny vahiny da hikoragna amin'itoa olo itoa Iao. Ndre da tsy haregny Anà azaky indreo," hoy gny
Tompo. 22 Laha zany gny fizaka tsy lala da famantarana, tsy amindreo mpino, fa amindreo tsy mpino. Fa gny
faminaniagna koza da ho famantarana, tsy andreo mpino, fa ho andreo mpino. 23 Laha zany, laha koza ka, miara-miengo
gny fiangonana aby daholo sady mizaka amy gny fizaka tsy lala aby, sady miditra indreo vahiny da gny tsy mpino, tsy ho
zakaindreo fa mola zany anareo? 24 Fa laha naminagny aby anareo aby daholo kanisy tsy mpino ndre koa vahiny niditra,
da ho resy lahatra amy zay aby daholo henony izy. Ho tsaraina amy gn'alalaby zay aby daholo voazaka izy. 25 Ho ambara
gny tsiambaratelo ao am-pony. Vokatranizany, hiondrika izy sady hitsaoka any Zagnahary. Hagnambara izy fa tena eo
aminareo Zagnahary. 26 Ino zany gny magnaraka, ralahy? Laha efa tafaraka anareo, gny kiraidraika da managna salamo,
fampenarana, fagnambarana, fizaka tsy lala, ndre koa fandikateny. Atôvy gny raha aby mba hagnoregnanareo gny
fiangonana. 27 Laha misy mizaka amy gny fizaka tsy lala, avelay hisy roy ndre koa farafahabeny telo eo, sady mandeha

kiraidraika, avy eo da tokony hisy raika handika gny zaka zay voazaka. 28 Fa laha tsy misy mpandika zaka, avelay gny
kiraidraika amindreo hitazogna fahangignana ao am-pengonana. Avelay gny kiraidraika hikoragna mitokana amy gny
tegnany sady amy Zagnahary. 29 Avelay hizaka gny mpaminagny roy na telo, sady avelay indreo hafa hiteno amy gny
faheza-magnavaka zay voazaka. 30 Fa laha misy fahitana omena zay mipetraka eo amy gny fanompoana, avelay hangigna
zay raika zay nizaka. 31 Fa gny kiraidraika aminareo da afaka mifandimby maminagny mba hafahany gny kiraidraika
mianatra sady mba hahery gn'aby daholo. 32 Fa gny fagnandreo mpaminagny da eo ambany gny fagnaraha-masondreo
mpaminagny. 33 Fa Zagnahary da tsy Zagnahariny gny fikorontagnana, fa gny fiadagnana. Zany gny fitsipika ho any gny
fiangonandreo mpino aby daholo. 34 Gny viavy da tokony hitazogna fahanginana ao am-piangonana. Satria tsy mahazo
alalagna hizaka indreo. Fa koza, tokony hagneky indreo, akô gn'ambarany gny lalàgna. 35 Laha misy irindreo henarana,
avelay hagnontany gny vadiny agny an-dragno indreo. Fa mahamegnatra ho any gny viavy gny mizaka ao am-pengonana.
36 Avy aminareo zany gny neviany gny zakany Zagnahary? Anareo raika avao zany gny voakasikanizany? 37 Laha misy
mieritreritra gn'aignany ho mpaminagny ndre koa ara-pagnahy, da tokony hagneky izy fa gny raha zay soratako
aminareo da didiny Tompo. 38 Fa laha misy tsy magneky anizany, da aleo izy tsy ho ekena. [Fagnamarignana:
Gn'ankamaroany gny dikateny, ao agnatinizany gny ULB da gny UDB, da mamaky hoe: "Fa laha misy tsy magneky
anizany, da aleo tsy ho ekena izy." Gny dikateny sanany taloha magnano hoe: "Fa laha misy tsy mafantatra anizany, da
aleo iy tsy hahalala anizany."] 39 Ka aminizay, ralahy, magniria fatatra gny haminagny, sady aza mandrara an'ia ndre ia
hizaka amy gny fizaka tsy lala. 40 Fa avelay gny raha aby aby atao araka gny tokony ho izy sady amy gny filamignana.

Chapter 15

1 Amizao mampahatsiahy anareo iao, ralahy, gny amy gny filazantsara zay nambarako taminareo, zay noraisinareo da
zay ijoroanareo. 2 Amy gn'alalagn'anizany filazantsara zany gny havoavonjy anareo, laha mitagna mafy amy gny zaka
nitoriako taminareo anareo, laha tsy hoe ninonino fahatàny. 3 Fa nomena ho raha zakabe voalohany ho anareo zay
voaraiko avao koa: fa maty ho any gny fahotantsika Kristy araky gny Soratra Masina, 4 sady nalevigna Izy, sady Izy da
natsangana tamy gny maty tamy gn'andro fahatelo araky gny Soratra Masina. 5 Kristy da nibôky tamy Kefasy, sady avy eo
tamindreo roa ambifolo; 6 avy eo da nibôky indraiky mandeha tamindreo ralahy mihotry gny dimanjato Izy. Mbola
velogna gn'ankamaroandreo, fa gny sanany da efa maty. 7 Avy eo Izy nibôky tamy Jakoba, avy eo tamindreo apostoly aby
daholo. 8 Farany indrindra, da nibôky taminà Izy, akô gny hoe tamy gny zaza teraka tsy tonga volagna. 9 Fa iao gny kely
indrindra amindreo apostoly. Iao da tsy magneva gn`atsovana hoe apostoly satria nagnenjika gny fiangonany Zagnahary
iao. 10 Fa noho gny fahasoavany Zagnahary gny naha akô zao anà, sady tsy fôgna gny fahasoavany aminà ato. Fa koza,
niasa mafy kokoa noho izy aby iao. Nefany tsy iao zany, fa gny fahasoavany Zagnahary zay miaraka aminà. 11 Laha zany
ndre zany ndre indreo, araky gny nitorianay da araka anizany gny ninoanareo. 12 Amizao laha nagnambara fa Kristy da
natsangana tamy gny maty, aôna gny hafahany gny sanany aminareo mizaka fa tsy misy gny fitsanganana amy gny maty?
13 Nefany laha tsy misy gny fitsanganana amy gny maty da tsy natsangana mintsy Kristy; sady laha tsy natsangana Kristy,
da fôgna gny fitorianay, 14 sady fôgna avao koa gny finoanareo. 15 Ka, da hita ho vavolombelogna diso momba any
Zagnahary iay satria nijoro vavolombelogna nanohitra any Zagnahary, nizaka hoe natsangany Kristy laha efa tsy
nagnano anizany Izy. 16 Laha tsy natsangana gny maty, da ndre Kristy azaky tsy natsangana; 17 sady laha tsy natsangana
Kristy, da fôgna gny finoanareo sady da mbola ao amy gny fahatanareo anareo. 18 Sady zay maty ao amy Kristy aby da efa
very avao koa. 19 Laha am'itiky fiaigna itiky avao gn'anagnatsika toky amy gny ho avy ao amy Kristy, da itsika gny tena
mampalahelo amy gn'olo aby daholo. 20 Fa amizao da efa natsangana tamy gny maty Kristy, zay voalom-bokatrandreo zay
maty. 21 Fa satria tonga tamy gn'alalagnany gn'olo raika gny fahafatesana, da avy tamy gn'alalagnany gn'olo raika avao koa
gny neviany gny fitsanganana amy gny maty. 22 Fa akô gny nahafatesany gn'aby daholo tao amy Adama, da ho velogna ao
amy Kristy avao koa gn'aby daholo. 23 Kanefany samby ao amy gny filaharany manokana gny kiraidraika: Kristy, zay
voaloaham-bokatra, sady avy eo indreo zay an'i Kristy da ho atao velogna amy gny fieveny. 24 Avy eo da ho tonga gny
farany, laha efa omen'i Kristy ho any Zagnahary Ray gny fanjakana. Zany da laha efa hagnafôgna gny fitsipika aby daholo
da gny fahefana aby daholo sady gny hery Izy. 25 Fa tsy maintsy manjaka Izy mandra-pametrany gny fahavalony aby ao
ambany gny tongotrany. 26 Gny fahavalo farany ho haringana da gny fahafatesana. 27 Fa "Napetrakany teo ambany gny
tongotrany aby gny raha aby daholo." Fa vôlaza fa: "Izy gny nametraka gny raha aby daholo," da mazava tsara fa tsy
tafiditra ao agnatiny zany gny raika nametraka gny raha aby daholo hagneky gny tegnany. 28 Laha efa magneky Anazy gny
raha aby, da gny Zanaka mintsy gny hagneky gny raika zay nampagneky gny raha aby ho Anazy. Hibôky zany mba ho aby
daholo ao amy gn'aby daholo Iaba Zagnahary. 29 Ndre koa ino gn'ilavana andreo zay vita batisa ho any gny maty? Laha tsy
natsangana mintsy gny maty, nagnino indreo gny natao batisa ho andreo io? 30 Nagnino ariky, itsika gny am-bava loza
isan'ora? 31 Miatrika fahafatesana isan'andro iao! Zany da azo antoka akô gny fireharehako gny aminareo, zay azoko ao
amy Kristy Jesosy Tompotsika. 32 Ino gny tombony azoko, avy amy gny fomba fijeriny gn'olombelogna, laha niady tamy
gny biby tao Efesosy iao, laha tsy natsangana gny maty? "Aleo itsika hihinagna sady hisotro satria ho faty istika apisto." 33
Aza mety ho fitahina hoe: "Manimba gny fisaignana tsara gny naman-dratsy." 34 Mandiniha! Miaignà am-pahamarignana!
Aza manohy manota! Fa gny sanany aminareo da tsy managna fahezana any Zagnahary. Mizaka anizany ho amy gny
fahamegnaranareo iao. 35 Fa gn'olo raika hizaka hoe: "Aôna gny nananganana gny maty, sady amy gny katazagna vatagna
ino gny hatongavandreo?" 36 Tsy mahalala ndre ino ndre inoanareo! Zay hafafinareo da tsy hanomboa hitombo laha tsy

maty zany. [37] Zay nasitrikanareo da tsy gny vatagna zay ho avy, fa voa fotsiny. Zany da mety ho lasa vary na raha hafa. [38]
Fa omeny Zagnahary anazy gny vatagna araka zay safidiany, sady samy amy gny vatagnany aby gny voa kiraidraika. [39]
Tsy gny nofo aby gny mitovy. Fa koza, raika gny nofony gn'olomelogna, da hafa gny nofony gny biby, sady nofo hafa gny
andreo vorogna, sady hafa gn'any gny laokandrano. [40] Misy avao koa gny vatagna agny an-danitra da gny vatagany gn'eto
amy tany. Fa karazagna raika avao gny voninahitry gny vatagna agny an-dagnitra sady hafa gny voninahitry gn'eto amy
tany. [41] Raika gny voninahitry gny volagna, sady voninahitra hafa gn'any gny kitagna. Fa gny kitagna raika miavaka amy
gny kitagna raika hafa amy gny voninahitra. [42] Otranizany koa gny fitsanganana amy gny maty. Zay afafy da mety simba,
da zay atsangana da tsy mety simba. [43] Afafy tamy gny fahafaham-braka zany; da natsangana am-boninahitra. Afafy tamy
gny fahalemena zany; da natsangana amy gny hery. [44] Afafy amy gny vatagna voajagnahary zany; da atsangana ho
vatagna ara-pagnahy. Laha misy vatagna voajagnahary, da misy vatagna ara-pagnahy avao koa. [45] Sady efa voasoratra
avao koa fa: "Lasa fagnahy velogna Adama zay lelahy voalohany" I Adana farany da lasa fagnahy magnome fifignana. [46]
Fa tsy gn'ara-pagnahy gn'avy voalohany fa gny voajagnahary, sady avy eo gn'ara-pagnahy. [47] Gn'olo voalohany da avy amy
gny tany, namboarina tamy gny vovoka. Gn'olo faharoy da avy agny an-danitra. [48] Akô gny raika namboarina tamy gny
vovoka, ôtranizany koa gn'olo agny an-danitra, sady ôtranizany avao koa indreo zay avy agny an-danitra. [49] Akô gny
nitondrantsika gny endriky gn'olony vovoka, da hitondra gn'endriky gn'olony gny lagnitra avao koa itsika. [50] Sady zay gny
zakaiko, ralahy, fa gny nofo aman-drà da tsy afaka gny handova gny fanjakany Zagnahary. Ndre zay mety simba handova
zay tsy mety simba. [51] Zao! raha marina mifiny gny ho zakaiko anareo hoe: Tsy ho faty aby daholo istika aby, fa hovaina
itsika aby daholo. [52] Hiova itsika amy gny fotôgna raika, ao agnatiny gn'indraiky mikipi-maso, amy gny trompetra farany.
Hagneno gny trompetra, sady indreo maty da hatsangana ho tsy mety lo, sady da hovaina itsika. [53] Fa itiky vatagna mety
simba itiky da tsy maintsy hitafy zay tsy mety lo, sady itiky vatagna mety maty itiky da tsy maintsy hitafy gny tsy
fahafatesana. [54] Fa laha efa mitafy gny tsy mety simba itiky vatagna mety simba itiky, sady laha efa mitafy gny tsy
fahafatesana itiky vatagna mety maty itiky, da ho tonga amy gny zaka zay vôsoratra hoe, "Voateligna tamy gny
fandresena gny fahafatesana." [55] "Rafahafatesana, aia gny fandresenao? Rafahafatesana aia gny fanindrognanao?" [56]
Gn'ota gny fanidrognany gny fahafatesana, sady gny heriny gn'ota da gny lalàgna. [57] Fa isaorana Zagnahary, zay magnome
atsika gny fandresena amy gn'alalan'i Jesosy Kristy Tompotsika! [58] Laha zany, ralahy tiako, mioregna tsara sady aza
miozongozogna. Miroboroboa mandrakariva amy gn'asany Tompo, satria lalanareo fa tsy very maigna gn'asanareo ao
amy Tompo.

Chapter 16

[1] Sady momba gny fanangonam-bola ho andreo mpino, araka gny nagnatoroako lalagna gny fiangonan'i Galatia, da
ôtranizay koa gny tokony ataonareo. [2] Amy gn'andro voalohany herignandro, da tokony hanokana raha gny kiraidraika
aminareo sady hitahiry anizany araka zay vitanareo. Nagnanôva anizany mba tsy hisiany gny fanangonam-bola laha efa
tonga iao. [3] Laha efa tonga iao, ndre iza ndre iza ekenareo, da alefako miaraka amy gny taratasy mba hanolorako gny
fagnatitranareo ho an'i Jerosalema. [4] Laha mety aminà avao koa gny mandeha, da handeha hiaraka aminà indreo. [5] Fa ho
avy agny aminareo iao laha efa mandalo an'i Makedonia. Fa handalo an'i Makedonia iao. [6] Mety afaka hijanogna miaraka
aminareo iao ndre mandritra gnyrirignina mintsy azaky, mba hahafahanareo magnampy anà amy gny diako, ndre aia
ndre aia gn'andeanako. [7] Fa tsy magniry gny hahita anareo amndritra gny fotoagna fohiky iao zao. Fa magnategna gny
hidoboky maharitraritra miaraka aminareo, laha avelany Tompo. [8] Fa hijanogna ao Efasaosy iao mandra-pahatongavany
gny Pentekosta, [9] fa efa varavaragna malalaka gny nisokatra ho anà, sady misy fahavalo maro. [10] Da laha efa tonga Timoty,
da ezaho mba tsy hatahotra izy miaraka aminareo, fa magnano gn'asany gny Tompo izy, ôtrany gn'ataoko. [11] K'avela hisy
olo hagnana tsinitsino anazy. Ampio izy amy gny lalagnany amy gny fiadagnana, mba hafahany magnantogna gn'aminà.
Fa magnategna anazy mba ho tonga hiaraka amindreo ralahy iao. [12] Sady momba an'i Apolosy ralahitsika, da
nampandrisika anazy mafy iao mba hamangy anareo miaraka amindreo ralahy. Fa mbola tsy vonogna tanteraka gny ho
avy izy zao. Ndre zany saky, ho tonga izy laha efa mety gny fotoagna. [13] Membena, mijoroa tsara amy gny finoana, miasà
ôtrany gny lelahy, mahereza. [14] Aleo ho atao am-pitiavana zay ataonareo aby daholo. [15] Lalanareo gny fianakavian'i
Stefanasy, fa indreo gny niova fo voalohany tao Asaia, sady indreo nametraka gny tegnandreo ho amy gny fanompoana
andreo mpino. Sady mamporisika anareo iao, ralahy, [16] mba hagneky gn'olo ôtranizany sady amy gn'olo aby daholo zay
magnampy amy gn'asa sady miasa miaraka aminay. [17] Mifaly amy gny fahatongavan'i Stefanisy, Fortinatasy, da Akaiosy
iao. Nameno gny tsy naha-teo anareo indreo. [18] Fa namelombelogna gny fagnahiko da gn'anareo indreo. Ka noho zany,
fantaro gn'olo ôtranizany. [19] Ny fiangonan'i Asia aby da magnano veloma anareo. Akila, Pritsila da magnano veloma
anareo ao amy Tompo, miaraka amy gny fiangonana zay ao amy gny tragnondreo. [20] Gny ralahy aby daholo magnano
veloma anareo. Mifagnanôva veloma amy gn'oroka masina. [21] Iao, Paoly, manorata itiky amy gny tagnako. [22] Laha misy olo
tsy tia gny Tompo, da aleo izy mba ho voaozogna. Ho tonga, gny Tompotsika! [23] Ho amianareo rô gny fahasoavany Jesosy
Tompo. [24] Ho aminareo aby gny fitiavako ao amy Jesosy Kristy. [Fagnamarignana: Gny dikan-teny taloa da magnampy hoe:
"Amena." Fa gny vaovao maro hafa, ao agnatiny zany gny ULB da gny UDB, da mangala anizany.]

# 2 Corinthians

Chapter 1

# Chapter 2

[1] I Paoly, isany gn'apostôly raiky an'i Kristy Jesosy tamy gny sitrapon'ny Zagnahary, sy Timoty ralaintsika, ho an'ny fengonana gny Zagnahary zay amin'ny Korinto, da ho andreo mpino aby magneragny faritry i Akaia koa. [2] Lonoky avy aminareo gny fasoavany ary gny fiadanany latamin'ny Zagnahary abantsika sy Jesosy Kristy Ragnandria. [3] Deraina i Zagnahary sy iaban'ny Tompontsika Jesosy Kristy. Izy da Rain'ny famindrapo sy Zagnahary gny fampaherezana aby. [4] Zagnahary da mampahery antsika amy gny fahoriantsika aby, ka mba avitantsika mampahery an-dreo zay agnatin'gny fahorina. isika da mampahery indreo hafa akoran'ny fampaherezana zay ampasainy Zagnahary ampaherezana antsika. [5] Fa ohatran'ny fitomboan'ny fijalian'i Jesosy Kristy avy taminay, nitomboan'ny fampaherezana anay avao koa amy gny alalan'i Kristy. [6] Fa laha nampizalina iay, zany da avy amy gny fampaherezana sy famonjena anareo. Ary laha nampaherezina iahy, zany da avy amy gny fampaherezana anareo. Ny fampaherezana anareo da mandaitry lefa managna faharetana agnome reo fijalina zay mitovy amy gny fijalinay avaokoa. [7] Fa gny fatokisanay makasika anareo da azo antoky, satria izahay da malala fa anareo avaokoa da magnome fijaliana, anareo avaokoa da magnome fampaherezana. [8] Fa tsy tenay anareo tsy ahalala, Ralay, amy gn'olagna nahazo anay tagny Asia. Iay da nampitondrana ambony zay tokony avinay. Be lôtry ka tsy nagnategna ho lava velogna koa iahy. [9] Taminay tokôtry gny fameloana ho faty. F'izany gny nevenay tsy agnapetraka gny tokinay eo amy gny tegnanay avao koa, kanefa koza amy gny Zagnahary zay nampitsangana gny maty. [10] Nagnavotra anay tamy gny loza nafaty ohatr'gny zany Izy, ary mbola hagnavôtra koa. Iahy da nagnapetraky gny tokinay taminazy ka mbola agnafaka anay avaokoa Izy. [11] Izy da hagnano an'zany satria anareo koa da magnampy anay amy gny vavakanareo. Sady maro gn'olo avy eo gny magnome fisorana amy gn'agnarany avy amy gny tombom-pasoavana nomeny anay taminy gn'alalany gny vavaka maro. [12] Iay da mieboebo amy zao: fijorona vavolombelogna gn'amy gny feon'gny fieritreretanay. Fa amy gny fikasana madio sy fahatsoram-po izay lata amy gn'i Zagnahary zay ninday gny tegnanay amy zao rehetra zao. Iahy da nagnano izany raha rehetra zany ary ankamaroany niaraka taminareo__tsy tamy gny fahendrenin'zao rehetra zao fa tamy gny fasoavan'gny Zagnahary. [13] Iay da tsy manoratry laha tsy vôvaky na ho azonareo. Iaho da magnategna fa, [14] satria anareo mahazo miaraka amina amy gn'ampahany. Iay da anton'gn'ieboeboanareo amy gn'andron'gny Tompotsika Jesosy, ohatranareo gn'antony gn'ieboeboanay. [15] Satria matoky an'zany iaho, da tandea aminareo aloa, mba alalanareo gny fahazaona tombony amy gny famangina roy. [16] Nagnomagny gny hamangy anareo abidaholo tegny amy lalako ho agny Makedonia iaho. ary avy da nagniry amangy anareo avao koa iao tamy gny diako lata Mekodonia, ary mba agnateranareo anay tagny amy lalako mandeha agny Jodia. [17] Laha nieritreritry akôtran'izany iao, nisalasala man saky iao? Nagnomagny an'io raha io araky gny vatagna zany iao, mba izakaiko ''eka, eka '' sy '' tsia, tsia'' amy gny fotogna raiky avao? [18] Ka satria Zagnahary da matoky, isika da tsy afaky hizaka na ''eka'', na ''tsia.'' [19] Fa gny zanaky Zagnahary, i Jesosy Kristy, izay notorin'i Syvanosy, Timoty ary iao taminnareo, da tsy ''Eka'' na ''tsia.'' Fa izy da miteny fezay hoe ''Eka.'' [20] Satria gny fampagnantegnana i Jagnahary aby da ''Eka'' avokoa aminazy. Ka avy aminazy avao koa isika da hizaka hoe ''Amen'' hoan'gny voninahitry i Zagnahary. [21] Fa i Jagnahary zay magnamafy anay aminareo ao amy gn'i Kristy, da Izy gny nagniraky antsika. [22] Izy da nagnisy tombo-kase tamintsika ary nagnome gny fagnahiny ao amy gny fontsika ho antok'izay mbola ho azon-tsika agny afara. [23] Fa nagnantso an'i Zagnahary iao, hijoro vavolombelogna ho anay izany gn'antony tsy antongavako tagny korinto mba amindrako fo amy nareo. [24] Zany da tsy sagnatria avy amy gny hezaky gny mifehy gny finoanareo. Kanefa koza, iay da miara miasa aminareo amy gny fifalinareo, satria anareo mijoro amy gny finonareo.

Chapter 2

[1] Fa nanapa-kevitra gny tsagnantogna anareo koa gny tegnako amigny fotoam-pangirifiriana. [2] Laha niteraka alahelo anareo iao, zay gno afaka mampifaly anay ankôtrany raika zay nasiko bay avao? [3] Nanoratra iao akô gny namboariko mba tsy ho simba indreo zay tokony nampifaly anahy laha avy taminareo tagny. Iao da managna fitokisana gny aminareo laha gny fifaliako da fifaliana mitovy amignanareo aby. [4] Fa nanoratra hônareo iao avy amigny fahoriana zakabe, miaraka amigny fangirifirian'ny fo, ary miaraka amin'ny ranomaso be. Tsy tampalahelo anareo iao. Fa koza, ta hampalala anareo gny alalan'ny fitiavana zay anagnako hônareo. [5] Laha misy olo niteraka alahelo, tsy niteraka zany taminahy avao izy, fa amignendrika hafa—tsy hagnitarana lôtra zany—aminareo aby. [6] Ampy gny fagnasaziana nataon'gny maro an'isa io olo io. [7] Ka ankehitriny laha tokony ho fagnasaziana, anareo da tokony hamela heloka sy hampionogna anazy. Atôvy zany mba tsy hanarogna anazy amigny alahelo zakabe loatra. [8] Nony zany mampantanjaka anareo iao mba hagnamafy ampahibe-maso gny fitiavanareo Anazy. [9] Zany gnantony nanoratako, amin'zay mba hitsapako anareo ary hahafantarako na mankato amin'ny raha aby anareo. [10] Laha mamela olo anareo, mamela zany olo zany koa iao. Zay navelako— laha mamela gny raha aby iao—zany famelana zany da fitiavana anareo amin'gny fetrehana ny Kristy. [11] Zany da mba tsy hivandesany Satana anay. Satria zahay da mahalala gny drafitrany. [12] Nivoha hoanahy gny varangarangna tamy Tompo laha avy tao amigny tanàm-be an'i Troasy nagnambara gny filazantsara an'i Kristy tagny. [13] Na zany aza, tsy nanagna fiadagnatsaigna iao, satria tsy nahita gny rahalahiko Titosy tagny. Araka zany, nenga andreo iao ary nandeha nipody tagny Makedonia. [14] Fa fisôragna ane ho an-Jagnahary, zay ao amy Kristy mitarika anay mandrakariva amigny fandresena. Amign'alalantsika da haboeliny ndre aiza ndre aiza gny hangitra mamigny fahalalàna azy. [15] Fa iay da hangitra mamin'i Kristy an-Jagnahary, na tamindreo zay navotana sy tamindreo zay ho faty. [16] Ho an'gnolo zay ho faty, zany da hangitra lata amigny fahafatesana ho amin'gny fahafatesana. Ho andreo sasany zay navotana, da hangitra lata

amigny fiaignana ao amigny fiaignana. Izy gny mandrika amy raha aby io? Fa iay da tsy mitovy amin'reo olo maro zay mivarotra gny zakan-Jagnahary mba azahoana tombony. [17] Fa koza, amigny fahadiovam-po, gny hizakanay amin'i Kristy, satria nalefa avy amin-Jagnahary iay, tamigny fahitan-Jagnahary.

Chapter 3

[1] Hanomboka hidera-tegna zany iay? Iay da tsy mila gny taratasy fagnamarinina aminareo na lata aminareo, akô gnolo sasany, sa tsy zany? [2] Gny tegnanareo gno taratasy fagnamarinanay, zay voasoratra ao am-pontsika, zay lala ary tamin'olo aby. [3] Anareo da magnabôky fa taratasy fagnambarana latamin'i Kristy, zay natolontsika. Zany da tsy voasoratra tamin'gny ranomenty fa tamin'gny Fagnahin-Jagnahary velogna. Zany da tsy voasoratra teo amigny takela-bato, fa teo amigny takelaky gny fon'ny olombelona. [4] Ary zany no toky zay anagnantsika eo agnatrehan-Jagnahary amign'alalan'i Kristy. [5] Isika da tsy mahefa amigny tegnantsika mba hangala na ino na ino zay lata amintsika. Fa koza, gny fahefantsika da avy amin-Jagnahary. [6] Zagnahary gny magnano antsika mba ho manompon'ny fagnekena vaovao. Zany da fagnekena tsy amigny soratra fa an'gny Fagnahy. Fa gny soratra mamono, ary gny Fagnahy magnome aigna. [7] Ary gnasa zay niteraka fahafatesana __ da voasotra teo ambonigny vato __da avy tamim-boninahita zakabe ka gny vahôkan'Israely da tsy afaka nibanjigna gny tarehan'i Mosesy. Zany da nony gny voninahitry gny tareny, gny voninahitra zay nevôlevogna. [8] Ho voninahitra zakabe akô gn'aia gnasa zay amboarin'gny Fagnahy? [9] Fa laha managna voninahitra gn'asany fagnamelohana, da akô gn'ahôna gny fitomboan'gny voninahitra gny asan'gny fahamarinana! [10] Satria tokôta, zay nomena voninahitra indraiky mandeha da tsy hanam-boninahitra koa amizany fomba zany, nony gny voninahitra zay mampitombo anizany. [11] Fa laha zay nandalo fotsiny gny nanagna voninahitra, da tsy hanagna voninahitra mihoatra nony zany kaiky ze mahirata! [12] Satria managna toky akôn'zany isika, da masay tokôtry. [13] Isika da tsy akô gnan'i Mosesy, zay nandrakotra gny tarehany tamign'gny voaly, mba tsy hazahoan'ny vahôkan'Israely mijery anazy mivantagna amigny fiafaran'ny voninahitra zay nandalo avao. [14] Fa gny saignandreo da donto. Na da mandrak'ankehitriny zay voaly zany da mbola mijanogna do amigny famakiana gny fagnekena taloha. Tsy misokatra zany, satria ao amin'i Kristy avao zany gno alaina. [15] Nefa na da ankehitriny zao aza, na lahovina na lahovina gnovakina gny lalàn'i Mosesy, da mandrakotra gny fony indreo gny voaly. [16] Nefa laha mitodika amy gny Tompo gn'olo, da alaina gny voaly. [17] Ary gny Tompo da Fagnahy. Zay misy gny Fagnahin'ny Tompo, da misy fahafahana. [18] Ary isika aby, tsy misarom-boaly, da mahita gny voninahitra gny Tompo. Isika da efa vôova ho ao amigny voninahitra mitovy zay avy amigny voninahitra ho aminigny voninahitra, zay avy amigny Tompo, zay tsy iza fa gny Fagnahy.

Chapter 4

[1] Nony zany, satria iay managna anizany asa fanompoagna zany, ary vô nahazo famindram-po, da kivy zahay. [2] Fa koza, nandanay gny fomba mahamegnatra sy misitrika. Tsy miaigna amigny vandy iay, ary mampiasa marina gny zakany Zagnahary. Amign'gny fagnabohana gny marina, iay da mandidy gny tegnanay gny amigny feon'ny fandinihsn'ny gnolo mba hoentigna eo amason-Jagnahary. [3] Fa laha voasorogna gny filazantsaranay, zany da ho voasorogna amin-dreo zay maty rerika avao. [4] Amign'gny jay raha mibôka amin-dreo, gny Zagnaharin'zao tontolo zao nahapoara gny saigna tsy mino indreo. Vokatry zany, tsafaka nijaha gny fazavan'ny gny filazantsaran'ny voninahitr'i Kristy indreo, zay endriky Zagnahary. [5] Fa iay tsy Nagnambara gny tegnanay, fa i Kristy Jesosy akô gny Tompo, ary gny tegnanay akô gny mpanomponareo nony gnamin'ny Jesosy. [6] Fa Zagnahary da gny raika zay nizaka hoe: "Gny fahasoavana hamiratra ao amy gnejigna." Izy namiratra tao am-ponay, mba hagnome gny fahazavan'gny fahalalàna gny voninahitr'i Zagnahary eo fagnantrehan'i Jesosy Kristy. [7] Fa iay managna zany haregna zany ao agnaty daba tany ditra, mba hazava fa gny tanjaka zakabe mihôtra lavitra da an-Jagnahary fa tsanay. [8] Ampahorina amigny fomba laha iay, fa tsy resy. Lany marina iay fa tsy feno famonantegna. [9] Enjehina iay fa tsy nilozana. Vinina iay fa tsy rava. [10] Mitondra amignaignanay gny fahafatesana Jesosy avao iay, anizany gny fiaignan'i Jesosy avao koa da habôka amignaignanay. [11] Iay zay velogna da mitondra gnaignanay sindritry amigny fahafaesan'i Jesosy, amizay gny fiaignan'i Jesosy da hibôky eo amignaignanay olombelogna. [12] Nony zany gny fahafatesana da miasa ao aminay, fa gny fiaignana miasa aminareo ao. [13] Fa iay managna fagnahinigny finohana mitovy arakanizay voasoratra hoe: "Nino iaho, ary da nizaka iao. [14] "Mino avao koa iay, ary da nizaka iao." Mino avao koa iay, ary da nizaka avao koa iay. Fantanay fa gny raika zay nanangana gny Tompo Jesosy da Hanangana antsika avao koa miaraka amin'i Jesosy. Fantanay fa hitondra anay miaraka aminareo ao amin'gny fagnatrehany Izy. [15] Gny raha aby da hoanareo mba, araka gny fahasoavana voaparitaka tamign'olo maro, gny tomboan'gny fagnomezam-pisôrana amigny voninahitr'i Zagnahary ao. [16] Araky zany da tsy ho kivy iay. Na da malemy ambadika aza iay, da havoazina isan'andro isan'andro gnagnatinay ao. [17] Fa amizao andro mandalo zao, gny fahorina mevagna da magnomagna anay ho amin'gny lanjan'gny voninahitra madignela mandrakizay zay mihôtra gny fandanjana aby. [18] Fa isika tsy mijery zey raha hita, fa gny raha tsy hita. Gny raha zay mety hitantsika da tsy madignela, fa gny raha zay tsy hita da mahadignela mandrakizay.

Chapter 5

[1] Lalantsika fa laha rava gny fipetrana eto an-tany zay ipetratsika, da managna tragno lata amin-Jagnahary isika. Zany da

tragno tsy namboariny tagnan'olombelogna, fa tragno mandrakizay, agny an-dagnitra. [2] Fa eto Amy tragno-lay ity isika gny misento, magniry mafy gny sikina gny fipetratsika agny an-dagnitra. [3] Magniry mafy anizany isika satria amy fagnanôvantsika anizany da tsy ho hita matanjaka isika. [4] Fa laha mbola Amy tragno-lay ity tokôtry isika, da misento, mavesatr'entagna. Tsy tea hetsika isika. Fa koza, ta hisikina isika, mba araka ho anteligny fiaignana zay mety maty. [5] Gny Raika zay magnomagna antsika ho amin'zany raha zany da gny Zagnahary, zay nagnome antsika gny Fagnahy ho fagnambarana zay hoavy. [6] Arak'zany da matokisa avao. Tongava saigna fa laha andragno amigny vatagna isika, da lavitra gny Tompo. [7] Fa mandeha amin'gny finona isika, fa tsy amigny fahitana. [8] Nony zany da managna fatokisana isika. Aleontika lavitra gny vatagna fa an-dragno miaraka amy Tompo. [9] Ka da ataontsika tanjogna zany, na an-dragno isika na lavitra anizany, mba hahafinaritra Anazy. [10] Fa isika aby da tsy maintsy hibôka alohan'ny seza fitsaràn'iKristy eo, mba ahazaoan'gny tsirairaky zay mifagnaraka amigny raha vita tamignaigna, na hômitsara na hômiratsy [11] Nony zany, gny fahalalàna gnavakana gny Tompo, gny handresentsika gny lahatra gny olo. Gny maha isika antsika da hitan-Jagnahary mazava. Antegnaiko fa mazava amigny feon'gny fieritreretanareo avao koa zany. [12] Tsy miezaka gny handresy lahatra anareo koa iay mba nijery anay akô gny mahitsy fo. Fa koza, magnome antony hônareo hisebosebo nony gnamiany iay, mba hanagnanareo valin-jaka hoandreo zay teratera gny amign'endrika ivelany fa tsy gny amizay am-po ao. [13] Fa laha very saigna iay, da ho an-Jagnahary zany; ary laha kanty tsara iay, da hoanareo zany. [14] Fa fitiavan'i Kristy gny manery anay, satria azonay antoka gny hoe: nisy olo raiky maty hoan'gnabiaby, ary nony zany da maty gnabiaby. [15] Maty Izy ho any gnabiaby, mba tsovelogna hoan'ny tegnandreo koa gny zey velogna fa hoan'Azy zay maty ary natsangana nony fitiavana andreo. [16] Araka anizany, manomboka zao da tsy mitsara ndre iza ndre iza araka gny fomban'ny olombelogna isika, ndre da efa nijery an'iKristy akônizany aza isika taloha. Fa ankehitriny isika da tsy mitsara ndre iza ndre iza akônizany koa. [17] Nony zany, laha misy olo ao amin'Kristy, da olom-baovao izy. Efa lasa gny raha taloha. Indreo, fa efa lasa vaovao indreo. [18] Gny raha aby io da avy amin-Jagnahary. Nampihavagniny tamign'gny tegnany tamign'gny alalan'i Kristy isika, ary nomeny antsika gny asanfanompoan'ny fampihavagnana. Zany hoe, ao amign'Kristy Jagnahary. [19] Zany hoe, ao amin'i Kristy Jagnahary mampiavagna an'izao tontolo zao amigny Tegnany, tsy magnisa gny fahadisoandreo io. Nankignina taminay gny hafatry gny fampihavagnana. [20] Ka vôtondro ho mpisolon-tegnan'i Kristy zahay, akô hoe amign'alalanay gny hagnamboaran-Jagnahary gny fagnatovany. Mengavy anareo iay, nony Kristy: "Mihavàgna amin-Jagnahary!" [21] Nambôriny sorogna gny hôn'ny fahotantsika Kristy. Izy Raika zay tsy nagnota mihitsy. Namboariny zany mba ho avy gny fahamarignan-Jagnahary ao aminazy isika.

Chapter 6

[1] Miara-miasa aminazy, iay avao koa da mandrisika anareo tsanadray gny fasoavan-Jagnahary fatany. [2] Ka nizaka izy hoe: "Tamin'gny fotôgna mety da naregny anareo Iaho, ary tamign'andron'ny famonjena da nagnampy anareo iao. Jerevo, ankehitriny gny fotoagna mety. Jerevo, ankehitriny gn'andron'ny famonjena. [3] Tsy mametaka vato matafatoigna eo aloany ndre aza ndre iza iay, fa iay tsy magniry gny hagnaratsy laza gny asa fanompoanay. [4] Fa koza, iay da magnaporofo gny tegnanay amign'asanay aby, fa mpanompon-Jagnahary iay. Iay gny mpanompony amigny fadignasana be, fahoariana, faheterena, fahasarotana, [5] gny vango, fagnagadrana, fikomina, amigny asa mafy, amign'aligna sisy torimaso, amigny mosary, amigny fadiovana, fahalalana, fahadignasana, fahatsaram-po, [6] amigny Fagnay masigna, amigny tena fitiavagna. Iay gny mpanompony ao amigny zakan'gny fahamarignana, ao amign'gny herin-Jagnahary. [7] Iay da managna gny ferovanigny fahamarignana ho an'gny tagnana ankavanagna sy gny gnakavia. [8] Iay da miasa amigny voninahitra sy amigny fahafam-baraka, amigny fagnaratsiana sy gny fiderana. Iay da vômpanga ho mpivandy kanefany iay da marina. [9] Iay da miasa akô gny tsy misy malala io kanefa iay da mbola fanta-daza. Miasa akô ho faty iay__jereo__mbola miaigna iay. Miasa iay akô gny saziana nonigny asanay nefa tsy akô gny voaheloka ho faty. [10] Iay da miasa akô gny malahelo, kanefa da mifaly lalandava. Iay da miasa akô gny sahiragny, kanefa da mampanan-karegna akô gny sahiragny, kanefa da mampanan-karegna olo maro iay. Miasa akô gny tsy managna ndre ino ndre ino iay kanefa akô gny tsy managna gny raha aby [11] Iay da nizaka gny marina aby taminareo, gny Korintiana, ary gny fonay da mivoha midagnadagna. [12] Gny fonareo da tsy nifatoranay, fa anareo gny namatotra gny fihetseham-ponareo manokana. [13] Ary ho valiny ara-drariny-miresaka aminareo akô gny aminazaza iao-voay hidagnadagna gny fonareo. [14] Ka mifame amindreo tsy mpino. Fa ndre gny eresan'gny fahamarignana sy gny fandikan-dalàgna? Fa ino gneresan'ny mazava amy mezigny? [15] Ino gny mety ho fifagnarana eo amin'i Kristy sy Beliala? Ndre ino gny tokony anjarany anagnany mpino raiky sy amy tsy mpino raiky? [16] Ka ino gny fifagnarana misy amigny tempolin-Jagnahary sy gny sampy? Ka isika da tempolin-Jagnahary velogna, araka gny efa nizakainy Zagnahary hoe: "Hipetraka amin-dreo eo Iaho ary handeha amin-dreo io. Iaho da ho Zagnaharindreo ary Indreo da ho oloko." [17] Nony zany, "Mijotsoa iala amin-dreo, ary mitokana," hoy gny Tompo. "Aza mikasika raha maloto, ary Iao handray anareo. [18] Iao da ho Iaba hônareo, ary anareo ho zanako lelahy sy ho zanako viavy", hoy gny Tompo Tsitoha.

Chapter 7

[1] Gny malalako, hatramigny nanagnantsika gny zaka fagniriana da aoka hagnadio gny tegnantsika amigny raha aby zay mahavy fahalotoana amigny gnaigna sy fagnaintsika. Ôka isika hikatsaka gny fahamarinana amigny fatahorana an-Jagnahary [2] Reso iay! Fa tsy nagnano ratsy tamin'iza ndre iza. Tsy nandratra na nagnararaotra ndre iza ndre iza iay. [3] Tsy

 generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

hagnameloka anareo gny hijakako anizao. Ka efa nizakaiko fa ato agnaty fonay anareo, fa miara-maty ary ka miara-
velogna isika. [4] Managna fahatokisana zakabe anareo iao, ary mirereha nohon'ny gnaminareo. Feno fampionognana iao.
Mitobatobaka gnafaliako na da eo aby aza gny fampahoriana. [5] Laha avy tagny Makedonia iay, tsy hanam-pilignesana gny
tegnanay. Nony zany, ory tamigny fomba aby iay nony gny fifindrana tany ivelany, sy gny gnavakana tagnaty. [6] Fa
Zagnahary, zay mampahery gny kivy, nampahery anay tamigny fahatongavan'i Titosy. [7] Tsy tamign'alalan'ny
fahatongavany fotsiny gny hampaherezan-Jagnahary antsika. Fa tamigny fampaherezana zay noresin'i Titosy lata
aminareo. Mizaka antsika izy gny amign'habezan'ny fitiavanareo, gny alahelonareo, ary gny fitahinareo anan laligny. Ka
faly mandrakizay iao. [8] Na da nampalahelo anareo aza gny taratasiko, da tsy nampanegnina anay zany. Fa nanegnina
tamin'zany iao laha nahita fa nampalahelo anareo gny taratasiko. Fa nalahelo nandritra gny fotoagna foika anareo. [9]
Ankehitriny da faly iao, tsy hoe satria ory anareo, fa satria gn'alahelonareo gny nitondra anareo hoamigny fibebahana.
Anareo da niaigna gny fahaoriana ao amy Zagnahary, ka tsy very gny nijalianareo hônay. [10] Gny fahoriana ao amy
Zagnahary da mitondra amigny fibebahana gny mba hahatanteraka gny famonjena tsy misy fanegnenana. Na zany aza,
gny alahelon'zao tontolo zao, da mahavy fahafatesana. [11] Jerevo gny vokan'gny habezanigny fikirizanareo tamigny
fahoriana ao amin-Jagnahary. Jakabe tokôtry gny habezan'gny fikirizana taminareo tao mba hagnaporofoana fa tsy
mana-tsigny anareo. Jakabe tokôtry gny habezan'gny fahavigniranreo, gnavakanareo, gny alahelonareo, gny zotomp-
ponareo, ary gny fagnirinareo ahita gny fahamarignana zay tokony atao! Amigny raha aby da nagnaporofo tamigny
tegnanareo anareo mba tsy ho meloka amy zany raharaha zany. [12] Na da nanoratra taminareo aza Iaho, Zany da tsy
nanoratra ho andreo mpagnano ratsy, na ho an'gny raika zay madigny gny ratsy. Nanoratra iao mba tokony
hampahafantarana gny fahazotoanareo taminay teo eo ankatrehany Zagnahary. [13] Tamign'alalan'zany gny
nampaherezana anay. Mihôtra nony gny fampaherezana zay efa anagnanay, nihôtra be gny fifalianay nony gny fifalian'i
Titosy, satria gny fagnahiny da velombelogna nony gny gnaminareo aby. [14] Laha toa ka nirereha tamigny momba anareo
iao, da tsy mba afa-baraka iao. Mifanohitra amin'zany, gny raha aby zay nijakainay taminareo da marina avokoa, gny
fireharehanay momba anareo tamin'i Titosy da voaporofo fa marina. [15] Gny fitiavany anareo da zakabe kokoa, akô
nahatserovany gny fankatoavanareo manontolo, Embekany gny fandresanareo anazy tamigny havakana sy
mangorohoro. [16] Faly iao satria managna fahatokisana tanteraka taminareo.

Chapter 8

[1] Tenay ho fantanareo, ô rahalahy, gny mombanigny fahasoavany Zagnahary zay nomena tao amigny fengonan'gny
Makedonia. [2] Nandritranigny fitsapana zakabe amigny fahorina, gny fitobaky gny hafaliany sy gny fara-
fahasairagnandreo da niteraka haregna zakaben'gny falalan-tagnana. [3] Satria da mijoro vavolombelogna iaho fa nagnano
be arak'izay vitany indreo, sady mihôtra an'zay vitany aza. Ary ka tamin'gny sitrapon-dreo manokana [4] sy niaraka
tamign'gny fandadiladiana mafy gny nangatahin-dreo taminay gny fahafahana mba hanagna anjara amin'ity asa
fanompoagna eo amin-dreo mpino. [5] Tsy nibôky arak'izay nantegnainay zany. Fa koza, nagnome gny gnaignany meloha
tamin'gny Zagnahary indreo. Ary nanolo-tegna ho anay indreo tamin'gny sitrapony Zagnahary. [6] Ka nandrisika an'i Titosy
iay, zay efa nanomboka an'zany asa zany, mba hagnantanteraka gny fahasoavana aminareo eo. [7] Fa anareo koza da
manan-karegna amigny raha aby, amign'gny finoana, amigny zaka, amigny falalana, amigny fahazotona rehetra, ary
amign'gny fitiavanareo anay. Ka atôvy azo antoka mba hanan-karegna amin'izany asa fahasoavana anareo. [Gny ULB sy
gny UDB, miaraka amign'gny dikan-teny maro hafa, da mivaky akô izao: "Ao amigny fitiavana anay. "Gny dikan-teny hafa
da mivaky akô izao: "Ary ao amigny fitiavanay anareo"] [8] Tsy mizaka an'zany akô gny didy iao. Fa koza, mizaka an'zany
iao amy gny fitsarana gny fahamarinan'gny fitiavanareo amigny fagnaparitahana an'zany amigny zotom-pon'gny olo
hafa. [9] Satria fantatrareo gny fahasoavan'ny tompontsika Jesosy Kristy. Ka na nanan-karegna aza izy, da lasa mahantra
nony anareo, ka amigny alalan'gny fahasairagnana gny mety ahazaoanareo haregna. [10] Amy zany resaka zany da
hagnome toro-hevitra anareo iao zay hagnampy anareo. Heritaogna lasa zay, da tsy nanomboka nagnano raha fotsiny
anareo, fa magniry gny magnano an'zany. [11] Ankehitriny vitay zany, akô gny nisian'gny zotom-po sy gny fagniriana
nagnano an'zany, da lonoky hagnantanteraka an'zany koa anareo, arak'izay azonareo hamboarina. [12] Satria laha magniry
mafy gnagnano zany asa zany anareo, da Raha tsara sy azo ekena zany. Tsy mentsy mifototra amin'zay hanagnan'gny olo
raiky zany, fa tsy zay tsy anangnany. [13] Fa zany asa zany da tsy mba hahamevagna gny hafa ary hagnavesatra anareo. Fa
koza, tokony hisy gny rariny. [14] Gn'haregnanareo amy zao fotôgna zao da hagnome zay ilaindreo. Ka zany koa da mba
hagnomezan'gny haregnan'indreo zay ilainareo. Ary mba agnomezan'indreo gny rariny. [15] Arak'zay efa voasoratra hoe:
"Gny raiky zay nanagna be da tsy nanagna ambony, ary gny raika zay nanagna gny kely da tsy nanagna gny tsy ampy. [16]
Fa an'Zagnahary gny fisôrana, zay nametraka gny tagnatiny to ny Titosy gny fahamarinana zay anagnako aminareo. [17] Fa
izy tsy nagneky fotsiny gny gnentsontsika, fa tena matotra gny amin'zany avao koa. Nagnatogna anao tamin'gny sitrapony
manokagna izy. [18] Nalefanay izy niaraka tamin'gny rahalahy zay noderaina teo agnivon'gny fiainonagna aby nony
gn'asany zay mitory gny filazantsara. [19] Tsy zany avao, fa izy avao koa da nifidindreo fiangonagna mba handeha hiaraka
aminay hitondra gn'asany zao fahalalan-tagnana zao. Zany da ho an'gny voninahitr'izy Tompo ary ho an'gny fanirianay
hagnampy. [20] Mitandrigna iay gny amigny mety hisian'gny olo mitaraigna gny mombanay mahakasika an'io asa fahalalan-
tagnana zay hataonay io. [21] Ka mila mitandrigna iay mba hagnano gny mendrika, fa tsy eo angatrehan'gny Tompo raika
avao, fa eo alohan'gny olo koa. [22] Mandefa rahalahy raika hafa avao koa iay miaraka amin-dreo. Matetika iay gny nitsapa

azy, ary nahita azy mafana fo tamin'gny asa maro. Mazoto be izy zao ankehitriny nony gny fahatokisana zakabe zay anagnany aminareo. [23] Laha gny amy Titosy, izy gny akamako sy mpiara-miasa amiko ho anareo. Laha gny amign'gny rahalahinay, da nalefan-dreo fiangonagna indreo. Voninahitra ho an'i Kristy indreo. [24] Koa aboay andreo gny fitiavanareo, ary aboay amigny fiangonagna gn'anon'gny fiheboabohanay momba anareo.

Chapter 9

[1] Mikasika gny asa fanompoagna ho an'gny mpino, tsy tena ilaiko gny nanoratra hônareo. [2] Fantako gny momba gny fagnirianareo, zay hieboheboako amign'olon'i Makedonia. Nizakaiko andreo fa Akaia da efa vognona nanomboka tamin'gny taogna lasa. Gny zotom-ponareo gny nanosika gny ankamaroandreo hiasa. [3] Ary nirahiko gny rahalahy mba tsy ho zava-mpoagna gny firerehazantsika momba anareo, ary mba ho vognona anareo, araka gny efa nizakaiko hoanareo. [4] Laha tsy zany, laha misy Makedoniana maro miaraka aminan ary mahita anareo mbola tsy vognona, da ho megnatra isika-tsy mizaka ndre ino ndre ino momba anareo iao-non'gny vatokisana anareo. [5] Ka mieritreritra iao fa ilaina gny mampirisika gny rahalahy handea aminao ary nagnano fifagnarahana meloha gny amin'gny fagnomezana efa nampagnantegnainao. Zany da ahafana mivognona akô gny fitahina, fa tsy akô gny raha tsy azo ekena. [6] Gny tena izy da ity: Gny raiky zay mamafy kely da hihila gny kely avao koa, ary gny raiky zay mamafy amign'gny tanjom-pitahina da hihila fitahina avao koa. [7] Apetray gny tsirairaiky hagnome araka zay efa nifaritany tao am-pony. Aza apetraka maagnome fahorina na faneriterena izy. Fa gny mpagnome am-pifaliana gny tian-Jagnahary. [8] Ary Zagnahary da afaka mampitombo gny fitahina hônao, mba, amigny raha aby, da afaka nahazo zay ilainareo aby mandrakariva anareo. Zany gny misy da mba azahoanareo magnatombo gny asa soa anareo. [9] Zany da araka gny vôsoratra hoe: "Nozarainy gny haregnany ary nagnome andreo io ho an'gny mahantra. Madigny mandrakizay gny fahamarignany." [10] Izy zay mamatsy voa ho an'gny mpamboly zay mamafy sy gny mofo ho an'gny sakafo, da hamatsy sy hampitombo gny voanao avao koa ho amigny famafazana. Hampitombo gny vokatry gny fahamarinanao izy. [11] Hahazo haregna amigny fomba aby anao mba hahatonga anao ho malala-tagna. Zany da hitondra fagnabohana fisaorana an'Jagnahary amign'gny alalanay. [12] Gny fagnatanterahana io asa fanompoagna io da tsy vitan'gny hoe mahafeno gny raha ilain'gny mpino fotsiny avao. Mitombo avao koa zany amigny asa fagnomezam-pisôrana an'Jagnahary maro. [13] Fa nony gny fitsapana anareo zay vôporofo amin'io asa io, da hagnome voninahitra an'Jagnahary koa anareo amign'gny fankatoavana gny fibabohanareo amigny filazantsaran'i Kristy. Da hagnome voninahitra an-Jagnahary koa anareo amigny fahalalahan-tagnanareo amigny fagnomezana ho andreo sy gny olo aby. [14] Magniry anao indreo, ary mivavaka ho anao indreo. Magnano zany indreo io nony gn'ankabezan'gny fahasoavan-Jagnahary aminareo ao. [15] Ho an-Jagnahary ane gny saotra nony gny fagnomezany tsy hay zakaina!

Chapter 10

[1] Iao, Paoly, mengavy anareo gny tegnako, amigny fagnetren-tegna sy hamoram-pagnahin'i Kristy. Malemy fagnay iao laha eo amigny fagnatrehanareo, nefa sahy gny aminareo iao laha tsy eo. [2] Mangataka aminareo iao, laha miaraka aminareo iao, tsy mila sahy amigny fahatokisan-tegna. Nefa iao mieritreritra fa da mila sahy manohitra indreo zay mieritreritra fa isika da miaigna araka gny nofo. [3] Fa na zany za da mandeha araka gny nofo iahy, tsy miady araka gny nofo. [4] Fa gny fiadena zay iadeanay da tsy ara-nofo. Nony zany, managna tanjaka avy agny an-dagnitra indreo mba hagnapotehana gny fagnahy ratsy. Fa tsy mitondra nde ino ndre ino gny hevitra vandy ndreo. [5] Ho simbaintsika avao koa gny raha abo zay manangana fanoheragna gny fahalalana an-Jagnahary. Fa mihevitra gny hagnababo gny tsirairaika amigny fankantoavana an'i Kristy isika. [6] Ary miomagna amigny famaizagna gny fihetsika tsy fankatoavana abiaby isika, vatagny vô tanteraka gny fankatoavanareo. [7] Jerevo mazava zay eo anolôgnanareo. Fa ndre iza ndre iza gno resy lahatra faizy gno Kristy, ôka hampantsiahy gny tegnanay izy fa izy tokôtra da Kristy, da akô zany koa isika. [8] Eka fa ndre da mieboebo kely aza iao momban'gny fahefantsika, zay nomen'gny Tompo antsika mba hananganana ary tsy hanimba anareo, tsy ho megnatra iao. [9] Tsy teko zany gny hampihorohoro anareo amigny alalan'gny taratasiko. [10] Fa gny olo sasany nizaka hoe: "Mataotra sy mahery gny taratasiny, nefa malemy ara-batagna izy. Tsy mendrika hotenoina gny zakany." [11] Ôka gn'olo akô io halala fa io zaka ao amign'gny taratasinay tamin'gny fotôgna tsy naeo anay da maregny gn'asa tokony ho ataonay laha avy agny iay. [12] Tsy mandeha lavitra iay ndre mampitovy gny tegnanay amin-dreo zay midoka-tegna. Fa laha mandrefy gny tegnany amign'gny hafa indreo ary mampitaha gny tegnany amigny hafa, da tsy ho maligna. [13] Isika, ndre zany aza, tsy hiebohebo mihôtra gny tokony ho izy. Fa koza, ataonay avao zany zay misy fetrany araka gny nanondron-Jagnahary anay, fetra zay mahakasika anareo. [14] Fa tsy mitandrigna gny tegnanay iahy laha avy zaka aminareo. Iay gnoavy vôlohany hateagny aminareo niaraka tamin'gny filazantsaran'ny Kristy. [15] Tsy niebohebo mihôtra gny fetra isika gny momban'gny asan'gny sasany. Nefa koza, antegnainay fa hitombo gny finoanareo amigny asa zakabe miandry gny tsirairaika, ary samby amigny fetrany aby. [16] Fa iao gn'antegnainay, mba ahafahanay mitory gny filazantsara ndre da agny amign'gny toerana lavitra anareo aza. Tsy hiebohebo momban'gny asa efa vita tagny amigny faritra hafa isika. [17] "Nefa ôka gny raika zay mihebohebo, hiebohebo amign'gny Tompo." [18] Fa tsy gny raika zay manolotra gny tegnanay gny ankatoavina. Nefa koza, ôka gny raika zay natolotry gny Tompo.

Chapter 11

1 Magniry iao mba azahoanareo mamela anan hagnano fahadalana kely sasany.Fa tena mamela anah tokôtry anareo! 2 Fa
saro-piaro gny momba anareo iao. Managna fahasarotam-piaro araka an-Jagnahary aminareo iao, hatramin'gny
nagnomezako toky anareo tao amin'gny fanambadiana gne an'gny vady raika avao. Magnome toky iao gny hagnome
anareo akô gny virijiny madio ho an'i Kristy. 3 Fa da angoaigna iao sada, akôra gny nagnambakan'gny menaragna an'Eva
tamin'gny alalan'gny hafetseny, gny eritreritranareo da mety hiala amin'gny fanolaran-tena amin'gny hatsaram-pagnay sy
madio amin'i Kristy. 4 Fa eritreritro hoe mandray Fagnay hafa nony ay nalainareo anareo. Na eritreritro hoe nangala
filazantsara hafa nony lay raika zay nalainareo anareo. Mamela io zavatra io tsara avao anareo! 5 Satria mieritreritra iao
fa tsy farany ambany nony io fa zakaina fa hoe apostoly ambony. 6 Fa na da tsy nizarana nandaha-teny aza iao, da
nizarana tamin'gny fahalalàna. Tamin'gny fomba rehetra sy tamin'io zavatra retra da nataonay ho lalanareo zany. 7 Kaiky
efa nagnota jany iao tamin'gny fanetren-tegnako mba hisandratanareo? Fa nitory gny filazantsaran'Andriamanitra
maimaimpoana ho anareo ao. 8 Nagnakorotagna ireo fiangonana hafa iao amin'gny alalan'gny fagnekehana fanohagnana
avy amin'izy ireo mba ahafahako manompo anareo. 9 Refa niaraka taminareo iao sy nila fagnampiana, da tsy
nagnavesatra n'iza n'iza. Fa io zavatra nilaiko da nomen'ireo mpirahalahy iay tonga avy agny Makedonia. Tamin'gny
zavatra rehetra da mitandrigna gny tegnako tsy ho entagna mavesatra aminareo iao, ary hanoy hanao ijany. 10 Laha ato
aminah gny fahamarinan'i Kristy, da tsy hangina zany fieboeboana zany agny amin'gny faritr'i Akaia. 11 Nahôna? Satria
tsy tiako nga anareo? Zagnahary mahalala. 12 Ary gny zavatra ataoko da mbola ho ataoko fejay, mba mety ahafahako
nangala gny fitaraignana nony gny fagnakianana anah sy gny fitaraignana nony ireo izay tian'izy ireo hieboebo— fa izy
reo da hita magnano asa mitovy amin'zay ataonay. 13 Fa gny olo mitovy izany da apostoly sandoka sy mpiasa
magnambaka. Izy reo da magnano sarintsarin'gny tegnany akôra gny apostolin'i Kristy. 14 Ary izany da tsy mahagaga, fa
ndre gny devoly aza mampiseho gny tegnany akôra gny anjelin'gny fahazavana. 15 Tsy mahagaga koa laha mampiseho gny
tegnan'izy reo akôra gny mpanompon'ny fahamarinana ireo mpanompony. Gny anjaran'izy reo da zay mendrika gny
asan'izy reo. 16 Zakaiko koa hoe: "Aza avela hisy hieritreritra hoe môla iao. Fa laha magnano anizany anareo, da alay
akôra gny môla iao ka mba hieboebo kely. 17 Izay jakaiko momba ity fatokisana mieboebo ity da tsy araka gny zakain'gny
Tompo, fa miteny akôra gny adala iao. 18 Fa efa maro gny olo gne mieboebo araka gny nofo, da hieboebo avakoa iao. 19
Nagneky am-piravoana gny môla anareo. Da hoe hendry gny tegnanareo! 20 Fa mandefitra amin'gny olo anareo laha
magnandevo anareo, mandany anareo,magnararaotra anareo, nangala gny tegnako ho ambony nony anareo, na laha
mamely raratefaka anareo izy. 21 Ho zakaiko amin'gny fahafaham-barakanay fa malemy lôtry iay tamin'gny
fagnamboarana izany.Laha misy mieboebo— da mikoragna akôra gny môla iao— Iao avakoa da hieboebo. 22 Hebreo jany
indreo io? Iao avakoa. Isiraelita jany indreo io? Iao avakoa. Taranak'i Abrahama jany indreo io? Iao avakoa. 23
Mpanompon'i Kristy jany ndreo io? (Mikoragnakôra gny olo very saigna iao) Mihôtra nony zany iao. Mbola niasa mafy
nihôtra nony zany aza iao, tagny am-ponja matetika, tamin'gny kapoka mihôtra gny fepetra tamin'gny fiediana loza maro
mahafaty. 24 Avy amin'gny alalan'ireo jiosy gne nandraisako "lamoka efapolo latsaka raiky" Indimy. 25 Intelo iao gne
nilamoiny tamin'gny kakazo. Indraiky iao gne nitoraim-bato. Intelo iao gne vaky sambo. Nandany aligna raika sy ray
andro tegny an-dranomasina iao. 26 Nandeha matetika iao, tamin'gny lozan'gny ony, tamin'gny lozan'indreo
mpagnakorotagna, tamin'gny lozan'gny oloko manokagna, tamin'gny lozan'dreo Jentilisa, tamin'gny loza tagny amin'gny
tanàna, tamin'gny loza tagny angn'efitra, tamin'gny loza tagny an-dranomasina, tamin'gny loza avy amin'gny rahalahy
sandoka. 27 Efa tamin'gny asa mafy sy zava-tsarotra iao, tamin'gny lahaly tsy misy torimaso, tamin'gny mosary sy maka,
tamin'gny fifadian-kanigna matetika, tamin'gny hatseky sy fetanjana. 28 Akôatry gny zavatra hafa, misy tsindry isan'andro
aminah non'gny kinaiko amigny fiaingonana aby. 29 Iza gne malemy, ka tsy malemy iao? Iza gny manafintohina, ka tsy
mirehitra iao? 30 Laha tsy maintsy mieboebo iao, da mieboebo momba jay mapiseho io fahalemeko. 31 Lay Zagnahary sy
rain'i Tompo Jesosy, Gny raiky zay dokafana mandrakizay, da mahalala fa tsy mivandy iao! 32 Tagny Damaskosy, gny
governora ambanin'i Areta mpanjaka da miambigna gny tanànan'i Damaskosy mba hanambotra anah. 33 Fa
nampidignina tamin'gny tatao teo amin'gny varangaran-kely raika teo amin'gny manda iao, ka da nilefa gny tagnany.

Chapter 12

1 Iao da tsy mieboebo, fa tsy misy ndre ino ndre ino azo latamin'izany. Fa iao da hanohy gny amigny fahitana gny fambara
avy amigny Tompo. 2 Mahalala lehilahy ao amin'i Kristy iaho zay efatra ambifolo taogna lasa zay—na ao amign'gny
gnaigna na ambadika gny gnaigna, iao tsy mahalala, Zagnahary mahalala—nalaina niakatra tagny amigny langitra faha
telo.
3 Ary ka lalako fa io lehilahy io—na ao amigny tegna, ndre ambadikan'tegna, iao tsy mahalala, Zagnahary mahalala— 4 da
nalaina niakatra tao amign'gny paradisa ary naregny raha zay tena masina lôtra amign'olo gny hizaka ananzy. 5 Amigny
agnarany olo akô zany da hiebohebo iaho. Fa amign'agnaranigny tegnako da tsy hiteratera iao, afa-tsy gny momba gny
fahalemeko. 6 Laha te hiebohebo iao, da tsy ho môla iao, fa ta hizaka gny marina. Fa hifehy tegna amigny fiheboeboana
iao, mba tsy hisy ndre iza ndre iza mihevitra anah ho ambony noho zay hita amina na laha avy amina. 7 Hifehy tegna
amigny fiheboheboana avao koa iao tratrin'io karazagna fagnambarana miavaka io. Nony jany, mba tsy ho feno
fiheboheboana iao, da nasina fatsy gny hoditrako, gny mpitondra hafatry gny devoly hagnakorotagna anah, mba tsy
hieboebo lôtry iao. 8 Intelo iao niangavy tamin'gny Tompo gny momban'jany, mba hangalana an'jany aminahy. 9 Fa hoy izy

taminahy hoe: "Ampy hô nao gny fahasoavako, fa gny tanjaka da natao ho lafatry amin'gny fahalemena." Aleoko mieboebo bebe kokoa gny amin'gny fahalemeko, mba hipetran'gny tanjak'gny Kristy ato aminah. [10] Nony zany finaritra nony i Kristy ao amin'gny fahalemena, amin'gny fagnambanimbaniana, amin'gny korotagna, amigny fagnejehana ary ao amigny fotôgna sarotry iao. Fa na amin'gny vena na amign'gny vena malemy iao, da matanjaka. [11] Iao da lasa môla! Anareo gny nandrisika anah amin'zany, fa iao da tokony niderainareo. Fa iao da tsy ambany nony io zay antsovana ho apostoly ambony io mitsy, ndre da tsinontsino iao. [12] Io famatarana marina gny ma Apostoly da notanteraina teo aminareo tamin'gny faharetana tanteraka, famatarana sy fahagagana gny asa mantajaka. [13] Fahôna anareo gny tsy de manan-danja nony io fiangonana sasany, akôtry gny tsy ma vesatra anah ho anareo? Mamelà anah nony zany fahadisoko zany! [14] Indro! Vognona gne avy fagnitelony agny aminareo iao. Tsy ho vesatra ho anareo iao, fa iao da tsy mila zay anareo. Anareo gne ilaiko. Fa tsy gny zanaka gny tokony hikatsaka ny Iabany amin'iendriny. Fa koja, indreo ray amandreny gne tokony hitady gne an'ireo zanaka. [15] Iao da ho faly tanteraka handany sy ho laniana hôn'gny fagnainareo. Laha mankatia be anareo iao, da hitiavina kely avao iao? [16] Fa ndreda akôran'zany aza, tsy nampavesatra anareo iao. Fa, satria iao fetsifetsy be, da iao avao iray nahazo anareo tamin'gny fagnambakana. [17] Kanefa saky nagnararaotra anareo tamin'gny alalan'gny olo zay nalefako taminareo iao? [18] Nagniraka nalaky an'i Titosy ho agny aminareo iao, ary nalefako niaraka tamin'ireo rahalahy sasany. Nefa ve nagnararaotra anareo i Titosy? Nefa ve tsy miaraka lalagna tsika? Nefa ve tsy niara lalagna itsika? [19] Nefa ve mieritreritra anareo fa nandritra zany fotôgna rehetra zany da nitahy gny tegnanay taminareo iay? Eo akatrehan'Andriamanitra, no ijakanay tao amin'i Kristy gny zavatra rehetra mba ho fampaherezana anareo. [20] Fa angoaigna iao sada efa avy iao da mety tsy ahita anareo araky gny fagnatenako. Angoaigna iao sada tsy hitanareo araky gny fagnantegnanareo. Angoaigna iao fa sao da mety hisy fifangezangezana, fialognana, firehetan'gny fahavignirana, fikasana amin'gny fitiavan-tegna, fifosana, fieboeboana, ary fikorontagnana. Angoaigna iao sada efa mipody, da anery anah eo akatrehanareo gny Andriamanitro. [21] Angoaigna iao sada mety halahelo gny amin'gny maro zay nanota teo aloha, ka mbola tsy nibebaky tamin'gny fahabotiana sy gny fijangajangana ary gny fijejojejoana feno fagnirian-dratsy zay nataon'izy ireo.

Chapter 13

[1] Fagnitelony zao gny nandalovako aty aminareo. "Gny fepangana aby da tsy mentsy miorigna amigny porofo amigny vavolombelogna roa na telo." [2] Efa nizaka tamindreo zay nagnota taloha sy tamindreo ambony aby aby teo fagnindroany, ary zakaiko indraiky zany: "Laha avy koa iao da tsy afiraigna andreo io koa iao." [3] Mizaka anareo anizany iao satria anareo da mikatsaka porofo fa i Kristy da mizaka amigny alalako. Tsy marefo aminareo Izy. Fa koza, mahery ao aminareo Izy. [4] Fa Izy nohombohana amigny fahalemena, nefa velogna tamin'gny herin-Jagnahary. Fa isika koza da marefo iao aminazy, kanefa isika da miara-miaigna amigny herin-Jagnahary agnivonareo eo. [5] Diniho gny tegnanareo laha tenareo ho hita fa ao amigny finoana anareo. Tsapao gny tegnanareo. Tsy mbola azonareo an-tsaigna kaiky zany momba gny amigny tegnanareo fa i Jesosy Kristy da aminareo ao? __Laha akô anareo ka tsy nahomby tamin'gny fitsapagna. [6] Ary iao mahatoky fa anareo da nagneky fa isika da nahomby amin'zany fitsapagna zany. [7] Ankehitriny itsika da mivavaka amy Zagnahary fa tsy afaka gn'agnano raha ratsy anareo. Iao da tsy mivavaka gny afaka ahitana fa tsika da nahomby amigny fitsapagna. Fa koza, iao da mivavaka gny mba azahoanareo magnano zay mety kanefa itsika da mety ho hita akô gny tsy nahomby tamin'gny fitsapagna. [8] Fa itsika da tsy afaka gn'agnano raha manohitra amign'gny fahamarignana, fa hô ny gny fahamarignana raika avao. [9] Fa iay da mifaly laha marefo ary mafy anareo. Fa iay avao koa da mivavaka mba ho amboaritsika feno anareo. [10] Manoratra an'tony raha itony iao raha magnalavitra anareo iao, ka laha miaraka aminareo iao da tsy vôtery mitondra anareo amin'asosorana amigny fampiasana gny fahefako__zay nomeny Tompo anah, mba ananganako anareo, ary tsy hanimba anareo. [11] Farany, ô rahalahy, mifalia! Miasà ho amign'gny fameregnana amigny lôniny, mahereza, mifagnekea gny tsirairaika, miaignà am-piadagnana, ary gny Zagnahariny gny fitiavana sy gny fiadagnana da hiaraka aminareo. [12] Mifagnotsafà anareo amigny fagnambarana masina. [13] Indreo mpino aby da magnano veloma anareo. [Fagnamarinina: Reo dikan-teny sasany da manambatra gny andininy faha 13 amigny andininy faha 12 ary magnano gny andininy faha 14 ho andininy faha 13.] [14] Engane gny fahasoavan'gny Tompo Jesosy Kristy, gny fitiavan-Jagnahary, sy gny feresana amigny Fagnahy Masina aminareo ao aby.

# Galatians

Chapter 1

[1] Paoly, apostoly,tsy apostoly tonga amin`ny olo gna tamin`ny alalan`ny olo,fa avy amin`i Jesosy Kristy sy lay Zagnahary Iaba,zay nanangana Azy tamin`ny maty_ [2] ary reo ralelay aby miaraka amiko,ho andreo fiangonan`ny Galatiana: [3] Fahasoavagna ho aminareo ary fiadagnana avy amin`i Zagnahary Iabantsika sy Jesosy Kristy Tompo, [4] zay nanolotra gny tegnany ho an`gny fahotantsika mba hanafahagny antsika amin`zao andron`ny faharatsiana zao, araka gny sitrapon`i Zagnaharintsika sy Iabantsika, [5] Azy anie gny voninahitra mandrakizay doria. Amena. [6] Aga iaho hoy: gniala faingana tamin`ilay niantso anareo tanin`ny fahasoavan`i Kristy ianareo. Gaga iaho fa mitodika ho amin`ny filazantsara hafa ianareo. [7] Tsy midika akory zany fa misy filazantsara hafa, fa misy olo maromaro zay mitondra fikorontanana ho anareo ary te hagnova gny filazantsaran`i Kristy. [8] Laha zahay gna anjely avy agny an-danitra aza gno hitory filazantsara hafa


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

aminareo noho zay nitorinay taminareo, da aoka izy ho vohozona. [9] Araka zay nolazainay taloha,da amin`zao aho
manambara aminareo filazantsara hafa noho zay noraisinareo,da aoka izy ho vohozona." [10] Moa ve zaho amin`zao mitady
gny fakantoavan`gny olo sa Zagnahary? Laha mbola magnohy miezaka gny hampifaly olo iaho,da tsy mpanompon`i
Kristy. [11] Ka tiako ho fantatrareo, ry ralaiko,fa gny filazantsara zay nambarako da tsy filazantsaran`olombelo. [12] Tsy
nandray zany tamin`olo iaho,gna fagnambaran`i Jesosy tamiko. [13] Laha ianareo nahare gny amin`ny fiaignako taloha
tamin`gny fomba nagnenjeko gny fiangonan`i Zagnahary mihotra gny tokony ho izy ary gny fiezahako handrava zany. [14]
Nandroso tamin`ny fivavahanan`ny jiosy iaho nihotra gny maro tamin`ireo nitovy taogna tamiko. Toy zany gny fomba
nihazonako mafy reo fomban-drazako. [15] 15 Kanefa Zagnahary, zay nagnokana ahy hatrany an-kibon-dreniko,ary niantso
ahy tamin`gny alalan`gny fahasoavagny, [16] rehefa faly gny hampiseho gny Zanagny lay tamiko,mba hahafahako
manambara Azy agny amin`gny jentilisa,da tsy naka saigna tamin`gny nofo sy ra avy hatragny iaho. [17] Tsy niakatra tagny
jerosalema ho agny aminareo efa lasa Apostoly talohako iaho. Fa kosa,nandeha tagny Arabia ary avy eo niverigna tagny
Damaskosy iaho. [18] Ary telo taogna taoriana da niakatra tagny jerosalema mba hifankafantatra tamin`i kefasy iaho ary
nijanogna niaraka taminy nandritra gny dimy ambin`gny folo andro. [19] Fa tsy nisy hitako reo Apostoly ankoatra an`i
Jakoba, lay rahalahin`ny Tompo.
[20] Ary ao amy zay soratako ho anareo aho eo anatrehan`i Zagnahary, fa tsy mavandy aho. [21] Avy eo aho da nandeha tagny
amy gny faritr`i Syria sy Kilikia. [22] Tsy mbola fantatra teo amin`ireo fiangonan`i Jodia zay amin`i Kristy aho. [23]
Regnin`indreo fotsiny zay voazaka hoe: "Ilay leilay zay nanenjika antsika amizao da nagnambara lay finoana zay
niezahany nopotehiny taloa." [24] Noho zany izy reo da nidera an`i Zagnahry noho ny amiko.

Chapter 2

[1] Efatra ambifolo taogna tafara taty niakatra tagny Jerosalema koa iao niaraka tamin'i Barinabasy, da nitondra an'i Titosy
niaraka taminä. [2] Niakatra tagny nony gn'fagnambarana raika iaho nametraka tamindreo gny filazantsara zay toriko
amindreo Jentilisa. Nikoragna mitokana tamindreo zay niheritreretina ho manan-danja iaho, mba azahoana antoka fa tsy
nezakazaka_ na efa nezakazaka_ very maigna iaho. [3] Fa na i Titosy aza, zay niaraka taminä gny sady Grika, da noterena
ho voafora. [4] Netsoka moramora indreo rahalay sandoka hitsikilo gny fahafahana anagnanay ao am'i Kristy Jesosy.
Nagniry gnagnandevo anay indreo, [5] da tsy nety agneky andreo ndreda kely gny fotognay, mba hitoeragny
fahamarinan`gny filazantsara aminareo. [6] Fa indreo ze niheritreretina ho manan-danja (na ino gna ino indreo da tsy
mampagnino Anahy, zagnahary da tsy miangatry)_ Zakaiko, indreo, niheritreretina ho manan-danja da tsy nagnampy
gna ino gna ino tamignahy. [7] Mifanohitra amizany, hitandreo da magnakina gny filazantsara hoandreo zay tsy voafora
iaho. Akôra gny nagnankinan'i Petera gny filazantsara hoandreo zay voafora. [8] Ka gny Zagnahary, zay niasa tamin'i Petera
ho amin'ny maha-apostoly hoandreo zay voafora, da niasa tamignahy avao koa hoandreo Jentilisa. [9] I Jakoba, Kefasy, ary
Jaona, zay lala ka agnisan-dreo namorogna gny fiangonana, laha nahalala gny fahasoavana zay nomena anahy, da
magnome gny tagnana ankavanan'ny fikambanana ho anahy sy Barabasy indreo. Nataondreo zany mba hazahonay
megnagny amin'ny Jentilisa, ary mba hazahoandreo megnagny amin-dreo zay vôfora. [10] Nangataka fotsiny indreo mba
hatsiaro gny sahiragna iahy, zay raha tegna teko atao tokôtry. [11] La avy tagny Antioka i Kefasy, da manohitra azy teo
amigny tarehiny Iaho satria voazaka ka diso izy. [12] Talohan'ny gnevedreo lelay sasany latagny am'i Jakoba, da teo am-
pisakafoana hiaraka tamin-dreo Jentilisa I Kefasy. Laha avy indreo lelay, da nilegnina izy da nenga lavitra andreo
Jentilisa. Angoaigna indreo ka nitaky gny famorana izy. [13] Gny sisa tamindreo Jiosy koza da niray tamin'izany fiatsaram-
belatsihy zany. Ndre i Barnabasy aza da very lalagna niaraka tamin-dreo. [14] Laha hitako fa tsy magnaraka gny
fahamarinan'ny filazantsara gny fitondran-tegnandreo, da mizaka tamin'i Kefasy teo ankatrehandreo aby hoe: "Laha
Jiosy anao kanefany miaigna akô gny Jentilisa fa tsy akôrany Jiosy, ahôna gnafahanao manery andreo Jentilisa hiaigna
akô gny Jiosa" [15] Isika da Jiosy tamign'alalan'ny fahaterahana da tsy mpanota Jentilisa; [16] fantatsika nefa da tsy misy olo
hagnamarinan'gny asan'ny lalàgna fa amign'gny alalan'ny finoana an'i Kristy Jesosy. Itsika avao koa da avy tamigny
finoana an'i Jesosy Kristy mba ho hamarignina amigny finoana an'i Kristy ka tsy gnasan'lalàgna. Fa tsisy vatagna ho
hamarignina amignasan'ny lalàgna. [17] Laha toa ka, mikatsaky ho hamarignina am'Kristy itsika, isika avao koa, da hita fa
mpanota, moa mandrisika gny fahotana kaiky i Kristy? Aia avaö! [18] Ka Laha manangana koa indreo raha efa niraiko
taloha iaho, da magnaporofo gny tegnako ho mpandika lalàgna iaho. [19] Da tamigny lalàgna gny nahafatesako amigny
lalàgna, mba ho velogna ho an`i Zagnahary iao. [20] Nasampy niaraka tamin'i Kristy iaho. Tsy iaho koa gno velogna, ka i
Kristy gno velogna ato agnatiko. Gny fiaignana iaignako ao amigny vatagna amin`zao da iaignako amign'finoana gny
zanaky Zagnahary, zay Tia anahy ka nagnome gny tegnany ho anahy. [21] Tsy magnilika gny fahasoavan' Jagnahary iao, laha
azo amign'lalàgna gny fahamarignana, da tsy misy dikany gny nahafatesan'i Kristy!

Chapter 3

[1] Ry Galatiana Adala! Iza no namosavy anareo? Teo imasonareo indrindra no nanehoana an`i Jesosy Kristy vohombo. [2]
Izao hany no zavatra tiako ianarana amindreo: Nandray gny Fagnahy tamin`ny asan`ny lalana sa tamin`ny finoana zay
regninareo nareo? [3] Mola tokoa ve nareo? Niatomboka tamin`ny Fagnahy nareo, da hifaragna amy gny nofo ve amin`zao?
[4] Moa niaritra zava-maro tamin`ny tsy misy dikany ve nareo_fa raha tagna zava-pogna tokoa ary zany? [5] Moa ve izy zay
magnome gny Fagnahy nareo sy manao asa magaga eo amindreo da manao zany amin`ny asan`ny lalagna, sa amy gny

fihaognana amigny finoagna? [6] Akô an'i Abrahama "nino an`i Zagnahary ary nisaigna ho fahamarinany zany," [7] da mitovy
zany, lalanao, fa reo zay amy gny finona da zanak`i Abrahama. [8] Gny Soratra Masna, nahita mialoha fa Zagnahary
hanamarina reo Jentilisa amy gny finoana, da nitory gny filazantsara aloha tamin`i Abrahama, nizaka hoe: "Avy aminao
gno hitahina gny firenena rehetra. " [9] Ka, reo zay amy gny finona da voatahy miaraka amin`i Abrahama, lay olon`ny
finona. [10] Reo zay miankina amy gny asan`ny lalagna da eo amban`ny ozona; fa voasoratra hoe: "Vohozogna zay rehetra
tsy magneky gny zavatra rehetra voasoratra ao anatin`ny bokin`ny lalagna, sy manao ny." [11] Amin`zao da manjava fa tsy
misy olo zay hagnamarina eo anatrehan`i Zagnahary amy gny alalan`ny lalagna, satria gny marina da ho velona amy gny
finoana. [12] Fa gny lalana da tsy araka gny finona, fa kosa, "Gny olo zay manao gny asan`ny lalana tsy maintsy velona
amindreo." [13] Kristy nanavotra antsika tamigny ozon`ny lalana tamigny neveny ho ozona ho antsika_ fa voasoratra:
"Vohozogna zay rehetra mihantogna amy gny hazo" _ [14] mba ho avy amy gny Jentilisa gny fitahian`i Abrahama ao amin`i
Kristy Jesosy, mba ho amy gny finoana no azahoantsika lay fampanantenan`ny Fagnahy. [15] Ry ralay, avelay aho hizaka gny
fanaon`ny olo. Ao amy gny fifanarahana amboarin`ny olo, tsy misy afaka manafoagna na magnampy zay ao, rehefa
tafapetraky gny lalana zay. [16] Ary reo fampanantegnana da nizakaina tamin`i Abrahama sy tamin`ireo taranany. Tsy
mizaka zany hoe: "ho an`ny taranaka, " manondro olo maro, fa kosa olo raika hany, "ho an`ny taranakao, " da i Kristy. [17]
Ary zao no tiako ho zakana: "Ny lalàna, zay avy telo-polo sy efa-jato taogna taty afara, da tsy hahafogna gny fagnekena
zay efa napetrak`i Zagnahary mialoha. [18] Fa raha avy amy gny lalàna gny lova, datsy avy amy gny fampanantenana tsony
zany. Fa Zagnahary nagnome zany an`i Abrahama tamin`ny alalan`ny fampanantenana. [19] Ino, ary, gny tanjon`ny lalàna?
Nasiana zany noho reo fandikan-dalana, mandra-pahavin`ny tarana`i Abrahama eo amin`zay nagnamboarana gny
fampagnantenana. Ny lalàna da namboarin`ny mpanalalana ray ho manan-kery tamin`ny alalan`ny anjely. [20] Fa gny
mpanalalana da midika olo mihoatra gny ray, nefa Zagnahary da raika. [21] Moa ve gny lalàna manda reo fampananten`i
Zagnahary? Sagnatria zany! Fa raha nisy lalàna nomena zay afaka magnome fiainana, da tamin`ny lalàna tokoa gny
fahamarinana. [22] Fa gny Soratra Masina nagnagadra gny zava-drehetra amban`ny fahotana. Nagnano zany Zagnahary
mba hagnomezana ho andreo mino gny fampagnantenana gny hagnavotana antsika amy gny alalan`ny finoana an`i
Jesosy Kristy. [23] Ary talohan`ny gny niavian`ny finoana, sika da nitagnany ho babo tao amban`ny lalàna, nogadraina
mandra-pisehon`ny finoana. [24] Koa avy eo gny lalàna da lasa mpiambigna antsika nandra-piavin`i Kristy, mba ho
voamarina amy gny finoana sika. [25] Fa zao da avy zay finoana zay, ka tsy eo amban`ny mpiambina tsony sika. [26] Fa nareo
aby da zanaki`Zagnahary ao amy gny finoana an`i Kristy Jesosy. [27] Fa maro amindreo zay natao batisa tao amin`i Kristy, no
nandray an`i Kristy. [28] Ary tsy misy tsony ndre Jiosy ndre Grika, ndre andevo ndre olon`afaka, ndre lahy ndre vavy, fa
iraika hany nareo, ao amin`i Kristy. [29] Koa raha an`i Kristy nareo, da taranak`i Abrahama, sy mpandova araka gny
fampanantenana anareo.

Chapter 4

[1] Mizaka iaho fa gny mpandova, laha mbola zaza izy, da mitovy amy gn'andevo, na da tompony raha aby aza. [2] Kanefa izy
da eo ao ambany fifehezan'ireo mpembigna sy reo mpagnatsary raha sarobidy mandra-pahavin'ny daty zay napetraky
ary i Abany. [3] Ka akô izany avao koa, tamy mbola zaza, da nandevozin'ireo lalàgna fitsipi-pianaran'izao tontolo izao. [4] Fa
Laha tonga gny fahefan'ny fotoagna, da nandefa gn'zanany Zagnahary, zay nateraka viavy, nateraka tao ambanin'ny
lalàgna. [5] Nagnano an'zay Izy mba hagnavotana indreo zay amban'ny lalàgna, mba hahafantsika mandray gny
fananganana ho zanaka. [6] Ary satria zanaka anareo, da nirahin'i Jagnahary ho ao am-pontsika gny fagnahin'ny Zanany,
zay magnetso hoe: "Aba, Ray." [7] Nony zany tsy andevo koa anao, fa zanaka, ary laha zanaka, da mpandova amign'alalan'i
Jagnahary avao koa anao. [8] Fa tamizany andro zany, taminareo tsy nahafantatra an'i Zagnahary, da natao ho andevon'ireo
zay, amy gny hery voajagnahary da tsy Zagnahary velively. [9] Ka amizao anareo da lasa mahafantatra an'i Zagnahary, na
koa hoe fantatry gny Jagnahary anareo, da ahoana gn'hipodianareo amigny abidim-pianaraana mamely gny sady tsy
misy dikany? Ta ho andevozina indraiky koa kaiky anareo? [10] Da mandinika gny taogna sy gny volagna ary ireo vanim-
potogna da gny taogna nareo! [11] Matahotra gny aminareo iao sada ho zava-poagna gny asako taminareo. [12] Mengavy
anareo iaho, rahalahy, magnanôva akô gnany, satria iaho koa da efa akô anareo. Tsy nagnano ratsy taminà anareo. [13]
Kanefa fantantrareo fa noho gn'aretigna mahazo anay gn'nambarako anareo da filazantsara tamigny voalohany. [14] Ndre
da nitondra anareo tamigny fakam-pagnahy aza gny toe-batako, da tsy nagnano tsinontsino na nagnilika anahy anareo.
Fa niraisinareo akô hoe anjelin'Jagnahary koa iao, akô hoe iaho mihitsy gny Kristy Jesosy. [15] Araky zany, da aiza, gny
fahasoanareo ankehitriny? Fa mijoro vavolombelogna aminareo iao fa, laha azonareo atao, da nalainareo masonareo ary
nomenareo anahy zany. [16] Ka araka zay, da efa lasa fahavalonareo iao satria mizaka aminareo gny marina? [17] Indreo da
mazoto gny hitaogna anareo, fa tsy amigny tsara. Ta angidy anareo agny ambadiky indreo. [18] Tsara lalandava gny
managna zotom-po amigny tanjogna tsara, ary laha tsy miaraka aminareo avao iaho. [19] Ry zanaka, mbola hijaly amigny
fanaintaignana gny fiterahana koa iaho sy anareo mandra-piforonan'i Kristy ao aminareo. [20] Magniry mba ho afaka
miaraka aminareo iaho amizao fotôgna izao sady hagnova gny feoko, satria sahiran-tsaigna nony gnaminareo. [21] Zakay
amina, anareo zay magniry gny ho ambanin'gny lalàgna, mba magnaraka gny lalàgna avao marô anareo? [22] Satria
voasoratra fa i Abrahama da nanan-janaka roy lahy, gny raiky avy amigny andevo viavy ary gny raiky avy amigny viavy
araka gny lalàgna. [23] Fa gny raiky da nateraka gn'andevo viavy araka gny nofo, fa raika hafa da nateraky gny viavy
tamigny teny fampagnantenana. [24] Io raha io da afaka alaina akôra gny fagnoharana, satria indreo viavy reo da

 generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

magnambara fagnekena roy. Gny raiky amindreo da avy amigny tendrombohitr'i Sinay ary niteraka zaza zay andevo izy.
Izy da i Hagara. 25 Ary i Hagara da magnambara gny tembohitrin'i Sinay agny Arabia; ary mampiseho an'i Jerosalema amy
gn'izao fotogna zao,satria nandevoziny niaraka tamin'ireo zanany izy. 26 Fa i Jerosalema izay agny ambony da afaka, ary
izy gny endrintsika. 27 Satria voasoratra hoe: ''Mifalia, anao momba izay tsy miteraka. Mikalalaia mafy ary manova kiaka
fifaliana, anao zay tsy mijaly amy gny fangirifirin'gny fiterana satria ireo zanaky gny viavy zay nafoy da maro noho gny
viavy manambady.'' 28 Fa anareo, ralahy, da mitovy amin'i Isaka samby zanaky gny fampagnantenana. 29 Tamy gn'zany
fotogna zany gn'olo zay teraka araka gny nofo da magnenjika izay teraka araka gny fagnahy. Akoran'zany avaokoa
gn'amizao fotôgna izao. 30 Kanefa ahôna gny zakany soratra masina? ''Alefaso agny gny andevo viavy sy gny zanany lahy.
Fa gny zanaka lelain'gn'andevo viavy da tsy hagnome lova miaraka amy gny zanaka lelain'gny viavy afaka''. 31 Noho zany,
ralahy, tsy zanaky gn'andevo viavy isika, fa zanaky gny viavy afaky.

Chapter 5

1 Tamigny fahafana gny nagnafahan'i Kristy antsika. Mioregna tsara fa kaha magneky ho ambaniny zogan'ny
fagnandevozana koa. 2 Ity, iaho, Paoly mizaka aminareo fa laha gny tegnanareo gno forana anareo, da tsy hatsara anareo
amigny fomba aby Kristy. 3 Mijoro vavolombelogna amign'olo tsirairaiky, zay magneky gny tegnany ho vofora iaho ka
votery hagnaraka gny lalàgna aby izy. 4 Vôsaraka tamin'i Kristy anareo, zay te hamerigna amigny lalàna; ary tsy miaigna
amigny fahasoavagna koa anareo. 5 Fa amigny alalan'ny Fagnahy, amigny finoana, gnandignasantsika fatatra gny
fagnantanterahana gny fahamarinana. 6 Amin'ny Kristy Jesosy da tsisy dikany na vofora na tsy vofora, fa gny finoana
miasa amigny fitiavana avao. 7 Amin'nNezakazaka tsara anareo. Iza gny nibagna anareo amigny fagnekena marina? 8
Izany fandresen-dahatra zany da tsy avy amy gny nagnetso anareo. 9 Karobônaty kidika mampitombo koba maro. 10 Fa
matoky gny Tompo iaho fa tsy handramby fomba fijery hafa anareo. Fa raiky mampikorontagna anareo hagnefa gny sazy,
ndre iza ndre iza. 11 Ry ralay, laha mbola magnambara gny famorana iaho, nagnino iaho gny mbola enjehina? Amin'zany
da ho afaka tokôtry gny fahatafatoignan'ny hazo fijaliana. 12 Ka hoandreo zay magnakorotagna anareo, engany mba
hanapaka gny tegnany indreo. 13 Fa natsovana ho amigny fagnafahana anareo, rahalay. Ka nefa aza ampiasaina ho iraka
amy gny filan'ny vatagna gny fahafahanareo; fa kosa amin'ny alalan'ny fitiavana da mifanompoa. 14 Fa gny lalàgna aby da
tanteraka ao amy gny didy amigny magnano hoe: "Tsy maintsy mitia gny namanareo akora gny tegnanao anao." 15 Fa laha
mifagnekitry sy mifampihinagna anareo da mitandrema sa da hifanimba. 16 Ka hoy iaho, mandihana araka gny Fagnahy
gny filan'ny nofo, ary manohitra gny filan'ny vatagna anareo. 17 Ka manohitra gny fagnahy gny filan'ny vatagna ary ka
manohitra filan'gny vatagna fa gny fagnirian'ny Fagnahy. Fa mifanohitra izy io mba tsy havitanareo magnano raha
tenareo. 18 Fa laha tratrin'ny fagnahy anareo da tsy ho ambanin'ny lalàgna. 19 Amizao andro zao da mibaribary gny
asan'ny filan'ny vatagna: fijangajangana, fahalotoana, fihengongona. 20 Fanompoan-tsampy, famosaviana,
falaignan`olo,fifandirana, fahasarotam-piaro, fisaram-bazagna, fizarazarana, 21 fialognana, fahamamoana,
fagnakorotagnana, ary gn'raha akôran'zany. Mampitandrigna anareo iaho, akôra gny efa nampitandremako anareo
taloha, fa tsy handova gny fanjakan'Jagnahary indreo zay magnano anio raha io. 22 Fa gny vokatra gny fagnahy da
fitiavana, fiadagnana, faharetana, hatsaram-pagnahy, fagnamboarana tsara, finoagna, 23 fahalemem-pagnahy, ary
fifehezategna; tsy misy lalagna manohitra gny raha akora gny zany. 24 Ireo zay an'i Kristy Jesosy da efa nagnasazy gny
toetra be ota mitambatra amigny fahafinaretana sy gny filany. 25 Laha miaigna amy gny Fagnahy isika, aoka handeha amy
gny Fagnahy avao koa. 26 Ôka isika tsy ho lasa mpieboebo, mifandrangitra ary ka mifampialogna.

Chapter 6

1 Ralahy, laha misy olo nanota, da anareo ze miaigna ara-pagnahy gny tokony hampipody an'azy amy gny fitiavana.
Diniho gny tegnanao, mba ts'ho diso làlagna koa anao. 2 Mifagnampia laha azon'olagna, sady aray gny lalàn'i Kristy. 3 Laha
misy olo magnano gny tegnany ho ambony kanefa tsisy dikany avao izy, da mandatsa gny tegnany izy zany. 4 Tokony
hieritreritra gn'asany aby gn'olo aby, mba tsy hieboeboany amy gn'hery sandrin'olo hafa laha tsy amy gn'anazy avao. 5 Fa
samby hibata gn'entagnany aby gn'olo. 6 Gn'olo ze nampianarina gny teny da tokony hafoy raha amy gny
mpampianatr'azy. 7 Ka mety ambakaina. Tsy azo sangisangin'i Jagnahary, fa gny raha ambolen'olo avao, gn'hilainy avao
koa. Ho any gn'olo mamboly voa ratsy, da hahazo fanimbana. 8 Ary zay mamboly voa tsara sady arakan'gny fagnahy, da
hahazo gny fiaignana mandrakizay. 9 Ka valaka amy fagnamboarana gny tsara, fa hahazo raha tsara itsika amy gny
fotôgna ze mampety an'azy, laha tsy mety kivy itsika. 10 Ka nony zany, satria olo hafaka itsika, da mba magnanova raha
tsara amin'olo. valadrindraky amitsika samby raika finona. 11 Jereo gn'habezan'gny soratra ze nisoratoko ho anareo. 12
Indreo ze te hidera-tegna amy gny nofo gny manery anareo mba hoforana. Magnano an'izany indreo mba hengandreo
amy gny fagnenjena avy tamin'gn'hazofijalian'i Kristy. 13 Ndre indreo tsy voafora koa aza da tsy magnaraka gny lalàgna,
kanefa tendreo hoforana anareo, mba hieboeboandreo amy gn'alalanareo. 14 Kanefa tsy mba hisy raha hireharehako zany
afa-tsy gn'hazofijalian'i Jesôsy Kristy tompontsika, ze nagnasazan'izao tontolo izao, fa koza tamin'izao tontolo izao. 15 Fa
ndre da iforanaina gn'olo na tsy iforaina da tsisy dikany avao zany, fa ny fiovana amy fiainam-baovao ny tena tsara. 16 Ho
tanteraka amy zay miaigna an'zany fomba zany, gny fiadagnana sy gny famindram-po, na amy gn' Israelin'
Andriamanitra koa aza. 17 Manombok'androany da k'aza magnamola anay, fa misy marik'i Jesosy aminay. 18 Ho aminareo
anie gny fahasoavan'i Jesôsy kristy Ragnandria, ralahy. Amena.

 generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

# Philippians

Chapter 1

[1] Paoly sy Timoty, mpagnaradia an'i Jesosy Kristy, ho any gn'olo rehetra votokana ho an'i Jesôsy Kristy ze agny Filipy, amban'indreo mpendrekitra sy diakona. [2] Lonoka hotonga aminareo gny fasoavana sy gny fiadagnana avy amin'i Zagnahary iabantsika sy Jesôsy Kristy ragnandria. [3] Isôrako gny Zagnahariko non'gny fahatsirovako anareo. [4] Amy gny fivavako ho anareo aby. Da amy gn'hafaliana gn'agnamboarako gny fivavako. [5] Tolorako fisôrana anareo non'gny fitambaranareo amy filazantsara nanomboka tamy gn'andro voloany ka hatramin'izao. [6] Mino iahao, f'izy efa nanomboka gn'asa tsara taminareo da hanohy hagnatanterakan'zany hatramin'gn'andron'i Jesôsy Kristy. [7] Tsara avao iaho ka nahatsapa akô izany gny mombanareo aby satria ato am-poko anareo. Anareo da mpiara-miasa taminay, tami-gn'alalan'ny fasoavana, tamy gny figadrako sy tamy gny fiarovako na koa tamy gny fagnamafisana gny filazantsara. [8] F'i Zagnahary gn'anay gny vavolombelogna, fa ta hahitanareo mafy iaho amy famindram-pon'i Kristy Jesôsy. [9] Iaho da mivavaka: mba hitombo fezay fezay gny fitiavanareo amy gny falalana sy amy gny fadiovan-tsaigna. [10] Mivavaka koa iaho mba hagneky gny raha tsara anareo, mba ho tso-po sady tsy hana-tsigny amy gn'andron'i Kristy. [11] Mivavaka iaho mba fenon'gny raha avy amy gny fahamarinan'i Jesôsy Kristy anareo, ho voninahitra sy fiderana an'i Zagnahary. [12] Sady teko ho lalanareo, ralahy, fa gny raha nahazo anay da niasa ho amy gny fampandrosoana gny filazantsara tokotry. [13] Avy tamy gny zany, gny fifandraisako amy i Kristy da miboky tsara nagneragna gn'andreo mpiembogna gny lapa aby sy gn'olo maro hafa. [14] Gn'ankamaroandreo ralahy da mahatoky be an'i Tompo non'gny fifangarako, sady tsisy tahotra amy gny fagnambarana gny teny indreo. [15] Gny sasany aza da magnambara an'i Kristy amy gny fialognana sy fifamaliana tokôtry, fa gn'olo sasany koja amy gny sitrapo. [16] Fa gn'olo sisa da magnano an' izany am-pitiavana, haiko fa iaho da napetraka eto ho fiarovana gny filazantsara. [17] Fa gn'olo tamy voloany da magnambara an'i Kristy amy gny fitiavan-tegna, fa tsy tamy gny fatsora-po. Indreo da mieritreritra hagnakorotagnanay laha mbola amy gny raha ataoko iaho. [18] Ino ary? gny fomba maro, ndre amy filahatsaram-belatsihy ndre amy fahamarinana, da Kristy gny toriny, sady faly amizany koa. Ho faly tokotry iaho, [19] fa lalako f'izany da hiafara amy gny fagnavotana anay amy gn'alalan'gny vavakanareo sy gny fagnampian'ny Fanahin'i Jesôsy Kristy. [20] Zany da non'gny tena fembenako sy gny fatokiko fa laha iaho da tsy ho megnatra zany mihintsy, sady mbola amy gn'heriny fasahina tsara. ankehitriny ary ho mandrakizay, da hahery ato agnatiko i Kristy, na ho velogna iaho na ho maty. [21] Gnanay i Kristy gny mahavelogna da gny hoe maty da tombony. [22] Laha mivelogna ara-nofo iaho, da asa tsara hoanay gny dikan'zany. Kanefa ino gne raha hifidiko? Tsy haiko. [23] Fa votery mafy agnelagnelan'izy indroy iaho. Gny fagniriko da handeha sady homban'i Kristy, gny tena tsara tafahotry, [24] kanefa gny mijanogna amy toetra ara-nofo da tsara avao koa non'anareo. [25] Resy lahatra gn'amizany, da lalako fa hipetraka sy hiaraka aminareo iaho, ho fandrosoana sy fifalianareo amy gny finona. [26] Aminay da hisy antony gn'hireharehanareo am'i Kristy Jesôsy la miverigna aminareo koa iaho. [27] Atovy mendrika gny filazantsara gny fitondra-tegnanareo, ka dre handeha aminareo na tsy ho avy agny, da halala gny mombanareo, fa mijoro tsara amy gny fagnahy raika avao anareo, mba hisaigna raika amy gny finona gny filazantsara. [28] Ka mety ampitahoriny gny fahavalonareo. Marikin'gny favoazandreo zany, da marikin'gny famonjenanareo koja ze avy am'i Zagnahary. [29] Fa nomena anareo zany, ho an'i Kristy, tsy mba hinona anazy fotsiny, fa hanekan'Anazy koa, [30] fa anareo da managna andrekitra mafy an'zay hitanareo taminay koa, sady henonareo aminay koa ankehitriny.

Chapter 2

[1] Laha misy fampaherezana amin`i Kristy, laha misy fampionognana avy amy gny fitiavany, laha misy firesana amy gny Fagnahy, laha misy famindrampo zaka be sy fiantrana, [2] da atovy feno gny faharavoko amy gny fisainana mitovy zany, amy gny fanagnana fitiavana am-pagnahy, ka amy gny fanagnana tanjona mifagnaraky. [3] Ka magnano ndre ino ndre ino amy gny fitiavan-tena na fanandratan-tena fehizay. Fa amy gny fanetren-tena koza da mandiniha gny hafa mihotra gny tegnanareo. [4] Tokony tsy hikatsaky zay mahasoa gny tegnanareo hany gny tsirairaiky amindreo, fa zay mahasoa gny hafa avao koa. [5] Mandiniha hôtragny fisaignana zay tao amin`i Kristy Jesosy koa. [6] Efa nisy araka gny endrik'i Zagnahary Izy,fa tsy miheritreritra zany fitoviany amign'Jagnahary zany ho raha hifikirana Izy. [7] Gny mifanohitra amin`zany, nofoagnany gny tegnany. Nangala gny endriky gny mpanompo izy. Ka nibôka mitovy gny olombelogna izy. Ka hita nitovy tamin`olombelogna Izy. [8] Nanetry tegna izy ary avy mpankato hatramin`ny fahafatesana, da lay fahafatesan`ny hazo fijaliana! [9] Noho zany da nasandratr`i Zagnahary ambony agny avao koa izy. Nomeny lay Agnarana zay ambonin`ny agnarana rehetra Izy. [10] Namboariny zany mba ho amy gny Agnaran`i Jesosy no handohalihan`ny tsipoko rehetra, gny tsipoko ndreo zay agny an`andagnitry sy ety an-tany ary agny ambanin`ny tany. [11] Namboariny zany hagnekeny lela rehetra fa i Jesosy Kristy no Ragnandria, ho voninahitr`i Zagnahary Iaba. [12] Noho zany, ry malalako, sala gny ankatoavinareo hatragny, tsy eo amy gny fanatrehako hany fa mihotra lavitra aza amin`zao rehefa tsy eo aho, da aboahy amy gny tahotry sy hovitry gny famonjena anareo. [13] Satria Zagnahary no hiasa ao aminareo mba vonok'agnano no sady hiasa an`ny fifaliana anareo. [14] Ambôry tsy am-pitaraignana na fiadian-kevitry gny raha aby. [15] Magnamboara akô izany mba ho tonga zanak'i Zagnahary tsy misy tsigny sady marigna, tsy kilema nareo. Miasa akô izany mba hamirapiratanareo sahala gny fahazavana eo amin'zao tontolo zao, eo antegnategnany taranaka meloka sady maditra. [16] Mifikira mafy amy

lay andron'i Kristy. Fa amin` zany da ho lalako fa tsy very maigna gny nihazakazahako ary tsy very maigna gny niasako. 17
Ka na da ahidigna ho fanatitra eo amy gny sorona sy fanompom-pinoana aza zaho, da miravo aho, ka miara-miravo
amindreo rehatra aho. 18 Ka sala zany no hiravoanareo, ka miara-miravo amiko nareo. 19 Ka magnantegna ao amin`i
Tompo Jesosy zaho fa handefa an`i Timoty agny amindreo malaky, mba hatanjaky hany laha lalako, gny raha momba
nareo. 20 Ka tsy managna olo hafa sala toe-tsaigna aminy aho,zay tena magnahy gny aminareo. 21 Ka izy aby da mikatsaky
gny tombon-tsoany, fa tsy gny zavatr`i Jesosy Kristy. 22 Ka lalanareo gny fahendreny, satria mitovy gny zaza manompo gny
iabany, gny nanompony niaraka amiko tao amy gny filazantsara. 23 Ka magnantegna gny handefanazy iao laha vao hitako
hoe magnano ahôna gny fandehani gnaraha aty aminan. 24 Ka matoky gny Tompo aho fa avy agny malaky koa gny
tegnako. 25 Ka mieritreritra aho fa ilaina avao koa gny ampiverigna an`i Epafrodito agny amindreo. Ralaiko izy sy mpiara-
miasa no mpiara-miady, Sady mpitondra hafatrareo izy no mpanompo amy zay ilako. 26 Ka tra-pahoriana mafy izy, ary
manigna gny hiray tamindreo aby izy, satria regninareo fa narary izy. 27 Ka tena narary izy ka efa saika maty. Ka
namindra fo tamigny Zagnahary, ary tsy tamin'azy raika avao, fa taminä avao koa, mba tsy hanagnako alahelo
ambonin`ny alahelo. 28 Ka da amim-pazotona lehibe aby no handefasako azy, ka rehefa hahita azy ndray nareo da mba
hiravo ka da ho afaka kokoa amy gny fanahiako zaho. 29 Raiso ao amy gny Tompo Epafrodoto miray amy gny haravogna
aby. Hajay gny olo sala azy. 30 Ka nagnano vy verin`ny aigny izy hanompona ahy mba hanantanterahany zay tsy afaka
nataondreo tamy gny fagnompona taminä

Chapter 3

1 Farany, ralahy,mifalia ao amy Tompo. Tsy manahiragna anà gny mamerigna manoratra gny raha io ho anareo. Gny raha
aby io da hiaro anareo. 2 Mitandrema amy gn'amboa. Mitandrema amy gn'ireo mpagnano ratsy. Mitandrema amy gn'ireo
fagnapana rantsam-batagna. 3 Fa isika gny vôrara. Ary Isika gny manompo amy gny fagnahin'gny Zagnahary. Ary isika
gny mieboebo amy gny Jesosy Kristy ary tsy miankina amy gny nofo. 4 Ndre da izany aza, gny tegnako da afaka miankina
amy nofo. Raha misy olo mihevitra fa izy da managna fatokisana amy gny nofo, da afaka magnano mihotra an'izay iaho. 5
Noforana tamy gn'andro fahavalo iaho, teraka tamy gny vahôkan'Isiraely, tamy gny fokon'gny Benjamina, Hebreo tamy
gn'ireo Hebreo iaho; araky gny lalàgna, da Fariseo iaho. 6 Tamy gny zotom-po, da nagnenjiky gny fengonana iaho; Laha
gny amy gny famarinagny ambanin'ny lalàgna, da tsy nanan-tsigny iaho. 7 Ndre ino ndre ino gny tombony ho anà, da
noresiko ohatra gny fatiantoka noho amy gny Kristy iregny. 8 Laha gny tegna izy, da nisaiko ho faty antoka aby gny raha
rehetra non'gn' habezan'gny falalana an'i Kristy Jesosy Tompoko. Avy Aminazy no nagnariko ny raha aby. Heveriko ho
fako regny hazoako an'i Kristy 9 ary hita Aminazy iaho. Tsy managna gny famarinana ho gny tegnako lata amy gny
lalàgna iaho. Fa koza, managna gny famarinana lata amy finona an'i Kristy iaho, famarinana avy amy gny Jagnahary zay
mifototra amy finona. 10 Ka amizao andro zao da ta fantatra Anazy sy gny herin'ny fitsanganany tamy gny maty ary gny
fiombonagna amy gny fijaliny iaho. Ta hiova amy gn'alalan'i Kristy iaho mba hitovy gny fafatesana, 11 mba hazahoako
matsapa gny fitsanganana amy gny maty. 12 Tsy marina f'efa nahazo gny raha reo sahady iaho, na hoe tonga lafatra iaho.
Fa miezaka iaho mba handrombahako gny nandrobahan'i Kristy Jesosy anà. 13 Ralahy, tsy mieritreritra iaho fa gny
tegnako d'efa nandrombaka anzany. Fa misy raha raiky: Adignoko gn'agny afara ary miezaka ho amy gn'eo aloha iaho. 14
Miezaka magnatratra gny tanjogna iaho mba hahazo gny lokan'gn'antso avy lata ambony avy amy gn'i Zagnahary ao amy
gn'i Kristy Jesosy. 15 Isika aby zay matotra, ôka tsika hieritreritra ohatr'izany; ka laha misy eritreritrareo hafa makasika
gny raha aby, da abôkin'i Zagnahary amindreo avao koa. 16 Kanefa, ndre ino ndre ino efa tratrantsika, da ôka tsika
hifikitra amy gn'izany. 17 Ôka ho mpangala tahaka anà, anareo ralahy. Diniho akeky indreo mandeha araka gny ohatra zay
tsinjonareo ao aminay. 18 Maro indreo mandeha _indreo zay efa nizakaiko anareo matetika, ary amizao andro zao iaho
mizaka aminareo amin-dranomaso_ohatr'gny fahavalon'gny hazofizalian'i Kristy. 19 Fandringanana gn'afaran'izy reo. Fa
gny kibony gn'i Zagnahariny, ary gny fieboeboan'izy reo da ao amy gny famegnarany. Mandinika gny raha zao retri'zao
indreo. 20 Agny an-dagnitry gny fanjakantsika, zay handignasantsika Mpamonjy avao koa, da gny Jesosy Kristy
Ragnandria. 21 Izy da hagnova gny vatantsika zay malemy mba ho vatagna mitovy amy gny vatagna feno voninahitry, da
zay natao tamy gny herin'gny fahefany mba hanaiky gny raha rehetra amy gny tegnany.

Chapter 4

1 Laha zany, ralahy teko zay mahamanigna anahy, gnafaliako sy gny satro-boninahitrako, amizany da mihatrika tsara
amin-Tompo, akama teko. 2 Mengavy an'Eodia iao, ary ka miangavy an'i Syntyke, miraisaigna ao amyTompo. 3 Ary ka,
mangataka ka mangataka aminao avao koa iaho. Rakamako mpiraiky joga: Ampio indreo viavy. Satria indreo reo da
niaraka niasa taminahy tamigny fagnamparitahana gny filazantsara niaraka tamin'i Klemanta sy indreo sisa akamany
mpiara-miasa aminahy aby,zay efa agnatiny bokin'ny fiaignana gnagnaran-dreo reo. 4 Mifalia fejay ao amin'ny Tompo.
Hoy iao, Mifalia. 5 Apetray ho fantatry gn'olo aby gny fahatsoram-ponareo. Efa akeky gny Tompo. 6 Aza magnahy ndre
amign'ino ndre amign'ino. Nefa saky, amign'raha abidaholo amign'alalan'ny vavaka da gn' fangatahana, miaraka amigny
fisaorana, apetray gny fangatahanareo ho lalany Jagnahary. 7 Ka gny fiadagnan-Jagnahary, da mihôtra gny fahalalàna aby,
hiaro gny fonareo sy fisaignanareo aby ao amy Kristy Jesosy. 8 Ny farany, ry rahalahy, ndre ino ndre ino marina, ndre ino
ndre ino manan-kaja, ndre ino ndre ino madio, ndre ino ndre ino mahafinarita, ndre ino ndre ino gnozakaina fa da tsara,
laha misy ndre ino ndre ino tokony ho deraina, da mihevera io raha io. 9 Gny raha zay nianaranareo sy niresinareo sy

regninareo ary ka hitanreo taminahy, amboary, ary ka gny Jagnahariny fiadagnana hiaraka aminareo. [10] Mifaly am'i
Tompo iao satria navoazindreo ankehitriny gny momba anay. Efa nihevitra anay tokotry andreo tagny aloa fa tsy nisy
fahafahana ho anareo mba hagnampy. [11] Tsy mizaka anizany iao satria ao agnatin'ny tsy fagnampiana. Fa efa nianatra gn'
hiravo amy raha maro mitranga iao. [12] Fantako hoe mahatra ary fantako koa gny hoe managna be. Amin'ny fomba aby sy
amy raha aby da nianatra gn' tsambaratelo gny fihinanam-be sy gny mosary iao, ary gny hoe manam-be sy gny hoe
agnatin'ny tsy fagnampiana. [13] Afaka magnano gny raha aby iao amin'ny gn'alalany gny mampahery anahy. [14] Kanefa,
anareo nagnano gny tsara taminahy tamy gny fahasairagnako. [15] Da anareo Filipiana mahafantatra fatamin'ny
fiantombohany filazantsara, laha nenga an'i Makedonia iao, da tsy nisy fiangonana nagnampy anay laha gny
mankasitraka gny fagnomezana da gny fandraisana afa-tsy anareo avao. [16] Na tamin' izao tagny Tesalonika aza, da
nandefa fagnampiana ho an' zay nilaiko mihôtra gn'indraiky mandea anareo. [17] Tsy mikatsaky fagnomezana iao. Fa koza,
mitady gny vokatra zay mapisondrotra gny voninahitranreo iao. [18] Nandray gny raha aby iao, ary ka managna zakabe. Ka
feno iao. Voaraiko lata amin' i Epafrodito gny raha aby avy aminareo. Reo da hangitra mangitra fofogna, zay fagnatritra
azo ekena sy ankasitrahan - jagnahary. [19] Ary gny Jagnahariko hameno gny raha ilainareo araky gny harem-
boninahitrany ao amin' I Jesosy Kristy. [20] Ary hoan' ny Jagnahary sady Iabatsika ane gny voninahitra mandrakizay doria.
Amena. [21] Magnanôva veloma gny mpino aby ao amin' i Kristy Jesosy. Gny rahalahy zay miaraka amina da nagnano
veloma anareo. [22] Indreo mpino aby zay eto nagnano veloma anareo, indrindra indreo zay avy latamin' ny ankohonan'i
Kaisaria. [23] Gny fahasoavan'ny Tompo Jesosy Kristy gny hoamy gny fagnainareo. [Fagnamarihana: Misy gny fandikana
sasany magnampy hoe: "Amena."]

# Colossians

Chapter 1

[1] Paoly, apostoliny Kristy Jesosy amy gny alalany gny fagnarampony gny Zagnahary, sady i Timoty ralaitsika, [2] ho andreo
mpino da indreo ralahy matoky amy gny Kristy zay agny Kolosia. Ho aminareo rô gny fasoavagna, da gny fiadagna avy
amy zagnahary Iabatsika. [Fagnamafisana ambaniny gny pejy: misy dikateny sanany magnampy hoe: "sady gny Tompo
Jesosy Kristy"]. [3] Magnome fisaorana any Zagnahary itsiika, Iabany Tompotsika Jesosy Kristy, sady mivavaka fenzay ho
anareo iay. [4] Efa regninay gny finoanareo any Kristy Jesosy sady gny fitiavana zay anagnareo ho any gn`aby aby vôfidy ho
any Zagnahary. [5] Managna anizany fitiavana zany anareo avy amy gny fagnatenana azo antoka natao ho anareo agny
andagnitra. Enonareo gny momba anizany fagnantenana azo antoka zany taloany gny zaka amy gny famarignana, gny
filazantsara, [6] zay avy aminareo. Itiky filazantsara itiky da mitondra vokatra sady mitombo erakizao tontolo zao. Zany da
efa nagnano anizany taminao avao koa nanomboka tamy gn`andro nandregnesanao anazy sady nianarenao gny momba
gny fasoavany Zagnahary amy marina. [7] Itiky gny filazantsara zay avy amy gny nianaranareo tamy gny Epafra, mpiaraka
manompo malalatsika, zay mpanompo matoky any Kristy amy gn`agnaratsika. [Fagnamarigna ambaniny gny pejy: misy
dikany gny zaka sanany vakina hoe: "Amy gn`agnaranareo"] [8] Nampafantariny Epafra anay gny fitiavnareo gny Fagnahy. [9]
Avy amin`io fitiavana io, vô tagny amy gn`andro nandregnesanay anizany da tsy valaka nivavaka ho anareo iay.
Nangataka iay mba ho feno fahezan gn sitrakany amy gny fahendrena aby aby da gny fahezana avy amy fagnahy anareo.
[10] Nivavaka iay mba andeananareo amy faendrena amy Ragnandria amy gny fomba agnekeny Zagnahary. Nivavaka iay
mba amokatra amy gny asa soa aby aby anareo sady mba itombo fahezana any Zagnahary. [11] Mivavaka iay mba ahazo
hery amy gny fahezana aby aby anareo avy amy gn`eriny gny voninaitra amy gny fieretana da gny faretana. [12] Mivavaka
iay mba agnome fisaorana any Iabatsika am-pifalina anareo, iay nahafanareo anagna anjara amy gny lova andreo mpino
amy gny fahezana [Fagnamarignana ambany pejy: misy dikany gny zaka sanany vakina hoe: "Zay nahafatsika nanagna
anjara"]. [13] Namonjy atsika tamy gny fanapany gn`aizigna sady namindra atsika agny amy gny fanjakany gny Zanakany
lelay tena tiny Izy. [14] Ao amy gny Zanakany lelay gny anagnatsika gny fagnavotana, gny fametrana gny faotana.
[Fagnamarignana ambaniny pejy: misy dika-teny sanany mivavaka hoe: "Ao amy Zanakany gny anagnatsika fagnavotana
amy gny alalany gny ràny, da gny fagnametrana gny faotana."] [15] Gny Zanaka lelay da mitovy amy Zagnahary tsy hita
maso. Izy gny teraka voaloany tamy gny faorina. [16] Fa tamy gny alalagnany gny namorognana gny raha aby aby, gny raha
zay agny andanitra da gny raha tsita. Ndre gny seza anjakany, ndre gny managna fahefana, ndre gny fitondram-
panjakana, ndre gny managna fahefana, gny raha aby da noforognona tamy gny alalagnany da ho anazy. [17] Izy gny aloany
gny raha aby, sady aminazy gn`aretany gny raha aby. [18] Izy gny lohany gn`aigna, da gny fiangonana. Izy gny fanomboana
sady teraka vôloany avy eo ategnategnany gny maty, da izy gny nanagna toeragna vôloany ategnategnany gny raha aby. [19]
Satria ekeny Zagnahary gny tokony gn`iaignany gn`atsarany aby aminazy, [20] sady mba ampiavagna amy gn`alalagnany
Zanaka lelay amy gny raha aby amin`izy tegnany. Zagnahary da niavagna tamy gn`alalagnany ràny gny hazo fijalena.
Zagnahary gny nampiavagna gny raha aby tamy gny tegnany, ndre gny raha aby eto amy tany ndre gny raha aby agny
andanitra. [21] Tamy gny fotôgna raika, anareo avao koa, a vahiny tamy gny Zagnahary sady favalony t`agnaty saignany da
tamy gn`asa ratsy. [22] Fa amizao andro zao izy gny nampiavagna anareo tamy gn`aignany aby aby tamy gn`alalagnany gny
fafatesana. Nataony zany mba agnanôvana anareo ho masigna, tsy anagna tsigny aminazy eo, sady nangala baraka anazy
avy amy gny fagnaratsiana, [23] laha manoy amy gny finoana anareo, mipetraka tsara da mipetraka mafy tsara, da ka
miataka amy gny fagnantenana matoky gny filazantsara zay regninareo. Itiky gny filazantsara zay nizaka tamy gn`olo aby
namboariny tamy gny tany miaraka amy gny lagnitra. Itiky gny filazantsara zay, nahavy anà, Paoly, ho mpanompo. [24]


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

Amizao andro zao iao da faly amy gny fijaliko ho anareo, sady iao da nameno gny vatagnako zay tsy aampy amy gny
fahoriany Kristy avy amy gn`aiagnany, da gny fiangonan. [25] Avy amy gny fiangonana gny natonga anà ho mpanompo, avy
amy gn`andrekitra avy amy Zagnahary zay nomenay anà ho anareo, mba atafita gny zakany Zagnahary. [26] Io gny marina
mifiny zay nafiny nandritra gny taogna maro sady ho any gny taranaka. Fa amizao andro zao efa nibôky zany tamindreo
zay mino anazy. [27] Tamy indreo gny tiany Zagnahary nampafantarina gn`aregnany gny voninaitran`itiky famarignana
mifiny itiky ategnategnany Jentilisa. Zany da Kristy gn`ao aminao, gny atokisany gny voninaitra ho avy. [28] Da izy gny
nambafanay. Nagnanatra gn`olo aby iay, sady nampianatra gn`olo aby tamy gny fahendrena aby, mba agnomezatsika
gn`olo aby feno gny amy Kristy. [29] Laha zany da miasa mafy iao sady miezaka avy amy tanjakany zay miasa agnatiko ato
amy gny hery.

Chapter 2

[1] Fa tiako ho lalanareo gny azakaben'ny tologna nataoko ho anareo, ho andreo agny Laodikia, sy ho andreo maro ze
mbola tsy nahita ny tarehiko vatagna. [2] Miasa iao mba hampatanjaka ny fondreo amy fampiresana andreo miaraka amy
fitiavana sy amy gnaregna aby daholo amy fahafatarana azo antoka, ho ami gny fahafatarana gny fahamarinana
miafigna Anjagnahary, midika izany hoe, I Kristy. [3] Ao amignaregnany fahendrena sy izay fahafatarana aby daholo gny
miafigna. [4] Mizaka anizany iao mba tsy hoisy hitarika anareo amigny lahateny mandresy lahatra. Ndre da tsy miaraka
aminareo ambatagna azaky iao. [5] Ndre da tsymiaraka aminareo ao amy fagnahy. Faly iao mahita anareo tsara sy gny
tanjakiny finoanareo an'i Kristy. [6] Laha nangala an'i Kristy tompo anareo, da mandeana aminazy . [7] Mifotora mafy
aminazy, mioregna ao aminazy, mioregna amy finôna ze efa nampianarina anareo, ary mazotoa magnome fisaorana. [8]
Mitandrema mba tsy agneky olo hisambotra anareo amignalalany filozofia na gny fitaka fehizay arakany fataon'olo, izay
magnaraka gny endrikin'izao aby dahôlo zao. Fa tsy avy amy Kristy. [9] Fa aminazy gny teniny zagnahary aby daholo gny
mipetraka. [10] Feno anareo gn' aminazy. Izy gny lohany tanjaka sy gny fehefana aby daholo. [11] Taminazy avao koa anareo
gny niforaina tamigny famorana ze tsy namboariny gn'olombelogna amigny fagnesorana gny nofo amy vatagna, fa amy
famoran'i Kristy. [12] Niaraka nalevigna taminazy tamigny Batisa anareo, sady taminazy gny nananganana anareo
tamignalalany finôna maherin' Jagnahary, ze nampitrôtra anazy tamin'ireo ze maty. [13] Taminareo mbola maty tamigny
fahotana sy ny tsy fahavitany vatagna anareo fagnamboarana, izy gny namelogna anareo niaraka taminazy sy namela
antsika tamigny fahotana aby daholo. (Fagnamarihana: misy dikan-teny taloa sasany mivaky hoe: "Ary namela gny
fahotantsika aby daholo") [14] Nofafany gny rakintsoratragny trosam-panafahagna sy ireo fitsipika mifanohitra tamintsika.
[15] Nalainy aby daholo zany sady nofantsihiny tamigny hazofizaliana, nalainy aby ireo gny tanjaka sy gny fahefana, ary izy
da nagnano fampisehoana ampahibemaso andreo, nandresy mihotra gnandreo tamy gny hazo fizaliana. [16] Ka, aza avela
hoisy hitsara anareo na amigny fihinana na amigny fisotroana,na amigny andro fety na amigny volagna vaovao, na
amigny andro fivavahana. [17] Izany gny tandindognadreo raha ho tonga, fa gny tena izy da i Kristy. [18] Aza apetraka hoisy na
ia na ia ze mila gny fagnetretena sy gny fideran'ny anjely hitsara anareo ka tsy hahazoanareo gny lokanareo. Gny olo
akôn'izany da mitsofika amigny raha hitany sady manjary miabokaboka amigny fisaignan'ny vatagna. [19] tsy mitazogna
gny lohany izy. Izany da avy amigny loha ze nomenjagnahary gny vatagna aby daholo magneragna gny vani-tôlagna ze
nomenjagnahary sy gny hozatrany ze magnome ka mifetrika an'izany aby daholo zany mitambatra, iza da mitombo
miaraka amigny fitombona nomen' Jagnahary. [20] Laha maty niaraka tamy Kristy anareo tamireo endrik'izao rehetra zao,
nagnino ary anareo la miaigna akôra vôtery amigny tany: [21] "Ka mihodigna, ka magnandragna, sady ary aza mikasika"? [22]
Izany raha aby daholo zany da hoany fahalovana, avy amigny torolalagna sy gny fampianaran'olombelogna. [23] Ireo
fitsipika ireo da managna fahendren'ny fomba fivavahana, ny fanetretegna ze nataony gnaigna raika avao ary gny
fampahorian'ireo vatagna. Fa indreo da tsisy dikany amigny fanoherana gny fandeferana gny filan'ny vatagna.

Chapter 3

[1] Laha natsangan'i Zagnahary niray tam'i Kristy anareo, tadiavo gny raha agny ambony. Gn'idoboan'i kristy an-kavanan'i
Zagnahary. [2] Eritrereto gny raha ambony agny, fa tsy gny raha ambon'itiky tany itiky. [3] Fa olo efa maty anareo, sady gny
fiainanareo da miray am'i Kristy am'i Zagnahary. [4] La mibôky i Kristy, gny fiaiagnareo, da anareo koza hiara-hibôka
aminazy miaraka amy voninahitra. [Fagnamarina amban'ny pazy: Taloa gny dikina da hoe: "Laha mibôky i Kristy, gny
fiaignareo, da anareo avao koa hiara-hibôka aminazy amy voninahitra.] [5] Avy teo, da vinio indreo mpikambagna
mipetraka ambon'gny tany gny fomba-ratsiny, fahalotoana, fitiavan-draha belotry, eritreri-dratsy, fahatendakanigna, ze
fanopoam-tsampy. [6] Avy tamy gn'io raha io gn'hahateran'gny favigniran'i Zagnahary amindreo anaka be hakany.
[Fagnamarina ambany gny pazy: Hevitran'ny hafa magnano hoe: "Avy tamy gn'io raha io gny mahavignitra an'i
Zagnahary."] [7] Tamy gny raha niaignanareo taloha avao koa laha mbola varegna tamy zany anareo. [8] Amizao andro zao
anareo da tsy mentsy miala amy zany raha zany da gny favignirana, gn'eritreri-dratsy, gny fagnatevatevana, sady tena tsy
magneva hataonareo. [9] Ka mifampivandy, fa efa narenareo gny fomba taloha sy fagnamboaran'an'izany, [10] da
namboarinareo gny fomba vaovao ze natsaraina araka gny namorogna an'zany. [11] ka amy zany da tsisy grika sy jiosy zany
koa, voafora sy tsy voafora, barbariana, skytiana, andevo, olon'afaka, fa i Kristy gny feno, da aminazy ao aby gny raha
aby. [12] Magnanova fomba araka gny maha-olo nisafian'Andriamanitra, sady masina gny tia, famindram-po, hatsaram-
pagnahy, da faharetana. [13] Mifampitondrà tsara. Mifamelà. Laha misy olo raiky mitaraigna momban'gn'olo hafa, mamela


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

akôra gny namelan'ny Tomponareo. 14 Ambony zany raha maro be zany, da managna fitiavana, zay mametrakantsika amy
gny fahitsina. 15 Aoka gny fiadagnan'i Kristy hibeko gny fonareo. Fa avy amizany fiadagnana zany gny nagnantsovana
anareo ho raiky. Sady maheza misaotra. 16 Aoka gny jakan'i Kristy mba tena hanagnareo maro be. Mifampianara sady
mifagnanara amy gny salamo sy fihirana ary hira ara-pagnahy amy gny fahendrena zay misy maro aminareo. Mihira
amy gny fisôrana am-ponareo hoan'i Zagnahary. 17 Ndre ino ndre ino gny raha ataonareo, amy gny teny na koa amy
gn'asa, da atôvy amy gn'agnaran'i Tompo aby izy aby. Omeo fisôran'i Jagnahary iaba amy gn'alalany. 18 Anareo viavy, ekeo
gny vadinareo, f'izany gny mety amy gny Tompo. 19 Anareo lelahy, tiavo gny vadinareo, da ka maseky amindreo. 20 Anareo
zanaka, magnara gny jakan'ny ray aman-dreninareo, f'izany gny mety am'i Tompo. 21 Anareo iaban'olo, ka magnano gne
raha mampalahelo gny zanakareo, mba tsy hakivy andreo. 22 Anareo andevo, magneké gny tomponareo arakan'gny
lamigna amy raha aby, tsy amy gn'asa atao akôra gn'olo mpila dera, fa amy gny fatsorana. Matahora gny Tompo. 23 Ndre
raha ataonareo, da ataovy ampangnahy ho an'ny Tompo fa ts'an'olo. 24 Fantanareo fa handray valisoa avy amin'ny Tompo
anareo. Izy gny Tompo Kristy ze Tompoinareo. 25 Fa gn'olo magnano ratsy da hahazo sazy raha ratsy zay nataony, sady
tsisy fagnavakavana.

Chapter 4

1 Tompo ô, omeo andevo izay marina sy rariny. Fantanareo fa anareo avao koa da managna Tompo raiky agny andagnitra.
2 Mahareta amigny fivavahana. Ka miembena aminy zany fagnomezany fisaora. 3 Miaraha mivavaka ho anay avao koa,
mba hosokafan-Jagnahary varangaragna d hoan'ny teny, mba hizaka gny marina miafigna amigny Kristy. Noho izany da
voafehy iao. 4 Mivavaha mba havitako magnazava zany ra tokony hizaka iao. 5 Mandeana amin'ny fahendrena agny
amindreo avy ivelany, ary araroty gny fotoagna. Aoka zaka nareo mba hagnaraka fahasoavana fehizay. 6 Aoka ireo
homasi-tsira hafataranareo mahalala gny fomba tokony havalinareo gn'olo tsiraikiraiky. 7 Laha gny raha mombanay, da i
Tykiko gny nampalala an'io aminareo. Izy da ingahy ralahy tsara, mpanompo matoky, ary mpiaraka manompo ao aminy
Tompo. 8 Nohiraiko agny aminareo no gnantony, mba ahezanareo mahafantatra, ary mba hafany mampahery gny
fonareo. [Fagnamarihana egny amban'ny pazy: ireo dika-teny sasany taloha mivaky hoe: "nihiraiko agny aminareo izy
noho zao mba afantarany ireo raha momba anareo, ary mba afahany mampahery gny fo nareo".] 9 Nihiraiko izy miaraka
tamigny Onesimosy, ingay rahalah matoky sady malala zay raika aminareo. Indreo hizaka aminareo gny raha aby efa
nitranga taty. 10 Aristarko, gny miara-migadra amina, da miarahaba anareo, akôra izany koa I Marka, havany Barnabasy
(zay nahazoanareo beko; laha megna aminareo izy, da ekeo.) 11 Ary Jesôsy koa da natsovagna hoe Josta. Ireo avy amigny
voafora ireo avao gny piara-miasa aminä ho agny ami fanjakan-Jagnahary. Fampaherezana ho andreo. 12 Epafra da
miarahaba anareo. Raika aminareo izy sady mpanompo any Kristy Jesôsy. Mitologna am-bavaka ho anareo fehizay izy,
mba hatanteraka sady ahazo antoka tanteraka eo amigny sitrapon-Jagnahary. 13 Fa mijoro vavolombelona hoanazy iao, fa
miasa be hoanareo izy, sy hoandreo agny Laodika, ary hoandreo agny Hierapolia. 14 Lioka gny mpitsabo malala sy
Demasy da magnano akôriaby anareo. 15 Hotsafay Ireo rahalahy agny Laodika, sy Nymfa, ary gny fiangonana ze ao
andragnony. 16 Laha voavaky eo agnivonareo ity taratasy itiky, da ataovy vakina ao amigny Fengonan'ny Laodikiana avao
koa, sady atôvy voavaky koa gny taratasy avy agny Laodika. 17 Zakay i Arikipo hoe: "Tandremo gn'asa gny fanompoana
zay azonao tao ami Tompo, fa tokony ho tanterainareo zany". 18 Ity fanaovam-beloma ity da vitany tagnako manokana
Paoly. Tadidio gny fifatorako . Lonoka hoaminareo fahasoavagna.

# Titus

Chapter 1

1 Paoly, mpanompony Zagnahry sady Apostoliny Jesosy Kristy, agnampy gny finoany gnn`olo voafidiny Zagnahary da gny
falalana gny marina zay magnaraky gny toe-pagnahy avy amy Zagnahary, 2 amy gny fatokisana gny fiaignana
mandrakizay, zay nampagnantenainy Zagnahary, zay tsy mivandy, laha tagny amy fagola. 3 Tamy gny fotôgna vôtondro,
da nabôkiny gny zakany tamy gny afatra zay natokisany ho ampitaiko. nataoko zay avy amy didiny Zagnahary zay
Mpamonjy atsika. 4 Ho any Titosy, zanaka marina amy gny finoana eresatsika. Fasoavana sady fiadagnana avy amy
Zagnahary zay Iaba da i Jesosy Kristy Mpamonjy atsika koa. 5 Laha zao antony zao gny namelako anao tagny Kreta, da
gn`andamignanao gny raha mbola tsy vita da gn`anendry loholo isaky gny tanàna avy amizay efa nandidiko anao. 6 Gny
loholo da tsy tokony anagna tsigny mintsy, vadiny gny viay raika, managna zanaka mino tsy vôpanga ho magnarato amy
gny ratsy ndre maditra. 7 Ilainy gny mpitandrigna, amy gny maha-mpambôtra gn`asany Zagnahary, gny tsy fanagnatsigny.
Tsy tokony ahery fizaka ndre mietraketraky. Tsy tokony ho mora vignitra, tsy mpisotro, tsy te-ady, sady tsy olo tia vola. 8
Fa koza, tokony ampiatragno izy, sakaizany zay tsara. tsy maintsy mionogna, marina, masigna, sady mafe-tegna. 9 Tokony
mitagna mafy gn`afatra zay efa nampianarina izy, mba ahezany mampahery gn`afa amy gny fampianarana tsara sady
ahitsy indreo zay mitsivalagna anazy. 10 Fa maro gn`olo mpikomy, indridra indreo zay voafora. Tsy misy lanjany gny
zakandreo. Magnandiso fagnantenana sady mitarika gn`olo agny amy lalagna diso indreo. 11 Ilaina gny manakana andreo
io. Mampianatra gny tsy tokony ampianarina indreo mba azaoana aregna maloto sady mandrava fianakavina raika
manontolo. 12 Nisy raika tamindreo zay lelahy hendrindreo, nizaka hoe: "Gny Kretana da mpivandy mandrakizay, ratsy
sady biby mandoza,kamo be tenda." 13 Marina zany vôzaka zany, laha zany anaro mafy indreo mba atanjaka amy gny


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

finoana. [14] Ka miraraha gn`angovony gny Jiosy ndre gny didiny gn`olo zay niala tamy gny famarignana. [15] Ho andreo zay madio, da madio gny raha aby. Fa ho andreo zay voaloto sady tsy mino koza, da tsy misy madio ndre ino ndre ino. Avy amy gny saigna da gny fieritreretany efa voaloto. [16] Magneky fa mafantatra any Zagnahary indreo, nefany mandà Anazy amy gn`asany. Tsy mavita asa tsara ndre ino ndre ino.

Chapter 2

[1] Fa anao koza, mizakà zay mifagnaraka amy gny fampianarana marina. [2] Indreo lelahy ena nahazo taogna da tsy mentsy magnaja tegna, matotra, mahonogn`aigna, matanjaka amy gny finoana, amy gny fitiavana, sady amy gny faretana. [3] Ôtranizany avao koa indreo viavy efa nahazo taogna da tokony agnabôky fenzay gny tegnandreo ho tsara fitondran-tegna, fa tsy mpifosa. tsy tokony ho andevony gny divay be indreo. Tokony ampianatra zay tsara indreo [4] mba ampiofagna gny viavy tanora ho tena tia gny vady aman-janakany raika avao. [5] Tokony ampianatra andreo ahay mionogna, adio, ikarakara tokatragno tsara, sady agnaja gny vadiny indreo. Tokony agnano anizany raha aby zany indreo mba tsy ho vôeso gny zakany Zagnahary. [6] Ôtranizany, ampaherezo indreo lelahy mbola tanora mba ahay mionogna. [7] Amy gny fomba aby da abôky gny tegnanao ho môdeliny gn`asa tsara; sady laha efa mampianatra anao, da magnabôka faitsina da fahendrena. [8] Mizakà afatra salama sady tsy misy tsigny, mba ho megnatra zay manoitra ndre iza ndre iza, satria tsy managna ndre ino ndre ino ratsy ho zakaina momba atsika izy. [9] Indreo mpanompo da tokony magneky gny tompony amy gny raha aby aby. Agnano gny sitrapony fa tsy ifanditra aminazy. [10] Tsy tokony angalangalatra indreo. Fa koza, tokony agnabôka gny finoana tsara aby indreo, mba agnatsara gny fampianaratsika momba any Zagnahary mpamonjy atsika amy gny lafiny aby aby. [11] Fa efa nibôka tamy gn`olo aby gny fasoavany gny Zagnahary. [12] Mampianatra atsika tsy agneky gny toetra tsy amy Zagnahary da gny fizakany zao retri`zao zany. Mampianatra atsika iaignana amy gny finoana, amy gny famarignana, da avy amy gny lalagnany Zagnahary amy zao fotôgn`andro zao zany [13] eo amy gny fandignasatsika tokôtra zay andignasatsika gny fagnantena mafinaritra, gny fibôkany gny voninaitrany Zagnahary zakabe sady Mpamonjy Jesosy Kristy. [14] Jesosy da nagnome gn`iagnany ho atsika mba agnavotra atsika iala amy gny tsy fagnarana lalàgna aby da gn`agnandiovany koa, ho any gn`aignany, olo raika izy raika zay tana majoto agnano asa tsara. [15] Zakay sady oento ampaherezina gny raha aby aby. Magnomeza fagnitsina amy gny fahefana aby. Aza apetraka isy olo agnano atsirambigna anao.

Chapter 3

[1] Ampaherezo indreo agneky gny mpanapaka da indreo managna fahefana, ankatoa andreo, ho vonogna amy gn`asa tsara aby. [2] Ampatsaivo andreo tsy agneso ndre iza ndre iza, iala amy gny adihevitra, ametraka gn`afa agnaraka gny lalagnany, sady agnabôka fagnetre-tegna amy gn`olo aby. [3] Laha gny taloa gny tegnatsika da tsy nanagna saigna sady tsy nankàto. Vôtarika tamy gny lalagna diso itsika sady nandevoziny gny filàna da gny fafinaretana maromaro afa koa. Niaigna tamy gny faratsina sady gny fialognana itsika. Nelegnana iay sady nifankahala itsika. [4] Fa laha nibôky gn`atsaram-pagnahiny Zagnahary mpamonjy atsika da gny fitiavany gn`olombelogna koa, [5] da tsy tamy gn`asany gny famarignana nataotsika zany, fa tamy gny famindram-pony gny namonjena atsika. Izy da namonjy atsika tamy gn`alalany gny fagnadiovana gny fiteram-baovao da gny fagnavotana tamy gny Fagnahy Masina. [6] Zagnahary nandatsaka zakabe tamitsika gny Fagnahy Masina tamy gn`alalany Jesosy Kristy Mpamojy atsika. [7] Nambôriny zany mba, ho vômarigna tamy gny fasoavana, da ho tonga mpandova itsika amy gn`alalany gny fatokisana gny fiaignana mandrakizay. [8] Zany afatra zany da mendrika fatokisana. Tiako izaka momba anizany raha zany agnaty fatokisana anareo, mba idreo zay matoky any Zagnahary da itady agnano gn`asa tsara zay efa napetrakany taloandreo. Zanhy raha zany da sady tsara gny masoa ho any gn`olo aby. [9] Fa elay gn`adihevitra molamola da gny tantara firazagnana da gny fifandirana da gn`ady momba gny lalàgna. Zany raha aby zany da fatànitany sady tsy masoa. [10] Mandà zay olo miteraka fizarazarana ategnategnanareo, afarany gny fampitandremana indraika na indroy, [11] sady atôvy lala fa gn`olo ôtranizany da niala tamy gny lalagna marina sady manota da magnameloka gn`aignany koa. [12] Laha efa nagniraka any Artema na i Tykiko agny aminareo iao, da malakisa sady mandeana agny aminà agny Nikopolia, zay ninapako evitra andaniana gny rirignina. [13] Malakisa sady alefaso Zena, zay malala lalàgna, sady Apolosy, mba tsy anagna raha manairagna indreo. [14] Gn`olotsika da tsy mentsy mianatra magnano asa tsara zay ilaina meky mba tsy ahavy andreo amokatra. [15] Zay miaraka aminà aby da magnano veloma anareo. Atoavy veloma idreo zat tia atsika amy gny finoana. Ho aminareo aby rô gny fasoavagna.

# 2 Peter

Chapter 1

[1] Simona Petera, mpanompo sy apostolin'i Jesosy kristy, hôndreo jay nahazo gny finoana sarobidy akôra anijay nalainay, finoana ao amin'gny fahamarinan'gny Zagnaharitsika sy Jesosy Kristy Mpagnavotra. [2] Hampitomboina anie gny fahasoavana sy fiadagnana non'gny fahalalana an'Zagnahary sy Jesosy Tompontsika. [3] Io raha aby mikasika gny tanjak'Jagnahary hô an'gny fiaignana sy toe-pagnay da nomena antsika tamin'gny alalan'gny fahalalana an'Zagnahary, jay nagnetso antsika tamin'gny alalan'gny voninahiny sy gny faharsarany manokagna. [4] Tamin'gny alalan'dreo, nomeny teny


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

fagniriana tsara sady jakabe mintsy itsika, mba ho avy mpizara amin'gny fomban'Andriamanitra anareo, laha milefa gny
fahabotiana jay eto an-tany nony ndreo filàn-dratsy. [5] Nony jany, magnanôva amin'gny alalan'gny finoanareo, ary
amin'gny alalan'gny fahatsaranareo, gny fahalalana. [6] Amin'gny alalan'gny fahalalanareo, magnampia fahononam-po ary
amin'gny fahononam-ponareo, magnampia fiaretana, ary amin'gny alalan'gny fiaretanareo, magnampia toe-pagnay. [7]
Amin'gny alalan'gny toe-panahinareo, magnampia fitiavana rahalahy, ary amin'gny alalan'gny fitiavana rahalahy,
magnampia fitiavana. [8] Laha ao aminareo io ary mitombo ao aminareo, da tsy tsy hamoa na tsy tsy hamokatra amin'gny
fahalalana an'i Jesosy Kristy Tompontsika anareo. [9] Fa na iza na iza tsy ampy reo zavatra reo da tsy mahita afa-tsy jay
akaiky; jamba ijy. Nagnadigno gny fanadiovana azy tamin'ireo fahotany taloha. [10] Nony jany, ry rahalay, amboary aby gny
mba hahazoana antoka gny fagnetsovana sy gny fifidianana anareo. Laha magnano io raha io anareo, da tsy ho
tafatoigna. [11] Amin'jay da malalaka ho anareo gny fidirana ao amin'gny fanjakana mandrakizay ijay an'gny Tompontsika
sy Jesosy Kristy mpagnavotra. [12] Nony jany da vognona fejay iao hampatsiaro anareo io raha io, ndre da fantatrareo aza
ireo, ary ndre da mantanjaka ao amin'gny marina aza anareo amijao. [13] Iao mieritreritra fa rariny aminah gny mamoha
anareo amin'gny fampahatsiahivana io aby io, laha mbola eto amin'ty tragno lay ty iao. [14] Satria fantako fa tsy ho ela da ho
alaiko gny tragno laiko, akôra anijany nagnabôkan'i Jesosy Kristy Tompontsika anah. [15] Ary ho ataoko jay farany vitako
mba hahatsiarovanareo mandrakariva io raha io lefa lasa iao. [16] Fa iay da tsy nagnaraka tampasira tsara rafitra jay
niforognona laha niresaka taminareo gny momban'gny tanjaka sy gny nibôkan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Fa koja, iay
da vavolombelona nahita gny fiandrianany. [17] Fa ijy da nahazo laza amam-boninahitra avy tamin'Andriamanitra Ray refa
nisy feo avy teo aminajy tamin'ilay voninahitra jakabe indrindra hoe: "Ity gne zanako malalako, jay sitrako indrindra." [18]
Naharegny jany feo avy tany an-dagnitra ijany iay, refa niaraka taminajy tegny an-tendrombohitra masina. [19] Isika da
managna ity jaka faminagnina jay efa natao mafy orina ity. Tokony hitandrigna izany gny tsara anareo. Zany da akôra
gny jiro mazava ao agnaty haizina mandra-piavin'gny maraina sy gny kintan'gny maraina miposaka ao am-ponareo. [20]
Fantako eky zao, fa tsy misy faminagnina avy amin'gny famoahan-kevitry gny olo. [21] Fa tsy misy faminagnina avy
tamin'gny sitrapon'gny olo. Fa koja, notarihan'gny fanahy Masina izy mba hizaka zay notenenin'Andriamanitra.

## Chapter 2

[1] Gny mpaminagny sandoka da avy teo amin'gny olo, ary gny mpampianatra sandoka avao koa da ho avy eo aminareo.
Hitondra mangingigna saigna-diso mamotika izy reo, ary handà gny Tompo jay nividy azy io. Indreo da mitondra
fahapotehana malaky amin'ijy reo. [2] Maro gne hagnaraka gny fijejojejoan'ijy reo, ary amin'gny alalan'io gny hizakan-
dratsy gny lalan'gny fahamarinana. [3] Amin'gny fieremana gne hagnararaotany anareo miaraka amin'gny jaka mamitaka.
Tsy ho ela gny fanamelohana an'ijy reny; tsy matory gny fahapotehan'izy reny. [4] Fa Zagnahary tsy nandika fo andreo
anjely zay nagnota. Fa koza nagnome gny amin'gny vilagny tany indreo mba ho vôtagna amin'gny gadran'gny
fahamijignana mandra-pahavin'gny fitsarana. (Fagnamarinana: Gny dikan-teny taloha sanany da midika akôran'jao:
"Mba ho fagnafoezana ao amin'gny lavaky gny fahamizignana mandra-pahavinin'gny fitsaràna.") [5] Ary koa, tsy magneky
an'zao tontolo zao taloha ijy. Fa koja, namonjy an'i Noa, jay mpitory gny fahamarignana, miaraka amin'gny fito hafa, laha
nitondra gny safo-drano tamin'gny ratsy fagnay teto amin'izao tontolo izao ijy. [6] Zagnahary avao koa da nagnano io
tanànan'i Sodoma sy Gomora ho lakevigna ary nagnameloka andreo ho amin'gny fahapotehana, ho akôra gny ohatra
amin'izay hibôka amin'gny ratsy fagnay. [7] La i Lota marina, zay nampahoriana tamin'gny fitondran-tegnan'io olo tsy ara-
dalàna tamin'gny fizitizitiana, da navontan-jagnahary. [8] Fa zany lelay marina zany, ijay niaigna niaraka tamin-dreo
isan'andro, da fadiranovana tamin'gny fagnahin'gny fahamarinany nony zay hitany sy regniny. [9] Fantatry gny Tompo gny
fomba hagnavotana io olo tsara fagnay amin'io fitsapana, sy gny fomba hitanana io olo tsy marina ho amin'gny
famaizana amin'gny andron'gny fitsaràna. [10] Marina mintsy zany hoandreo zay manohy amin'gny fagniriana ratsin'gny
nofo sy magnano kilangakilangana gny fahefana. Saky sy mitompo teny fatratra ijy reo. Indreo da tsy angoaigna hijaka
ratsy an'io be voninahitra. [11] Indreo anjely da managna tanjaka sy fahefana jakabe, fa indreo da tsy mitondra fitsaràna
manevateva manohitra azy reo amin'gny Tompo. [12] Fa reo biby tsy manan-saigna reo da natao ho samborina sy simbaina.
Tsy fantan-dreo jay tsiratsirain'ijy reo. Ho potika indreo. [13] Handray gny valisoan'gny Raha ratsy namboariny indreo.
Mieritreritra indreo fa gny tsy fiafiana mandritry gny andro da fahafinaretana. Indreo da be tasitasy sy tsigny.
Mahafinaritra anajy ireo gny asa famitahan'dreo lefa mihinagna miaraka aminareo. (Fagnamarinina: Ireo dikan-teny
sanany da mivaky akôran'izao: "Mahafinaritra anajy ireo gny asan'dreo aby mihinagna miaraka aminareo amin'gny
sakafom-pifankatiavana.") [14] Amôlam-biavy mijangajanga indreo; tsy afa-po amin'gny fahotana mitsy indreo. Mitarika
fagnay tsy mety maty ho amin'gny fagnamboaran-dratsy indreo, ary managna to voaofagna amin'gny fitsiriritana indreo.
Zanaky gny fanozonana indreo io! [15] Niala tamin'gny lala-mahitsy indreo. Lasa nivilika indreo, ary nagnaraka gny lalan'i
Balama zanak'i Beora, izay tia gny tambin'gny tsy fahamarignana. (Fagnamarinina: Ireo dikan-teny sanany da mivaky
akôran'jao: " Balama, zanak'i Bosora.") [16] Fa nahazo jaka mafy izy nonin'gny fandikan-dalàny manokagna. Nisy boriky
moana nijaka tamin'gny feon'olombelogna nagnajanognana gny adalan'ilay mpaminagny. [17] Io olo io da akôra gny
lohataogna tsy misy erik-andro. Akôra gny rahogna entin'gny tafio-drivotra indreo. Natokana ho andreo gny haizigna
matevigna. [18] Mijaka tsy am-pandinihana indreo. Mitogna gny olo amin'gny alalan'gny filàn'gny nofo indreo. Indreo da
mitogna gny olo ijay mikofoka milefa io miaigna amin'gny fahadisoana. [19] Indreo da mampagnategna fahafahana ho an-
dreo, nefa ijy tegnany ary da andevon'gny fahabotiana. Fa gny olo da andevon'izay raha maharesy anajy. [20] Ndre ija ndre

ija afaka amin'io fahabotian'izao tontolo izao amin'gny alalan'gny fahalalana gny Tompo sy Jesosy Kristy Mpagnavotra,
ary aviteo mipody amin'io fahabotiana indraika, da hanjary ratsy nony toe-javatra voalohany lay toe-javatra farany. [21]
Tsara vakoa gne andreo gny tsy mahalala gny lalan'gny fahamarignana nonin'gny mahalala jany da hivadika amin'gny
didy masina nomeny andreo. [22] Marina ho andreo itiky ohabolagna itiky hoe: "Gny amboa gne miverigna amin'gny loany.
Gny kisoa efa nisasa miverigna mihoso-potaka."

Chapter 3

[1] Ankehitriny, ry malala, manoratra ho anareo itiky taratasy faharoy itiky iao ho fampitadidiana hoentina handrisiana
gny saignanareo madio, [2] mba hatadidianao io teny nijakain'gny mpaminagny masina tany taloha sy gny didin'gny Tompo
sy Mpamonjy antsika jay nomen'dreo apostolinareo. [3] Fantaro eky jao, fa gny mpanevateva da ho tonga amin'gny andro
farany. Indreo da hagneso ary handeha araka gny fijakan-dreo manokagna. [4] Indreo da hijaka hoe: "Aia gny
fampagnantegnana gny amin'gny fiveregnany? Fa elabe jay nodian'gny razambe matory, da tsy niova gny raha aby, eka fa
hatramin'gny fiantombohan'izao tontolo izao aza." [5] Indreo da magnano magnadigno fa gny lagnitra sy gny tany da nisy
avy tamin'gny rano ary tamin'gny alalan'gny rano, fotôgna ela, [6] nonin'gny didin'Andriamanitra, ary tamin'gny alalan'io
raha io, gne nandravana gny tontolo tamin'izany fotôgna zany, tamin'gny tondra-drano. [7] Fa amijao gny afo amin'gny
alalan'io didy io avao. Izy io da voatokana ho amin'gny andron'gny fitsaràna sy gny fandringanana gny olo ratsy fagnay. [8]
Ôka tsy ho adignoinareo, ry malala, fa gny indraika andro amin'gny Tompo da akôra gny arivo taogna, ary gny arivo
taogna akôra gny indraika andro. [9] Gny Tompo da tsy ela amin'gny fanatanterahana ireo fampagnantegnany, araka izay
jakain'gny sanany ho fahelany. Fa koja, Ijy da maharitra aminareo. Tsy tiany hisy ho very anareo, fa mba ho tonga
amin'gny fibebahana gny olo aby. [10] Ndre jany azaky, ho avy akôra gny mpangalatra gny andron'gny Tompo: Gny lagnitra
da hanjavona miaraka amin'gny feo mafy. Gny Raha aby da ho main'gny afo, ary gny tany sy reo asa ao aminajy da
hambara. (Fagnamarinina: Ireo dikan-teny sanany da midika akôran'ijao: "Gny Raha aby da ho main'gny afo, ary gny tany
sy reo asa ao aminajy da rôina aby.") [11] Ka laha ho levogna akôran'ijany izao raha aby jao, da tokony ho olo magnano
akôgnaia anareo? Tokony hiaigna amin'gny fahamasignana sy gny fiaignana araka an'andriamanitra anareo. [12] Tokony
hagnategna ary hampalaky gny fiavian'gny andron'Andriamanitra anareo. Amin'izany andro izany, gny lagnitra da
levon'gny afo, ary gny raha aby da hiempo amin'gny hafahana be. [13] Fa araka gny fampagnantegnany, da mandigny gny
lagnitra vaovao sy tany vaovao sy tany tsika, ijay hipetrahan'gny fahamarignana. [14] Nony jany, ry malala, satria
magnantegna ijany raha jany anareo, magnanôva gny tsara indrindra avy agny aminareo mba tsy hisy pentina sy tsy
hanagnan-tsigny eo anatrehany, am-piadanana. [15] Ary avakoa, eritrereto gny faharetan'gny Tompontsika amin'gny
fagnavotana, akôra gny nosoratan'i Paoly rahalahy malalantsika taminareo, araka gny fahendrena jay nomena anajy. [16]
Paoly da miresaka ijany raha ijany ao amin'gny taratasiny aby, jay misy raha sarotra takarina. Olo tsy misy fahalalana ary
tsy miorigna gne magnova io raha io, akôra gny hagnanôvany ireo soratra masina hafa avakoa, ka mahatonga
fahaverezana ho an'gny tegnany. [17] Nony jany, ry malala, satria fantatrareo ijany raha jany, da tandremo gny tegnanareo
mba tsy ho voafandriky gny fitakin'gny olo ratsy fagnay ka ho very gny fahamarinanareo. [18] Fa mitomboa amin'gny
fahasoavana sy gny fahalalana gny Tompontsika sy Jesosy Kristy mpagnavotra antsika. Ho anajy gny voninahitra
ankehitriny ary mandrakizay. Amena!

# 1 John

Chapter 1

[1] Ze lata amigny fanombohana- zay efa regninay, zay efa hitanay tamin'gny masonay, zay efa nijerenay, ary ka zay efa
nikasihan'gny tagnanay__zany da momba gny tenin'gny fiaignana. [2] Akô izany avao koa, gny fiaignana da
nampahafantarina, da efa hitanay zany, ka mijoro vavolombelogna amizany iay. Iay da magnambara aminareo gny
fiaignana mandrakizay, zay tao amin'ny Iaba, ary zay efa nampahafantarina anay. [3] Zay efa hitanay sy regninay da
ambaranay aminareo avao koa, mba hanagnanareo fifandraisana aminay avao koa. Gny fifandresana misy aminay eo da
amigny Iaba sy gnamigny Zanany, Jesosy Kristy. [4] Akô izany avao koa, manoratra gny raha aby hoanareo iay mba ho
tanteraka gny fifaliantsika. [Fagnamarihana: Gny dikan-teny taloha sasany da mivaky akô izao: "Da manoratra gny raha
aby iay mba ho tanteraka gny fifalianareo."] [5] Zao gny hafatra zay efa regninay avy tamin'azy ka ambaranay aminareo:
Zagnahary da fahazavana, ary ka Amin'azy da tsy misy hizigna mintsy. [6] Laha mizaka isika ka managna fifandresana
Amin'azy ary ka mandeha ao agnatin'ny hizigna, da mivandy isika ary tsy magnano gny marina. [7] Kanefa laha mandeha
ao amigny fahazavagna isika akô an'Azy ao amigny fahazavagna, da managna fifandraisana amigny tsiraíraiky aby isika,
ary gny ràn'i Jesosy Zanany gny magnadio antsika amigny fahotana aby. [8] Laha magnambara isika fa tsy managna
fataoragna, da mamitaka gny tegnatsika isika, ary gny fahamarinana da tsy ao amintsika. [9] Nefa laha magneky gny
fahotantsika isika, Izy da mahatoky sy marina amigny famelana ireo fahotantsika ary magnadio antsika amigny tsy
fahamarinana aby. [10] Laha mizaka isika fa tsy mbola nagnota, da magnano Anazy ho mivandy, ary ka tsy ao amintsika gny
jakany.

Chapter 2

# Chapter 3

[1] Anaka, manoratra itoa raha itoa iao mba tsy hagnotanareo. Kanefa laha misy magnota, da managna mpisolo vava isika
miaraka amin'Iaba, Jesosy Kristy, gny marina. [2] Izy gny fagnavotana gny fahotantsika, ary tsy gny antsika avao, fa gny
an'zao tontolo zao raiky manontolo avao koa. [3] Amin'izany gny afahantarantsika ka mahafantatra Azy isika: laha
mitandrigna gny didiny isika. [4] Gny mizaka hoe: "Mahafantatra an'Zagnahary iao", fa tsy mitandrigna gny didiny, da
mpivandy, ary gny marina da tsy aminazy. [5] Fa ndre iza ndre iza mitandrigna gny zakany, marina tokôtry, da amin'izany
olo zany gny nagnantaterahana gny fitiavan'Zagnahary. Amin'zany gnahafatarantsika fa aminazy isika. [6] Gny raika zay
mizaka fa mipetraka ao amigny Zagnahary da tokony andeha koa izy akô gny nandehanan'i Jesosy Kristy. [7] Ry malala, tsy
manoratra didy vaovao hoanareo iao, fa gny didy taloha zay efa nanagnanareo hatramin'gny fiandohana. Gny didy taloha
da gny tena zay regninareo. [8] Fa manoratra didy vaovao hoanareo iao, zay marina amigny Kristy sy gnao aminareo, satria
gny hizigna da mandalo, fa gny fahazavana marina da efa mamiratra. [9] Gny raika mizaka fa ao amy gny mazava izy ary
malaigna gny rahalahiny da ao agnatin'ny hizigna hatramin'izao. [10] Gny raiky zay makatia gny rahalahiny da mipetraka
ao amin'ny mazava ary tsy hisy fotoagna hanafatoigna anazy. [11] Ka gny raika zay malaigna gny rahalahiny ao amigny
hizigna da mandeha ao amy gnizigna; izy da tsy mahafantatra zay ombany, satria gny hizigna da efa napoara gny
masony. [12] Manoratra hôanareo iao, gny zanaka malala, satria gny fahotanareo da voavela non'ny gnagnarany. [13]
Manoratra hoanareo iao, ô iaba, satria fantatrareo gny raika lata amboalohany. Manohitra hôanareo iao, Gny manafo
lahy, satria niresenareo gny ratsy. Efa nanoratra hônareo iao, gny zaza madinika satria anareo da mahalala gny Iaba. [14]
Efa nanoratra hôanareo iao, Iaba, satria fantatrareo lata ambôhalohany. Efa nanoratra hoanareo iao, Gny manafo lahy,
satria mafy anareo, ary gny zakan'Zagnahary da mipetra ao aminareo, ary anareo da efa nandresy gny ratsy. [15] Aza
mankatia na an'izao tontolo izao na gny raha aminazy ao. Laha misy mankatia an'izao tontolo izao, da tsy ao aminazy gny
fitiavan'ny Iaba. [16] Fa gny raha aby dahôlo zay ao amin'izao tontolo izao-da gny filan'vatagna, gny filan'ny maso, ary gny
fiterateran'ny fiaignana-zay tsy lata amy Iaba fa lata amin'izao tontolo izao. [17] Izao tontolo izao sy gny fagniriany da
mandalo. Fa ndre iza ndre magnano gny sitrapon-Jagnahary da hipetraka mandrakizay. [18] Anareo zaza madiniky, ity
gn'lera farany. Akô gny efa regninareo fa ho avy gny antiKristy, amizao andro zao maro gny antiKristy zay efa avy.
Amin'zany gny ahafantarantsika fa ity gny lera farany. [19] Nenga tamintsika indreo, kanefa tsy avy amitsika. Fa laha
tamintsika indreo da nipetraka niaraka tamintsika. Fa laha niala indreo da nagnabôka fa tsy tamintsika. [20] Fa managna
fagnosorana lata amy gny Iaba Masina anareo, ary fantatrareo aby gny marina. [Fagnamarihana: misy dikanteny hafa
sasany vaovao zay mivaky hoe: "managna gny fahalalana aby anareo." Gny dikanteny sasany taloha da mivaky hoe: "ary
fantatrareo gny raha aby."] [21] Tsy nanoratra hoanareo iao satria anareo da tsy mahalala gny marina, ka satria fantatrareo
zany ary tsy misy vandy lata amigny marina. [22] Iza gny mpivandy fa tsy gny raika zay mandà fa i Jesosy gny Kristy? Zay
olo zay da gny antiKristy, laha mandà gny Iaba sy gny Zanaka izy. [23] Tsy misy olo zay mandà gny Zanaka ka hanagna gny
Iaba. Ndre iza ndre iza magneky gny Zanaka avao koa da managna gny Iaba. [24] Fa hônareo, ôka zay regninareo
hatramin'gny fanombohana hipetraka ao aminareo. Laha zay regninareo hatramin'gny fiandohana gny mipetraka ao
aminareo, da mipetraka ao amigny Zanaka sy ao amin'ny Iaba avao koa anareo. [25] Izany gny fampagnategnana nomeny
antsika: da fiaignana mandrakizay. [26] Efa nanoratra zany raha zany hônareo iao momban'ireo zay hitondra anareo
amigny lalagna diso. [27] Fa hônareo, gny hosotra zay niresenareo lata aminazy da hipetraka ao aminareo, ary anareo da tsy
mila olo mampianatra anareo. Fa akô izay nampianarin'gny fagnosorana anareo gny raha aby da marina ary tsy vandy,
ary akô izay efa nampianariny zany anareo, da mipetraka ao Aminazy. [28] Amizao andro zao, Zanaka malala, midoboa
aminazy, mba laha mibôka Izy, da hanagna fahasahiana isika ary tsy ho megnatra eo agnatrehany amigny fiaviany. [29]
Laha fantatrareo fa izy gny marina, fantatrareo fa zay magnano mety aby da teraka taminazy.

Chapter 3

[1] Igny nakô gnino gny fitiavana nomen'gny Iaba antsika, mba hagnetsovana antsika hoe zanak'Zagnahary, ary akô izany
isika. Nony zany Antony zany, izao tontolo izao da tsy mahafantatra antsika, satria tsy nampafantarina anazy zany.
[Fagnamarinina: Gny dikan-teny taloha da tsy magnisy hoe: "ary zany isika."] [2] Ra malala, zanak'Zagnahary isika amizao
andro zao, ary zany da mbola tsy nambara hoe akô gnino isika. Isika da mahalala fa laha miseho I Kristy, da ho akô Anazy
isika, satria nahita Azy akô Azy isika. [3] Gny raha aby zay managna zany fahatokisana magnadio gny tagnany mba hadio
akô Azy. [4] Gny magnota da magnano zay tsy ara-dalàna; fa gny fahotana da tsy ara-dalàna. [5] Anareo da mahafantatra ka I
Kristy da nagnambara mba hangala gny fahotagna, ary ao aminazy da tsy misy fahotagna. [6] Tsy misy olo zay nipetraka
aminazy ka mbola hagnota avao. Tsy misy olo mbola magnota nahita anazy na nahafantatra anazy. [7] Ô zanaka malala,
aza avela hisy olo hamitaka anareo. Gny raika zay magnano gny fahamarinana da marina, akô gny mahamarina
an'Kritsy. [8] Gny raika zay manota da avy amigny devoly, fa gny devoly da nanota avao antambohalohany. Nony zany
Antony zany gny Zanak'Zagnahary da nagnabôky, mba hahafahany magnapotika gn'asan-devoly. [9] Ndre iza ndre iza
naterakigny Zagnahary da tsy anohy gny fahotana satria gny vokatry avy tamin-Jagnahary da mipetraka ao aminazy. Tsy
afaka manohy gny fahotana izy satria nateraky gny Zagnahary. [10] Ao amin'izany gnagnaboana gny zanaky Zagnahary sy
gny zanaky gny devoly. Ndre iza ndre iza tsy magnano gny marina da tsy avy aminZagnahary; na gny raika zay tsy tia gny
rahalahiny avao koa aza. [11] Fa zany gny hafatra zay efa regninareo lata ambolôny: fa isika da tokony mifankatia, [12] fa tsy
akô an'i Kaina, zay avy amigny ratsy sy namono g y rahalahiny. Fa nahoana izy gny namono anazy? Satria gny asany da

ratsy, ary gny an'ny rahalahiny da marina. [13] Aza gaga, ô rahalahiko, laha malaigna anareo gny tany. [14] Fantatsika fa efa niala tamin'gny fahafatesana megnagny amigny fiainatsika isika, satria tia an'reo rahalahiny isika. Izay tsy malaigna da mipetraka agny amigny fahafatesana. [15] Zay malaigna gny rahalahiny da mpamono olo. Fantatrareo fa tsy misy mpamono olo managna fiaignana mandrakizay mipetraka ao aminazy. [16] Amizany gny hahafantarantsika gny fitiavana, satria Kristy magnome gnaignany hôntsika. Isika avao koa da tokony manolotra gnaintsika ho an'gny rahalahy. [17] Fa ndre iza ndre iza managna gny haregna'izao tontolo izao ka Mahita gny fahasahiragnana'ny rahalahiny, ary magnahidy gny fon'ny fangorahany anazy, amy gny fomba ahôna gny hipetran'ny fitiavan-Zagnahary aminazy? [18] Ô zanako malalako, ôka isika tsy hankatia amigny teny na amy vava, fa amign'asa sy gny fahamarinana. [19] Lata amizany gnafantarantsika fa avy lata amin'ny fahamarinana isika, ary mampatoky gny fontsika alohany isika. [20] Fa laha magnameloka antsika gny fontsika, Zagnahary da zakabe nony gny fontsika, ary mahalala gny raha aby Izy. [21] Ô malala, laha tsy magnameloka antsika gny fontsika, da managna fahatokisana amigny Zagnahary isika. [22] Na ino na ino angatahitsika da ho azontsika avy aminazy, satria isika mitandrigna gny didiny sy magnano zay ekeny ankatrehany. [23] Ijao gny didiny: tokony mino gny agnarany Zanaky Jesosy Kristy ary mifankatia tsika, akô gny efa nagnomezany antsika zany didy zany. [24] Gny raika mitagna gny didn-Jagnahary da mipetraka aminazy ao, ary Zagnahary mipetraka aminazy ao. Amin'zany gny hahafantarantsika fa izy da mipetraka ao amintsika, amigny Fagnahy zay nomeny antsika.

Chapter 4

[1] Ô malala, aza mino gny fagnahy aby. Fa koza, mitsapa gny fagnahy io mb hahita fa avy amin-Jagnahary indreo, satria mpaminagny sandoka maro gny efa niala tamin'izao tontolo izao. [2] Amizany gny ahafantaranareo gny Fagnahin-Jagnahary-gny fagnay aby zey megneky fa I Jesosy Kristy zay tonga nofo da avy amin-Jagnahary, [3] ary gny fagnahy aby zay tsy magneky fa Jesosy da tsy avy amin-Jagnahary. Da zany gny fagnahy antiKristy, zay efa reragninareo fa ho avy, ary ankehitriny da efa eto an-tany. [Fagnamarihana: misy dikan-teny taloha sasany da mivaky hoe: "Ary gny fagnahy aby zay tsy magneky fa i Jesosy avy nofo da tsy avy amin-Jagnahary. Zany da fagnahin'ny antiKristy, zay efa regninareo fa ho avy, ary ankehitriny da efa eto an-tany.] [4] Anareo da avy amin-Jagnahary, ô zanaka malala, ary efa nandresy andreo, satria gny raika zay ao aminareo da zakabe mihôtra noho gny raika zay eto amin'zao tontolo zay. [5] Indreo da avy amin'zao tontolo zao; nony zany zay aby zakaindreo da avy amin'zao tontolo zao, ary zao tontolo zao da miteno andreo. [6] Avy amin-Jagnahary isika. Zay mahafantatra gny Tompo da maregny antsika. Izy zay tsy avy amin-Jagnahary da tsy maregny antsika. Amin'zany gny ahafantarantsika gny fagnahin'ny fagnamarignana sy gny fagnahin'ny fahadisoana. [7] Ô malala, ôka isika hifankatia, fa gny fitaovana da avy amin-Jagnahary, ary zay aby mitia da nateraky Zagnahary sy mahafantatra an-Jagnahary. [8] Gn'olo zay tsy makatia da tsy mahafantatra an-Jagnahary, satria Zagnahary da fitiavana. [9] Nony zany da fitiavan-Zagnahary da nambara tamintsika, fa Zagnahary da nandefa gny Zanany lahitokana ho an-zao tontolo zao mba ho velogna hoan'zao tontolo zao mba ho velogna nony Izy isika. [10] Ao amin'zany fitiavana zany, tsy nitiavantsika an-Jagnahary, fa gny nitiavany antsika, ary gny nandefasany gny Zanany lelay ho fagnavotana gny fahontantsika. [11] Ô malala, laha tia lôtra antsika Zagnahary, da tokony hifankatia avao koa isika. [12] Tsy mbola nisy nahita an-Jagnahary. Fa laha mifankatia isika, da mipetraka ao amintsika Zagnahary ary gny fitiavany da tanteraka ao amintsika. [13] Amizany gny ahafantarantsika fa mipetraka aminazy ao isika ary izy da ao amintsika, satria izy da nagnome antsika gny sasany amin'ny Fagnahiny. [14] Ary avao koa, efa nahita isika sy efa mijoro vavolombelogna fa Iaba da efa nandefa gny Zanany lelahy ho Mpamonjy an'zao tontolo zao. [15] Ndre iza ndre iza magneky fa Jesosy da Zanaka lelahin-Jagnahary, da mipetraka amin-Jagnahary ary izy da amin-Jagnahary. [16] Isika avao koa da nahafantatra ary mino gny fitiavana zay efa nanagnany Jagnahary hoantsika. Zagnahary da fitiavana, ary gny raika zay mipetraka amizany fitiavana zany da mipetraka aminy Zagnahary ao, ary Zagnahary da mipetra aminazy ao. [17] Nony zany, zany gny fitiavana da nitanterahina tamintsika, mba hanagnantsika fahatokisana amigny fitsarana, satria akô Azy, da akô zany avao koa isika eto amin'ity tany ity. [18] Tsy misy fataorana amin'ny fitiavana ao. Fa koza, gny fitiavana tanteraka da mangala gny gnavakana, satria gny gnavakana da tsy mentsy niaraka amigny sazy. Fa gny raika zay matahotra da tsy natao ho tanteraka ao amigny fitiavana. [19] Mankatia isika satria Zagnahary nitia antsika vôloahny. [20] Laha misy olo mizaka hoe: "Teko Zagnahary" nefa malaigna gny rahalahiny, da mpivandy izy. Fa gny raika zay tsy mankatia, zay hitany, da tsy afaka gny hitia an-Jagnahary, zay tsy hitany. [21] Ary, zany avao koa gny didy zay anagnatsika avy aminazy: Ndre iza ndre iza mitia an-Jagnahary da tsy mentsy mitia gny rahalahiny avao kao.

Chapter 5

[1] Na iza na iza mino fa I Jesosy gne Kristy da naterak'Zagnahary, ary na iza na iza tia gny Ray avao koa da tia gny zanaka naterakany. [2] Nony jany gne halalantsika fa tiantsika ireo zanak'Andriamanitra: lefa tia an'Zagnahary sy magnantanteraka io didiny isika. [3] Satria ijany gne fitiavana ho an'Zagnahary: da gny hagnatanteratsika io didiny. Ary io didiny io da tsy mavesatra. [4] Fa gn'olo aby zay nateraky Zagnahary da mandresy an'zao tontolo zao. Ary zany da fandresena zay efa mandresy an'zao tontolo zao: gny finoantsika. [5] Iza ary gny raika zay mandresy an'zao tontolo zao? Gny raika ze mino fa I Jesosy da Zanak'Zagnahary. [6] Zany da Gny raika zay avy tamin'gny rano da rà: Jesosy Kristy. Izy da avy tsy tamin'gny rano avao, fa tamin'gny rano da rà. [7] Fa misy telo ze mitsangana vavolombelogna: [8] gny Fagnay, gny rano, ary gny rà. Indreo telo io da mifagnaraka. [Fagnamarinina: Gny dikan-teny taloha sasany da mivaky akô izao: "Fa

misy telo zay mitsangana vavolombelogna agny an-dagnitra: Iaba, sy gny Teny, ary gny Fagnay Masina; ary indreo telo io da raika. Ary misy telo ze mitsangana vavolombelogna ambonin'gny tany eto: gny Fagnay, gny rano, ary gny rà; ary indreo telo io da akô izany gny raiky."Ndre zany aza, gny dikan-teny tsara indrindra da tsy mivaky akô izany.] [9] La mandray gny fitsanganana vavolombelognany gnolo isika, da ho jakabe kokoa gny fijoroana vavolombelognan-Jagnahary. Fa gny fitsanganana vavolombelognan-Jagnahary da zao: izy da mitsangana vavolombelogna mahakasika gny Zanany. [10] Ndre iza ndre iza mino gny Zanak-Jagnahary da managna fijoroana vavolombelogna ao amin'izy tegnany. Zey tsy mino an-Jagnahary da magnano Azy ho mpivandy, satria izy da tsy mino gny fitsanganana vavolombelogna zay efa nomen'Jagnahary mahakasika gny Zanany. [11] Ary gny fijoroana vavolombelogna da zao: Zagnahary da hagnome antsika fiaignana mandrakizay, ary zany fiaignana zany da ao amign'gny Zanany. [12] Gny raika zay managna gny Zanaka da nagna gny fiaignana. Gny olo zay tsy managna gny Zanak'Zagnahary da tsy managna fiaignana. [13] Efa nanoratra itoa raha itoa hônareo iao mba hahalalanareo fa managna gny fiaignana mandrakizay anareo__hônareo zay mino gnagnaran'ny Zanak-Jagnahary. [14] Akô zany avao koa, zao gny fifagnekena zay anagnantsika ankatrehany, fa ndre ino ndre ino angatahintsika araka gny sitrapony, da maharegny antsika Izy. [15] Akô zany avao koa, laha fantantsika maregny antsika Izy__ ndre ino ndre ino angatahintsika Aminazy__da fantantsika fa da azontsika zay nangatahantsika aby taminazy. [16] Laha misy olo raika mahita gny rahalahiny magnano fahotana zay tsy miteraka fahafatesana, tsy maintsy mivavaka izy, ary Zagnahary da hagnome fiaignana hônazy. Iaho da mampitaha reo zay Manana fahotana tsy miteraka fahafatesana. Misy fahotana zay miteraka fahafatesana; tsy mizaka iao hoe tokony hivavaka amin'zany izy. [17] Gny tsy fahamarinana aby da fahotana, nefa misy fahotana tsy miteraka fahafatesana. [18] Lalantsika fa ndre iza ndre iza naterak-Jagnahary da tsy manota. Nefa gny raika zey naterakin-Jagnahary da miaro gnaignany, ary gny ratsy da tsy afaka gny ahakasika azy. [19] Lalantsika fa da avy amin'Jagnahary isika, ary zao tontolo zao da mipetraka amigny ratsy ao. [20] Kanefa lalantsika fa gny Zanak-Jagnahary da efa avy ary efa nagnome antsika fahazavan-tsaigna mba ahalalantsika gny raika zey tena marina. Akô izany avao koa, isika da ao amigny raika zay marina, ao amign'i Jesosy Kristy Zanany. Izy gny Zagnahary marina ary fiaignana mandrakizay. [21] Rianaka, erovy amigny hajary ratsy gnaignanareo.

# 3 John

Chapter 1

[1] Iao loholo mamangy any Galo malala, zay tiako amy gny famarignana. [2] Avako tiako, mivavaka iao mba ho tojony amy gny raha aby anao da ho salama, ôtrany gn`agnambinana gny fagnahinao. [3] Fa nifaly tokôtra iao tamy mbola nisy ralahy tonga sady nijoro vavolombelogna tamy gny famarignanao, ôtrany gn`andeananao amy gny marina. [4] Tsy managna afalena be ôtran`itiky iao, da gny maregny fa mandea amy gny famarignana indreo zanako. [5] Avako tiako, magnano asa matoky anao ndre amy gn`ino ndre ino asa ataonao ho andreo ralahy da indreo vahiny, [6] zay nijoro vavolombelogna gny fitiavanao agnivony gny fiangonana. Soa gn`ataonao laha alefana mandea amy gny fomba mendrika any Zagnahary indreo, [7] satria avy amy gn`agnarana gny nengany, tsy nitondra ndre ino ndre ino avy tamy gny Jentilisa. [8] Laha zany itsika da tokony ahazo gny ôtranizany, mba ho mpiara-miasa amy gny famarignana itsika. [9] Nanoratra raha tamy gny fiangonana iao, kanefany Diotrefa, te-ho lohany amindreo, da tsy nangalaka anay. [10] Laha zany, laha tonga iao, da ho tsahiviko gn`asa zay nataony, gny fomba nizakainy gny raha matsiravigna manoitra anay miaraka amy gny zaka ratsy. tsy afa-po tamy gn`asa, da tsy nandray andreo ralahy izy. Nandrara gny raha te-hagnano ôtranizany izy sady nandrôka anazy indreo ivôka any gny fiangonana. [11] Avako tiako, ka mangala ôtrany zay ratsy fa zay tsara. Gny raika zay magnano gny tsara da any Zagnahary; zay raika magnano gny ratsy da tsy nahita any Zagnahary. [12] Gn`aby aby da gny famarignana da vavolombelogna magnambara any Demetrio. Iai avao koa da mijoro vavolombelogna, sady fantatranao fa marina gny fagnambaranay. [13] Nanagna raha marobe ho soratana aminareo iao, fa tsy magniry anoratra gn`aminareo amy gny fanoratana da gny ranomenty koa iao. [14] Kanefany iao magnategna ahita anareo tsy ho ela, sady iresaka mivantagna itsika. [15] Ho aminareo rô gny fiadagnana. Magnano veloma anao gny sakeza atiky. Veloma agny amindreo sakeza kiraidraika avy amy gn`agnarany aby.

# Revelation

Chapter 1

[1] Itiky gny fagnambarana any Jesosy Kristy zay nomeny Zagnahary anazy abôky andreo mpanompony gny raha tsy maintsy hitranga. Nampafantariny zany tamy gn'alalany gny fandefasany gn'anjeliny ho any Jaona mpanompony. [2] Jaona da nagnamarigna gny momba gny zakany Zagnahary da indreo fijoroana vavolombelogna momba any Jesosy Kristy, da gny raha aby hitany. [3] Sambatry izy ze mamaky amy gny feo ambony, da ze miteno gny zakany zany faminaniana zany, da ze mitandrigna ze vôsoratra ao aminazy, satria efa akeky gny fotôgna. [4] Jaona nande amy gny fiangonana fito tagny Asia: Ho aminareo rô gny fahasoavana da ny fiadagnana avy aminazy igny amizao, gny taloha, da gny ho avy, da avy amy gny fagnahy fito ze eo agnatrehany gny seza anjakainy, [5] da avy amy Jesosy Kristy, ze vavolombelogna marina, lahimatoa amy gny maty, sady zakabeny gny mpanjakany gny tany. Ho anazy tia atsika sady nagnafaka atsika tamy gny fahotatsika tamy gny ràny__ [6] Izy da nagnano atsika ho fanjakana, mpisorogna ho any Zagnahariny da Iabany__ ho Anazy rô gny voninahitra da gny fahefana mandrakizay doria. Amena. [7] Igny ary, avy amy gny rahogna Izy; da gny masy aby daholo

hahita Anazy, ndre da indreo nandefogna Anazy azaky. Gny firenena aby daholo amboniny gny tany hitomagny Anazy.
eka, Amena. 8 "Iao gn'Alfa da Omega," hoy gny Tompo Zagnahary, "Izy igny amizao, taloa, da gny ho avy, da izy igny
Tsitoa." (Fagnamarignana: "Iao gn'Alfa da Omega, gny nanomboana da gny ifaragnana," hoy Tompo Zagnahary. 9 Iao,
Jaona__ralahinareo sady igny raika ze nizara taminareo sady gny faharetana ao amy Jesosy Kristy__da tao amy gny nosy
atao hoe Patmo noho gny zakany Zagnahary da gny fijiroana vavolombelogna gny momba any Jesosy. 10 Iao da nitaritiny
gny Fagnahy tamy gn'androny Tompo. Naregny feo mafy ôtrany gny trompetra teo aloako iao. 11 Nagnano anizany hoe:
"Soraty ao amy gny boky ze hitanao, da alefaso agny amy gny fiangonana fito__ ho any Efesosy, smyrna, Pergamosy,
Tyatira, sardisy, Filadelfia, da Laodikia." 12 Nijery gny magnodidigna iao nikatsaka hoe feon'iza zany nizaka taminà zany,
da laha nitodika iao da nahita fagnamboaran-jiro volamena fito. 13 Sady teo ategnategnany gny fagnamboaran-jiro nisy
raika ôtrany gny Zanak'olo, nisikina lamba lava midogna amy gny tongotrany, da fehin-kibo volamena magnodidigna gny
tratrany. 14 Gny lohany da gny volony da fotsy akô gny volon'ondry__ fotsy akô gny rano mandry, sady gny masony akô gny
lelafo. 15 Gny tongotrany mangiragna akô gny varahigna, akô gny varahigna voadio teo amy gny lafaoro, sady gny feony
akô gny feona rano be mikoriagna. 16 Sady nanagna kintagna fito tegny amy tagnany ankavia Izy, sady angira roa lela
maragnitra nibôky avy teo amy gny vavany. Gny tareny da nazava akô gny masoandro laha efa milôdalôda. 17 Laha efa
nahita Anazy iao, da lavo teo amy gny tongotrany akô gn'olo maty. Nanondro anà tamy gny tagnany ankavia Izy da
nagnano hoe: "Ka mataotry. Iao gny vôloany sady farany, 18 sady igny raika ze velogna igny. Efa maty Iao, da itiky, velogna
mandrakizay! Sady Iao managna gny fanalahidiny gny fafatesana da gny Fiaignan-tsy hita 19 Laha zany soraty ze hitanao,
ze amizao, da ze hibôka afarany zao. 20 Akô gny raha mifiny momba gny kintagna fito ze hitanao tena an-tagnan-
kavanako, da gny fagnamboaran-jiro volamena fito: "Gny kintagna fito da gny anjeliny gny fiangonana fito, sady gny
fagnamboaran-jiro fito da gny fiangonana fito."

Chapter 2

1 Soraty ho any gn'anjeliny gny fiangonana ao Efesosy hoe: "Itoa gny zaka avy amy gny raika ze mitazogna gny kintagna
fito amy gny tagnan-kavanany sady mandeha eo amy gny fagnamboaran-jiro volamena fito, 2 "Lalako ze efa vitanao da
gn'asa mafianao da gny feretanao maharitra. Lalako fa tsy afaky andefitra amy gn'olon-dratsy anao. Lalako fa nitsapaina
indreo ze mizaka andreo ho apostoly, nefany tsy izy, sady hitanao ndreo io fa sandoka. 3 Lalako fa managna faharetana
anao, sady nijaly mafy avy tamy gn'agnarako, sady tsy nilavo lefogna anao. 4 Nefany manohitra anao iao satria namela
gny fitiavanao voalohany anao. 5 Tsarovy laha zany gny toerana ze nahalavo anao. Mibebaha sady magnamboara gny
raha ze nataonao voalohany. Fa laha tsy mibebaka anao, da ho avy agny aminao iao da hangala gny fagnamboan-jironao
aby amy gny fipetrahany. 6 Kanefa zao gn'ataonao: "Halanao gny raha vitan'i Nikolaita, ze halako avao koa. 7 Aoka ze
mana-tsofigna hiteno ze zakainy gny Fagnahy ho any gny fiangonana. Ho an'igny raika ze maharesy igny da omeko
alalagna hihinagna gny avy amy gny kakazony gny fiaignana, ze ao amy gny paradisany Zagnahary."" 8 Soraty ho any
gn'anjeliny gny fiangonana agny Smyrna hoe: "Itoa gny zakan'igny raika ze voaloany sady farany igny, igny raika ze efa
maty nefany velogna koa: 9 "Lalako gy fahorianao da gny fahantranao, nefany manan-karegna anao. Lalako gn'ompa ho
andreo ze mizaka gn'aignany fa Jiosy, kanefany tsy izy. Synagogan'i Satana indreo. 10 Ka mataotra gny amy ze efa
hiaretanao. Fa zao! Gny devoly da hagnatsipy gny sanany aminareo agny amy tragnomezigna mba ho tsapaina anareo,
sady hijaly mandritra gny folo andro anareo. Matokia mandra-pahafaty, ka omeko anareo gny satro-boninaitry gny
fiaignana. 11 Ze managna sofigna da tokony hiteno ze zakainy gny Fagnahy ho any gny fiangonana. Igny raika ze maharesy
igny da tsy ho simbainy gny fahafatesana faharoy."" 12 Soraty ho any gn'anjeliny gny fiangonana agny Pergamosy hoe:
"Itoa gny tenenin'igny raika ze managna antsy lava roa lela: 13 "Lalako ze misy anao, da ao amy gny hipetrahany gny seza
fiandriagnan'i Satana. Sady amizao mitagna mafy gn'agnarako anao. Lalako fa tsy nanda gny finoanao gny tamina anao,
ndre da tamy gn'andron'i Antipasy vavolombelognako azaky, ze nahatoky Anà, ze nivonoina teo aminareo, tao amy gny
fipetrahan'i Satana. 14 Fa managna zaka kely aminao Iao: "Misy sanany aminareo mitagna mafy gny fampianarany
Balama, ze nampianatra an'i Balaka hametraka fanafitntohignana eo aloany gny zanak'Israely, mba hihinanandreo gny
sakafo nambôrina sorona ho any gny aody sady ho fijangajangana. 15 Akô zany koa, misy sanany aminareo ze mitagna
mafy gny fampianarandreo Nikolaita. 16 Mibebaha, laha zany! Fa laha tsy zany, da ho tonga malaky agny aminareo Iao,
sady hifagnandrigna amindreo iao miaraka amy gn`antsy lava gny vavako. 17 Ze managna sofigna hiteno ze zakainy gny
Fagnahy ho andreo fiangonana. Ho andreo ze maharesy, omeko gny sanany amindreo mana mifiny, sady omeko vato
fotsy miaraka amy gn`agnarambaovao voasoratra eo amy gny vato, agnarana ze tsy lalan'olo afa-tsy ze mandray anazy
avao."" 18 Soraty ho any gn'anjeliny gny fiangonana ao Tyatira hoe: 'Itoa aby gny zakany Zanaky Zagnahary, ze managna
maso akô gny lelafo sady tongotra akô gny varaigna mangilatry: 19 "Lalako ze vitanao: Gny fitiavanao da gny finoanao da
gny fanompoanao da gny faharetanao. Lalako fa ze vitanao farany da maro noho ze vitanao voalohany. 20 Kanefany zao
gny hanoherako anao: Leferinao igny viavy Zezebela igny, ze miantso gny tegnany ho mpaminagny vavy. Amy gn'alalany
gny fampianarany da mamitaka gny mpanompoko izy mba hijangajanga sady hihinagna anigna atao sorogna ho any gny
aody. 21 Nagnome fotoagna mba hibebahany Iao, kanefany tsy mety hibebaka gny amy fijangajangany izy. 22 Fa zao!
Ataoko marary eo ambony fandrina izy, sady indreo ze mijangajanga miaraka aminazy da hampanaintaignako mafy, laha
tsy mibebaka amy gn'asa ratsin'igny viavy igny indreo. 23 Ho vonoiko ho faty gny zanakany, da gny fiangonana aby da
hafantatra fa Iao gny mahita gny fieritreretana da gny fihetsem-po. Omeko araky gn'asanareo kiraidraika aby anareo. 24

Fa gny aminareo ze sisa ao Tyatira, ze aby daholo tsy mitagna zao fampianara zao, sady tsy mafantatra ze agnatsovany gny sanany hoe sain-dalign'i Satana__ Zao gny zakaiko aminareo hoe: "Tsy vesariko entagna hafa anareo." [25] Ndre zany saky, tsy maintsy mitazogna mafy gny finoanareo anareo mandra-peviako. [26] Igny raika ze maharesy sady ze magnano ze efa vitako atramy gny farany, da omeko anazy gny fahefana amy gny firenena aby. [27] 'Hanapaka eo amindreo miaraka amy gny tehim-by izy, akô gny fanorotorona vilagny tagny gny hagnapoteina andreo.' [28] Otrany gny nandraisako avy amin'Iabako, gny agnomezako anazy kintagna maraigna avao koa. [29] Aleo igny raika ze managna sofigna igny hiteno ze zakainy gny Fagnahy ho any gny fiangonana.""'

Chapter 3

[1] Soraty ho any gn'anjeliny gny fiangonana agny Sardisy hoe: 'Iao gny zakan'igny mitagna gny Fagnahy fitony Zagnahary da gny kintagna fito. "Lalako gny raha nataonao. Malaza ho velogna anao, nefany anao maty. [2] Mitroafa sady hantajay zay sisa, fa efa ho faty, satria tsy hitako tanteraky gn'asanao eo imasony Zagnahary. [3] Tadidio, laha zany, zay nalainareo ary regninareo. Ekeo zany, sady mibebaha. Fa laha tsy mifoha anareo, da ho avy akô gnympangalatra Iao, sady tsy ho lalanareo gny lera hiaviako aminareo. [4] Fa misy agnaran'olo vitsivitsy agny Sardisy zay tsy nandoto gny akanjondreo. Handeha hiaraka aminA indreo, misikina lamba fotsy, satria magneva. [5] Igny raika zay maharesy igny da ho ampisikinina lamba fotsy, sady tsy hamafa gny agnarany ao amy gny Bokiny gny Fiaignana mihintsy Iao, sady hizaka gn'agnarany eo agnatrehan'ny Iabako, da eo agnatrehandreo anjeliny. [6] Zay managna sofigna hiteno zay zakainy gny Fagnahy amy gny fiangonana."" [7] "Soraty ho any gn'anjeliny gny fiangonana agny Filadelfia hoe: 'Iao gny zakan'igny raika zay masina sady marina_ izy gny mitazogna gny fanalahidin'i Davida, izy gny mamoha sady tsy misy ndre ia ndre ia magnidy, izy gny magnidy sady tsy misy ndre ia ndre ia afaka mamoha. [8] "Lalako zay vitanareo. Zao ary, nametrahako varavaragna mivoha eo aloanareo zay tsy afaka ahidin'ia ndre ia. Lalako fa managna hery kidika anareo, ka nankAto gny zakako sady tsy nandà gn'agnarako. [9] Zao ary! Gny raha zay any synagogany gny Satana, zay magnambara fa Jiosy indreo nefa tsy izy avao; fa mivandy koza indreo. Hataoko tonga ka hiondrika eo amy tongotranao indreo, sady ho avy indreo mba hahafantatra fa nitia anao Iao. [10] Satria efa nitandrigna gny didiko tamy gny faharetana anareo, da hiaro anareo amy gn'andro fitsapana zay efa ho avy amy zao tontolo zao avao koa Iao, mba hitsapa andreo zay miaigna eo amboniny gny tany. [11] Ho avy tsy ho ela Iao. Tano mafy zay anagnanao mba tsisy afaka hangala gny satro-boninahitranao. [12] Ataoko andry eo amy gny tempoliny Zagnahariko zay mandresy, sady tsy hiala eo mintsy izy. Ho soratako eo amy gn'agnarany Zagnahariko (i Jerosalema vaovao, zay midigna avy agny an-dagnitra avy amy gny Zagnahariko), da gn'agnarako vaovao. [13] Aleo zay managna sofigna hiteno zay zakainy gny Fagnahy amy gny fiangonana.""' [14] "Soraty ho any gn'anjeliny fiangonana agny Laodikia hoe: "Iao gny zakany Amena, igny vavolombelogna mahatoky sady marina, igny mpanapaka gny raha namboariny Zagnahary. [15] "Lalako zay nataonareo, sady tsy mangatseky na mafana anareo. Magniry Iao mba ho mangatseky na mafana anareo! [16] Laha zany, satria anareo matimaty_ sady tsy mafana gny tsy mangatseky_da efa halôkany gny vavako anareo. [17] Fa hoyanareo hoe: 'Manan-karegna iao, nanagna fitaovna maro, ka tsy mila ndre ino ndre ino.' Saingy tsy lalanareo fa anareo gny tena ory, mampalahelo, mahamtra, jamba sady miboridagna. [18] Tenoy gny torohevitro: Mividiana volamena voadio tamy gn'afo aminA mba ho tonga mpanan-karegna anareo, sady akanjo fotsy manjopika mba ho afaka mampisikina gny tegnanareo anareo ka tsy hagnabôky gny hegnatra gny fitanjahanareo, sady hagnosotra gny masonareo mba hahiratanareo. [19] Ampiofagniko gny kiraidraika avy zay tiako, sady hampianariko andreo gny fomba tokony hiaignandreo. Laha zany, mazotoa sady mibebaha. [20] Zao ary, mijoro eto amy gny varangaragna Iao sady mandondogna. Laha misy maregny gny feoko ka mamoha gny varangaragna, da ho avy ao an-dragnony Iao ka hihinagna miaraka aminazy, sady izy miaraka aminà. [21] Igny raika zay mandresy igny, omena anazy gny zo hipetraka miaraka aminà eo amy gny seza fiandrianako, akô gny nandreseko koa ka nipetrahako niaraka tamy Iabako teo amy gny seza fiandrianany. [22] Aleo zay managna sofigna hihaino zay zakainy gny Fagnahy amindreo fiangonana.""'

Chapter 4

[1] Tafarany zany raha zany da nijery iao, sady nahita varangaragna raika nisokatra zaka amy gny lagnitra. Gny feo voaloahany zay regniko da niresaka taminà akô gny trompetra, nagnano hoe: "Miaraka etiky, sady ho abôkiko anao zay tsy maintsy hibôka afarany gny raha zany aby." [2] Nisy fotoagna iao voatarika gny Fagnahy, sady nahita fa nisy seza fiandrianana nidoboaka tegny amy gny lagnitra, nisy olo nidoboaka teo amboniny zany. [3] Igny raika zay nidoboaka teo amboniny da magneva akô gny jaspa da karneola. Nisy avagna nagnodidigna gny seza fiandrianana. Gn'avagna da magneva akô gn'emeraoda. [4] Nisy seza fiandrianana efatra amby roapolo nagnodidigna gny seza fiandrianana, sady loholo efatra amby roapolo gny nipetraka teo ambonindreo seza fiandrianana, nisikina fotsy, niaraka tamy gny satroka voninahitra volamena tegny amy gny lohandreo. [5] Avy tamy gny seza fiandrianana gny nisy tsela-pahazavana, kotroka, sady kotro-baratra. Nisy jiro fito nirehitra teo aloahany gny seza fiandrianana, jiro zay fagnahy fitony Zagnahary. [6] Teo aloamy gy seza fiandrianana da nisy ranomasy fitaratra, akô gny kristaly. Gny raha managn'aigna efatra da teo ategnategnany seza fiandrianana sady nagnodidigna anizany, feno maso, teo aloany sady tao an-damosignany. [7] Gny raha managn'aigna voalohany da akô gny liona, gny raha managn'aigna faharoy akô gny zanak'omby, gny raha managn'aigna fahatelo da mendrika olo, sady gny raha managn'aigna faha efatra akô gny voro-mahery magnidigna. [8] Gny raha managn'aigna efatra da samy managna elatra enina aby, feno maso gn'ambony da gn'ambany. Andro da aligna indreo da


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

tsy matsahatra mizaka hoe: "Masina, masina, masina gny Tompo Zagnahary Tsitoha zay nisy, da gny misy, sady mbola ho
avy." 9 Ndre oviana ndre oviana gny raha managn'aigna da hagnome voninahitra, laza, sady fisaorana any gny raika zay
mipetraka eo amy gny seza fiandrianana, gny raika zay velogna mandrakizay doria, 10 gny loholo efatra amby roapolo da
nampiakohoka gny tegnandreo eo aloany gny raika zay mipetraka eo amy gny seza fiandrianana. Miankohoka eo amy
gny raika zay velogna mandrakizay doria indreo, sady nagantsipy gny satroka voninahitrandreo teo aloany gny seza
fiandraianana, mizaka hoe: 11 "Magneva anao, Tomponay sady Zagnaharinay, hangnala gny voninahita da gny laza sady
gny hery. Fa Anao gny namorogna gny raha aby, sady avy tamy gny sitraponao, da nisy andreo da nohariana."

Chapter 5

1 Sady nahita gny tagnan-kavagnany gny raika zay nipetraka teo amy gny seza fiandrianana iao, horognan-taratasy
voasoratra eo aloa sady afara. Sady nifezina tamy gny tombo-kase fito zany. 2 Nahita anjely mahery nagnambara tamy
gny feo mafy iao, nizaka hoe: "Ia gny mendrika gny hanokatra gny horognan-taratasy sady hamoha gny tombo-kaseny
zany?" 3 Tsy misy olo avy an-dagnitra ndre eto amy tany ndre amboniny gny tany ka afaka hanokatra gny horognan-
taratasy ndre hamaky anzany. 4 Nitomagny mafy iao__ satria tsy nisy olo hita mendrika gny hanokatra gny horognan-
taratasy ndre hamaky anizany. 5 Kanefany raika tamindreo loholo nizaka taminA hoe: "Ka mitomagny. Zao ary! Gny
lionany gny fokon'i Joda, gny solofon'i Davida, da nandresy. Afaka gny hanokatra gny horognan-taratasy da gny tombo-
kase fito izy. 6 Nahita Zanak'ondry mitsangana eo agnelagnelagnany gny seza fiandrianana da gny raha managn'aigna
efatra sady eo ategnategnany loholo iao. Akô gny hoe olo nivonoina izy. Nanagna tandroka fito sady maso fito izy; indreo
gny fagnahy fitony Zagnahary nalefa eraky gny tany. 7 Nandeha izy sady nangala gny horognan-taratasy tegny amy gny
tagnan-kavagnany gny raika zay nipetraka teo amy gny seza fiandrianana. 8 Laha efa nalainy gny Zanak'ondry gny
horonan-taratasy, gny raha managn'aigna efatra da gny loholo efatra amby roapolo da nampiakohoka gny tegnandreo teo
aloany. Samby nanagna lokanga da lovia volamena feno emboka magnitra avy gny kiraidraiky tamindreo, zay vavaka
gny mpino. 9 Nihira hira vaovao indreo: "Magneva gny angalaka any gny horognan-taratasy anao da hanokatra gny
tombo-kaseny zany. Fa anao da novonoina, da tamy gny rànao gny nividianana andreo olony Zagnahary avy tamy gny
foko, fizaka, olo, da firenena aby daholo. 10 Nataonao fanjakana da mpisorogna indreo mba hanompo any Zagnahary, sady
hanjaka eo amy tany." 11 Avy eo iao da nahita da naregny feon'anjely maro nagnodidigna gny seza fiandrianana da gny
raha managn'aigna da gny loholo. Gny fitambarandreo io da amagn'aligna aligna. 12 Nizaka tamy gny feo mafy indreo hoe:
"Magneva zalay gny Zanak'ondry zay novonoina mba hahazo fahefana, haregna, fahendrena, hery, laza, voninahitra, da
dera." 13 Naregny gny raha voaforogna aby daholo zay tagny an-dagnitra da teto amy tany sady an-dranomasina iao__gny
raha aby daholo tao agnatindreo__nizaka hoe: "Ho any gny raika zay midoboka eo amy gny seza fiandriagnana da ho any
gny Zanak'ondry, rô gny dera, gny laza, gny voninahitra, da gny fahefana handidy, mandrakizay doria." 14 Gny raha
managn'aigna efatra, nizaka hoe: "Amena!" Da indreo loholo niankohoka sady nivavaka. [Fagnamarihana: Gny sasany
amy gny dikan-teny taloha da mivaky hoe: "Indreo loholo roa amby efapolo da niankoahoka sady nanompo any gny raika
zay velogna mandrakizay doria."]

Chapter 6

1 Laha efa nanokatra gny raika tamindreo tombokase fito gny Zanak'ondry da nijery iao, sady naregny gny raika tamy gny
raha managn'aigna efatra tamy gny feo akô gny kotroka iao nizaka hoe: "Avia!" 2 Nijery iao sady nisy soavaly fotsy teo.
Gny mpitaingina zany da nitazogna tsipika, sady nomena satro-boninahitra izy. Nivoaka akô gny mpandresy izy mba
handresy. 3 Laha efa nanokatra gny tombokase faharoa gny Zanak'ondry, da naregny gny raha managn'aigna faharoa iao
nizaka hoe: "Avia!" 4 Da nisy soavaly hafa nivoaka__miehitra mena. Gny mpitaingina zany gny nomena alalagna hangala
gny fiadagnana amy gny tany, mba hifamono gny olony. Io mpitaingina io da nomena angira zakabe. 5 Laha efa nanokatra
tombokase fahatelo gny Zanak'ondry, da naregny gny raha managn'aigna fahatelo iao nizaka hoe: "Avia!" Nahita soavaly
mainty iao, sady gny mpintaingina zany da nitàgna mizAna tegny amy tagnany. 6 Naregny akô gny feo tamy gny raha
managn'aigna efatra iao nizaka hoe: "Gny vary erany gny fatram-bary ho any denaria raika, sady gny hordea in-telony
gny fatram-bary ho any gny denaria raika. Fa aza manimba gny menaka da gny divay." 7 Laha efa nanokatra gny
tombokase faha efatra gny Zanak'ondry, da naregny gny feony gny raha managn'aigna faha efatra iao nizaka hoe: "Avia!" 8
Da nahita soavaly hatsatra iao. Gny mpitaingina anizany da natsovana hoe Fahafatesana, sady gn Fasagna da nagnaraka
anazy. Nomena fahefana amy gny ampaha-efatry gny tany indreo, mba hamono amy gny antsilava, hanoanagna da
aretigna, sady amy gny bibidiany gny tany. 9 Laha efa nanokatra gny tombokase fahadimy gny Zanak'ondry, da hitako tao
ambany alitara gny fagnahindreo zay novonoina noho gny zakany Zagnahary da gny fijoroana vavolombelogna zay
notànandreo. 10 Naresaka tamy gny feo mafy indreo hoe: "Mandra-pahoviana, oh! Mpanapaka amboniny gn'aby daholo,
masina sady marina, gny hitsaranao indreo zay miaigna eto amy tany, sady hamalianao faty gny rànay?" 11 Da nomena
akanjolava gny kiraidraika avy tamindreo, sady noteninina indreo fa tokony hiandry kelikely mandra-pahazoana gny isa
fenondreo mpiara-manompondreo da ireo rahalahy da anabavindreo zay tokony hovonoina indreo, akô gny namonoana
andreo. 12 Laha efa nanokatra gny tombokase fahenina gny Zanak'ondry, da nijery iao sady nisy horohoron-tany zakabe.
Lasa mainty akô gny lamba fisaognana gny masoandro, sady gny volagna fenomanana da lasa akô gny rà. 13 Gny kintagna
tegny amy gny lagnitra da nianjera tety amy tany, akô gny aviavy magnntsagna gny voany manta laha efa ahetsika gny


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

rivotra mahery. [14] Gny lagnitra da nanjavogna akô gny horognan-taratasy zay naorongorona. Gny tendrombohitra da gny nosy aby daholo da nalaina teo amy gny misy anazy. [15] Avy eo indreo mpanjakany gny tany da gn'olo manan-danja, da indreo jeneraly, gny mpanakaregna, gny mahery, sady gny hafa aby daholo, andevo sady afaky, nifiny tao agnatiny gny lava-bato da tamindreo vatolampiny gny tendrombohitra. [16] Nizaka tamy gny tendrombohitra sady tamy gny vatolampy indreo hoe: "Milavoa aminay! Afeno amy gny vatagnany gny raika zay midoboka eo amy gny seza fiandrianana da amy gny fahatezerany gny Zanak'ondry iay. [17] Fa tonga gn'andro zakabeny gny fahafatesandreo. Ia gny hahavita hiharitra?"

Chapter 7

[1] Tafarany zany da nahita anjely efatra nitsangana teo amy gny zoro tany efatra iao, nanohitra mafy gny rivotrra efatra gny tany, mba tsy hisy rivotra hitsoka amy gny tany, amy gny ranomasigna, na hifanohitra amy gny hazo aby daholo. [2] Nahita anjely hafa iao niakatra avy tagny antsignanagna, zay nanagna gny tombokaseny Zagnahary velogna. Naresaka tamy gny feo mafy tamy gn'anjely efatra zay nahazo alalagna hanimba gny tany da gny ranomasy izy hoe: [3] "Aza simbana gny tany, gny ranomasy, na gny hazo mandra-panisintsika gny tombokase eo amy gny handrindreo mpanompony Zagnaharintsika." [4] Naregny gny isan-dreo zay voatombokase iao: 144, 000, gny voatombokase avy tamy gny fokony gn'olon'israely aby daholo: [5] Roa arivo da ray aligna gny voatombokase avy tamy gny fokon'i Joda, roy arivo da ray aligna avy tamy gny fokon'i Robena, roa arivo da ray aligna avy tamy gny fokon'i Gada, [6] roy arivo da ray aligna avy tamy gny fokon'i Asera, roy arivo da ray aligna avy tamy gny fokon'i Naftaly, roy arivo da ray aligna avy tamy gny fokon'i Manase. [7] roy arivo da ray aligna avy tamy gny fokon'i Simeona, roy arivo da ray aligna avy tamy gny fokon'i Levy, roy arivo da ray aligna avy tamy gny fokon'i Isakara, [8] roy arivo da ray aligna avy tamy gny fokon'i Zebolona, roy arivo da ray aligna avy tamy gny fokon'i Josefa, sady roy arivo da ray aligna avy tamy gny fokok'i Benjamina gny voatombokase. [9] Tafarany gny raha aby io da nijery iao, da nisy olo maro be zay tsy hay isaina__avy tamy gny firenena, foko, olo, sady fizaka aby daholo__nitsangana teo alohany gny seza fiandrianana da gny teo anoloany gny Zanak'ondry. Nagnano akanjo lava fotsy da mitagna sampan-drofia tegny amy gny tagnandreo, [10] sady nagnentso mafy tamy gny feo mahery indreo nagnano hoe: "Gny famonjena da any Zagnaharitsika zay mipetraka eo amboniny gny seza fiandrianana, da any gny Zanak'ondry!" [11] Gn'anjely aby daholo nitsangana magnodidigna gny seza fiandrianana sady magnodidigna gny loholona da gny raha managn'aigna eftara, da indreo da nampiankohoka gny vatagnandreo teo aloany gny seza fiandrianana. Nivavaka tamy Zagnahary indreo [12] nagnano hoe: "Amena! Dera, voninahitra, fahendrena, fisaorana, fahefana, da gny hery rô ho any Zagnaharintsika mandrakizay doria! Amena!" [13] Avy eo gny raika tamy gny loholo nagnontany anà hoe: "Indreo, mitafy akanjolava fotsy, sady avy aia indreo?" [14] Hoy iao taminazy: "Tompoko, Anao mahafantatra," sady hoy izy taminà: "Io gny hivoaka avy amy gny Fahoriana Zakabe. Nisasaindreo gny akanjolavany sady nifotsiana tamy gny ràny gny Zanak'ondry. [15] Laha zany antony zany, da eo aloany gny seza fiandrianany Zagnahary indreo, da mivavaka amy gn'andro amagn'aligna ao amy gny tempoliny. Gny raika zay nipetraka teo amy gny seza fiandrianana da hamelatra gny lainy amindreo. [16] Tsy ho masaregna koa indreo, ndre hangetaheta koa. Tsy hamely anazy gny masoandro, ndre gny hafanana mandoro. [17] Fa gny Zanak'ondry eo ategnategnany gny seza fiandrianana gny ho mpiandry andreo da hitari-dalagna andreo agny amy gny loharanony gny rano velogna, sady hofafainy Zagnahary gny ranomaso aby daholo amy gny masondreo."

Chapter 8

[1] Laha efa nivahain'igny Zanak'ondry igny gny tombokase fahafito, da nisy fahanginana tagny an-danitra teo amy gny antsasaka ora teo. [2] Avy eo da hitako gn'anjely fito zay nitsangana teo aloany Zagnahary, sady nomena trompetra fito indreo. [3] Nisy anjely hafa tonga, nitagna lovia volamena fandorana ditin-kazo magnitra, nitsangna teo amboniny gny alitara. Ditin-kazo magnitra maro gny nomena anazy mba hagnomezana anizany miaraka amy gny vavaka gny mpino aby daholo eo amboniny gn'alitara volamena fandoroana ditin-kazo magnitra eo aloany gny sezam-boninahitra. [4] Gny setrokany gny ditin-kazo magnitra, miaraka amy gny vavakandreo mpino, da niakatra teo aloany Zagnahary avy amy gny tagnany gn'anjely. [5] Nangala gny lovia fandorana ditin-kazo nagnitra gn'anjely sady nameno anizany tamy gn'afo avy eo amy gny alitara. Avy eo antsipiny tamy gny tany zany, sady nisy kotro-baratra, kotroka, tselatra, sady horohoron-tany. [6] Gn'anjely fito zay nanagna gny trompetra fito niomagna hitsoka anizany. [7] Nitsoka gny trompetrany gn'anjely voalohany, sady nisy havandra da afo mifangaro rà. Natsipy tety an-tany zany mba ho may gn'ampahatelony zany, may gn'ampahatelony gny hazo, sady may avokoa gny ahi-maitso. (Fagnamarihana: Gny sasany amy gny dikan-teny taloha da mangala gny hoe: "mba ho may gny ampahatelony zany.") [8] Nilefa gny trompetrany gny anjely faroy, ary nisy raha ohatra gny tendrobohitra zakabe nirehitr'afo natsipy tagny an-dranomasina. Nanjary rà gny ampatelon'gny ranomasina, [9] maty gny ampatelon'gny raha-managn'aigna tao an-dranomasina, ary rava gny ampatelon'gny sambo. [10] Nitsoka gny trompetrany gny anjely fatelo, ary nisy kintagna zakabe nilatsaka avy agny an-dagnitra, mirehitry ohatra gny fanilo, tamy gny ampatelon'gny ony sy renirano. [11] Raha-mangidy no agnaran'gny kintagna. Lasa nangidy gny ampatelon'gny rano, ary olo maro no maty tamy gny rano ze lasa nangidy. [12] Nitsoka gny trompetrany gny anjely fa-efatra, ary niova gny ampatelon'gny masoandro, ohatra gny ampatelon'gny volagna sy gny ampatelon'gny kintagna. Avy amizany da lasa menty gny ampatelondreo; tsy nisy hazavana gny ampatelon'gny andro sy guy ampatelon'gny aligna. [13] Nijery iaho, ary naregny voro-mahery ze nagnidigna tegny ategnategnan'gny lagnitra, nagnentso tamy gny feo mafy hoe: "Loza, loza, loza, ho an'gny ze mipetraka egny amy gny tany, nohon'gny feona trompetra sisa ze efa ho tsofin'gny anjely telo."


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

Chapter 9

[1] Nampagneno gny trompetrany gny anjely fadimy. Nahita kintagna avy agny an-dagnitra iaho ze nilatsaka tegny amy gny tany. Gny kintagna no nomena gny fagnalahidin'gny lavaka tsy hita noanoa. [2] Nivohainy gny lavaka tsy hita noanoa, ary niakatra gny setroka nivôky tao amy gny lavaka ohatra gny setroka avy amy gny lafaoro zakabe. Niova maloka gny masoandro sy gny rivotra nohon'gny setroka nivôky tao an-davaka. [3] Avy amy gny setroka no natongavan'gny valala teto ambonin'gny tany, ary nomena hery ohatra gny an'gny maingoka teto ambonin'gny tany indreo. [4] Nizakaina indreo tsy hanimba gny ahitry teto ambonin'gny tany na gny raha-maniry mentso na hazo, ka gny olo ze tsy managna tombo-kasen'i Zagnahary eo amy gny handrinindreo avao. [5] Tsy nahazo alalagna gny hamono gny olo indreo reo, fa hampijaly andreo mandritry gny dimy volagna avao. Gny fanantaignan'indreo da ho toy gny tsidron'gny maingoka laha mamely olo. [6] Amy gny andro reo da hitady fafatesana gny olo, fa tsy hahita zany. Hagniry gny ho faty mafy indreo, nefa nilefa andreo gny fafatesana. [7] Akôran'gny sôvaly nomagnina tamy gny ady gny valala. Tamy gny lohandreo da nisy raha ohatra gny satro-boninahitry volamena, ary gny tavandreo da ohatra gny tavan'olombalogna. [8] Nanagna volo ohatra gny volom-biavy indreo, ary gny nifindreo da ohatra gny nifin'gny liona. [9] Nanagna fiarovan-tratra ohatra gny fiarovan-tratra vy indreo, ary gny feon'gny elatindreo da ohatra gny feon'gny kalesy sy sôvaly maro mezakazaky ho agny amy gny ady. [10] Nanagna rambo nisy fagnindromana ohatra gny maingoka indreo; ao amy gny rambondreo no misy gny hery hanimba gny olo mandritry gny dimy volagna. [11] Nanagna mpanjaka indreo da gny anjelin'gny lavaka tsy hita noanoa. Gny agnarany tamy gny zaka Hebreo da Abadona, ary gny agnarany tamy gny grika da i Apolyona. [12] Lasa gny loza vôloany. Igny! Aorigna da mbola hisy loza roy ho avy. [13] Nampagneno gny trompetrany gny anjely fahenina, ary naregny gny feo nivôka tamy gny tandroky gny alitara volamena ze efa nisy teo agnatrehan'i Zagnahary iaho. [14] Ary nizaka tamy gny anjely faenina gny feo tamy gny anjely fahenina gny feo magnano hoe: "Avosory gny anjely efatra gny mifehy agny amy gny ranirano zakaben'gny Eofrata." [15] Gny anjely efatra ze efa nomanigna tamizany lera zany, zany andro zany, zany volagna zany, ary zany taogna zany, da nalefy mba hamono gny ampatelon'gny olombelogna. [16] Gny isan'gny miaramila nitengin-tsôvaly da 200, 000, 000. Naregny gny isa reo iaho. [17] Ohatra zany no fomba nahitako gny sôvaly tao amy gny fahitako sy gny ze nitengina tao amindreo: Gny ferovan-tratrandreo da miretry mena, manga antitra ary solifara mavo. Mitovy tamy gny lohan'gny liona gny lohan'gny sôvaly, ary gny nivôky avy tao am-bavandreo da afo, setroka, ary solifara. [18] Ary gny ampatelon'gny olo da matin'gny loza telo: gny afo, gny setroka, ary gny solifara ze nivôky avy tao am-bavandreo. [19] Ka gny herin'gny sôvaly da avy tao amy gny vavandreo sy tamy gny rambondreo__ka gny rambondreo da ohatra gny bibilava, ary nanagna loha ze afaka mandratra olo indreo. [20] Gny ambin'gny olombelogna, gny ze tsy matin'gny loza, da tsy nibebaka tamy gny asa ze vitandreo, na nijanogna nanompo gny demony sy sampy volamena, volafotsy, varahigna, vato, ary hazo__gny raha ze tsy hita maso, regny, na mandeha. [21] Indreo da mbola tsy nibebaka tamy gny asa famonona, gny famosavindreo, gny fijangajangana na gny asa fangalarandreo.

Chapter 10

[1] Avy teo iaho da nahita anjely mahery hafa nidigna avy agny an-dagnitra. Tao agnaty rahogna izy, ary nisy avagna teo ambonin'gny lohany. Gny tarehiny fa mendrika masoandro ary tongony da mitovy gny andry afo. [2] Mitazogna horon-taratasy kely mivelatra amy gny tagnany izy, ary mametraka gny tongony havanagna amy gny ranomasina sy gny tongony havia amy gny tany. [3] Avy teo izy da nitoreo tamy gny feo mafy ohatra gny fitreron'gny liogna. La nitoreo izy, da niketrogna mafy tamy gny feony gny kotroka fito. [4] Laha nikotroka gny kotroka fito, da teo andalam-panoratana iaho, ka naregny feo avy agny an-dagnitra iaho nizaka hoe: "Tano ho tsembaratelo ze nizakain'gny kotroka fito. Aza soratana zany." [5] Avy teo gny anjely hitako nitsangana teo ambony ranomasina sy teo amy gny tany, nanandratra gny tagnany havanana tagny an-dagnitra. [6] Izy nianiana tamy gny raiky ze velogna mandrakizay doria, ze namorogna gny lagnitra sy ze aby ao agnatiny zany, gny tany sy ze aby ao agnatiny zany, ary gny ranomaso sy ze aby ao agnatiny zany, ary gny anjely nizaka hoe: "Tsy hisy fendrasana koa. [7] Ka amy gny andro raiky laha hampagneno gny trompetrany gny anjely fafito, da ho tanteraka gny misterin'i Zagnahary, ohatra gny hagnambarany tamindreo mpaminagny mpanompony." [8] Gny feo ze regniko avy agny an-dagnitra nizaka taminà indraiky hoe: "Mandana, alay gny horon-taratasy mivelatry ze egny an-tanan'gny anjely mitsangana eo ambony ranomasina sy ambonin'gny tany." [9] Avy teo da lasa nandeha tagny amy gny anjely iaho ary nizaka taminazy mba hagnome anà gny horon-taratasy kely. Hoy izy taminà: "Reso gny horon-taratasy ary hohano zany. Hampangidy gny ao an-kibonao zany, fa ao am-bavanao da ho mamy ohatra gny tantely zany." [10] Nalaiko tamy gny tagnan'gny anjely gny horon-taratasy kely ary nihoaniko zany. Mamy ohatra gny tantely tao am-bavako zany, ka tafaran'gny ninanako anazy, da lasa nangidy gny tao an-kiboko. [11] Avy teo nisy olo raiky nizaka taminà hoe: "Tsy mentsy maminagny indraiky anao momban'gny olo maro, gny firenena, gny fizaka, ary gny mpanjaka."

Chapter 11

[1] Nomena volotara mba ampesana ohatra gny tegna iaho. Nizakaina taminà hoe: "Mitsangana ary refeso gny tempolin'i Zagnahary sy gny alitara, ary gny ze mivavaka ao. [2] Ka aza refesina gny Kianja eo ivelan'gny tempoly, ka nomena an'gny Jentilisa zany. Hagnitsaka gny tanàgna masigna mandritry gny roy amby efapolo volagna indreo. [3] Homeko gny vavolombeloko roy gny fahefana haminagny mandritry gny 1, 260 andro, nitafy lamba fisaognana." [4] Gny


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

vavolombelogna da hazon'oliva roy sy gny fitoeran-jiro roy ze Mitsangana teo agnatrehan'gny Aba-ragnandrian'gny tany. [5]
La misy olo misafidy afo gny vavandreo ka hihinagna gny favalondreo. Na iza na iza magniry gny handrava andreo da
tsy mentsy hovonona amy gny zany fomba zany. [6] Gny vavolombelogna da nanagna fahefana hagnidy gny lagnitra mba
tsy hilatsan'gny oragna mandritry gny andro haminanindreo. Manam-pahefana indreo hagnoba gny rano ho rà sy
hamely gny tany amy gny karazana loza aby na ovina na ovina irindreo. [7] La ho vita gny fijorondreo vavolombelogna, da
niakatra avy agny agnaty lavaka tsy hita noanoa gny bibidia hiady hanohitra andreo. Handresy andreo Izy ary hamono
andreo. [8] Hijitry egny amy gny lalan'gny tanàgna zakabe gny fatindreo (ze antsovana avao koa hoe Sodoma sy Egypta) ze
namatsina gny Aba-ragnandriandreo. [9] Hijery gny fatindreo mandritry gny telo andro sy tapany gny olo, gny foko, fizaka,
ary gny firenena aby. Tsy ho apetrandreo ao am-pasagna ireo. [10] Gny ze miaigna ao ambonin'gny tany da hifaly amindreo
ary hankalaza. Hifandefa fagnomezana mintsy aza indreo satria nampijaly gny ze miaigna ambonin'gny tany gny
mpaminagny roy. [11] Ka afaka telo andro sy tapany da hiditra ao amindreo gny fofon'aigna avy amy gn'i Zagnahary, ary
hitsangana amy tongony indreo. Hilatsaka amindreo ze mahita andreo gny tahotra zakabe. [12] Avy teo da naregny feo
mahery avy agny an-dagnitra indreo mizaka andreo hoe: "Mekara eto!" Avy teo da hiakatra ho agny an-dagnitra ao
agnaty rahogna indreo, la mbola mijery tany gny favalondreo. [13] Amy zany lera zany da hisy horohoron-tany mafy, ary
hirodagna gny ampafolon'gny tanàgna. Fito arivo gny olo ho faty amy gny horohoron-tany, ary ho raiki-tahotra gny olo
sisa tsy maty ary hagnome voninahitra an'i Zagnahary gny lagnitra. [14] Lasa gny loza faroy. Igny! Avy malaky gny loza
fatelo. [15] Avy teo da nampagneno gny trompetrany gny anjely fafito, ary nisy feo mafy nizaka tagny an-dagnitra nagnano
hoe: "Ho lasa fanjakan'gny Aba-ragnandriantsika sy gny Kristiny gny fanjakan'zao tontolo zao. Izy no hanjaka
mandrakizay doria." [16] Avy teo gny lohologna efatra ambin'gny roapolo ze nipetraka teo amy gny seza fendriagnandreo
teo agnatehan'i Zagnahary da nampiankohoka gny tegnandreo. Nankalaza an'i Zagnahary indreo. [17] Hoy indreo:
"Magnome fisaorana Anao iahy, ô Aba-ragnandria Zagnahary Tsitoha, gny amy zao andro zao sy taloha, satria nangala
gny herinao zakabe enao ary nanomboka nanjaka. (Fagnamariana: Gny sasany amindreo dikan-teny taloha da mivaky
hoe: Gny mpanapaka gny aby, gny amy zao andro zao sy taloha, ary gny ho avy, ka gny dikan-teny amizao fotôgna tsy
ohatra zany.) [18] Vignitra mafy gny firenana, nefa avy gny fatezeranao. Avy gny fotôgna hitsaragna gny maty sy hamelinao
soa gny mpaminagny mpanomponao, gny ze mpino, sy gny ze natahotra gny agnaranao, na gny tsy manan-danja na gny
mahery. Avy gny fotôgna handringananao gny manimba gny tany." [19] Avy teo nisokatra gny tempolin'i Zagnahary tagny
an-dagnitra ary hita gny fiaran'gny fanekeny ao agnatin'gny tempoliny. Nisy tsela-pazavana, kotroka, kotrokoragna,
horohorontany, ary havandra vaventy tao.

Chapter 12

[1] Famataragna zakabe no hita tagny an-dagnitra: viavy nitafy gny masoandro, ary gny volagna teo ambanin'gny tongony,
ary satro-boninahitry vita tamy gny kintagna roy ambin'gny folo no teo amy gny lohany. [2] Bevoky izy, ary nitoreo mafy fa
efa ho teraka, ao agnatin'gny fetsen-jaza. [3] Avy teo nisy famataragna hafa niseho tagny an-dagnitra: Igny! Nisy dragona
mena goda be ze nanagna loha fito sy tandroka folo, ary nisy satro-boninahitry fito teo amy gny lohany. [4] Gny rambony da
nifaoka gny ampatelon'gny kintagna tagny an-dagnitra sady nanipy andreo tegny amy gny tany. Gny dragona nitsangana
teo alohan'gny viavy ze efa ho teraka, ka laha teraka izy, da afaka handrapaka gny zanany izy. [5] Niteraka zazalelahy izy, ze
hanapaka gny firenena la miaraka amy gny tahim-by. Gny zanany da nalaina an-kerigny ho agny amy gn'i Zagnahary sy
ho eo amy gny seza fendriagnany, [6] ary gny viavy da nilefa nankagny agnefitra, ze nisy toerana efa nomanin'i Zagnahary
ho anazy, koa da ho vôkarakara mandritry gny 1260 andro izy. [7] Ary nisy tagny an-dagnitra. Mikaela sy gny anjeliny da
niady tamy gny dragona; ary gny dragona sy gny anjeliny da namaly ady. [8] Ka tsy da natanjaka gny dragona ka tsy naresy.
Koa tsy nisy toerana ho anazy sy gny anjeliny koa tagny an-dagnitra. [9] Gny dragona zakabe__ze menaragna taloha
nantsovana hoe devoly na satana, gny namitaka an'zao tontolo zao__da natsipy tegny ambonin'gny tany, ary gny anjeliny
da natsipy miaraka taminazy. [10] Avy teo naregny feo mafy avy agny an-dagnitra iaho: "Amy zao andro zao da avy gny
famonjena, gny hery, gny fanjakan'i Zagnaharintsika ary gny fahefan'i Kristiny. Ka gny mpempanga gny ralahintsika da
natsipy tagny ambany, gny raiky ze miampanga andreo andro aman'aligna eo agnatrehan'i Zagnaharintsika. [11] Indreo da
nahery anazy tamy gny ràn'gny Zanak'ondry sy tamy gny zaka fijorondreo vavolombelogna, ka tsy nankamamy gny
fiainany koa indreo na da ho faty aza. [12] Avy amizany, mifalia, anareo ô lagnitra, sy ze aby monigna ao aminazy. Ka
mitandrema gny amy gny tany sy gny ranomasigna satria gny devoly da nidigna tegny aminareo. Feno fatezerana izy,
satria fantany fa fotôgna foiky sisa no hanagnany. [13] La nafantatra gny dragona ka nalavo tamy gny tany izy, da
nagnenjika gny viavy niteraka zazalelahy izy. [14] Ka gny viavy da nomena eletry roin'gny voromahery zakabe, ka da afaka
nagnidigna nankagny amy gny toerana nikarakarana ho anazy tagny angnefitra. Io gny toerana hitsinjovana anazy,
mandritry gny telo taogna sy tapany__mba tsy ho hitan'gny menaragna. [15] Namoky rano ohatra gny renirano tamy gny
vavany gny menaragna, ze hifaoka an-draviavy. [16] Ka gny tany nagnampy an-draviavy. Nipoain'gny tany gny vavany ary
nateligny gny rika ze navôkan'gny vavan'gny dragona. [17] Ary vignitra tam-draviavy gny dragona ka niala ary nitady ady
tamy gny ambin'gny taranany, ze mankato gny didin'i Zagnahary ary mitagna gny fijorona vavolombelogna momba an'i
Jesôsy. [18] Avy teo nitsangana teo ambonin'gny fasiky gny ranomasigna gny dragona.

Chapter 13

1 Ary nahita bibi-dia iaho niakatra avy tamy gny ranomasigna. Nanagna tandroka folo zany ary loha fito. Teo amy gny tandroky folo zany ary loha fito. Teo amy gny tandrony da nisy diadema folo, ary teo amy gny lohany da nisy agnaragna fizakan-dratsy aby. 2 Gny bibi-dia ze hitako da ohatra gny leoparda. Gny tongony da ohatran'gny vavan'gny liogna. Gny dragona nagnome anazy gny heriny, gny seza fendriagnany, ary gny fahefana zakabe hanapaka. 3 Gny lohan'gny bibi-dia anankiray da tô efa maty, nefa sitragna gny ratra saiky nahafaty anazy. Ary gaga gny tany aby ka nagnaraka gny bibi-dia. 4 Ary da niankoka koa teo amy gny dragona indreo, satria izy no nagnome gny fahefana ho an'gny bibi-dia. Nenkoka teo amy gny bibi-dia, koa, indreo, ary nizaka hoe: "Iza no ohatran'gny bibi-dia?" ary "Iza no afaka miady aminazy?" 5 Nomena vava ze afaka mizaka fireharehana sy fitenenan-dratsy gny bibi-dia. Nomena alalagna izy mba hampihatra fahefana mandritry gny efatra ambi-efapolo volagna. 6 Ary nanokatra gny vavany hizaka ratsy an'i Zagnahary gny bibi-dia: nizaka ratsy gny agnarany, gny toerana ze honenany ary gny ze mipetraka ao an-dagnitra. 7 Navela hiady tamindreo mpino ary handresy andreo gny bibi-dia. Ary koa, gny fahefana da nomena anazy magneragna gny foko, gny fiteny, ary gny firenena aby. 8 Hiankoka teo aminazy gny aby ze monigna ambonin'gny tany, gny ze tsy vôsoratra agnarana, mandritry gny famoronana zao tontolo zao, ao amy gny bokin'gny Fiainana, ze an'gny Zanak'ondry, ze efa nivonoiny. 9 La misy manan-tadigny, ôka izy hiteno. 10 La misy nalaina babo, da nandeha amy gny fababona izy. La misy nivonoina tamy gny sabatra, amy gny sabatra no hamonona anazy. Itiky no antso ho an'gny faretagna ary finôna ho an'gny ze masigna. 11 Ary nahita bibi-dia hafa iaho niakatra avy tamy gny tany. Zany da nanagna tandroka roy ohatran'gny Zanak'ondry, ary nizaka ohatran'gny dragona. 12 Nampiharigny avokoa gny fahefana la an'gny bibi-dia vôloany eo agnatrehany, ary gny tany sy gny ze monigna eo aminazy da asainy miankoka eo amy gny bibi-dia vôloany__gny raiky ze sitragna tamy gny ratra saiky nafaty anazy. 13 Nagnano fagagana maro zakabe izy. Nampidigna afo avy agny an-dagnitra ho amy gny tany teo agnoloan'gny olo. 14 Tamy gny alalan'gny famataragna da nomena alalagna anao zany, namitaka an'gny ze monigna ambonin'gny tany zany. Nizaka tamindreo zany mba hambôtry sary ho voninahitry gny bibi-dia ze vôratran'gny sabatra nefa velogna. 15 Napetraky asina aigna gny sarin'gny bibi-dia mba hahafahan'gny sary mizaka ary ze aby tsy magneky miankoka amy gny bibi-dia da nivonoina. 16 Nanery gny tsikirairaiky avao koa zany, na gny kely na gny zakabe, na gny manankaregna na gny sahiragny, na gny tsy andevo na gny andevo, da mandray gny marika eo amy gny tagnany ankavanana na hoe amy gny andrigna. 17 Tsy hisy olo mahazo mividy na mivarotra mandra-pazony gny mariky gny bibi-dia, zany da gny isan'gny fanehona gny agnarany. 18 Zany da mitaky fahendrena. La misy olo manan-tsaigna, ôka izy hagnisa gny isan'gny bibi-dia. Ka zany da isan'gny olo. Zany isa zany da 666.

Chapter 14

1 Nijery iaho ary nahita gny Zanak'ondry nitsangana teo amy gny tendrombohitra Ziona. Niaraka taminazy gny 144.000 ze nanagna gny agnarany sy gny agnaran'gny Abany vôsoratra eo amy gny handrignindreo. 2 Naregny feo avy agny an-dagnitra ohatran'gny firondrohon'gny rano maro sy kotroka mafy iaho. Gny feo regniko avao koa da ohatra gny mpitendry lokanga mitendry gny lokangany. 3 Nihira hira vaovao teo agnoloan'gny seza fendriagnany sy teo agnoloan'gny raha-managn'aigna efatra sy gny lohologna indreo. Tsy nisy na iza na iza afaka nianatra gny hira afa-tsy gny 144.000 ze nividina avy teto an-tany avao. 4 Ndreo da olo ze tsy nandoto gny tegnandreo tam-draviavy, ka nihajogna gny tegnany madio ara-nofo indreo. Zany da ze nagnaraka gny Zanak'ondry na aiza na aiza andanany. Indreo da nividina avy tamy gny olombelogna ohatran'gny vôloham-bokatra ho an'i Zagnahary sy ho an'gny Zanak'ondry. 5 Tsy nisy vandy hita teo amy gny molotrindreo, tsy manan-tsigny indreo. [Fagnamariana: Gny dikan-teny sasany magnampy hoe: "teo agnoloan'gny seza fendriagnan'i Zagnahary"] 6 Nahita anjely hafa nagnidigna ambony iaho, ze nanagna gny hafatra mandrakizain'gny vaovao mafaly hambara amindreo ze miaigna ambonin'gny tany__amy gny firenena, foko, fiteny, ary gny olo aby. 7 Nagnentso tamy gny feo mafy izy hoe: "Matahora an'i Zagnahary ary magnomeza voninahitry Anazy. Ka tonga gny oran'gny fitsarany. Mivavaha Aminazy, gny raiky ze nanagna gny lagnitra, gny tany, gny ranomasigna, ary gny loharano." 8 Nisy anjely hafa__gny anjely faroy__nagnaraka nizaka hoe: "Nilavo, nilavo Babylona zakabe, ze nandresy lahatry gny firenena la mba hisotro gny dovain'gny fitondran-tegna malotony." 9 Nisy anjely hafa__anjely fatelo__nagnaraka andreo, nizaka tamy gny feo mafy hoe: "La misy mivavaka amy gny bibidia sy gny sariny, ary mandray gny marika eo amy gny handriny na eo amy gny tagnany, 10 da hisotro gny sasany amy gny dovain'gny fatezaran'i Zagnahary avao koa izy, dovay tsy niharo ze narotsaka tao agnatin'gny kapoky gny havignirany. Gny olo ze misotro zany da ho ampijalina amy gny afo sy solifara eo agnoloan'gny anjely masin'i Zagnahary sy eo agnoloan'gny Zanak'ondry. 11 Gny setroka lata amy gny fijaliandreo da niakatra mandrakizay doria, ary tsy manam-pitsaharagna andro sy aligna indreo__ gny mpanompon'gny bibidia sy gny sariny, ary gny olon-aby ze mandray gny mariky gny agnarany. 12 Itiky da entso ho an'gny faretana maritrindreo masigna, gny ze mankato gny didin'i Zagnahary ary mino an'i Jesôsy." 13 Naregny feo lata agny an-dagnitra iaho nizaka hoe: "Soraty zao: Sambatra gny maty ze maty ao amy gny Aba-ragnandria." "Eka", hoy gny Fagnahy, "mba hahafahandreo miala sasatra amy gny asandreo, ka gny vitandreo da hagnaraka andreo." 14 Nijery iaho, ary nisy rahogna fotsy. Nipetraka teo amy gny rahogna gny raiky ohatra gny Zanak'olo. Nanagna satro-boninahitra volamena teo amy gny lohany sy fijinjana maragnitry egny an-tanagny izy. 15 Da nisy anjely hafa nivôky gny tempoly ary nagnentso tamy gny feo mafy an'gny mipetraka eo amy gny rahogna nagnano hoe: "Reso gny fijinjanao ka manomboa mijinja. Ka avy gny fotôgna hijinjana, satria masaka gny vokatry gny tany." 16 Ary gny raiky ze nipetraka teo amy gny rahogna nampandroso gny

fijinjany teto an-tany, ka nojinjana gny tany. [17] Nisy anjely hafa nivôky la tao an-tempoly tagny an-dagnitra; nanagna
fijinjana maragnitry avao koa izy. [18] Mbola nisy anjely hafa koa nivôky gny alitara fandorona ditin-kazo lagnitra, ze
nanagna fahefana amy gny afo. Nagnentso tamy gny feo mahery an'gny ze nanagna fijinjana maragnitry izy hoe: "Reso
gny fijinjanao maragnitry ary angony gny sampahom-bôloboka lata amy gny vôloboky gny tany, ka gny vôloboka da efa
masaka zao." [19] Nampandroso gny fijinjany tamy gny tany gny anjely ary nanangona gny vokatry gny vôloboky gny tany.
Natsipiny tao agnaty famezam-bôloboka zakaben'gny favigniran'i Zagnahary zany. [20] Gny famezam-bôloboka da nitsahina
tagny ambadikin'gny tanàgna, ary gny rà da niraraka lata ao amizany ka tonga hatregny amy gny haavon'gny lamboridin-
tsôvaly, ze 1.600 stadio.

Chapter 15

[1] Avy teo da nahita famataragna hafa tegny amy gny lagnitra iaho, zakabe sy matalanjogna: Nisy anjely fito miaraka amy
gny loza fito, ze loza farany tokôtry, ka amindreo no hatanteraka gny favigniran'i Zagnahary. [2] Nahita ze nibôky tamy gny
ranomasigna fitaratry nampiaragna tamy gny afo iaho. Nitsangana teo akekin'gny ranomasigna gny ze nandresy an'gny
bibidia sy gny sariny, sy gny isa magnabôky gny agnarany. Indreo da nitajogna harpa nomen'i Zagnahary andreo. [3] Indreo
nihira gny hiran'i Mosesy, gny mpanompon'i Zagnahary, gny hiran'gny Zanak'ondry hoe: "Zakabe sy matalanjogna gny
asanao, Aba-ragnandria Zagnahary, gny Avo da tokôtry. Marina sy mahitsy gny lalanao, ô Mpajakan'gny firenena. [4] Iza no
tsy hatahotry Anao, ô Tompo, sy hagnome voninahitra gny agnaranao? Ka Anao raiky gny masigna. Gny firenena aby ho
avy sy hivavaka eo agnatrehany satria gny asanao Marina da efa nambara." [5] Tafaran'gny raha io iaho da nijery, ary
nisokatra tegny amy gny lagnitra gny tempoly ze managna lain'gny fijorôna vavolombelogna. [6] Nivôky lata amy gny
toerana masigna gny loza fito. Indreo da misembo madio, sembo tongony mamiratra sy misy fehin-kibo volamena
nagnidigna gny tratrandreo. [7] Raiky tamy gny raha-managn'aigna efatra nagnome an'gny anjely fito kopy volamena fito
feno gny favigniran'i Zagnahary, gny velogna mandrakizay doria. [8] Feno setroka lata amy gny voninahitr'i Zagnahary sy
lata amy gny tanjaky gny tempoly. Tsy nisy na iza na iza afaka miditra ao mandra-patanteraky gny loza fiton'gny anjely
fito.

Chapter 16

[1] Naregny feo mafy nagnentso lata tao an-tempoly iaho ary nizaka tamindreo anjely fito hoe: "Mandana ary araraho amy
gny tany gny kopy feno gny havigniran'i Zagnahary." [2] Lasa gny anjely vôloany ary nandraraka gny tao an-kopiny tamy
gny tany; ratra ratsy sy marary no tonga tamy gny olo ze nanagna gny mariky gny bibi-dia, gny ze hankalaza gny sariny. [3]
Gny anjely faroy nandraraka gny tao an-kopiny tamy gny ranomasigna. Lasa rà zany, ohatra gny ràn'olo maty, ary maty
gny raha-managn'aigna any tao an-dranomasigna. [4] Gny anjely fatelo nandraraka gny tao an-kopiny tamy gny ony sy
loharano, ary lasa rà. [5] Regniko gny anjelin'gny rano magnano hoe: "Marigna Anao__gny amy zao andro zao sy taloha, gny
raiky Masigna__satria efa nitsara gny raha reo Anao. (Fagnamariana: Gny antonatan-taratasy sasany taloha da mavaky
hoe: "Marigna Anao, Aba-ragnandria__Gny amy zao andro zao sy taloha ary gny ho avy, satria efa nitsara gny raha
Anao.") [6] Satria gny ràn'gny mpino sy mpaminagny no nalatsakindreo, da nomenao rà ho sotroina indreo; zany no
mendrika andreo." [7] Regniko gny alitara namaly hoe: "Eka, Aba-ragnandria Zagnahary zakabe, gny fitsaranao da marigna
sy mahitsy." [8] Gny anjely fa-efatra nandraraka gny tao an-kopiny tamy gny masoandro, ary nahazo alalagna handoro gny
olo amy gny afo zany. [9] Main'gny hafanana be indreo, ary nizaka ratsy gny agnaran'i Zagnahary, ze managna gny fahefana
amy gny loza regny. Tsy nibebaka indreo na nagnome voninahitry Anazy. [10] Avy teo gny anjely fadimy nandraraka gny tao
an-kopiny tamy gny fandrenan'gny bibi-dia, ary nandrakotra gny fanjakany gny hezigna. Nitsako gny lelany indreo
nohon'gny fahorina. [11] Nizaka ratsy gny Zagnahary gny lagnitra indreo nohon'gny fahorina sy ratrandreo, ary mbola
nandà gny hibebaka amy ze vitandreo avao indreo. [12] Gny anjely fahenina nandraraka gny tao an-kopiny tamy gny ony
zakabe, gny Eofrata. Noritina zany mba hagnomagna gny lalagna ho an'gny mpanjaka ze ho avy lata agny antsinanana. [13]
Nahita fagnahy maloto telo iaho ze nendrika sahona mivôka lata agny am-bavan'gny dragona, lata agny am-bavan'gny
bibi-dia, ary lata amy gny vavan'gny mpaminagny sandoka. [14] Ka fagnahin'gny demonia magnano famantarana magaga
indreo. Nankagny amy gny mpanjakan'zao tontolo zao indreo mba hanangona andreo miaraka ho an'gny adin'gny andro
zakaben'i Zagnahary Avo da tokôtry. [15] ("Igny! Avy ohatra gny mpangalatra Iaho! Sambatra ze miambigna, miaro gny
fitafiny mba tsy hivôka mitanjaka izy ary hitandreo gny famegnarany.") [16] Nentindreo niaraka tagny amy gny toerana ze
antsovana hoe Hara-magedona amy gny Hebreo indreo. [17] Avy teo gny anjely fafito nandraraka gny tao an-kopiny tamy
gny rivotra. Ary nisy feo mafy nivôka lata tao an-tempoly sy lata tamy gny seza fendriagnana, magnano hoe: "'Tapitry
zany!'" [18] Nisy tselatry, kotroka, kotro-baratra, ary horohoron-tany mafy__horohoron-tany zakabe noho gny efa nitranga
hatramin'ze nisin'olo teto an-tany, ka da mafy zany horohoron-tany zany. [19] Vaky ho fizarana telo gny tanàgna zakabe, ary
rava gny tanàgn'gny firenena. Avy teo Zagnahary nagnentso mba hatadidy an'i Babylona zakabe, ary nomeny zany
tanàgna zany gny kapoaka feno dovay vita lata amy gny feretan'gny fatezerany. [20] Nanjavogna gny nosy any, ary tsy hita
koa gny tendrombohitra. [21] Nisy havandra maventy, milanja eo amy gny talenta raiky eo, nidigna lata agny an-dagnitra ho
amy gny olo. Nagnozogna an'i Zagnahary indreo nohon'gny loza lata tamy gny havandra satria tegna mafy lôtry zany loza
zany.


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

## Chapter 17

[1] Raika tamindreo anjely fito zay nitazogna gny lovia volamena fito nagnasampy sady nizaka taminà hoe: "Avia, ho
abôkiko anao gny saziny gny mpijangajanga zakabe zay mipetraka ambony rano maro. [2] Niaraka taminazy gny
nampijangajanga gny mpanjakany gny tany. Gny divainy gny fijangajangany gny nahamamo gn'olo mipetraka amy tany."
[3] Avy eo gn'anjely nitondra anà taminy gny Fagnahy tagny aminy gny tany karakaigna, sady nahita viavy nidobôky teo
ambony bibi-dia mena zay feno agnarana teny ratsy iao. Gny bibi-dia da managna loha fito da tandroka folo. [4] Gny viavy
da nisikina voloparasy da mena sady voaravaka volamena, vato sarobidy, da vatosoa. Izy da nitazogna tamy gny tagnany
kapoaka volamena feno gny raha mampadikidiky da gny tsy fahadiovany gny fijangajangany. [5] Teo amy gny handrignany
gny nisy agnarana managna dikany mifiny voasoratra hoe: "Babylona zakabe, gn'endrindreo mpijangajanga da gny raha
mampadikidikiny gny tany." [6] Nahita iao fa gny viavy da mamony gny rAndreo mpino da gny ràndreo martiry ho any i
Jesosy. Laha efa anazy iao, da tena kivy. [7] Fa gn'anjely nizaka taminà hoe: "Magnino laha kivy anao? Ho azavaiko anao gny
dikany gny viavy da gny bibi-dia zay mitondra anazy, gny bibi-dia zay managna loha fito sady tandroka folo. [8] Gny bibi-
dia ze hitanao da misy, fa tsy misy amy zao andro zao, fa andalam-piakarana avy agny amy gny farany ambaniny gny
lavaka tsy hita varany. Avy eo da handea amy gny fahasambarana zany. Indreo zay miaigna ambony tany, indreo zay tsy
voasoratra ao amy gny Bokiny gny Fiaignana hatraminy gny namorognana zao tontolo zao gny agnarany__ ho gaga
indreo aby daholo hahaita fa igny bibi-dia igny da misy, fa tsy misy koa amizao, fa andalam-pihavina. [9] Magnentso saigna
ze manam-pahefana zany. Gny loha fito da vohitra fito ze nipetrahan'gny viavy. [10] Indreo avao koa da mpanjaka fito.
Mpanjaka dimy no lavo, agnakiraiky no misy, ary gny hafa da mbola tsy avy; la avy izy, da fe-potôgna kely avao no
hipetrany. [11] Gny bibi-dia ze misy, ka tsy misy amy zao andro zao, mpanjaka favalo izy; nefa raiky amy gny mpanjaka fito
izy, ary nankagny amy gny fasimbana. [12] Gny tandroka folo ze hitanao da mpanjaka folo ze mbola tsy nandray fanjakana,
ka hahazo fahefana ohatra gny mpanjaka miaraka Amy gny bibi-dia __mandritry gny adiny raiky indreo. [13] Firaisan-
tsaigna zany, ary indreo da hagnome gny hery sy gny fahefandreo an'gny bibidia. [14] Hanangan'ady manohitra gny
Zanak'ondry indreo. Ka gny Zanak'ondry no handresy andreo satria Izy no Tompon'gny Aba-ragnandria, ary
Mpanjakan'gny mpanjaka-ary miaraka aminazy gny vôantso, gny vôfidy, ary gny manam-pinôna." [15] Hoy gny anjely
taminà: "Gny rano ze hitanao, teo amy gny nipetrahan'gny mpijangajanga, no olo, vondron'olo, firenena, ary fizakana. [16]
Gny tandroka folo ze hitanao__indreo sy gny bibi-dia da halaigna an'gny mpijangajanga. Ho ataondreo lao sy mitanjaka
izy, handrovitra gny nofony indreo, ary handoro anazy tanteraka amy gny afo. [17] Ka Zagnahary efa nametraka zany tao
am-pondreo mba hagnatanteraka gny fikasany amy gny fanekendreo hagnome gny herindreo hitondrana gny bibi-dia
mandra-patanteraky gny zakan'i Zagnahary. [18] Sady raviavy, igny hitanao igny gny tanàna zakabe ze manjaka amy gny
mpanjakany gny tany."

## Chapter 18

[1] Tafarany gny raha zany aby da nahita anjely hafa zay nidigna avy agny an-danitra iao. Nanagna fahefana zakabe izy,
sady namirapiratra avy amy gny voninahitrany gny tany. [2] Nitoreo tamy gny feo mafy izy, nizaka hoe: "Lavo, lavo
Babylona zakabe! Lasa tonga toeram-ponenany gny demony, da felofana ho any gny fagnahy maloto, da fialofana ho any
gny vorogna maloto sady mampadikidiky aby daholo. [3] Fa gny firenena aby daholo da nisotro gny divainy gny fitondran-
tegna malotony. Indreo mpanjakany gny tany da nagnano fitondran-tegna maloto taminazy. Indreo mpivarotra gny tany
da tonga mpanan-karegna avy tamy gny fomba fiaignana amy gny nofo." [4] Avy eo da naregny feo hafa avy agny an-
danitra iao, mizaka hoe: "Melà aminazy, anareo oloko, mba tsy hazatra anazy gny fahotany ao aminareo, sady mba tsy
hazaônareo gny lozany. [5] Efa nivory akô gny ahabony gny lagnitra gny fahotany, da Zagnahary matsiaro gn'asa ratsiny. [6]
Mamalia anazy akô gny namaliany gny hafa, sady valio avo roa agny zay efa vitany; tao amy gny kapôka zay efa
nofenoiny, da fenoy avo roy agny ho azy. [7] Akô izy nagnome voninahitra gny tegnany da niaigna tamy gny tsy fiafiana,
omeo anazy gny fampijalina da gn`alahelo magneva anazy. Fa izy nizaka tao agnatiny gny fony nagnano hoe: 'Nipetraky
ôtrany gny mpanjaka viavy iao. Tsy maty vady iao, sady tsy hisaogna mandrakizay.' [8] Laha zany da ho avy amy gn'andro
raika gn'aretigna mandringany: gny fahafatesana, gny fisaognana, da gny mosary. Doroiny gn'afo izy, fa ny Tompo
Zagnahary da mahery, sady Izy gny mpitsara anazy." [9] Gny mpanjakany gny tany zay nijangajanga da nandea tsy am-
pieritreretana niaraka taminazy da hitomagny sady hiondrika eo aminazy aby daholo hahita gny setrokany gny
famehezany andreo. [10] Hijoro lavitra indreo, hataotra gny fijaliany, hizaka hoe: "Loza, loza ho any gny tanàna zakabe,
Babylona, gny tanAna mahery, fa amy gny lera raika da ho avy gny sazinareo." [11] Gny mpivarotra gny tany da mitomagny
sady misaogna amizao agny, satria tsy nisy olo niady varotra ho anazy koa__ [12] varotra volamena, volafotsy, vato sarobidy,
ravaka, lamban-drongony tena tsara, voloparasy, landy, mena, gny karazana kakazo ala, gny fanaka ivoara, gny fanaka
aby daholo vita avy amy gny kakazo sarobidy, varaigna, vy, marbra, [13] kanely, raha magnitra, ditin-kakazo, miora,
hagnitra, divay, menaka, koba tsara toto, vary, biby fiompy da ondry, soavaly da kalesy, gn'andevo da fagnahin'olo. [14] Gny
vokatra zay tenao tamy gny herinao aby daholo da niala aminao. Gn'entagnanao lafo vidy da gny namirapiratra da
nanjavogna, sady tsy ho hita koa mandrakizay. [15] Gny mpivarotra gn'entagna zay tonga mpanan-karegna noho izy da
hiala amy gny lavitra nohony gny fatahorana gny fijaliany, hitomagny sady hisaogna mafy. [16] Hizaka indreo hoe: "Loza,
loza ho any gny tanàna zakabe zay nisikina tamy gny lamban-drongony tena tsara, voloparasy, sady mena, sady noravana

tamy gny volamena, ravaka sarobidy, sady vatosoa! [17] Agnatiny gny lera raika da ho fôgna zany haregna aby daholo zany.
"Gny kapitenin-tsambo aby daholo, indreo mandea egny amboniny gny ranomasy aby daholo, tantsambo, da zay
mipetraka aby daholo an-dranomasins, da hijoro lavitra. [18] Nitoreo indreo laha vô naregny any gny setrokiny gny
famezignana. Nizaka indreo hoe: "Tanàgna ino no akô gny tanàgna zakabe?" [19] Nanipy vovoka tegny an-dohany izy, da
nitoreo mafy, nitomagny, sy nisaona, nagnano hoe: "Loza, loza ho any gny tanàna zakabe ze nisy any gn'olo aby nanagna
gny sambo an-dranomasigna gny avy mpanan-karegna avy amy gny haregnany. Ka tao agnaty ora raiky da simba zany." [20]
"Mifalia aminazy, ô lagnitra, anareo mpino, apôstoly, sady mpaminagny koa, fa Zagnahary nitondra gny fitsaranareo
taminazy!" [21] Anjely mahery raiky nangala vato akô gny vato zakabe da nanipy zany tagny an-dranomasigna, sady nizaka
hoe: "Amy zany fomba zany, Babylona, gny tanàgna zakabe, harodagna araina heritsetra, da tsy ho hita koa. [22] Gny feo
nataony gny lokanga, mpitendry mozika, mpitsoka sodigna, da trompetra da tsy ho regny ao aminao koa. Gny mpagnano
asa-tagnana isan-karazany da tsy hita ao aminao koa. Tsy hisy feony gny vato fikosoham-bary ho regny koa eo aminao. [23]
Gny fazavan'gny jiro, da tsy hamirapiratra ao aminao koa. Gny feony gny mpampakatra sy ampakarina da ho regny ao
aminao koa, ka gny mpivarotrarao gny andriany gny tany, da gny firenena vôfitaka tamy gny famosavinareo. [24] Tao
aminazy gny nahitana gny ràny gny mpaminagny, da gny mpino, da gny ràny gny ze voavono teto an-tany aby."

Chapter 19

[1] Tafarany gny raha io aby da naregny ze akô gny feo mafiny gny vahôka maro isa tagny an-dagnitra iao nagnano hoe:
"Aleloia. Gny famonjena, gny voninahitra, gny hery da an'i Zagnaharintsika. [2] Gny fitsarany da Marina sady mahitsy, fa
nitsara gny mpivaro-tegna zakabe ze nagnaratsy gny tany tamy gny fijangajangana izy. Namaly faty gny ràny gny
mpanompony, ze nalatsany izy." [3] Nizaka fagnidroiny indreo hoe: "Aleloia! Gny setroka da niakatra avy aminazy
mandrakizay doria." [4] Gny loholo efatra amby roapolo da gny zava-managna aigna efatra da miankoka sady nanompo
an'i Zagnahary ze nipetraka teo amy gny seza fendriagnana. Hoy indreo: "Amena. Aleloia!" [5] Da nisy feo nivôky avy tao
amy gny seza fendriagnana, nagnano hoe: "Derao Zagnaharintsika, anareo aby mpanompony, anareo ze matahotra
Anazy, ndre gny tsy manan-danja ndre gny mahery." [6] Da naregny ze akô gny feony gn'olo maro isa, akô gny
firondrohon'gny rano maro, sy akô gny fenjeran'gny kotroka mafy iao, nagnano hoe: "Aleloia! Ka nanjaka gny Aba-
ragnandria, Zagnahary ze magnapaka amy gny aby daholo. [7] Oka isika hifaly sy ho ravoravo da hagnome voninahitra
Anazy satria avy gny fampakaram-badiny gny Zanak'ondry, da gny ampekarina efa niomagna. [8] Nomena alalagna
hiakanjo sembo tongony mamiratra sy madio izy" (ka gny sembo da gny asa mafin'gny olo masina). [9] Gny anjely nizaka
taminà hoe: "Soraty zao: Sambatra gny ze nasaina tamy gny fety fampakaram-badin'gny Zanak'ondry. Nizaka taminà koa
indreo hoe: "Gny zaka marin'i Zagnahary." [10] Niondrika tao amy gny tongony mba nanompo anazy iaho, fa hoy izy taminà:
"Ka magnano zao! Iaho da mpiara-manompo aminao sy gny ralahinao ze mitagna gny fijorona vavolombelogna momba
an'i Zagnahary, ka gny fijorona vavolombelogna momba an'i Jesôsy da gny fagnahiny gny faminanina." [11] Da nahita gny
lagnitra nisokatra iaho sady nijery ka nisy sôvaly fotsy. Gny mpitengina zany da nantsovana hoe matoky sy marina. Amy
gny famarinana no hitsarany sy hedeny. [12] Gny masony da akô gny lelafo, da eo amy gny lohany misy satro-boninahitra
maro. Managna agnarana vôsoratra eo aminazy ze tsy misy mafantatra afa-tsy izy avao izy. [13] Misembo sembo lava ze
nantsoboka tao amy gny rà izy, ary gny agnarany da nantsovana hoe gny zakan'i Zagnahary. [14] Gny tafiky gny lagnitra da
nagnaraka anazy tamy gny sôvaly fotsy, misembo sembo rongony, fotsy sy madio. [15] Avy ao amy gny vavany no mivôka
gny sabatra maragnitry ze amy zany no hamelezany gny firenena, sady hanapaka andreo amy gny tehagna vy izy.
Magnitsaka ao amy gny famezan'gny favigniran'gny Zagnahary Tsitoha izy. [16] Managna agnarana vôsoratra eo amy gny
sembo lavany eo amy gny feny izy hoe: "Mpanjakany gny mpanjaka da Aba-ragnandriandreo ragnandria." [17] Nahita
anjely nitsangana teo amy gny masoandro iaho. Nagnentso tamy gny feo mahery gny vorogna magnidigna ambony aby
izy hoe: "Avia, miangòna ho an'gny fety zakaben'i Zagnahary, [18] Avia ihinagna gny nofon'gny mpanjaka, gny nofon'gny
mpitari-tafika, gny nofon'gny lelahy mahery, gny nofon'gny sôvaly sy gny mpitengina zany, da gny nofon'gny lelahy any,
gny afaka sy gny andevo, gny tsy manan-danja sy gny mahery." [19] Nahita gny bibi-dia sy gny mpanjakan'gny tany niaraka
tamy gny tafikindreo iaho. Miangona indreo mba hiady amy gny raiky ze nitengina gny sôvaly sy amy gny tafiky. [20]
Vosambotra gny bibi-dia da niaraky tamy gny mpaminagny sandoka ze nagnano gny famantaragna teo agnatrehany.
Tamy gny famantaragna no namitany ze nandray gny mariky gny bibi-dia sy gny nanampo gny sariny. Izy roy da nitsipy
velogna tao agnaty farihin'afo miretry solifara. [21] Gny ambinindreo da nivonoina tamy gny sabatra ze nivôky gny
vavan'gny raiky ze nitengina gny sôvaly. Gny vorogna aby nihinagna gny nofo mangatsekindreo.

Chapter 20

[1] Da nahita anjely nidigna lata an-dagnitra iaho. Nanagna gny fagnalahidiny gny lavaka tsy hita noanoa izy, da nanagna
rojo vy zakabe tegny an-tanagny. [2] Nisambotra an'igny dragona igny izy, gny menaragna tamizany, da gny devoly, na gny
satana, sady nofatorana arivo taogna. [3] Natsipiny tagny amy gny lavaka tsy hita noanoa izy, nahidiny zany sady nasiany
tobo-kase taminazy. Namborina zany mba tsy hamitahany gny firenena maro koa mandra-pahatapitry gny arivo taogna.
Afarany zany, da tsy maintsy havosotra fotoagna kelikely izy. [4] Da nahita seza fiandrianana maro iao. Nidoboky teo
ambonindreo zay nomena fahefana mitsara. Nahita gny fagnahindreo zay notapahin-doha iao noho ny gny fijoroana
vavolombelogna momba any Jesosy sady avy amy gny zakany i Zagnahary. Tsy niondrika taminy gny bibi-dia ndre tamy


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

gny sariny indreo, sady indreo da nandà gny hangala gny mariky gny bibi-dia teo amy gny handrignany ndre tamy gny
tagnany. Tonga velogna koa indreo, sady nanjaka niaraka tamy Kristy nandritry gn'arivo taogna. [5] Gny sisandreo maty da
tsy velogna mandra-pahatapitry gn'arivo taogna. Zany gny fitsangananana voalohany. [6] Sambatra sady masina zay olo
managna anjara amy gny fitsangananana voalohany! Manoloagna an'izany da tsy manan-karegna gny fahafatesana
faharoa. Indreo da ho mpisorogna any Zagnahary da i Kristy sady hanjaka miaraka Aminazy mandritrany gn'arivo
taogna. [7] Laha efa tapitra gn'arivo taogna, da vahaina ao amy gny tragnomezigna Satana. [8] Hivôka izy mba hamitaka gny
firenena maro egny amy gny vazan-tany efatra__Goga da Magoga__mba hitondra andreo miaraka agny amy gn'ady.
Indreo da ho marobe akô gny fasiky gny ranomasy. [9] Niakatra teo amboniny gny tany lemaka indreo sady nagnodidigna
gny tobindreo mpino, gny tanàna malala. Nefa nisy afo nidigna avy tagny an-danitra sady nandripaka andreo. [10] Gny
devoly, zay namitaka andreo, da natsioy tao amy gny farihy afo solifara, toeragna zay hagnatsipazana gny bibi-dia da gny
mpaminagny sandoka. Sady ho ampijalina andro amagn'aligna mandrakizay sady mandrakizay indreo. [11] Sady nahita
seza fiandrianana fotsy zakabe iao da gny nipetraka taoamboniny. Gny tany da gny lagnitra da nilefa gny fagnatrehany,
kanefany tsy nisy toeragna andehanandreo. [12] Nahita gny maty iao__gny zakabe da gny kely__nijoro teo alohany gny seza
fiandrianana, sady novelarina gny boky. Sady nisy boky raika novelarina__Gny Bokiny gny Fiaignana. Gny maty da
notsaraina araky zay vôsoratra tao amy gny boky, araky gn'asany aby. [13] Gny ranomasy namôka gny maty zay tao
agnatiny. Gny fahafatesana da gny fiaignan-tsy hita da namôka gny maty zay tao amindreo, sady gny maty da notsaraina
araky gny raha nataony. [14] Gny fahafatesana da gny fiaignan-tsy hita da natsipy tao amy gny farihy afo. Zany gny
fhafatesana faharoy__ da gny farihy afo. [15] Laha misy agnara tsy hita voasoratra ao amy gny Bokiny gny Fiaignana, da
natsipy tao amy gny farihy afo.

## Chapter 21

[1] Avy eo iao nahita lagnitra vaovao sady tany vaovao, fa fôgna gny lagnitra voalohany da gny tany voalohany, sady tsy
nisy koa gny ranomasy. [2] Hitako gny tanàna masina, Jerosalema vaovao, zay nidigna avy agny an-dagnitra avy amy
Zagnahary, vôomagna ôtrany gny ampekarina ampengoina ho any gny vadiny. [3] Naregny feo mafy avy agny amy gny seza
fiandriagnana iao magnano hoe: "Igny ary! Eo amy gn'olo gn'ipetrany gny tabernakeliny Zagnahary, sady hiaigna miaraka
amindreo izy. Ho olony indreo, sady Zagnahary tegnany hiaraka amindreo da Izy ho Zagnaharindreo. [4] Hamafa gny
ranomaso aby amy gny masondreo Izy, sady tsisy fahafatesana koa, ndre alahelo, ndre tomagny, ndre manaintaigna. efa
lasa aby gny raha taloha. [5] Igny raika zay nipetraka teo amy gny seza fiandriagnana nizaka hoe: "Igny ary! Nataoko
vaovao gny raha aby daholo." Hoy Izy: "Soraty zao satria itoa zaka itoa da mahatoky sady marina." [6] Hoy Izy tamina hoe:
"Efa vita aby io raha io! Iao gn'Alfa sady Omega, gny fanomboana sady famaragnana. Zay maka da omeko ho sotroina tsy
vidim-bola avy amy gny loharanony gny fiaignana. [7] Zay mandresy da handova io raha aby io, sady Iao gny ho
Zagnahariny, sady izy ho zanako. [8] Fa indreo zay osagna, tsy manam-pinoana, mahadikidiky, mpamono olo,
mpijangajanga, mpagnano fagnafody, mpisikidy, da mpivandy, da agny amy gny farihy mirehitr'afo solifara gny
toerandreo. Zany gny fahafatesana faharoa." [9] Nagnantogna anà gny raika tamindreo anjely fito, gny raika zay nanagna
gny lovia fito feno gny loza fito farany, da hoy izy hoe: "Avy ety. Ho abôkiko anao gn'ampekarina, gny vadiny gny
Zanak'ondry." [10] Avy eo da nentiny tamy gny Fagnahy tagny amy gny tendromboitra abo iao sady nabôkany ana i
Jerosalema tanàna masina midigna avy agny an-dagnitra avy amy Zagnahary. [11] Nanagna gny voninahitry Zagnahary i
Jerosalema, sady gny famirapiratany da akô gny vatosoa sarobidy, akô gny vato kristalina jaspy madio. [12] Nanagna
rindrigna abo zakabe niaraka tamy gny vavahady roy ambiny folo zany, niaraka tamy gn'anjely roy ambiny folo telo amy
gny vavahady. Teo amy gny vavahady gny voasoratra gn'agnarandreo folo roa ambiny gny folony zanak'Israely. [13] Nisy
vavahady telo teo antsignanagna, vavahady telo teo avaratra, vavahady telo teo atsimo, sady vavahady telo teo
andrefagna. [14] Nanagna fototra roa ambiny folo gny rindrignany tanàna, sady teo amindreo gny nisy an'io agnara roa
ambiny folony gn'apostoliny gny Zanak'ondy. [15] Gny raika zay niresaka tamina da nanagna fandrefessana volotara vita
tamy gny volamena mba handrefesana gny tanàna, gny vavahadiny, sady gny rindrignany. [16] Magneva efa-joro igny
tanàna igny; mitovy gny lavany da gny sakany. Nandrefy gny tanàna tamy gny fandrefesana volotara izy, roa arivo stadio
gny halavany (mitovy gny lavany, sakany, da gn'ahabony). [17] Nandrefy gny rindrignany zany koa izy, 114 hakiho laha
refiny gn'olo (zay refiny gn'anjely avao koa). [18] Vita tamy gny jaspy gny rindrigna sady tamy gny volamena tsy misy
fangarony, ôtrany gny fitaratra madio. [19] Gny fototrany gny rindrigna da voaravaka tamy gny karazagna vato sarobidy
aby daholo. Gny voalohany da jaspy, gny faharoa safira, gny fahatelo kalkedona, gny fahefatra emeralda, [20] gny fahadimy
sardoniksa, gny fahenina karneola, gny fahafito krysolita, gny fahavalo beryla, gny fahasivy topaza, gny fahafolo
krysopraso, gny faha raika ambiny folo jacinta, gny faha roa ambiny folo ametysta. [21] Gny vavahady roa ambiny folo da
vato soa roa ambiny folo; gny kiraidraika amy gny vavahady da vita tamy gny vato soa raika. Gny lalam-be teo an-tanàna
da volamena tsy misy fangarony, ôtrany gny fitaratra mangarahara. [22] Tsy nahita tempoly tao amy gny tanàna iao, satria
Tompo Zagnahary Tsitoha da gny Zanak'ondry gny tempoliny. [23] Gny tanàna da tsy nila masoandro ndre volagna mba
hangilangilatra amy zany satria gny voninahitry Zagnahary da nangilangilatra tamy zany, sady gny Zanak'ondry gny
jirony zany. [24] Andea amy gny fahazavany zany tanàna zany gny firenena. Indreo mpanjakany tany da hitondra gny
fahatsarandreo ho ao amy zany. (Fagnamarignana: Gn'antontan-taratasy taloha sasany da mivaky hoe: "Gny firenena zay
voavonjy da andea amy gny fahazavany zany tanàna zany.") [25] Tsy hidy gny vavahadiny zany mandritry gn'andro, sady


generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024

tsisy aligna agny. [26] Hitondra gny fahatsarana da gny hajany gny firenena ao amy zany indreo, [27] sady tsy hisy maloto
hiditra ao amy zany mintsy. Tsy hisy ndre ia ndre ia hagnano raha mahamegnatra ndre mamitaka hiditra ao, fa gny raha
zay voasoratra agnaragna ao amy gny Bokiny gny Zanak'ondriny gny fiaignana avao.

Chapter 22

[1] Sady nabôkiny gn'anjely anà gny lakandranony gny fiaignana, madio ôtrany gny kristaly. Zany da mikoriagna avy agny
amy gny seza fiandrianany Zagnahary da gny Zanak'ondry [2] mamakivaky eo ategnategnany lalagna gny tanàna. Da
gn'andaniny roa amy gny laka da samby misy gny hazony gny fiaignana, mamoa karazana voa roa ambiny folo, sady
zany da mamoa gny voany isam-bolagna. Gny raviny zany hazo zany da natao hagnasitragna gny firenana aby daholo. [3]
Da tsy hisy koa gny voahozogna. Gny seza fiandriagnany Zagnahary da gny Zanak'ondry da ho ao amy gny tanàna, sady
gny mpanompony da nanompo Anazy. [4] Hahita gn'Endrikany indreo, sady gn'Agnarany da ho eo amy gny
handrignandreo. [5] Ka tsy hisy aligna koa; indreo da tsy mila fahazavany gny jiro ndre gny masoandro koa satria gny
Tompo Zagnahary gny hazava eo amindreo. Sady nanjaka mandrakizay doria indreo. [6] Hoy gn'anjely taminà: "Io teny aby
io da azo atokisana sady marina. Gny tompo, zay Zagnahariny gny fagnahiny gny mpaminagny, da nandefa gn'anjeliny
mba hagnabôky zay raha tsy maintsy hitranga tsy ho ela amindreo mpanompony." [7] Indro! Efa akeky gny fahatongavako!
Sambatra zay magneky gny zakany gny faminaniagna amin'itiky boky itiky." [8] Iao, Jaona, gny raika zay naregny sady
nahita an'io raha io aby. Laha efa naregny sady nahita anizany iao, da nandoalika teo amy gny tongotran'igny anjely igny
iao mba hidera anazy, igny anjely zay nagnabôka anà gny raha io aby agny. [9] Hoy izy taminà: "Ka magnano anizany! Fa
mpanompo akamanao miaraka aminao iao, miaraka amy gny mpaminagny ralahinao, sady miaraka amy gny zay
magneky gny zakan'itiky boky itiky. Miderà any Zagnahary!" [10] Hoy izy tamina: "Aza asiana tombo-kase gny zakany gny
faminaniagna amin'itiky boky itiky, fa mariny gny fotôgna. [11] Zay magnano gny tsy marina, avelao izy hanohy gny tsy
fahamarignana. Zay maloto fiaignana, avelay izy hanohy gny fiaignany maloto. Zay marina, avelay izy hanohy gny
fagnamboarana gny marina. Zay masina, avelay izy hanohy gny fahamasignana." [12] "Indro! Efa akeky gny fihaviako. Gny
valisoako da miaraka aminà, mba hamaliako gny kiraidraika araka gny raha vitany. [13] Iao gn'Alfa sady Omega, gny
voalohany sady gny farany, gny fanomboana sady gny famaragnana. [14] Sambatra indreo zay manasa gn'akanjondreo mba
hahazo alalagna mihinagna avy amy gny hazony gny fiaignana sady hiditra ao amy gny tanàna avy eo amy gny vavahady.
(Fagnamarignana: Laha tokony: "Sambatra indreo zay manasa gn`akanjondreo." Gn'antontan-taratasy hafa taloha da
mivaky hoe: "Sambatra indreo zay magnano gny didiny.") [15] Fa agny ivelany gn'amboa, gny mpisikidy, gny mpijangajanga,
gny mpamono olo, gny mpanompo sampy, sady zay tia aby daholo gny mivandy da indreo mpivandy. [16] Iao, Jesosy, da
nandefa gn'anjeliko mba hagnambara aminareo gny raha ho andreo fiangonana. Iao gny fakany sady taranaky Davida,
gny kintagna mangilangilatra maraigna." [17] Gny Fagnahy da gn'Ampekarina magnano hoe: "Avia!" Aleo zay maregny
hizaka hoe: "Avia!" Ndre ia ndre ia mangetaheta, aleo izy hagnantogna, da ndre ia ndre ia magniry anizany, aleo izy
hahazo maimaim-pôna gny ranony gny fiaignana. [18] Iao da magnambara amy zay maregny aby gny zakany gny
faminaniana amy itiky boky itiky: "Laha misy magnampy io, Zagnahary hagnampy loza ho anazy zay voasoratra ao amy
itiky boky itiky. [19] Laha misy mangala gny zaka faminaniana amy itiky boky itiky, Zagnahary da hangala gn'anjarany amy
gny hazony gny fiaignana da gny tanAna masina zay voasoratra ao agnatin'itiky boky itiky." (Fagnamarignana:
Gn'antontan-taratasy taloha da mivaky hoe: "Zagnahary hangala gn'anjarany ao amy gny Bokiny gny Fiaignana sady ao
amy gny tanàna masina zay voasoratra ao amy itiky boky itiky.") [20] Hoy gny raika zay magnambara gny raha aby igny:
"Eka! Efa akeky gny fihaviako." Amena! Miavia, Tompo Jesosy! [21] Ho amy gn'olo aby daholo rô gny fahasoavany Tompo
Jesosy. Amena.

 generated on Thu Oct 17 17:02:41 2024